

20.52 - Dia hoy i Mosesy namaly: "Any amin'ny Tompoko ny fahafantarana mikasika azy ireny, izay ao amin'ny Boky. Tsy manao hadisoana, na manadino ny Tompoko.

20.53 - Izy no manome anareo ny tany ho toy ny fandriana, ary namaritra lalana teo amin'izany ho anareo, nampidina rano avy eny an-danitra izy, hampitsiry ireo karazan-javamaniry maro tsiroaroa".

20.54 - Mihinàna ianareo, ary ampihinano ihany koa ireo biby fiompinareo. Fa tena famantarana ho an'ny olona misaina izany.

20.55 - Avy aminy (tany) no naharianay anareo, any aminy no hamerenanay anareo, ary avy aminy no hamoahanay anareo indray.

20.56 - Nasehonay azy tokoa ireo zava-mahagaga rehetra avy Aminay, saingy nolaviny izany, ary tsy nety nino izy.

20.57 - Ka hoy izy: "Ry Mosesy! Moa ny handroaka anay hiala amin'ny taninay amin'ny alalan'ny majika va, no nahatongavan'ny aminay?".

20.58 - Hitondranay majika mitovy amin'izany tokoa ianao. Ka aoka àry isika hifanome fotoana, ka tsy hisy handika izany, na izahay na ianao.

20.59 - Dia hoy Mosesy: "Amin'ny andro fety fihainy no fotoana hifanomanareo. Koa aoka ho tafavory amin'ny maraina ny olona".

20.60 - Nisintaka i Faraona, nanganiny daholo ny hafetseny (fahaizany), avy eo, dia niverina izy (teny amin'ny toerana fihainy).

20.61 - Dia hoy i Mosesy tamin'izy ireo: "Loza ho anareo! Aza mamorona lainga hanoherana an'Andriamanitra ianareo, raha tsy izany, dia haringany amin'ny alalan'ny famaizana ianareo. Very tokoa izay mamoron-dainga".

20.62 - Tamin'izay dia niady hevitra izy ireo, ka nanafina izany.

20.63 - Hoy izy ireo: "Indreo misy mpanao majika roalahy, manao izay handaozanareo ny taninareo, sy hamelanareo ny fomba amam-panaonareo mendrika, amin'ny alalan'ny majika".

20.64 - Atambaro ny hafetsenareo, dia avia miara-milahatra. Fa izay mandresy androany no hanana ny fahombiazana.

قَالَ عَلَّمَهَا عِنْدَ رَبِّي فِي كِتَابٍ لَا يَضِلُّ رَبِّي وَلَا يَنْسَى ﴿٥٢﴾
الَّذِي جَعَلَ لَكُمُ الْأَرْضَ مَهْدًا وَاسْلَكْ لَكُمْ فِيهَا سُبُلًا وَأَنْزَلَ
مِنَ السَّمَاءِ مَاءً فَأَخْرَجْنَا بِهِ أَزْوَاجًا مِنْ نَبَاتٍ شَتَّى ﴿٥٣﴾ كُلُوا
وَارْعَوْا أَنْعَمَ كُمْ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَاتٍ لِقَوْمٍ أَلْبَسُوا ﴿٥٤﴾ مِنْهَا
خَلَقْنَاهُمْ وَفِيهَا نَعِيدُهُمْ وَمِنْهَا نَخْرِجُهُمْ تَارَةً أُخْرَى ﴿٥٥﴾ وَلَقَدْ
أَرَيْنَاهُ آيَاتِنَا كُلَّهَا فَكَذَّبَ وَأَبَى ﴿٥٦﴾ قَالَ أَجِئْتَنَا لِتُخْرِجَنَا
مِنْ أَرْضِنَا بِسِحْرِكَ يَمْوَسَى ﴿٥٧﴾ فَلَنَأْتِيَنَّكَ بِسِحْرِ مِثْلِهِ
فَاجْعَلْ بَيْنَنَا وَبَيْنَكَ مَوْعِدًا لَا نُخْلِفُهُ نَحْنُ وَلَا أَنْتَ مَكَانًا
سُوًى ﴿٥٨﴾ قَالَ مَوْعِدُكُمْ يَوْمَ الزَّيْنَةِ وَأَنْ يُخَشِّرَ النَّاسُ ضُحَى
﴿٥٩﴾ فَتَوَلَّى فِرْعَوْنُ فَجَمَعَ كَيْدَهُ ثُمَّ أَتَى ﴿٦٠﴾ قَالَ لَهُمْ
مُوسَى وَيَلَكُمْ لَا تَقْتَرُوا عَلَى اللَّهِ كَذِبًا فَيُسْحِتَكُمْ بِعَذَابٍ
وَقَدْ خَابَ مَنْ أَفْتَرَى ﴿٦١﴾ فَتَنَزَّعُوا أَمْرَهُمْ بَيْنَهُمْ وَأَسْرُوا
النَّجْوَى ﴿٦٢﴾ قَالُوا إِنْ هَذَا إِلَّا لِسِحْرِ بْنِ يَرِيدَ إِنْ أَنْ يُخْرِجَاكُمْ
مِنْ أَرْضِكُمْ بِسِحْرِهِمَا وَيَذْهَبَ بِطَرِيقَتِكُمُ الْمُثَلَّى ﴿٦٣﴾ فَاجْمَعُوا
كَيْدَكُمْ ثُمَّ أَتُوا صَفًّا وَقَدْ أَفْلَحَ الْيَوْمَ مَنْ اسْتَعْلَى ﴿٦٤﴾

20.65 - Hoy izy ireo: “Ry Mosesy, na ianao no hanipy, na izahay no hanipy voalohany?”.

20.66 - Hoy izy: “Atsipazo àry”. Dia indro ny tadin’izy ireo sy ny tehiny, fa toa mandady, vokatry ny majika.

20.67 - Nahatsiaro tahotra tao anatiny ihany i Mosesy.

20.68 - Dia hoy Izahay taminy: “Aza matahotra ianao, fa ianao no ambony,

20.69 - atsipazo izay amin’ny tãnanao havanana, hitelina izay nataon’izy ireo izany. Hafetsen’ny mpanao majika ihany no nataon’izy ireo, ary tsy mahita fahombiazana ny mpanao majika, na aiza na aiza misy azy”.

20.70 - Lavo niankohoka ireo mpanao majika, sady niteny hoe: “Mino ny Tompon’i Harona sy Mosesy izahay”.

20.71 - Dia hoy i Faraona: “Mino azy va ianareo mialohan’ny hanomezako alalana anareo amin’izany? Izy no lehibenareo nampianatra majika anareo. Ka hotapahiko tokoa ny tãnanareo, sy ny tongotrareo amin’ny andaniny avy mifanohitra, ary hofantsihiko amin’ny vatan’ny hazo palma ianareo, fa ho hitanareo izay mafy famaizana indrindra aminay, sy izay maharitra kokoa”.

20.72 - “Amin’ny anaran’Ilay Nahary anay”, hoy izy ireo, “tsy hatakalonay izao porofo mazava tonga eto aminay izao ianao. Avoahy àry izay lalàna tianao havoaka, fa tsy mahakasika afa-tsy ny fiainana an-tany ny lalànanao”.

20.73 - “Mino ny Tomponay izahay, fa hamela ny hadisoanay, sy ny majika noterenao hataonay izy. Fa mendrika indrindra, sady mandrakizay Andriamanitra”.

20.74 - Izay rehetra manatona ny Tompony, ka meloka, dia ho azy ny afobe, ka sady tsy ho velona izy any, no tsy ho faty.

20.75 - Fa izay rehetra manatona Azy kosa, ka mino sy manao asa soa, dia izy ireny no hahazo ny toerana ambony indrindra,

20.76 - ireo zaridaina ho fonenan’izy ireo (mandrakizay), izay misy renirano mikoriana eo ambaniny, ka hitoetra ao mandrakizay. Ary izany no valisoan’ireo izay midio.

قَالُوا يَمْوَسَىٰ إِمَّا أَنْ تُلْقَىٰ وَإِمَّا أَنْ نَكُونَ أَوَّلَ مَنْ أَلْقَىٰ ﴿٦٥﴾ قَالَ
بَلْ أَقْتُوا فَأَذِجَابُهُمْ وَعَصِيَّتُهُمْ يُخِيلُ إِلَيْهِ مِنْ سِحْرِهِمْ أَنَّهُ تَسْعَىٰ
﴿٦٦﴾ فَأَوْجَسَ فِي نَفْسِهِ خِيفَةً مُوسَىٰ ﴿٦٧﴾ قُلْنَا لَا تَخَفْ إِنَّكَ
أَنْتَ الْأَعْلَىٰ ﴿٦٨﴾ وَأَلْقَىٰ مَا فِي يَمِينِكَ تَلَقَّفَ مَا صَنَعُوا إِنَّمَا صَنَعُوا
كَيْدٌ سِحْرٍ وَلَا يُفْلِحُ السَّاحِرُ حَيْثُ أَتَىٰ ﴿٦٩﴾ فَأَلْقَى السَّحْرَةَ سُبْحًا
قَالُوا أَمَّا رَبِّ هَرُونَ وَمُوسَىٰ ﴿٧٠﴾ قَالَ أَمْنْتُمْ لَهُ قَبْلَ أَنْ أَدْنَىٰ
لَكُمْ إِنَّهُ لَكَبِيرُكُمُ الَّذِي عَلَّمَكُمُ السَّحْرَ فَلَا تُقِطِعْ أَيْدِيَكُمْ
وَأَرْجُلَكُمْ مِنْ خَلْفٍ وَلَا صَلِّبَنَّكُمْ فِي جُدُوعِ النَّخْلِ وَلَنَعْلَمَنَّ
أَيُّنَا أَشَدُّ عَذَابًا وَأَبْقَىٰ ﴿٧١﴾ قَالُوا لَنْ نُؤْثِرَكَ عَلَىٰ مَا جَاءَنَا مِنْ
الْبَيِّنَاتِ وَالَّذِي فَطَرْنَا فَاقْضِ مَا أَنْتَ قَاضٍ إِنَّمَا تَقْضِي هَذِهِ
الْحَيَاةَ الدُّنْيَا ﴿٧٢﴾ إِنَّا أَمَّا رَبِّنَا لِيَغْفِرَ لَنَا خَطِيئَتَنَا وَمَا أَكْرَهْتَنَا
عَلَيْهِ مِنَ السَّحْرِ وَاللَّهِ خَيْرٌ وَأَبْقَىٰ ﴿٧٣﴾ إِنَّهُ مَنْ يَأْتِ رَبَّهُ مُجْرِمًا
فَإِنَّ لَهُ جَهَنَّمَ لَا يَمُوتُ فِيهَا وَلَا يَحْيَىٰ ﴿٧٤﴾ وَمَنْ يَأْتِهِ مُؤْمِنًا قَدْ
عَمِلَ الصَّالِحَاتِ فَأُولَٰئِكَ لَهُمُ الدَّرَجَاتُ الْعُلَىٰ ﴿٧٥﴾ جَنَّاتُ عَدْنٍ
تَجْرَىٰ مِنْ تَحْتِهَا الْأَنْهَارُ خَالِدِينَ فِيهَا وَذَٰلِكَ جَزَاءُ مَنْ تَزَكَّىٰ ﴿٧٦﴾

20.77 - Nambaranay tamin'i Mosesy hoe: "Mandehana amin'ny alina, mitondra ireo mpanompoko ianao, ka mamarita lalana maina, eny an-dranomasina ho azy ireo, fa tsy misy atahoranao hanenjika, ary tsy misy zavatra ahiana".

20.78 - Ka nanenjika azy ireo niaraka tamin'ny miaramilany i Faraona, nefa voasaron'ny ranomasina tanteraka.

20.79 - Noverezin'i Faraona tamin'izany ny vahoakany, ka tsy notarihiny tamin'ny lalana mahitsy.

20.80 - Ry zanak'Israely! Efa navotanay teo am-pelantanan'ny fahavalonareo ianareo, ary efa nomenay fotoana teo amin'ny ilany havanan'ny tendrombohitra ihany koa. Ary mbola nampidinina teo aminareo ny mana sy ny kibobo.

20.81 - "Mihinàna amin'izay zavatra tsara nomenay anareo, ary aoka ianareo hahay mankasitraka, raha tsy izany dia hianjera aminareo ny hatezerako, fa izay ianjeran'ny hatezerako, dia ho any amin'ny fahapotohana tokoa.

20.82 - Ary Mpmela heloka tokoa Aho, ho an'izay mibebaka, mino, manao asa soa, ka mizotra amin'ny lalana tsara".

20.83 - "Fa ahoana no nalaky nandao ny vahoakanao ianao, ry Mosesy?"

20.84 - Manaraka ahy ao izy ireo, hoy i Mosesy. Ary dia nihazakazaka aty Aminao aho Tompo, mba ho hankasitrahanao.

20.85 - Hoy Andriamanitra: "Nosedrainay tokoa ny vahoakanao, taorian'ny nandehanao. Ka noverezin'i Samiri lalana izy ireo, (tamin'ny nitarihiny azy ireo, hanompo ilay zanak'omby volamena)

20.86 - Dia niverina teo amin'ny vahoakany i Mosesy, tezitra sady nalahelo. Ka hoy izy: "Ry vahoakako! Tsy efa nanome fampanantenana anareo va, ny Tomponareo? Sa lava loatra taminareo va ny fifanekena? Sa irinareo ny hianjeran'ny hatezeran'ny Tomponareo aminareo, noho ny famadihanareo ny fifanekenareo tamiko?"

20.87 - Hoy izy ireo: "Tsy dia sitraponay loatra ny nivadihanay tamin'ny fifanekenay taminao. Saingy novesaran'ireo ravaky ny vahoakan'i Faraona izahay, ka nodoranay izany, araka ny hevitra natsipin'i Samiri".

وَلَقَدْ أَوْحَيْنَا إِلَى مُوسَى أَنْ أَسْرِ بِعِبَادِي فَاصْرَبْ لَهُمْ طَرِيقًا
فِي الْبَحْرِ يَبَسًا لَا تَخَفُ دَرَكًا وَلَا تُخْشَى ۚ (٧٧) فَاتَّبَعَهُمْ فِرْعَوْنُ
بِجُنُودِهِ ۚ فَغَشِيَهُمْ مِنَ الْيَمِّ مَا غَشِيَهُمْ ۚ (٧٨) وَأَضَلَّ فِرْعَوْنُ قَوْمَهُ
وَمَا هَدَىٰ (٧٩) يَبْنِي إِسْرَاءَ يَلْ قَدْ أَنْجَيْنَاكَ مِنْ عَدُوِّكَ وَوَعَدْنَاكَ
جَانِبَ الطُّورِ الْأَيْمَنِ وَنَزَّلْنَا عَلَيْكَ الْمَنَّاءَ وَالسَّلْوَىٰ (٨٠) كُلُوا
مِنْ طَيِّبَاتِ مَا رَزَقْنَاكُمْ وَلَا تَطْغَوْا فِيهِ فَيَحِلَّ عَلَيْكُمْ غَضَبِي
وَمَنْ يَحِلَّ عَلَيْهِ غَضَبِي فَقَدْ هَوَىٰ (٨١) وَإِنِّي لَغَفَّارٌ لِمَنْ تَابَ
وَعَمِلَ صَالِحًا ثُمَّ اهْتَدَىٰ (٨٢) وَمَا أَعْجَلَكَ عَنْ
قَوْمِكَ يَمْوَسَىٰ (٨٣) قَالَ هُمْ أَوْلَاءُ عَلَىٰ أَثَرِي وَعَجِلْتُ إِلَيْكَ
رَبِّ لِتَرْضَىٰ (٨٤) قَالَ فَإِنَّا قَدْ فَتَنَّا قَوْمَكَ مِنْ بَعْدِكَ وَأَضَلَّهُمُ
السَّامِرِيُّ (٨٥) فَرَجَعَ مُوسَىٰ إِلَىٰ قَوْمِهِ غَضْبَنَ أَسْفًا قَالَ
يَقَوْمِ أَلَمْ يَعِدْكُمْ رَبُّكُمْ وَعَدًّا حَسَنًا أَفَطَالَ عَلَيْكُمْ
الْعَهْدُ أَمْ أَرَدْتُمْ أَنْ يَحِلَّ عَلَيْكُمْ غَضَبٌ مِّنْ رَبِّكُمْ فَأَخْلَفْتُمُ
مَّوْعِدِي (٨٦) قَالُوا مَا أَخْلَفْنَا مَوْعِدَكَ بِمَلِكِنَا وَلَكِنَّا حَمَلْنَا
أَوْزَارًا مِّنْ زِينَةِ الْقَوْمِ فَقَدْ فَتَنَاهَا فَكَذَلِكَ أَلْقَى السَّامِرِيُّ (٨٧)

20.88 - Dia namoaka (namboatra) zanak'omby ho azy ireo izy, vatana mitrena. Dia hoy izy ireo: "Io no andriamanitrareo sy andriamanitr'i Mosesy, fa adinony angamba".

20.89 - Fa nahoana! Tsy hitan'izy ireo va, fa tsy miteny izy io (zanak'omby), ary tsy manana fahefana hanisy ratsy, na hanao soa azy ireo akory?

20.90 - Efa nilazan'i Harona tokoa izy ireo hoe: "Ry vahoakako! Latsaka tao amin'ny fakam-panahy ianareo (noho ilay zanak'omby). Nefa ilay be Fiantrana no Tomponareo. Koa manaraha ahy àry ianareo, ary ekeo ny didiko".

20.91 - Hoy izy ireo: "Tsy hitsahatra ny hifikitra amin'io izahay, raha tsy miverina aty aminay i Mosesy".

20.92 - Dia hoy Mosesy: "Inona no nisakana anao, ry Harona, rehefa hitanao nivily làlana izy ireo,

20.93 - ny hanaraka ahy? Nandika ny didiko va ianao?".

20.94 - Dia hoy izy (Harona): "Ry zanaky ny Reniko, aza raisinao amin'ny volombavako aho, na amin'ny lohako. Natahotra aho ny hitenenanao amiko hoe: nozarainao ny zanak'Israely, ary tsy nanaraka ny didiko ianao".

20.95 - Hoy izy (Mosesy): "Inona no zavatra notetehinao ry Samiri?".

20.96 - Ka hoy izy: "Nahita izay tsy hitan'izy ireo aho, ka naka iray tanao tamin'ny dian'ilay Iraka, ary nafafiko. Izany no nobitsihin'ny fanahiko tamiko".

20.97 - Mandehana ianao, hoy Mosesy. Amin'ny fiainana, dia izao hatrany no hambaranao amin'ny olona rehetra hoe: "Aza mikasika ahy ianareo". Ary hisy fe-potoana homena anao, izay tsy azonao idifiana. Jereo ny andriamanitra izay notompoinao fatratra, fa hodoranay tokoa izy, avy eo dia hafafinay any amin'ny onja.

20.98 - Hamafisina, fa Andriamanitra irery ihany no Andriamanitrareo, ka tsy misy andriamanitra hafa, ankoatra Azy. Feheziny amin'ny Fahaizany avokoa ny zavatra rehetra.

فَأَخْرَجَ لَهُمْ عِجْلًا جَسَدًا لَهُ خُورٌ فَقَالُوا هَذَا إِلَهُهُمْ كُمْ
وَالِلَّهِ مُوسَىٰ فَنَسِيَ ﴿٨٨﴾ أَفَلَا يَرَوْنَ أَنَّهُ لَا يُرْجَعُ إِلَيْهِمْ قَوْلًا وَلَا
يَمْلِكُ لَهُمْ ضَرًّا وَلَا نَفْعًا ﴿٨٩﴾ وَلَقَدْ قَالَ لَهُمْ هَارُونُ مِنْ قَبْلُ
يَقَوْمِ إِنَّمَا فُتِنْتُمْ بِهِ وَإِنَّ رَبَّكُمُ الرَّحْمَنُ فَاتَّبِعُونِي وَأَطِيعُوا
أَمْرِي ﴿٩٠﴾ قَالُوا لَنْ نَبْرَحَ عَلَيْهِ عَكِفِينَ حَتَّىٰ يَرْجِعَ إِلَيْنَا مُوسَىٰ
﴿٩١﴾ قَالَ يَهْدُرُونَ مَآمَنَكَ إِذْ رَأَيْتَهُمْ ضَلُّوا ﴿٩٢﴾ أَلَا تَتَّبِعَنِ
أَفَعَصَيْتَ أَمْرِي ﴿٩٣﴾ قَالَ يَبْنَؤُمْ لَا تَأْخُذْ بِذِٰلِكَ وَلَا بِرَأْسِي
إِنِّي خَشِيتُ أَنْ تَقُولَ فَرَّقْتَ بَيْنَ بَنِي إِسْرَءِيلَ وَلَمْ تَرْقُبْ
قَوْلِي ﴿٩٤﴾ قَالَ فَمَا خَطْبُكَ يُسْمِرُ ﴿٩٥﴾ قَالَ بَصُرْتُ
بِمَا لَمْ يَبْصُرُوا بِهِ فَقَبَضْتُ قَبْضَةً مِّنْ أَثَرِ الرَّسُولِ
فَنَبَذْتُهَا وَكَذَلِكَ سَوَّلَتْ لِي نَفْسِي ﴿٩٦﴾ قَالَ
فَإِذْ هَبْ فَاثْبُتْ لَكَ فِي الْحَيَوةِ أَنْ تَقُولَ لَا مِسَاسَ وَإِنَّ لَكَ
مَوْعِدًا لَّنْ تُخْلَفُهُ وَانْظُرْ إِلَى إِلَهِكَ الَّذِي ظَلْتَ عَلَيْهِ
عَاكِفًا لَّنْ حَرِّقَنَّهُ ثُمَّ لَنَنْسِفَنَّهُ فِي الْيَمِّ نَسْفًا ﴿٩٧﴾ إِنَّكُمْ
إِلَهُكُمْ اللَّهُ الَّذِي لَا إِلَهَ إِلَّا هُوَ وَسِعَ كُلَّ شَيْءٍ عِلْمًا ﴿٩٨﴾

20.99 - Toy izany no fitantaranay aminao izay niseho. Tena fampahatsiarovana avy Aminay tokoa no nentinay taminao.

20.100 - Izay misintaka aminy (Kor'any), dia hitondra entamavesatra amin'ny andro fitsanganana,

20.101 - hitondra izany mandrakizay izy ireo, ary tena entamavesatra ho azy ireo tokoa izany, amin'ny andro fitsanganana,

20.102 - Amin'ny andro izay hitsofana ny trompetra (anjomara), dia hangoninay ny mpanao ratsy rehetra, ho mangan'ny tahotra.

20.103 - Hifampibitsika izy ireo hoe: "Tsy nijanona afa-tsy folo andro ihany ianareo".

20.104 - Fantatray tsara izay hambaran'izy ireo, rehefa hilaza ny iray amin'izy ireo, izay tsara fitondrantena indrindra hoe: "Andro iray ihany no nijanonanareo".

20.105 - Ary hanontany anao mikasika ny tendrombohitra izy ireo. Ka lazao hoe: "Haparitaky ny Tompoko tahaka ny vovoka izany,

20.106 - ary avelany ho toy ny tany lemaka ngazana,

20.107 - izay tsy ahitanao, na fiolakolahana na lemaka.

20.108 - Amin'izay andro izay, dia hanaraka ny Mpiantso tsy misy olakolaka izy ireo, ka hihamora ny feo eo anatrehan'Ilay be Fiantrana. Ary tsy handre, afa-tsy bitsibitsika ianao.

20.109 - Amin'io andro io, dia tsy hisy hahazo tombontsoa amin'ny fanelanelanana, afa-tsy izay nomen'Ilay be Fiantrana alalana, ka nankasitrahany teny.

20.110 - Fantany izay eo aloha sy aorian'izy ireo, nefa izy ireo dia tsy mahafehy Azy amin'ny alalan'ny fahaizany.

20.111 - Ary manetry tena eo anatrehan'Ilay Velona ny endrika rehetra, Ilay tsy miankina na amin'iza na amin'iza, ary dia halahelo izay hiatrika Azy, ka nanao ny tsy rariny.

20.112 - Fa izay nanao asa soa kosa, sady mpino, dia tsy hatahotra, na ny tsy rariny izany, na ny tsindrihazolena.

20.113 - Toy izany no nampidinanay ny Kor'any amin'ny fiteny arabo, ka nanaovanay maro ny fampitandremana, hahatonga azy ireo ho tia vavaka, na hahatonga azy ireo hifananatra.

كَذَلِكَ نَقُصُّ عَلَيْكَ مِنْ أَنْبَاءٍ مَا قَدْ سَبَقَ وَقَدْ آتَيْنَاكَ مِنْ لَدُنَّا
ذِكْرًا ﴿٩٩﴾ مَنْ أَعْرَضَ عَنْهُ فَإِنَّهُ يَحْمِلُ يَوْمَ الْقِيَمَةِ وِزْرًا
﴿١٠٠﴾ خَلِيدٍ فِيهِ وَسَاءَ لَهُمْ يَوْمَ الْقِيَمَةِ حِمْلًا ﴿١٠١﴾ يَوْمَ يُفْخِ
فِي الصُّورِ وَنَحْشُرُ الْمُجْرِمِينَ يَوْمَئِذٍ زُرْقًا ﴿١٠٢﴾ يَتَخَفَتُونَ
بَيْنَهُمْ إِنْ لَبِثْتُمْ إِلَّا عَشْرًا ﴿١٠٣﴾ نَحْنُ أَعْلَمُ بِمَا يَقُولُونَ إِذْ يَقُولُ
أَمْثَلُهُمْ طَرِيقَةً إِنْ لَبِثْتُمْ إِلَّا يَوْمًا ﴿١٠٤﴾ وَيَسْتَلُونَكَ عَنِ الْجِبَالِ
فَقُلْ يَنْسِفُهَا رَبِّي نَسْفًا ﴿١٠٥﴾ فَيَذَرُهَا قَاعًا صَفْصَفًا ﴿١٠٦﴾
لَا تَبْقَى فِيهَا جِوَارًا لَآتًا ﴿١٠٧﴾ يَوْمَئِذٍ يَتَّبِعُونَ الدَّاعِيَ
لَا عِوَجَ لَهُ وَخَشَعَتِ الْأَصْوَاتُ لِلرَّحْمَنِ فَلَا تَسْمَعُ إِلَّا هَمْسًا
﴿١٠٨﴾ يَوْمَئِذٍ لَا تَنْفَعُ الشَّفَعَةُ إِلَّا مَنْ أَذِنَ لَهُ الرَّحْمَنُ وَرَضِيَ لَهُ
قَوْلًا ﴿١٠٩﴾ يَعْلَمُ مَا بَيْنَ أَيْدِيهِمْ وَمَا خَلْفَهُمْ وَلَا يُحِيطُونَ بِهِ
﴿١١٠﴾ وَعَنْتِ الْوُجُوهُ لِلْحَيِّ الْقَيُّومِ وَقَدْ خَابَ مَنْ
حَمَلَ ظُلْمًا ﴿١١١﴾ وَمَنْ يَعْمَلْ مِنَ الصَّالِحَاتِ وَهُوَ مُؤْمِنٌ فَلَا
يَخَافُ ظُلْمًا وَلَا هَضْمًا ﴿١١٢﴾ وَكَذَلِكَ أَنْزَلْنَاهُ قُرْآنًا عَرَبِيًّا
وَصَرَفْنَا فِيهِ مِنَ الْوَعِيدِ لَعَلَّهُمْ يَنْقَوْنَ أَوْ يُحَذِّرُهُمْ ذِكْرًا ﴿١١٣﴾

20.114 - Fa an'Andriamanitra ny fahamboniana, Ilay tena Mpanjaka! Aza maika hamaky ny Kor'any ianao, raha tsy efa vita tanteraka ny fanambarana azy aminao. Ary lazao hoe: "Ry Tompoko! Ampitomboy ny fahalalako".

20.115 - Nampitandrina an'i Adama tokoa Izahay taloha, saingy adinony izany, ary tsy nahita fanapahan-kevitra hentitra tao aminy Izahay.

20.116 - Ary rehefa niteny tamin'ireo Anjely Izahay hoe: "Miankohofa amin'i Adama ianareo", dia niankohoka avokoa izy rehetra, afa-tsy iblis izay nandà.

20.117 - Dia hoy izahay: "Ry Adama, tena fahavalo ho anao sy ny vadin'ao tokoa izy. Ka mitandrema ianareo, sao avoakany ao amin'ny Paradisa, fa hampalahelo tokoa ianao.

20.118 - Fa tsy hahatsiaro hanoanana ianao any, na mitanjaka,

20.119 - tsy hahatsiaro hetaheta ihany koa ianao ao, na main'ny hafanan'ny masoandro".

20.120 - Nefa dia naka fanahy azy ny devoly, ka niteny hoe: "Ry Adama! Hatoroko anao va ilay hazon'ny mandrakizay, sy ny fanjakana tsy mety rava?".

20.121 - Nihinana tamin'izany avy izy roa (Adama sy Eva). Dia tsapany, fa nitanjaka izy ireo, ka nitafy izay ravina tao amin'ny Paradisa. Toy izany no nandavan'i Adama ny Tompony, ary dia nivily làlana izy.

20.122 - Avy eo anefa, dia nofidin'ny Tompony izy, ary Nankasitrahany ny fibebahany, ka Notarihiny làlana izy.

20.123 - Hoy izy: "Midina teto ianareo, ny andaniny aminareo ihany no fahavalon'ny ankilany. Ary raha misy mpitari-dàlana avy Amiko tonga eo aminareo, dia tsy ho very làlana izay manaraka azy, ary tsy halahelo.

20.124 - Fa izay misintaka ny fampahatsiarovako kosa, dia hiaina fiainana feno fahasahiranana, ary amin'ny andro fitsanganana, dia hatsanganay anaty fahajambana izy.

20.125 - Hiteny izy hoe: "Ry Tompoko! Nahoana no natsangan'ao anaty fahajambana aho, nefa dia nahitrata taloha?".

فَعَلَى اللَّهِ الْمَلِكُ الْحَقُّ وَلَا تَعْجَلْ بِالْقُرْآنِ مِنْ قَبْلِ أَنْ يُقْضَى إِلَيْكَ وَحْيُهُ، وَقُلْ رَبِّ زِدْنِي عِلْمًا ﴿١١٤﴾ وَلَقَدْ عَاهَدْنَا إِلَى آدَمَ مِنْ قَبْلِ فَنَسَى وَلَمْ نُجِدْ لَهُ عَزْمًا ﴿١١٥﴾ وَإِذْ قُلْنَا لِلْمَلَائِكَةِ اسْجُدُوا لِآدَمَ فَسَجَدُوا إِلَّا إِبْلِيسَ أَبَى ﴿١١٦﴾ فَقُلْنَا يَا آدَمُ إِنَّ هَذَا عَدُوٌّ لَكَ وَلِزَوْجِكَ فَلَا يُخْرِجَنَّكَ مِنَ الْجَنَّةِ فَتَشْقَى ﴿١١٧﴾ إِنَّ لَكَ أَلَّا تَجُوعَ فِيهَا وَلَا تَعْرَى ﴿١١٨﴾ وَأَنَّكَ لَا تَظْمَأُ فِيهَا وَلَا تَصْحَى ﴿١١٩﴾ فَوَسْوَسَ إِلَيْهِ الشَّيْطَانُ قَالَ يَتَّخِذُكُمْ هَلْ أَدُلُّكُمْ عَلَى شَجَرَةِ الْخُلْدِ وَمُلْكٍ لَا يَبْلَى ﴿١٢٠﴾ فَأَكَلَا مِنْهَا فَبَدَتْ لَهُمَا سَوْءُ تَهُمَا وَطَفِقَا يَخْصِفَانِ عَلَيْهِمَا مِنْ وَرَقِ الْجَنَّةِ وَعَصَى آدَمُ رَبَّهُ، فَغَوَى ﴿١٢١﴾ ثُمَّ أَجْنَبَهُ رَبُّهُ، فَنَابَ عَلَيْهِ وَهَدَى ﴿١٢٢﴾ قَالَ أَهْبِطَا مِنْهَا جَمِيعًا بَعْضُكُمْ لِبَعْضٍ عَدُوٌّ فَأَمَّا يَأْتِيَنَّكُمْ مِّنِّي هُدًى فَمَنِ اتَّبَعَ هُدَايَ فَلَا يَصِلْ وَلَا يَشْقَى ﴿١٢٣﴾ وَمَنْ أَعْرَضَ عَن ذِكْرِي فَإِنَّ لَهُ مَعِيشَةً ضَنْكًا وَنَحْشُرُهُ يَوْمَ الْقِيَمَةِ أَعْمَى ﴿١٢٤﴾ قَالَ رَبِّ لِمَ حَشَرْتَنِي أَعْمَى وَقَدْ كُنْتُ بَصِيرًا ﴿١٢٥﴾

20.126 - Hiteny izy (Andriamanitra) hoe: "Tahaka ny nahatongavan'ny famantarana teo aminao avy Aminay, ka nanadinoanao izany, dia toy izany koa no hanadinoana anao androany".

20.127 - Toy izany no anasazianay ireo mpihoa-pefy, izay tsy mino ny fanambarana avy amin'ny Tompony. Ary mafy tokoa ny famaizana any an-koatra, sady maharitra.

20.128 - Tsy ampy ho torolàlana ho azy ireo va, ny nandringananay taranaka maro talohany, tao amin'ireo fonenana, izay handehan'izy ireo ankehitriny? Tena anatra lehibe ho an'ny olona misaina izany!

20.129 - Raha tsy noho ny lalàna efa noraisin'ny Tomponao mialoha, sy ny fotoana farany efa voafaritra, dia tsy afaka niala ny famaizana (avy hatrany) izy ireo.

20.130 - Hiareto izay lazain'izy ireo, ary hobia ny fiderana ny Tomponao, alohan'ny fiposahan'ny masoandro, sy mialohan'ny hilentehany, ary mandritra ny alina, ary derao ny voninahiny, eo ampiandohan'ny andro sy ny fiafarany. Fa hahazo fahafahampo ianao.

20.131 - Ary aza atopinao any amin'izay fahafinaretana mandalo nomenay hifalian'ny mpivady sasany amin'izy ireo ny masonao, tahaka ny ravaka ny fiainana hisedrana azy ireo ireny. Tsara sady maharitra izay omen'Andriamanitra.

20.132 - Ampirisiho hanatanteraka vavaka fanompoana (soalat) ny fianakavianao, ary mahareta amin'ny fanompoana ihany koa ianao, tsy mangataka anjaram-pivelomana aminao izahay, fa izahay no manome anjaram-pivelomana anao. Fa ny fiafarana tsara, dia voatokana ho an'ny fitiavam-bavaka.

20.133 - Ary hoy izy ireo: "Ahoana izahay no tsy hitondran'ny fahagagana avy amin'ny Tompony?", tsy tonga tamin'izy ireo va, ilay Pofofo misy ireo soatra tranainy.

20.134 - Ary raha naringanay tamin'ny famaizana talohan'ny nahatongavany (Mohammad) izy ireo, dia hiteny tokoa hoe: "Ry Tomponay ô! Nahoana no tsy nandefasanao iraka izahay, hanarahany ny fampianaranao mialohan'ny hahafeno henatra, sy fahafahambaraka anay".

20.135- Lazao hoe: "Samy miandry avokoa ny tsirairay, ary miandraza ihany koa ianareo! Fa ho fantatrareo tsy ho ela, izay olon'ny lalana mahitsy, sy voatari-dalana tsara".

قَالَ كَذَلِكَ أَنتَ أَإِتَيْنَا فَنَسِينَهَا وَكَذَلِكَ الْيَوْمَ نُنْشِئُ ﴿١٢٦﴾ وَكَذَلِكَ
نَجْزِي مَنْ أَسْرَفَ وَلَمْ يُؤْمِنْ بِآيَاتِ رَبِّهِ وَلَعَذَابُ الْآخِرَةِ أَشَدُّ
وَأَبْقَى ﴿١٢٧﴾ أَفَلَمْ يَهْدِ لَهُمْ كَمْ أَهْلَكْنَا قَبْلَهُمْ مِنَ الْقُرُونِ يَمْشُونَ
فِي مَسْكِنِهِمْ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَاتٍ لِّأُولِي النُّهَى ﴿١٢٨﴾ وَلَوْلَا كَلِمَةٌ
سَبَقَتْ مِنْ رَبِّكَ لَكَانَ لِزَامًا وَأَجَلٌ مُّسَمًّى ﴿١٢٩﴾ فَاصْبِرْ عَلَى
مَا يَقُولُونَ وَسَبِّحْ بِحَمْدِ رَبِّكَ قَبْلَ طُلُوعِ الشَّمْسِ وَقَبْلَ غُرُوبِهَا
وَمِنْ أَنَايِ اللَّيْلِ فَسَبِّحْ وَأَطْرَافَ النَّهَارِ لَعَلَّكَ تَرْضَى ﴿١٣٠﴾ وَلَا
تَمُدَّنَّ عَيْنَيْكَ إِلَى مَا مَتَّعْنَاهُ أَزْوَاجًا مِنْهُمْ زَهْرَةَ الْحَيَاةِ الدُّنْيَا
لِنَفْتِنَهُمْ فِيهِ وَرِزْقُ رَبِّكَ خَيْرٌ وَأَبْقَى ﴿١٣١﴾ وَأَمْرٌ أَهْلَكَ بِالصَّلَاةِ
وَأَصْطَبِرَ عَلَيْهَا لَا تَسْأَلُكَ رِزْقًا نَحْنُ نَرْزُقُكَ وَالْعَقِبَةُ لِلتَّقْوَى ﴿١٣٢﴾
وَقَالُوا لَوْلَا يَأْتِينَا بِآيَةٍ مِنْ رَبِّهِ أَوَلَمْ تَأْتِهِمْ بَيِّنَةٌ مَّا فِي
الْصُّحُفِ الْأُولَى ﴿١٣٣﴾ وَلَوْ أَنَّا أَهْلَكْنَاهُمْ بِعَذَابٍ مِنْ قَبْلِهِ
لَقَالُوا رَبَّنَا لَوْلَا أَرْسَلْتَ إِلَيْنَا رَسُولًا فَنَتَّبِعَ آيَاتِكَ مِنْ
قَبْلِ أَنْ نَذِلَّ وَنَخْزَى ﴿١٣٤﴾ قُلْ كُلُّ مُتَرَبِّصٍ فَتَرَبَّصُوا
فَسَتَعْلَمُونَ مَنْ أَصْحَابُ الصِّرَاطِ السَّوِيِّ وَمَنِ اهْتَدَى ﴿١٣٥﴾

FIZARANA FAHAFITOAMBINIFOLO

TOKO - 21

AL-ANBIYA
(IREO MPAMINANY)**Andininy 112: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)**

Amin'ny anaran'Andriamanira, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

21.1 - Manakaiky ny olombelona ny fotoam-pitsarana azy, nefa izy ireo dia tsy miraika, sady manome lamosina izany.

21.2 - Tsy misy fampahatsiarovana (fanambarana) vao haingana tonga tamin'izy ireo avy amin'ny Tompony, ka tsy nohainoin'izy ireo amim-pamazivaziana.

21.3 - Manadino ny fon'izy ireo, nefa manao resaka an-tsokosoko, ireo mpanao ny tsy rariny: "Moa va izy io tsy olombelona mitovy aminareo, ka hirona hanao majika ianareo, nefa mahita tsara?".

21.4 - Hoy izy: "Fantatry ny Tompoko avokoa izay teny voalaza any an-danitra sy eto an-tany. Izy no Ilay Mandre sy Mahalala ny zavatra rehetra".

21.5 - Fa hoy izy ireo: "Nofy maro mifangaro izany, na hoe koa noforonony fotsiny, na mpanao tononkalo izy, koa aoka hitondra aminay famantarana izy, sahala amin'ny nanirahana ireo Iraka teo aloha".

21.6 - Tsy nisy na iray aza tanàna tsy nino tamin'ireo izay naringanay talohan'izy ireo (amin'ny fahitana ireo fahagagana), ka moa va hino izy ireo?

21.7 - Tsy nandefa Iraka talohan'izy ireo, raha tsy olona izay nandefasanay ireo fanambarana, koa anontanio ary ireo olona mahay ny fanambarana raha tsy mahafantatra ianareo.

21.8 - Tsy nataonay ho vatana tsy mihinana sakafo izy ireo, ary tsy natao haharitra mandrakizay.

21.9 - Avy eo, dia notanterahinay ny fampanantenana izay nataonay taminy, ka novonjenay izy ireo, niaraka tamin'ireo izay tianay ho vonjena, fa naringanay ireo mpihoa-pefy.

21.10 - Nampidinay taminareo ny Boky, izay misy fampahatsiarovana ho anareo; tsy mandinika va ianareo?

سُورَةُ الْأَنْبِيَاءِ

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

أَقْرَبَ لِلنَّاسِ حِسَابُهُمْ وَهُمْ فِي غَفْلَةٍ مُّعْرِضُونَ ﴿١﴾
مَا يَأْتِيهِمْ مِنْ ذِكْرٍ مِنْ رَبِّهِمْ مُحَدَّثٍ إِلَّا أَسْتَمِعُوهُ وَهُمْ
يَلْعَبُونَ ﴿٢﴾ لَا هِيَ قُلُوبُهُمْ وَأَسْرُوا النَّجْوَى الَّذِينَ ظَلَمُوا
هَلْ هَذَا إِلَّا بَشَرٌ مِثْلُكُمْ أَفَتَأْتُونَ السَّحَرَ وَأَنْتُمْ
تُبْصِرُونَ ﴿٣﴾ قَالَ رَبِّي يَعْلَمُ الْقَوْلَ فِي السَّمَاءِ وَالْأَرْضِ
وَهُوَ السَّمِيعُ الْعَلِيمُ ﴿٤﴾ بَلْ قَالُوا أَضْغَتْ أَحْلَامٌ بَلْ
أَقْرَبَهُ بَلْ هُوَ شَاعِرٌ فَلْيَأْتِنَا بآيَةٍ كَمَا أُرْسِلَ الْأُولُونَ
﴿٥﴾ مَا آمَنَتْ قَبْلَهُمْ مِنْ قَرْيَةٍ أَهْلَكْنَاهَا أَفَهُمْ يُؤْمِنُونَ
﴿٦﴾ وَمَا أَرْسَلْنَا قَبْلَكَ إِلَّا رِجَالًا نُوْحِي إِلَيْهِمْ فَسَلُّوا أَهْلَ
الذِّكْرِ إِنْ كُنْتُمْ لَا تَعْلَمُونَ ﴿٧﴾ وَمَا جَعَلْنَاهُمْ جَسَدًا
لَا يَأْكُلُونَ الطَّعَامَ وَمَا كَانُوا خَالِدِينَ ﴿٨﴾ ثُمَّ صَدَقْنَاهُمْ
الْوَعْدَ فَأَنْجَيْنَاهُمْ وَمَنْ نَشَاءُ وَأَهْلَكْنَا الْمُسْرِفِينَ ﴿٩﴾
لَقَدْ أَنْزَلْنَا إِلَيْكُمْ كِتَابًا فِيهِ ذِكْرُكُمْ أَفَلَا تَعْقِلُونَ ﴿١٠﴾

21.11 - Firifiry moa ireo tanàna mpanao ny tsy rariny nopotehinay, ka namoronanay vahoaka hafa taorian'ny nanjavonan'izy ireo.

21.12 - Lasa nandositra haingana izy ireo, rehefa nahatsapa ny hamafin'ny fanasazianay.

21.13 - Aza mandositra ianareo! Fa miverena amin'ny soa izay nisy anareo, sy ao amin'ny fonenanareo, mba ho hanontaniana ianareo.

21.14 - Ka hoy izy ireo: "Lozanay izany! Tena olona mpanao ny tsy rariny tokoa izahay".

21.15 - Tsy nitsahatra izany antsoantson'izy ireo izany, mandrapahatonga azy ireo nataonay potika sy maina.

21.16 - Tsy kilalao no Naharianay ny lanitra sy ny tany, ary izay rehetra eo anelanelan'izy ireo.

21.17 - Raha naniry fialam-boly izahay, dia hohitanay eo aminay ihany izany, raha hanao izany tokoa izahay.

21.18 - Ny mifanohitra amin'izany anefa, alefanay hanohitra ny hadisoana (hevi-diso) ny fahamarinana, izay hanitsaka ny lohany, ary indro ny hevi-diso fa nanjavona. Koa lozanareo amin'ny zavatra izay lazainareo!

21.19 - Azy avokoa izay rehetra any an-danitra sy eto an-tany, ary izay rehetra any Aminy, ka tsy mihevitra ny tenany ho lehibe manoloana ny fanompoana Azy, ary tsy sasatra manao izany izy ireo.

21.20 - Fa mankalaza ny voninahiny andro aman'alina tsy ankijanona izy ireo.

21.21 - Sa moa izy ireo, naka ireo andriamanitra izay afaka manangana (amin'ny maty) ny olona avy amin'ny tany?

21.22 - Raha ohatra ka nisy tompo hafa, ankoatra an'Andriamanitra tany an-danitra sy tety an-tany, dia nikorontana izy roa ireo, koa voninahitra anie ho an'Andriamanitra, Tompon'ilay Seza Fiandrianana, ary izy dia ambony lavitra noho izay lazain'izy ireo.

21.23 - Tsy hisy hanontany Azy amin'izay Ataony, fa izy ireo no hanontaniana (amin'ny asa nataony).

21.24 - Moa nifidy andriamanitra ankoatra Azy va izy ireo? Dia lazao azy ireo hoe: "Ento aty ny porofonareo! Fampahatsiarovana ho an'ny olombelona izay miaraka amiko ity, ary fampahatsiahivana ihany koa ho an'izay talohako, fa maro amin'izy ireo no tsy mahalala ny fahamarinana, ka dia miala amin'izany izy ireo.

وَكَمْ قَصَمْنَا مِنْ قَرْيَةٍ كَانَتْ ظَالِمَةً وَأَنْشَأْنَا بَعْدَهَا قَوْمًا
 آخَرِينَ ﴿١١﴾ فَلَمَّا أَحْسَوْا بِأَسْنَائِهِمْ مِنْهَا يُرْكضُونَ ﴿١٢﴾
 لَا تَرْكضُوا وَأَرْجِعُوا إِلَى مَا أُتْرِفْتُمْ فِيهِ وَمَسْكِنِكُمْ لَعَلَّكُمْ
 تُسْأَلُونَ ﴿١٣﴾ قَالُوا بَلَى إِنْ كُنَّا ظَالِمِينَ ﴿١٤﴾ فَمَا زَالَتْ تِلْكَ
 دَعْوَاهُمْ حَتَّى جَعَلْنَاهُمْ حَصِيدًا خَمِيدِينَ ﴿١٥﴾ وَمَا خَلَقْنَا
 السَّمَاءَ وَالْأَرْضَ وَمَا بَيْنَهُمَا لِعَيْنٍ ﴿١٦﴾ لَوْ أَرَدْنَا أَنْ نَتَّخِذَ لَهْوًا
 لَا تَخَذْنَاهُ مِنْ لَدُنَّا إِنْ كُنَّا فَعَّالِينَ ﴿١٧﴾ بَلْ نَقْذِفُ بِالْحَقِّ
 عَلَى الْبَاطِلِ فَيَدْمَغُهُ فَإِذَا هُوَ زَاهِقٌ وَلَكُمْ الْوَيْلُ مِمَّا نَصِفُونَ
 ﴿١٨﴾ وَلَهُ مَنْ فِي السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَمَنْ عِنْدَهُ لَا يَسْتَكْبِرُونَ
 عَنْ عِبَادَتِهِ وَلَا يَسْتَحْسِرُونَ ﴿١٩﴾ يُسَبِّحُونَ اللَّيْلَ وَالنَّهَارَ
 لَا يَفْتُرُونَ ﴿٢٠﴾ أَمْ اتَّخَذُوا إِلَهًا مِنَ الْأَرْضِ هُمْ يُنْشِرُونَ
 ﴿٢١﴾ لَوْ كَانَ فِيهِمَا آلَ اللَّهِ لَفَسَدَتَا فَسَبِّحْنَا اللَّهَ رَبَّ الْعَرْشِ
 عَمَّا يَصِفُونَ ﴿٢٢﴾ لَا يُسْأَلُ عَمَّا يَفْعَلُ وَهُمْ يُسْأَلُونَ ﴿٢٣﴾ أَمْ
 اتَّخَذُوا مِنْ دُونِهِ آلَ اللَّهِ قُلْ هَاتُوا بُرْهَانَكُمْ هَذَا ذِكْرٌ مِنْ مَعِيَ
 وَذِكْرٌ مِنْ قَبْلِي بَلْ أَكْثَرُهُمْ لَا يَعْلَمُونَ الْحَقَّ فَهُمْ مُعْرِضُونَ ﴿٢٤﴾

21.25 - Tsy nandefa Iraka Izahay, na iray aza talohanao, ka tsy nambaranay azy hoe: "Tsy misy andriamanitra hafa, afa-tsy Izaho, koa aoka ianareo hanompo Ahy".

21.26 - Ka hoy izy ireo: "Nanan-janaka Ilay be Fiantrana!". Voninahitra anie ho Azy! Fa mpanompo mendri-kaja ihany izy ireo.

21.27 - Tsy mialoha lalana ny Teniny izy ireo, fa manatanteraka araka izay Baikony.

21.28 - Fantany izay eo anolohan'izy ireo, sy izay eo aoriany, tsy manelanelana izy ireo raha tsy amin'izay Ankasitrahany, ary torakovitra izy ireo amin'ny fahatahorana Azy.

21.29 - Ary izay milaza amin'izy ireo hoe: "andriamanitra ankoatra Azy aho", dia ny afobe no valiny homenay azy, ary toy izany no hamalianay ireo mpanao ny tsy rariny.

21.30 - Moa tsy hitan'ireo tsy mpino va, fa mitambatra ho vaingana iray ny lanitra sy ny tany? Avy eo, dia nosarahinay izy ireo, ary nataonay avy amin'ny rano, ny zava-manan'aina rehetra, moa tsy mino izany va ianareo?

21.31 - Nasianay tendrombohitra tahaka ny andry teny ambonin'ny tany, mba tsy hampihozongozona azy, ary nofaritanay ireo lalana midadasika, hitari-dalana tsara azy ireo,

21.32 - ary nataonay tafo voaaro ny lanitra, nefa mbola manome lamosina ireo famantarany ihany izy ireo.

21.33 - Izy no Nahary ny alina, sy ny andro, ary ny masoandro, sy ny volana, samy milomano amin'ny toerana hiodinany avy ny tsirairay.

21.34 - Tsy nisy olona na iray aza talohanao, nataonay tsy ho tratan'ny fahafatesana, moa va raha ho faty ianao, dia tsy ho azon'ny fahafatesana izy ireo?

21.35 - Samy hanandrana ny fahafatesana avokoa ny olona tsirairay, amin'ny ratsy sy ny tsara no hitsapanay anareo, ho fakam-panahy, ary any Aminay no hiverenanareo.

وَمَا أَرْسَلْنَا مِنْ قَبْلِكَ مِنْ رَسُولٍ إِلَّا نُوحِي إِلَيْهِ أَنَّهُ لَا إِلَهَ إِلَّا أَنَا فَاعْبُدُونِ ﴿٢٥﴾ وَقَالُوا اتَّخَذَ الرَّحْمَنُ وَلَدًا سُبْحَنَهُ بَلْ عِبَادٌ مُكْرَمُونَ ﴿٢٦﴾ لَا يَسْبِقُونَهُ بِالْقَوْلِ وَهُمْ بِأَمْرِهِ يَعْمَلُونَ ﴿٢٧﴾ يَعْلَمُ مَا بَيْنَ أَيْدِيهِمْ وَمَا خَلْفَهُمْ وَلَا يَشْفَعُونَ إِلَّا لِمَنْ ارْتَضَى وَهُمْ مِنْ خَشْيَتِهِ مُشْفِقُونَ ﴿٢٨﴾ وَمَنْ يَقُلْ مِنْهُمْ إِنِّي إِلَهٌ مِنْ دُونِهِ فَذَلِكَ نَجْزِيهِ جَهَنَّمَ كَذَلِكَ نَجْزِي الظَّالِمِينَ ﴿٢٩﴾ أُولَئِكَ الَّذِينَ كَفَرُوا أَنْ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ كَانَتْ نَارًا تَقَافَفْتَنَّهُمَا وَجَعَلْنَا مِنَ الْمَاءِ كُلَّ شَيْءٍ حَيٍّ أَفَلَا يُؤْمِنُونَ ﴿٣٠﴾ وَجَعَلْنَا فِي الْأَرْضِ رَوَاسِي أَنْ تَمِيدَ بِهِمْ وَجَعَلْنَا فِيهَا فِجَاجًا سُبُلًا لَعَلَّهُمْ يَهْتَدُونَ ﴿٣١﴾ وَجَعَلْنَا السَّمَاءَ سَقْفًا مَحْفُوظًا وَهُمْ عَنْ آيَاتِهَا مُعْرِضُونَ ﴿٣٢﴾ وَهُوَ الَّذِي خَلَقَ اللَّيْلَ وَالنَّهَارَ وَالشَّمْسَ وَالْقَمَرَ كُلٌّ فِي فَلَكٍ يَسْبَحُونَ ﴿٣٣﴾ وَمَا جَعَلْنَا لِلْبَشَرِ مِنْ قَبْلِكَ الْخَلْدَ أَفَإِنْ مِتَّ فَهُمْ الْخَالِدُونَ ﴿٣٤﴾ كُلُّ نَفْسٍ ذَائِقَةُ الْمَوْتِ وَنَبْلُوكُم بِالشَّرِّ وَالْخَيْرِ فِتْنَةً وَإِلَيْنَا تُرْجَعُونَ ﴿٣٥﴾

21.36 - Raha mahita anao ireo tsy mpino, dia tsy manao afa-tsy ny maneso: "Moa izy ity va, no ilay miteny ratsy ireo andriamanitrareo?", nefa izy ireo dia minia tsy mahatsiaro ilay be Fiantrana.

21.37 - Toetran'ny olombelona ny fahamaikana, ka ho asehoko anareo ireo famantarana avy aty Amiko, koa aza manafaingana Ahy ianareo .

21.38 - Dia hoy izy ireo: "Rahoviana ny fanatanterahana ny fampanantenana, raha mpilaza ny marina ianareo?"

21.39 - Raha fantatr'ireo tsy mpino ny fotoana izay tsy hahafahany manakana ny afo amin'ny tarehiny, na amin'ny lamosiny, ka tsy ho hisy mpamonjy izy ireo.

21.40 - Tsia! Fa ho tonga amin'izy ireo tampoka izany, ary dia ho gaga izy ireo, nefa tsy afaka hanosika izany, ary tsy homena fe-potoana na kely aza.

21.41 - Noesoina ireo Iraka talohanao, fa ireo naneso azy ireo, dia voaesony nataon'izy ireo ihany.

21.42 - Dia lazao hoe: "Iza no miaro anareo andro aman'alina, eo anatrehan'ilay be Fiantrana?". Nefa izy ireo tsy miraharaha ny fahatsiarovana ny Tompony.

21.43 - Moa manana andriamanitra hafa, ankoatra Anay, afaka miaro azy va izy ireo? Tsy afaka mamonjy ny tenany izy ireny, ary tsy manana namana afaka hanohitra Anay.

21.44 - Nomenay hafaliana mandalo izy ireo, sy ireo razambeny, ka nanjary lava tamin'izy ireo ny taona. Moa tsy hitan'izy ireo va, fa ho avy amin'ny tany Izahay, ka ho ahenanay ny sisiny rehetra, moa ho mpandresy va izy ireo?

وَإِذْ أَرَأَى الَّذِينَ كَفَرُوا إِنْ يَتَّخِذُونَكَ إِلَّا هُزُوًا
أَهَذَا الَّذِي يَذْكُرُ آلِهَتَكُمْ وَهُمْ بِذِكْرِ الرَّحْمَنِ
هُمْ كَافِرُونَ ﴿٣٦﴾ خُلِقَ الْإِنْسَانُ مِنْ عَجَلٍ سَأُورِيكُمْ
آيَاتِي فَلَا تَسْتَعْجِلُونِ ﴿٣٧﴾ وَيَقُولُونَ مَتَى هَذَا الْوَعْدُ
إِنْ كُنْتُمْ صَادِقِينَ ﴿٣٨﴾ لَوْ يَعْلَمُ الَّذِينَ كَفَرُوا حِينَ
لَا يَكْفُرُونَ عَنْ وُجُوهِهِمُ النَّارَ وَلَا عَنْ ظُهُورِهِمْ وَلَا
هُمْ يُبْصَرُونَ ﴿٣٩﴾ بَلْ تَأْتِيهِمْ بَغْتَةً فَتَبْهَتُهُمْ فَلَا
يَسْتَطِيعُونَ رَدِّهَا وَلَا هُمْ يُنْظَرُونَ ﴿٤٠﴾ وَلَقَدْ أَسْتَهْزِئُ
بِرُسُلٍ مِنْ قَبْلِكَ فَحَاقَ بِالَّذِينَ سَخِرُوا مِنْهُمْ مَا كَانُوا بِهِ
يَسْتَهْزِئُونَ ﴿٤١﴾ قُلْ مَنْ يَكْلُوَكُمْ بِاللَّيْلِ وَالنَّهَارِ مِنْ
الرَّحْمَنِ بَلْ هُمْ عَنْ ذِكْرِ رَبِّهِمْ مُعْرِضُونَ ﴿٤٢﴾ أَمْ
لَهُمْ آلِهَةٌ تَمْنَعُهُمْ مِنْ دُونِنَا لَا يَسْتَطِيعُونَ نَصْرَ
أَنْفُسِهِمْ وَلَا هُمْ مَتَابِعُ حُبُونِ ﴿٤٣﴾ بَلْ مَنَعْنَا هَؤُلَاءَ
وَأَبَاءَهُمْ حَتَّى طَالَ عَلَيْهِمُ الْعُمُرُ أَفَلَا يَرَوْنَ أَنَّا نَأْتِي
الْأَرْضَ نَنْقُصُهَا مِنْ أَطْرَافِهَا أَفَهُمُ الْغَالِبُونَ ﴿٤٤﴾

21.45 - Lazao hoe: "Izaho dia tsy manao afa-tsy ny mamandre anareo ny fanambarana", nefa tsy mandre ny antso ireo marenina, raha ampitandremana izy ireo.

21.46 - Raha andalovan'ny tsiokan'ny sazin'ny Tomponao izy ireo, dia tsy maintsy hilaza izy ireo hoe: "Lozanay! Nanao ny tsy rariny tokoa izahay".

21.47- Hapetrakay ny mizana marina, amin'ny andro fitsanganana, tsy hisy olona ho tratran'ny fitongilanana na kely aza, eny fa na dia toy ny voatsinampy, dia ho asehonay, ampy ho Mpitsara tokoa izahay.

21.48 - Nomenay an'i Mosesy sy Harona tokoa ny Boky fanavahana, ho fahazavana sy fampahatsiarovana ho an'ireo vontompinoana,

21.49 - izay matahotra miafina ny Tompony, ary matahotra ihany koa ilay Ora.

21.50 - Ary ity (Kor'any) dia Fampahatsiahivana masina nampidinay, ka moa mankahala izany va ianareo?

21.51 - Nomenay toro-làlana mahitsy i Abrahama taloha, ary fantatray tsara izany.

21.52 - Hoy izy tamin'ny Rainy sy ny vahoakany: "Inona ireto sarivongana izay tena mahasondriana anareo ireto?".

21.53 - Dia hoy izy ireo namaly: "Hitanay nanompo azy ireo ny razambenay"

21.54 - Hoy izy: "Tena ao anatin'ny fahaverezana miharihary ianareo, sy ireo razambenareo".

21.55 - Ka hoy izy ireo: "Moa tonga eto aminay miaraka amin'ny fahamarinana va ianao, sa isan'ireo izay mamazivazy?"

21.56 - Dia hoy izy: "Ny mifanohitra amin'izany! Ny Tomponareo dia ny Tompon'ny lanitra sy ny tany, ka izy no Nahary azy ireo, ary izaho dia isan'ireo mijoro ho vavolombelona amin'izany.

21.57 - Koa marina eo anatrehan'Andriamanitra! Fa hanao tetika amin'ireo sampinareo aho, aorian'ny fotoana handehananareo.

قُلْ إِنَّمَا أُنذِرُكُمْ بِالْوَحْيِ وَلَا يَسْمَعُ الصُّمُّ الدُّعَاءَ إِذَا مَا يُنذَرُونَ ﴿٤٥﴾ وَلَئِنْ مَسَّتْهُمْ نَفْحَةٌ مِنْ عَذَابِ رَبِّكَ لَيَقُولُنَّ يُوَيْلَنَا إِنَّا كُنَّا ظَالِمِينَ ﴿٤٦﴾ وَنَضَعُ الْمَوَازِينَ الْقِسْطَ لِيَوْمِ الْقِيَمَةِ فَلَا تُظْلَمُ نَفْسٌ شَيْئًا وَإِنْ كَانَ مِثْقَالَ حَبَّةٍ مِنْ خَرْدَلٍ أَتَيْنَا بِهَا وَكَفَى بِنَا حَاسِبِينَ ﴿٤٧﴾ وَلَقَدْ آتَيْنَا مُوسَى وَهَارُونَ الْفُرْقَانَ وَضِيَاءً وَذِكْرًا لِّلْمُتَّقِينَ ﴿٤٨﴾ الَّذِينَ يَخْشَوْنَ رَبَّهُم بِالْغَيْبِ وَهُمْ مِنْ أَلْسَاعَةِ مُشْفِقُونَ ﴿٤٩﴾ وَهَذَا ذِكْرٌ مُبَارَكٌ أَنْزَلْنَاهُ أَفَأَنْتُمْ لَهُ مُنْكَرُونَ ﴿٥٠﴾ وَلَقَدْ آتَيْنَا إِبْرَاهِيمَ رُشْدَهُ مِنْ قَبْلُ وَكُنَّا بِهِ عَالِمِينَ ﴿٥١﴾ إِذْ قَالَ لِأَبِيهِ وَقَوْمِهِ مَا هَذِهِ التَّمَاثِيلُ الَّتِي أَنْتُمْ لَهَا عَاكِفُونَ ﴿٥٢﴾ قَالُوا وَجَدْنَا آبَاءَنَا لَهَا عَابِدِينَ ﴿٥٣﴾ قَالَ لَقَدْ كُنْتُمْ أَنْتُمْ وَآبَاؤُكُمْ فِي ضَلَالٍ مُبِينٍ ﴿٥٤﴾ قَالُوا أَجِئْتَنَا بِالْحَقِّ أَمْ أَنْتَ مِنَ اللَّاعِينَ ﴿٥٥﴾ قَالَ بَلْ رَبُّكُمْ رَبُّ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ الَّذِي فَطَرَهُنَّ وَأَنَا عَلَى ذَلِكُمْ مِنَ الشَّاهِدِينَ ﴿٥٦﴾ وَتَاللَّهِ لَأَكِيدَنَّ أَصْنَامَكُمْ بَعْدَ أَنْ تُوَلُّوا مُدْبِرِينَ ﴿٥٧﴾

21.58 - Ka notorotoroiny izy ireo, afa-tsy ilay lehibe indrindra tamin'izy ireo. Angamba hiverina aminy izy ireo.

21.59 - Dia hoy izy ireo: "Iza no nanao izao tamin'ireo andriamanitray? Fa tena isan'ireo mpanao ny tsy rariny izy".

21.60 - Ary hoy izy ireo namaly: "Naheno tanora iray manaratsy azy ireo izahay, Abrahama no anarany".

21.61 - Hoy izy ireo: "Ento ety imason'ny olona rehetra izy, mba hahafahan'izy ireo mijoro ho vavolombelona".

21.62 - Dia hoy izy ireo: "Ianao va no nahavita izao, tamin'ireo andriamanitray ry Abrahama?".

21.63 - Ka hoy izy: "Ity lehibe indrindra amin'izy ireo ity no nahavita izany, koa anontaniana izy ireo raha afaka miteny".

21.64 - Niverina tamin'ny tenany izy ireo, ary samy nilaza hoe: "Marina fa ianareo no tena mpanao ny tsy rariny".

21.65 - Avy eo, dia niondrika izy ireo (ary nilaza tamin'i Abrahama hoe): "Fantatrao tsara, fa tsy miteny izy ireto".

21.66 - Hoy izy: "Hanompo hafa ankoatra an'Andriamanitra va ianareo, izay tsy afaka hanao soa na hanao ratsy aminareo?".

21.67 - Eisy! Ho anareo, sy izay tompoinareo ankoatra an'Andriamanitra, moa tsy mandinika va ianareo?

21.68 - Dia hoy izy ireo: "Doroy izy, ary avoty ny andriamanitray, raha hanao zavatra tokoa ianareo".

21.69 - Hoy izahay: "Ry lelan'afo! Aoka ianao hangatsiatsiaka, sy ho tony amin'i Abrahama".

21.70 - Dia nikasa ny hanao tetika izy ireo hamelezana azy, nefa izy ireo no nataonay maty antoka indrindra.

21.71 - Novonjenay izy, tahaka izany koa i Lota, ka nentinay any amin'ny tany, izay nosoavinay ho an'izao tontolo izao.

21.72 - Ary nomenay azy i Ishaka, ary nampiana an'i Jakoba, ka nataonay isan'ny olo-mendrika izy ireo.

فَجَعَلَهُمْ جُودًا إِلَّا كِبِيرَهُمْ لَعَلَّهُمْ إِلَيْهِ يَرْجِعُونَ
 (٥٨) قَالُوا مَنْ فَعَلَ هَذَا بِآلِهَتِنَا إِنَّهُ لَمِنَ الظَّالِمِينَ
 قَالُوا سَمِعْنَا فَتًى يَذْكُرُهُمْ يُقَالُ لَهُ إِبْرَاهِيمُ (٦٠) قَالُوا فَاتُّبَاهِ
 عَلَىٰ أَعْيُنِ النَّاسِ لَعَلَّهُمْ يَشْهَدُونَ (٦١) قَالُوا أَأَنْتَ فَعَلْتَ
 هَذَا بِآلِهَتِنَا يَا ابْنِ بَرَهِيمَ (٦٢) قَالَ بَلْ فَعَلَهُ كَبِيرُهُمْ
 هَذَا فَاسْأَلُوهُمْ إِنْ كَانُوا يَنْطِقُونَ (٦٣) فَرَجَعُوا إِلَىٰ
 أَنْفُسِهِمْ فَقَالُوا إِنَّكُمْ أَنْتُمُ الظَّالِمُونَ (٦٤) ثُمَّ نَكَسُوا عَلَىٰ
 رُءُوسِهِمْ لَقَدْ عَلِمْتَ مَا هَؤُلَاءِ يَنْطِقُونَ (٦٥) قَالَ
 أَفَتَعْبُدُونَ مِن دُونِ اللَّهِ مَا لَا يَنْفَعُكُمْ شَيْئًا وَلَا
 يَضُرُّكُمْ (٦٦) أَفِي لَكُمْ وَلِمَا تَعْبُدُونَ مِن دُونِ اللَّهِ أَفَلَا
 تَعْقِلُونَ (٦٧) قَالُوا حَرِّقُوهُ وَانصُرُوا آلِهَتَكُمْ إِنْ كُنْتُمْ
 فَاعِلِينَ (٦٨) قُلْنَا يَا نَارُ كُونِي بَرْدًا وَسَلَامًا عَلَىٰ إِبْرَاهِيمَ (٦٩)
 وَأَرَادُوا بِهِ كَيْدًا فَجَعَلْنَاهُمُ الْأَخْسَرِينَ (٧٠) وَنَجَّيْنَاهُ
 وَلُوطًا إِلَى الْأَرْضِ الَّتِي بَارَكْنَا فِيهَا لِلْعَالَمِينَ (٧١) وَوَهَبْنَا
 لَهُ إِسْحَاقَ وَيَعْقُوبَ نَافِلَةً وَكُلًّا جَعَلْنَا صَالِحِينَ (٧٢)

21.73 - Nataonay ho mpitondra izay hitarika ny olona araka ny didinay izy ireo. Ary nandefasanay fanambarana izy ireo, mba hanao ny tsara, sy hanatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat), ary hanome ny harena fiantrana (zakat), fa mpanomponay izy ireo.

21.74 - Nomenay fahendrena sy ny fahalalana i Lota, ary navotanay izy, tamin'ny tanàna izay nanao asa maloto. Hamafisina, fa vahoaka ratsy sy maloto fitondrantena izy ireo.

21.75 - Nampidirinay anatin'ny famindram-ponay izy, fa isan'ireo olo-mendrika tokoa izy.

21.76 - Ary Noa, raha nangataka taminay izy taloha, dia novalianay, ary novonjenay izy, sy ny fianakaviany tamin'ny fahoriana mahatsiravina.

21.77 - Ary navotanay izy, tamin'ny vahoaka izay nilaza ny famantarana avy aty Aminay ho lainga, hamafisina, fa olona ratsy tokoa izy ireo, ka narendrikay avokoa.

21.78 - Ary (tsaroanao va) i Davida sy i Salômôna, raha nitsara mikasika ilay tany voavoly, izay handehanan'ny ondrin'ireo mponina sasany amin'ny alina, fa matrika ny fitsaran'izy ireo Izahay.

21.79 - Nampahafantarina an'i Salômôna izany raharaha izany, samy nomenay fahafahana hitsara, sy fahalalana izy ireo. Ary nataonay hiaraka amin'i Davida, ny tendrombohitra sy ny vorona, hidera Anay, ary nataonay tokoa izany.

21.80 - Nampianarinay azy ny fanamboarana akanjo vy ho anareo, mba hiaro anareo amin'ny herisetra hifanaovanareo, moa mahay mankasitraka izany va ianareo?

21.81 - Ary nataonay teo ambany fifehezan'i Salômôna ny rivotra mahery, izay mitsoka ny tany nomenay fahasoavana araka ny baikony, fa Izahay no Mahafantatra ny zavatra rehetra,

وَجَعَلْنَاهُمْ أَيْمَةً يَهْدُونَ بِأَمْرِنَا وَأَوْحَيْنَا إِلَيْهِمْ فِعْلَ الْخَيْرَاتِ وَإِقَامَ الصَّلَاةِ وَإِيتَاءَ الزَّكَاةِ وَكَانُوا لَنَا عَبِيدِينَ ﴿٧٣﴾ وَلَوْ طَاءَ آيُنُهُ حُكْمًا وَعِلْمًا وَنَجَّيْنَاهُ مِنَ الْقَرْيَةِ الَّتِي كَانَتْ تَعْمَلُ الْخَبِيثَ إِنَّهُمْ كَانُوا قَوْمَ سَوْءٍ فَسَقِينَ ﴿٧٤﴾ وَأَدْخَلْنَاهُ فِي رَحْمَتِنَا إِنَّهُ مِنَ الصَّالِحِينَ ﴿٧٥﴾ وَنُوحًا إِذْ نَادَى مِنْ قَبْلُ فَاسْتَجَبْنَا لَهُ فَنَجَّيْنَاهُ وَأَهْلَهُ مِنَ الْكَرْبِ الْعَظِيمِ ﴿٧٦﴾ وَنَصَرْنَاهُ مِنَ الْقَوْمِ الَّذِينَ كَذَبُوا بِآيَاتِنَا إِنَّهُمْ كَانُوا قَوْمَ سَوْءٍ فَأَغْرَقْنَاهُمْ أَجْمَعِينَ ﴿٧٧﴾ وَدَاوُدَ وَسُلَيْمَانَ إِذْ يَحْكُمَانِ فِي الْحَرْثِ إِذْ نَفِثَتْ فِيهِ غَنَمُ الْقَوْمِ وَكُنَّا لِحُكْمِهِمْ شَاهِدِينَ ﴿٧٨﴾ فَفَهَّمْنَاهَا سُلَيْمَانَ وَكُلًّا آتَيْنَاهُمْ حُكْمًا وَعِلْمًا وَسَخَّرْنَا مَعَ دَاوُدَ الْجِبَالَ يُسَبِّحْنَ وَالطَّيْرَ وَكُنَّا فَاعِلِينَ ﴿٧٩﴾ وَعَلَّمْنَاهُ صَنْعَةَ لَبُوسٍ لَكُمْ لِنُحْصِنَكُمْ مِنْ بَأْسِكُمْ فَهَلْ أَنْتُمْ شَاكِرُونَ ﴿٨٠﴾ وَلِسُلَيْمَانَ الرِّيحَ عَاصِفَةً تَجْرِي بِأَمْرِهِ إِلَى الْأَرْضِ الَّتِي بَارَكْنَا فِيهَا وَكُنَّا بِكُلِّ شَيْءٍ عَالِمِينَ ﴿٨١﴾

21.82 - ary misy amin'ireo satana no miantoraka (any an-dranomasina) ho azy, ary manao asa hafa ankoatra izany, fa izahay no manara-maso azy ireo.

21.83 - Ary i Joba, rehefa nangataka tamin'ny Tompony izy hoe: "Eny, nianjady tamiko ny ratsy, nefa lanao no be indrafo indrindra amin'ireo mpamindra-fo".

21.84 - Dia nekenay ny fangatahany, ka noesorinay ny ratsy teo aminy, ary nomenay azy indray ny fianakaviany, ary mbola nampiana mitovy amin'izany, ho famindram-po avy Aminay, ary fampahatsiahivana ho an'ireo mpanompo.

21.85 - Ary i Ismaela sy Idris, ary i Zoul Kifl, izay samy manam-paharetana avokoa.

21.86 - Ary nampidirinay anatin'ny famindram-ponay izy ireo, satria hamafisina, fa isan'ny olo-mendrika izy ireo.

21.87 - Ary Zou Noun (Jonasy), lasa tamin-katezerana izy, noheveriny, fa tsy hanao na inona na inona aminy izahay. Nitalaho taminay tao anatin'ny aizina izy hoe: "Tsy misy andriamanitra hafa, afa-tsy lanao! Voninahitra ho Anao! Marina fa isan'ireo nanao ny tsy rariny tokoa aho".

21.88 - Nekenay ny fangatahany, ka dia navotanay tamin'ny fahoriany izy, ary toy izany no anavotanay ireo mpino.

21.89 - Ary i Zakaria, raha nitalaho tamin'ny Tompony izy hoe: "Tompo ô! Aza avelanao irery aho! Fa lanao no tsara indrindra amin'ireo mpandova".

21.90 - Nekenay ny fangatahany, ka nomenay azy i Jaona (Yahya), ary nositrarinay ny vadiny. Nifaninana tamin'ny fanaovana ny tsara izy ireo, ary nangataka Taminay tamim-pitiavana, sy tamim-pahatahorana, ary nanetri-tena teo anatrehanay izy ireo.

وَمِنَ الشَّيْطَانِ مَنْ يَغْوُصُونَ لَهُ، وَيَعْمَلُونَ عَمَلًا
دُونَ ذَلِكَ وَكُنَّا لَهُمْ حَفِظِينَ ﴿٨٢﴾ وَيَأْتِيكَ إِذْ
نَادَى رَبَّهُ أَنِّي مَسَّنِيَ الضُّرُّ وَأَنْتَ أَرْحَمُ الرَّاحِمِينَ ﴿٨٣﴾
فَاسْتَجَبْنَا لَهُ، فَكَشَفْنَا مَا بِهِ مِنْ ضُرٍّ وَآتَيْنَاهُ أَهْلَهُ
وَمِثْلَهُمْ مَعَهُمْ رَحْمَةً مِنْ عِنْدِنَا وَذِكْرَى لِلْعَالَمِينَ ﴿٨٤﴾
وَإِسْمَاعِيلَ وَإِدْرِيسَ وَذَا الْكِفْلِ كُلٌّ مِنَ الصَّابِرِينَ ﴿٨٥﴾
وَأَدْخَلْنَاهُمْ فِي رَحْمَتِنَا إِنَّهُمْ مِنَ الصَّالِحِينَ ﴿٨٦﴾
وَذَا النُّونِ إِذْ ذَهَبَ مُغْضِبًا فَظَنَّ أَنْ لَنْ نَقْدِرَ عَلَيْهِ
فَنَادَى فِي الظُّلُمَاتِ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا أَنْتَ سُبْحَانَكَ إِنِّي
كُنْتُ مِنَ الظَّالِمِينَ ﴿٨٧﴾ فَاسْتَجَبْنَا لَهُ، وَنَجَّيْنَاهُ
مِنَ الْغَمِّ وَكَذَلِكَ نُخَوِّجُ الْمُؤْمِنِينَ ﴿٨٨﴾ وَزَكَرِيَّا
إِذْ نَادَى رَبَّهُ، رَبِّ لَا تَذَرْنِي فَرْدًا وَأَنْتَ خَيْرُ الْوَارِثِينَ ﴿٨٩﴾
فَاسْتَجَبْنَا لَهُ، وَوَهَبْنَا لَهُ يَحْيَى وَأَصْلَحْنَاهُ
لَهُ، وَزَوَّجْنَاهُ إِِنَّهُمْ كَانُوا يُسْكَرُونَ فِي الْخَيْرَاتِ
وَيَدْعُونَكَ ارْغَبْ أَوْ رَهْبًا وَكَانُوا لَنَا خَشِيعِينَ ﴿٩٠﴾

21.91 - Ary ilay vehivavy izay nanaja ny fahadiovam-pitondrantenany (virijiny), ka notsofonay tao aminy ny fanahy avy Aminay, dia nataonay ho famantarana (fahagagana) ho an'izao tontolo izao, izy sy ny zanany.

21.92 - Hamafisina, fa ity vahoakanareo ity, dia vahoaka tokana, ary izaho no Tomponareo, ka aoka ianareo hanompo Ahy.

21.93 - Nizarazara samy nanana ny heviny izy ireo, nefa ny rehetra dia hiverina aty Aminay,

21.94 - ary na iza na iza manao asa soa, ka mpino izy, dia ho ankasitrahina ny ezaka nataony, ary ho soratanay ho azy izany.

21.95 - Voarara ho an'ny (mponin'ny) tanàna iray izay noravainay ny hiverina,

21.96 - mandra-pahatongan'ny famotsorana an'ny Ya jouj sy Ma jouj, ary izy ireo dia hiazakazaka hamonjy isaka ny havoana.

21.97 - Manakaiky ny fampanantenana marina, ary indro fa mihamaizina ny fijerin'ireo izay tsy mino (ary milaza izy ireo hoe): "Lozanay! Tsy niraiika tamin'izany izahay, fa nanao ny tsy rariny tokoa".

21.98 - Ianareo sy izay notompoinareo ankoatra an'Andriamanitra, no ho kitay fandrehitry ny afobe, ary ho any avokoa ianareo.

21.99 - Raha andriamanitra tokoa izy ireny, dia tsy ho alefa ao, nefa honina ao mandrakizay izy rehetra.

21.100 - Hitaraina mafy izy ireo ao, nefa dia tsy haheno na inona na inona,

21.101 - fa ireo rehetra izay efa nampanantenanay valisoa kosa, dia ho lavitra izany izy ireo.

وَالَّتِي أَحْصَنَتْ فَرْجَهَا فَنَفَخْنَا فِيهَا مِنْ رُوحِنَا
وَجَعَلْنَاهَا وَابْنَهَا آيَةً لِلْعَالَمِينَ ﴿٩١﴾ إِنَّ هَذِهِ
أُمَّتُكُمْ أُمَّةٌ وَاحِدَةٌ وَأَنَا رَبُّكُمْ فَاعْبُدُونِ ﴿٩٢﴾
وَتَقَطَّعُوا أَمْرَهُمْ بَيْنَهُمْ كُلُّ إِلَيْنَارٍ جَعُولٌ ﴿٩٣﴾
فَمَنْ يَعْمَلْ مِنَ الصَّالِحَاتِ وَهُوَ مُؤْمِنٌ فَلَا كُفْرَانَ
لِسَعْيِهِ وَإِنَّا لَهُ كَنُوبٌ ﴿٩٤﴾ وَحَرَامٌ عَلَى قَرْيَةٍ
أَهْلَكْنَاهَا أَنَّهُمْ لَا يَرْجِعُونَ ﴿٩٥﴾ حَتَّىٰ إِذَا فُتِحَتْ
يَأْجُوجُ وَمَأْجُوجُ وَهُمْ مِنْ كُلِّ حَدَبٍ يَنْسِلُونَ ﴿٩٦﴾
وَاقْتَرَبَ الْوَعْدُ الْحَقُّ فَإِذَا هِيَ شَاخِصَةٌ أَبْصَرُ الَّذِينَ
كَفَرُوا يُنَادُونَكَ كُنَّا فِي غَفْلَةٍ مِّنْ هَذَا بَلْ كُنَّا
ظَالِمِينَ ﴿٩٧﴾ إِنَّكُمْ وَمَا تَعْبُدُونَ مِنْ دُونِ
اللَّهِ حَصْبُ جَهَنَّمَ أَنْتُمْ لَهَا وَرَدُونَ ﴿٩٨﴾ لَوْ كَانَتْ
هَؤُلَاءِ إِلَهَةً مَّا وَرَدُوهَا وَكُلٌّ فِيهَا خَالِدُونَ ﴿٩٩﴾
لَهُمْ فِيهَا زَفِيرٌ وَهُمْ فِيهَا لَا يَسْمَعُونَ ﴿١٠٠﴾ إِنَّ الَّذِينَ
سَبَقَتْ لَهُمْ مِنَّا الْحُسْنَىٰ أُولَٰئِكَ عَنْهَا مُبْعَدُونَ ﴿١٠١﴾

21.102 - Tsy haheno ny feony izy ireo, ary hifaly mandrakizay amin'izay iriny.

21.103 - Tsy hampalahelo azy ireo ny tahotra lehibe, fa ho raisin'ny Anjely izy ireo: "Ity ilay andro izay nampanantenaina anareo".

21.104 - Ny andro izay hamalonanay ny lanitra, sahala amin'ny amalonana taratasy hanoratana, tahaka ny nanaovanay ny famoronana voalohany no hamerenanay azy indray, fampanantenana noraisinay izany, ka ho tanterahinay tokoa.

21.105 - Nosoratanay tao amin'ny Zabora taorian'ny fampahatsiahivana, fa handova ny tany ireo mpanompoko mendrika.

21.106 - Ao amin'izany, dia misy filazana (fampianarana) ho an'ny vahoaka mpanompo.

21.107 - Fa tsy nalefanay ianao, raha tsy ho famindram-po ho an'izao tontolo izao.

21.108 - Lazao hoe: "Ny hany nambara tamiko dia, Andriamanitra tokana ny Andriamanitrareo, ka moa mankato va ianareo?"

21.109 - Ary raha tsy miraharaha izy ireo, aorian'izany, dia lazao hoe: "Efa nampitandremako anareo ny zavatra rehetra, tao anatin'ny fitoviana tanteraka, ary tsy fantatro ny zavatra nampanantenaina anareo, na akaiky, na ho lavitra,

21.110 - fa fantany tokoa izay teny avoakanareo ankarihary, sy izay afeninareo.

21.111 - Ary tsy fantatro izany, raha fakam-panahy ho anareo, sy fahafinaretana amin'ny fotoana voafetra".

21.112 - Dia hoy izy hoe: "Tompo ô! Aoka ianao hitsara araka ny rariny, fa ny Tomponay dia llay be Fiantrana, izay angatahinay famonjena amin'ny famaritana tsy marina ataonareo".

TOKO - 22

AI-HADJ

(NY FIVAHINIANANA MASINA)

Andininy 78: Nidina taorian'ny fifindra-monina (Hidjrah)

لَا يَسْمَعُونَ حَسِيسَهَا وَهُمْ فِي مَا أُشْتَهَتْ أَنْفُسُهُمْ
خَالِدُونَ ﴿١٠٢﴾ لَا يَحْزَنُهُمُ الْفَزَعُ الْأَكْبَرُ وَتَتَلَقَّيْنَهُمْ
الْمَلَائِكَةُ هَذَا يَوْمُكُمْ الَّذِي كُنْتُمْ تُوعَدُونَ
﴿١٠٣﴾ يَوْمَ نَطْوِي السَّمَاءَ كَطَيِّ السِّجْلِ لِلْكِتَابِ كَمَا
بَدَأْنَا أَوَّلَ خَلْقٍ نُعِيدُهُ وَعَدًّا عَلَيْنَا أَنَّا كُنَّا فَعَالِينَ
﴿١٠٤﴾ وَلَقَدْ كَتَبْنَا فِي الزُّبُورِ مِنْ بَعْدِ الذِّكْرِ أَنَّ الْأَرْضَ
يَرِثُهَا عِبَادِيَ الصَّالِحُونَ ﴿١٠٥﴾ إِنَّ فِي هَذَا بَلَاغًا
لِقَوْمٍ عَابِدِينَ ﴿١٠٦﴾ وَمَا أَرْسَلْنَاكَ إِلَّا رَحْمَةً لِّلْعَالَمِينَ
﴿١٠٧﴾ قُلْ إِنَّمَا يُوحِي إِلَيَّ أَنَّمَا إِلَهُكُمُ إِلَهُ وَاحِدٌ
فَهَلْ أَنْتُمْ مُسْلِمُونَ ﴿١٠٨﴾ فَإِنْ تَوَلَّوْا فَقُلْ ءَاذَنْكُمُ
عَلَىٰ سَوَاءٍ وَإِنْ أَدْرَىٰ أَقْرَبُ أَمْ بَعِيدُ مَا تُوعَدُونَ ﴿١٠٩﴾
إِنَّهُ يَعْلَمُ الْجَهْرَ مِنَ الْقَوْلِ وَيَعْلَمُ مَا تَكْتُمُونَ
﴿١١٠﴾ وَإِنْ أَدْرَىٰ لَعَلَّهُ فِتْنَةٌ لَّكُمْ وَمَنْعٌ إِلَىٰ حِينٍ ﴿١١١﴾ قُلْ
رَبِّ أَحْكُم بِالْحَقِّ وَرَبُّنَا الرَّحْمَنُ الْمُسْتَعَانُ عَلَىٰ مَا تَصِفُونَ ﴿١١٢﴾

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

22.1 - Ry olombelona! Matahora ny Tomponareo ianareo, fa ny horohorontany amin'ilay Ora, dia zavatra mahatsiravina tokoa.

22.2 - Amin'ny andro izay hahitanareo, ny vehivavy mampinono rehetra, hanadino (ny zazakely) izay ampinonoiny, ary ny vehivavy bevohoka rehetra, hanala izay ho entiny (ao ambohoka). Ary ho hitanao ny olona sahala amin'ny mamo, nefa tsy mamo izy ireo, fa mafy ny sazin'Andriamanitra.

22.3 - Ary misy amin'ireo olona no miady hevitra mikasika an'Andriamanitra, nefa tsy manana fahalalana, fa manaraka ny devoly rehetra mpikomy.

22.4 - Araka ny voasoratra, fa izay mifandray aminy, dia ho entiny any amin'ny fahaverezana, sy tarihiny any amin'ny sazin'ny afo.

22.5 - Ry olombelona! Raha misalasala mikasika ny fitsanganana ianareo, dia fantaro fa izahay no Nahary anareo tamin'ny vovoka, avy eo, tamin'ny tsirinaina indray mitete, avy eo, tamin'ny vaingan-drà, ary avy eo, tamin'ny vainga-nofo izay manana endrika, na tsy manana endrika, mba hampisehoanay anareo (ny Fahefanay), avy eo, dia hapetrakay ao anatin'ny vohoka araka izay tianay, mandritra ny fotoana voafetra, aorian'izany dia avoakanay ho zazakely ianareo, mba hahatrarananareo ny fahamatorana, misy aminareo no maty (tanora), ary misy koa no tratra antitra, ka lasa tsy mahafantatra na inona na inona, amin'ireo zavatra izay fantany teo aloha, ary hitanao karakaina ny tany, nefa raha vao handatsahanay rano, dia mihetsika sy mibontsina, ary mampitsiry karazan-javamaniry tsara mpivady.

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

يَأْتِيهَا النَّاسُ اتَّقُوا رَبَّكُمُ أَيَّ زَلْزَلَةٍ السَّاعَةِ شَوْءٌ عَظِيمٌ ﴿١﴾ يَوْمَ تَرَوْنَهَا تَذْهَلُ كُلُّ مُرْضِعَةٍ عَمَّا أَرْضَعَتْ وَتَضَعُ كُلُّ ذَاتِ حَمَلٍ حَمْلَهَا وَتَرَى النَّاسَ سُكَرَىٰ وَمَاهُمْ بِسُكَرَىٰ وَلَٰكِنَّ عَذَابَ اللَّهِ شَدِيدٌ ﴿٢﴾ وَمِنَ النَّاسِ مَنْ يُجَادِلُ فِي اللَّهِ بِغَيْرِ عِلْمٍ وَيَتَّبِعُ كُلَّ شَيْطَانٍ مَّرِيدٍ ﴿٣﴾ كُتِبَ عَلَيْهِ أَنَّهُ مِنْ تَوَلَّاهُ فَأَنَّهُ يُضِلُّهُ وَيَهْدِيهِ إِلَىٰ عَذَابِ السَّعِيرِ ﴿٤﴾ يَأْتِيهَا النَّاسُ إِنْ كُنْتُمْ فِي رَيْبٍ مِّنَ الْبَعْثِ فَإِنَّا خَلَقْنَاكُمْ مِّنْ تُرَابٍ ثُمَّ مِنْ نُطْفَةٍ ثُمَّ مِنْ عَلَقَةٍ ثُمَّ مِنْ مُّضْغَةٍ مُّخَلَّقَةٍ وَغَيْرِ مُّخَلَّقَةٍ لِّنَبِّئَنَّ لَكُمْ وَنُقَرُّ فِي الْأَرْحَامِ مَا نَشَاءُ إِلَىٰ أَجَلٍ مُّسَمًّى ثُمَّ نُخْرِجُكُمْ طِفْلًا ثُمَّ لَتَبَلِّغُوا أَشَدَّكُمْ وَمِنْكُمْ مَّنْ يُؤْفِقُ وَمِنْكُمْ مَّنْ يُّرْدُّ إِلَىٰ أَرْدَلِ الْعُمُرِ لِكَيْلَا يَعْلَمَ مِنْ بَعْدِ عِلْمٍ شَيْئًا وَتَرَى الْأَرْضَ هَامِدَةً فَإِذَا أَنزَلْنَا عَلَيْهَا الْمَاءَ اهْتَزَّتْ وَرَبَتْ وَأَنْبَتَتْ مِنْ كُلِّ زَوْجٍ بَهِيجٍ ﴿٥﴾

22.6 - Dia toy izany satria, Andriamanitra dia fahamarinana, Izy no mamelona ireo maty, fa Mahefa ny zavatra rehetra Izy.

22.7- Fa ho avy tokoa ilay Ora, tsy misy isalasalana ny amin'izany, ary Andriamanitra dia ampitsangana amin'ny maty, izay rehetra any am-pasana.

22.8 - Fa misy amin'ireo olona no miady hevitra momba an'Andriamanitra tsy amim-pahalalana, na mpitarika, na boky mpanazava.

22.9 - mampiseho fireharehana izy, hamereny ny olona, tsy hizotra amin'ny lalan'Andriamanitra. Ho azy ny fahafaham-baraka eto an-tany, ary hampanandramanay azy amin'ny andro fitsanganana ny sazin'ny afo.

22.10 - Izany dia vokatry ny nataon'ny tananao roa, fa tsy miangatra amin'ireo mpanompony Andriamanitra.

22.11 - Ary misy amin'ny olona no manompo an'Andriamanitra amim-pisalasalana, ka raha misy zavatra tsara tonga amin'izy ireo, dia mifaly izy, fa raha misy fitsapana tonga aminy kosa, dia manodina ny tarehiny izy, ka ho maty antoka (amin'ny fahasoavana) ety an-tany, sy any an-koatra; izany no tena fatiantoka miharihary.

22.12 - Mangataka amin'ny hafa, ankoatra an'Andriamanitra izy ireo, izay tsy afaka manao na ratsy, na tsara aminy akory, ary izany no fahaverezana tanteraka.

22.13 - Mangataka izy ireo, amin'izay ny ratsy no akaiky kokoa noho ny tombontsoa, mpiahy ratsy sy namana ratsy tokoa izany.

22.14 - Ampidirin'Andriamanitra ao amin'ny zaridaina izay ikorianan'ireo renirano eo ambaniny, ireo mino, sy manatanteraka asa soa. Fa manao araka izay Tiany hatao Andriamanitra.

22.15 - Ireo izay mihevitra, fa tsy hamonjy azy Andriamanitra ety an-tany, sy any an-koatra, dia aoka izy hanantona tady mandra-pahatonga eny an-danitra, avy eo, dia aoka ho tapahiny izany, ka jereo raha toa nahavita nanafoana, ny zavatra nahatezitra azy ny tetika nataony.

ذَٰلِكَ بِأَنَّ اللَّهَ هُوَ الْحَقُّ وَأَنَّهُ يُخَيِّ الْمَوْتَىٰ وَأَنَّهُ عَلَىٰ كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ
 ﴿٦﴾ وَأَنَّ السَّاعَةَ آتِيَةٌ لَا رَيْبَ فِيهَا وَأَنَّ اللَّهَ يَبْعَثُ مَنْ فِي
 الْقُبُورِ ﴿٧﴾ وَمِنَ النَّاسِ مَنْ يُجَادِلُ فِي اللَّهِ بِغَيْرِ عِلْمٍ وَلَا هُدًى
 وَلَا كِتَابٍ مُّنِيرٍ ﴿٨﴾ ثَانِي عِطْفِهِ لِيُضِلَّ عَنْ سَبِيلِ اللَّهِ لَهُ فِي
 الدُّنْيَا خِزْيٌ وَنَذِيقُهُ يَوْمَ الْقِيَمَةِ عَذَابَ الْحَرِيقِ ﴿٩﴾ ذَٰلِكَ
 بِمَا قَدَّمْتَ يَدَاكَ وَأَنَّ اللَّهَ لَيْسَ بِظَلَمٍ لِلْعَبِيدِ ﴿١٠﴾ وَمِنَ النَّاسِ
 مَنْ يَعْبُدُ اللَّهَ عَلَىٰ حَرْفٍ فَإِنْ أَصَابَهُ خَيْرٌ اطْمَأَنَّ بِهِ وَإِنْ أَصَابَتْهُ
 فِتْنَةٌ أُنْقَلَبَ عَلَىٰ وَجْهِهِ خَسِرَ الدُّنْيَا وَالْآخِرَةَ ذَٰلِكَ هُوَ
 الْخُسْرَانُ الْمُبِينُ ﴿١١﴾ يَدْعُوا مِنْ دُونِ اللَّهِ مَا لَا يَنْصُرُهُ
 وَمَا لَا يَنْفَعُهُ ذَٰلِكَ هُوَ الضَّلَالُ الْبَعِيدُ ﴿١٢﴾ يَدْعُوا الْمَن
 ضَرَّهُ أَقْرَبُ مِنْ نَفْعِهِ لَيْسَ الْمَوْلَىٰ وَلَيْسَ الْعَشِيرُ ﴿١٣﴾
 إِنَّ اللَّهَ يَدْخُلُ الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ جَنَّاتٍ
 تَجْرَىٰ مِنْ تَحْتِهَا الْأَنْهَارُ إِنَّ اللَّهَ يَفْعَلُ مَا يُرِيدُ ﴿١٤﴾ مَنْ كَانَ
 يَظُنُّ أَن لَّنْ يَنْصُرَهُ اللَّهُ فِي الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ فَلْيَمْدُدْ بِسَبَبٍ إِلَى
 السَّمَاءِ ثُمَّ لْيَقْطَعْ فَلْيَنْظُرْ هَلْ يُذْهِبَنَّ كَيْدُهُ مَا يَغِيظُ ﴿١٥﴾

22.16 - Toy izany no nampidinanay azy ho famantarana mazava, ary Andriamanitra dia mitari-dalana izay tiany.

22.17 - Hamafisina, fa ireo mpino, ireo Jiosy, ireo Sabeana, sy ireo Kristianina, ary ireo magy (mpanompo afo), sy ireo izay nampitambatra an'Andriamanitra amin'ny hafa, dia hampisaraka azy ireo tokoa Andriamanitra, amin'ny andro fitsanganana, ary hamafisina, fa Mahita ny zavatra rehetra Andriamanitra.

22.18 - Moa tsy hitanao va, fa eo anatrehan'Andriamanitra no iankohofan'ireo rehetra, any an-danitra sy ety tany, ny masoandro, ny volana, ireo kintana, ireo tendrombohitra, ireo hazo, ireo biby, ary koa olona maro? Fa maro ihany koa no mendrika ny sazy. Ary na iza na iza hahetrin'Andriamanitra, dia tsy misy hanome voninahitra azy intsony, satria manao araka izay Tiany Andriamanitra.

22.19 - Indro antoko anankiroa mpifanohitra, izay nifanditra mikasika ny Tompon'izy ireo. Ho an'ireo tsy mino, dia fitafiana amin'ny afo, no ampitafiana azy, ary horarahana rano mangotraka ny lohany,

22.20 - izay hampitsonika ny ao anatin'ny kibon'izy ireo, ary koa ny hodiny.

22.21 - Ary hisy fively fandraka amin'ny vy ho azy ireo.

22.22 - Isaka ny te-hivoaka ao izy ireo (hiala), noho ny fahoriana, dia averina ao indray (ary lazaina aminy hoe): "Andramo ny sazin'ny afo".

22.23 - Hamafisina, fa ireo mpino izay nanao asa soa, dia ampidirin'Andriamanitra ao amin'ny zaridaina, izay ikorianan'ireo renirano eo ambaniny. Ho ampihaingoina amin'ny haban-tanana volamena izy ireo ao, ary koa vatosoa, ary ny lamba lasoa no fitafian'izy ireo ao.

وَكَذَلِكَ أَنْزَلْنَاهُ آيَاتٍ بَيِّنَاتٍ وَأَنَّ اللَّهَ يَهْدِي مَنْ يُرِيدُ
 (١٦) إِنَّ الَّذِينَ آمَنُوا وَالَّذِينَ هَادُوا وَالصَّابِئِينَ وَالنَّصَارَى
 وَالْمَجُوسَ وَالَّذِينَ أَشْرَكُوا إِنَّ اللَّهَ يَفْصِلُ بَيْنَهُمْ
 يَوْمَ الْقِيَمَةِ إِنَّ اللَّهَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ شَهِيدٌ (١٧) أَلَمْ تَرَ أَنَّ اللَّهَ
 يَسْجُدُ لَهُ مَنْ فِي السَّمَوَاتِ وَمَنْ فِي الْأَرْضِ وَالشَّمْسُ وَالْقَمَرُ
 وَالنُّجُومُ وَالْجِبَالُ وَالشَّجَرُ وَالدَّوَابُّ وَكَثِيرٌ مِنَ النَّاسِ
 وَكَثِيرٌ حَقَّ عَلَيْهِ الْعَذَابُ وَمَنْ يُهِنِ اللَّهُ فَمَا لَهُ مِنْ مُكْرِمٍ
 إِنَّ اللَّهَ يَفْعَلُ مَا يَشَاءُ (١٨) هَذَا نَحْصُمَانِ أَخْضَمُوا
 فِي رَبِّهِمْ فَالَّذِينَ كَفَرُوا قُطِعَتْ لَهُمْ ثِيَابٌ مِنْ نَارٍ يُصَبُّ
 مِنْ فَوْقِ رُءُوسِهِمُ الْحَمِيمُ (١٩) يُصْهَرُ بِهِ مَا فِي بُطُونِهِمْ
 وَالْجُلُودُ (٢٠) وَلَهُمْ مَقَمِعٌ مِنْ حَدِيدٍ (٢١) كُلَّمَا أَرَادُوا
 أَنْ يَخْرُجُوا مِنْهَا مِنْ غَمٍّ أُعِيدُوا فِيهَا وَذُوقُوا عَذَابَ الْحَرِيقِ
 (٢٢) إِنَّ اللَّهَ يَدْخِلُ الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ
 جَنَّاتٍ تَجْرِي مِنْ تَحْتِهَا الْأَنْهَارُ يُحَلَّوْنَ فِيهَا مِنْ
 أَسَاوِرَ مِنْ ذَهَبٍ وَلُؤْلُؤًا وَلِبَاسُهُمْ فِيهَا حَرِيرٌ (٢٣)

22.24 - Voatarika ho any amin'ny teny tsara izy ireo, eny, voatarika ho any amin'ny làlana mendri-piderana .

22.25 - Fa ireo izay tsy mino, sy misakana ny làlan'Andriamanitra, ary ny trano fivavahana masina, izay natsanganay ho an'ny olona, na ireo izay mipetraka ao, na ireo mpivahiny (mpandalo), ka izay mitady hanao fandotoana zava-masina ao, amin'ny tsy rariny, dia hampanandramanay azy ny sazy mamirifiry.

22.26 - Ary raha natoronay an'i Abrahama ny toeran'ny Trano (Ka'aba) (tamim-pitenenana hoe): "Aoka ianao tsy ampitambatra Ahy na amin'inona na amin'inona; ary diovy ny tranoko, ho an'ireo izay manao fihodinana, ireo izay mitsangana, ary ho an'ireo izay miondrika sy miankohoka ao".

22.27 - Ary manaova fiantsoana ny olona ho amin'ny Fivahinianana masina (Hajj) ianao. Fa ho tonga aminao ampandehanana an-tongotra izy ireo, sy amin'ny alalan'ny fitaingenana biby, izay avy amin'ny làlana lavitra rehetra,

22.28 - mba handray anjara amin'ireo tombontsoa izay nomena azy ireo, sy hiantso ny anaran'Andriamanitra amin'ny andro voatondro, amin'ny biby fiompy izay nomenay azy ireo. "Mihinàna amin'izany ianareo, ary ampihinano ihany koa, ireo mahantra fadiranovana".

22.29 - Manaraka izany, dia aoka izy ireo hampijanona hatreo ny fady rehetra, sy hanatanteraka ny voadin'izy ireo, ary hanao ny fihodinana manodidina ny Trano Tranainy.

22.30 - Izany (no tsy maintsy tandremana), fa izay mandray tsara ny fetra masina avy amin'Andriamanitra, dia tsara ho azy izany eo anatrehan'ny Tompony. Ary ny biby fiompy, dia tsy voarara ho anareo, afa-tsy izay notanisaina taminareo. Alavironareo àry ny loton'ireo sampy, ary alaviro ihany koa, ny teny feno lainga.

وَهْدُوا إِلَى الطَّيِّبِ مِنَ الْقَوْلِ وَهْدُوا إِلَى صِرَاطِ الْحَمِيدِ
 ﴿٢٤﴾ إِنَّ الَّذِينَ كَفَرُوا وَيَصُدُّونَ عَنْ سَبِيلِ اللَّهِ وَالْمَسْجِدِ
 الْحَرَامِ الَّذِي جَعَلْنَاهُ لِلنَّاسِ سَوَاءً الْعَكْفُ فِيهِ وَالْبَادِ
 وَمَنْ يُرِدْ فِيهِ بِالْحُكَامِ يَظْلَمْ نُذِقْهُ مِنْ عَذَابٍ أَلِيمٍ ﴿٢٥﴾
 وَإِذْ بَوَّأْنَا لِإِبْرَاهِيمَ مَكَانَ الْبَيْتِ أَنْ لَا تُشْرِكْ بِي
 شَيْئًا وَطَهِّرْ بَيْتِيَ لِلطَّائِفِينَ وَالْقَائِمِينَ وَالرُّكَّعِ
 السُّجُودِ ﴿٢٦﴾ وَأَذِّنْ فِي النَّاسِ بِالْحَجِّ يَأْتُوكَ رِجَالًا لَا وَعَلَى
 كُلِّ ضَامِرٍ يَأْتِينَ مِنْ كُلِّ فَجٍّ عَمِيقٍ ﴿٢٧﴾ لِيَشْهَدُوا
 مَنَافِعَ لَهُمْ وَيَذْكُرُوا اسْمَ اللَّهِ فِي أَيَّامٍ مَعْلُومَةٍ
 عَلَى مَا رَزَقَهُمْ مِنْ بَهِيمَةِ الْأَنْعَامِ فَاكْلُوا مِنْهَا وَأَطْعَمُوا
 الْبَائِسَ الْفَقِيرَ ﴿٢٨﴾ ثُمَّ لِيَقْضُوا تَفَثَهُمْ وَلِيُوفُوا
 نَذْرَهُمْ وَلِيَطُوفُوا بِالْبَيْتِ الْعَتِيقِ ﴿٢٩﴾ ذَلِكَ وَمَنْ
 يُعْظَمْ حُرْمَتِ اللَّهِ فَهُوَ خَيْرٌ لَهُ عِنْدَ رَبِّهِ وَأُحِلَّتْ
 لَكُمْ الْأَنْعَامُ إِلَّا مَا يُتْلَى عَلَيْكُمْ فَاجْتَنِبُوا
 الرِّجْسَ مِنَ الْأَوْثَانِ وَاجْتَنِبُوا قَوْلَ الزُّورِ ﴿٣٠﴾

22.31 - Aoka ianareo ho an'Andriamanitra irery, fa aza mampitambatra Azy amin'ny hafa, satria na iza na iza mampitambatra an'Andriamanitra amin'ny hafa, dia sahala amin'ny nianjera avy eny an-danitra, ka ireo vorona no mitsaingoka azy, na ny rivotra hitondra azy haingana, ho any amin'ny lavaka tena lalina.

22.32 - Izany (no didy). Ary izay manome voninahitra ireo famantarana masina avy amin'Andriamanitra, dia mahatonga ny fo ho vontompinoana izany.

22.33 - Avy amin'izany (ireo biby), dia makà tombontsoa hatramin'ny fotoana voafetra ianareo, ary ny toerana fanaovana sorona azy ireo, dia eo akaikin'ilay Trano Tranainy.

22.34 - Ny vahoaka tsirairay, dia samy nomenay fomba fanaovana sorona, mba hahatsiarovan'izy ireo, ny anaran'Andriamanitra, amin'ireo biby fiompy nomeny azy ireo. Andriamanitra tokana ny Andriamanitrareo, ka aoka ianareo hankato Azy, ary ilazao vaovao tsara ireo manetrirana,

22.35 - ireo izay mientana ny fony, raha vao tononina ny anaran'Andriamanitra, sy ireo manam-paharetana amin'izay zavatra mahazo azy, ary ireo mpanatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat), sy ireo mandany (amin'ny tsara) izay nomenay azy.

22.36 - Nofidianay ho anareo ny rameva (na omby vavy), mba ho anisan'ireo famantarana masina avy amin'Andriamanitra, fa misy zavatra tsara ho anareo izy ireo. Koa tonony amin'izy ireny ny anaran'Andriamanitra, rehefa voafatotra ny tongony (ho atao sorona). Avy eo, rehefa lavo miorirana izy ireny, dia mihinàna amin'izany ianareo, ary ampihinano (amin'izany) ireo mahantra mahay mihonona, sy ireo mpangataka. Toy izany, dia nataonay ho anareo izy ireny, mba hahazanareo mankasitraka.

22.37 - Na ny nofony, na ny ràny, dia tsy ho tonga any amin'Andriamanitra, fa ny fahatahoranareo no ho tonga any Aminy. Toy izany no nanaovany azy ireny ho anareo, mba hideranareo ny halehiben'Andriamanitra, tamin'ny nitarihin'ny anareo amin'ny lalana mahitsy. Ary lazao vaovao mahafaly ireo mpanao soa.

22.38 - Miaro ireo mpino tokoa Andriamanitra. Fa tsy tia izay rehetra mpamadika tsy mahay mankasitraka Andriamanitra.

حُنَفَاءَ لِلَّهِ غَيْرَ مُشْرِكِينَ بِهِ وَمَنْ يُشْرِكْ بِاللَّهِ فَكَأَنَّمَا خَرَّ مِنْ
السَّمَاءِ فَتَخْطَفُهُ الطَّيْرُ أَوْ تَهْوِي بِهِ الرِّيحُ فِي مَكَانٍ سَحِيقٍ
(٣١) ذَلِكَ وَمَنْ يُعْظَمْ شَعْبُ اللَّهِ فَإِنَّهَا مِنْ تَقْوَى الْقُلُوبِ
(٣٢) لَكُمْ فِيهَا مَنْفَعٌ إِلَى أَجَلٍ مُسَمًّى ثُمَّ مَحِلُّهَا إِلَى الْبَيْتِ
الْعَتِيقِ (٣٣) وَلِكُلِّ أُمَّةٍ جَعَلْنَا مَنْسَكًا لِيَذْكُرُوا اسْمَ
اللَّهِ عَلَى مَا رَزَقَهُمْ مِنْ بَهِيمَةٍ الْأَنْعَامِ فَإِنَّهُمْ كَرِهُوا لَكُمْ
وَقَدْ أَسْلِمُوا وَبَشِّرِ الْمُخْبِتِينَ (٣٤) الَّذِينَ إِذَا ذُكِرَ اللَّهُ وَجِلَتْ
قُلُوبُهُمْ وَالصَّابِرِينَ عَلَى مَا أَصَابَهُمْ وَالْمُقِيمِي الصَّلَاةِ وَمِمَّا
رَزَقْنَاهُمْ يُنْفِقُونَ (٣٥) وَالْبُدْنَ جَعَلْنَاهَا لَكُمْ مِنْ شَعَائِرِ
اللَّهِ لَكُمْ فِيهَا خَيْرٌ فَاذْكُرُوا اسْمَ اللَّهِ عَلَيْهَا صَوَافٍ فَإِذَا وَجَبَتْ
جُنُوبُهَا فَكُلُوا مِنْهَا وَأَطْعِمُوا الْقَنَاعِ وَالْمُعْتَرِ كَذَلِكَ سَخَّرْنَاهَا
لَكُمْ لَعَلَّكُمْ تَشْكُرُونَ (٣٦) لَنْ يَنَالَ اللَّهُ لُحُومُهَا وَلَا دِمَاؤُهَا
وَلَكِنْ يَنَالُهُ النُّقُوعُ مِنْكُمْ كَذَلِكَ سَخَّرَهَا لَكُمْ لِتُكَبِّرُوا
اللَّهِ عَلَى مَا هَدَاكُمْ وَبَشِّرِ الْمُحْسِنِينَ (٣٧) إِنَّ اللَّهَ
يُدْفِعُ عَنِ الَّذِينَ ءَامَنُوا إِنَّ اللَّهَ لَا يُحِبُّ كُلَّ خَوَّانٍ كَفُورٍ (٣٨)

22.39 - Nomena alalana ireo izay niharan'ny famonoana (hiaro tena), satria niharan'ny tsy rariny izy ireo; fa manana fahefana hanavotra azy ireo Andriamanitra.

22.40 - Ireo izay noroahina teo amin'ny fonenany, tamin'ny tsy rariny, satria niteny izy ireny hoe: "Andriamanitra no Tomponay". Raha tsy nampifandroahan'Andriamanitra ny olona, dia ho nofoanana ny fitokana-monina amin'ireo fiangonana, ireo synagoga (trano fivavahan'ny jiosy), ary ireo trano fiankohofana (mosquée), izay iantsoana matetika ny anaran'Andriamanitra. Hamafisina, fa manohana izay manohana azy Andriamanitra. Fa Matanjaka sy Tsitoha Andriamanitra.

22.41 - Ireo izay, raha omenay azy ny hery ety ambonin'ny tany, dia manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat) izy ireo, manome ny harena fiantrana (zakat), ary mampirisika amin'ny tsara, sy mandrara amin'ny ratsy. Fa ny fiakaran'ny zavatra rehetra dia an'Andriamanitra.

22.42 - Ary raha manao anao ho mpandainga izy ireo, (fantaro fa) ny vahoakan'i Noa koa, ireo Aad, ireo Tamod, talohan'izy ireo, dia nanao ho mpandainga (ireo Iraka).

22.43 - Toy izany koa ny vahoakan'i Abrahama, sy ny vahoakan'i Lota,

22.44 - ary ireo olon'ny Madiana. Natao ho mpandainga ihany koa i Mosesy, ka nomeko fe-potoana ireo tsy mpino, manaraka izany, dia nosaziako izy ireo. Ary nanao ahoana ny Fanakianako (famaizana) azy ireo.

22.45 - Firifiry ireo tanàna noravanay, satria nanao ny tsy rariny izy ireo, ary nikoro teo aminy ny tafon-tranony, foana ny vovo, toy izany koa ny lapa lehibe.

22.46 - Nahoana no tsy mandeha manerana ny tany izy ireo, ka hananany fo mahafantatra, sy sofina mandre? Satria tsy ny maso akory no jamba, fa ny fo izay ao an-tratra no jamba.

أَذِنَ لِلَّذِينَ يُقَتَّلُونَ بِأَنَّهُمْ ظَلَمُوا وَإِنَّ اللَّهَ عَلَىٰ نَصْرِهِمْ لَقَدِيرٌ ﴿٣٩﴾ الَّذِينَ أُخْرِجُوا مِنْ دِيَارِهِمْ بِغَيْرِ حَقٍّ إِلَّا أَنْ يَقُولُوا رَبُّنَا اللَّهُ وَلَوْلَا دَفْعُ اللَّهِ النَّاسَ بَعْضَهُم بِبَعْضٍ لَفُتَّتْ صَوْمِعُ وَيَبِعُ وَصَلَوَاتٌ وَمَسْجِدُ ذِكْرُهَا أَسْمُ اللَّهِ كَثِيرًا وَلَيَنْصُرَنَّ اللَّهُ مَنْ يَنْصُرُهُ إِنَّ اللَّهَ لَقَوِيٌّ عَزِيزٌ ﴿٤٠﴾ الَّذِينَ إِنْ مَكَّنَّاهُمْ فِي الْأَرْضِ أَقَامُوا الصَّلَاةَ وَآتَوُا الزَّكَاةَ وَأَمَرُوا بِالْمَعْرُوفِ وَنَهَوْا عَنِ الْمُنْكَرِ وَلِلَّهِ عَاقِبَةُ الْأُمُورِ ﴿٤١﴾ وَإِنْ يُكَذِّبُوكَ فَقَدْ كَذَّبَتْ قَبْلَهُمْ قَوْمُ نُوحٍ وَعَادٌ وَثَمُودٌ ﴿٤٢﴾ وَقَوْمُ إِبْرَاهِيمَ وَقَوْمُ لُوطٍ ﴿٤٣﴾ وَأَصْحَابُ مَدْيَنَ وَكَذَّبَ مُوسَىٰ فَأَمَلَيْتُ لِلْكَافِرِينَ ثُمَّ أَخَذْتُهُمْ فَكَيْفَ كَانَ نَكِيرِ ﴿٤٤﴾ فَكَأَيِّنْ مِنْ قَرْيَةٍ أَهْلَكْنَاهَا وَهِيَ ظَالِمَةٌ فَهِيَ خَاوِيَةٌ عَلَىٰ عُرُوشِهَا وَبِئْسَ مَعْطَلَةٌ وَقَصْرٌ مَشِيدٌ ﴿٤٥﴾ أَفَلَمْ يَسِيرُوا فِي الْأَرْضِ فَتَكُون لَهُمْ قُلُوبٌ يَعْقِلُونَ بِهَا أَوْ آذَانٌ يَسْمَعُونَ بِهَا فَإِنَّهَا لَا تَعْمَى الْأَبْصَارُ وَلَكِنْ تَعْمَى الْقُلُوبُ الَّتِي فِي الصُّدُورِ ﴿٤٦﴾

22.47 - Mangataka aminao hanafaingana ny loza izy ireo, fa tsy mivoana na oviana na oviana amin'ny fampanantenany Andriamanitra. Ny andro iray amin'Andriamanitra, dia toy ny arivo taona, araka ny fomba fanisanareo azy.

22.48 - Firifiry moa ireo tanàna nomeko fe-potoana, fa mpanao ny tsy rariny izy ireo. Avy eo, dia nosamboriko izy ireo, ary any Amiko no fiverenana.

22.49 - Dia lazao hoe: "Ry olombelona! Tsy inona akory aho, fa mpampitandrina miharihary ho anareo ihany".

22.50 - Ireo izay nino sy nanao asa soa, dia hahazo famelan-keloka sy fanomezana sesehena.

22.51 - Ireo izay mikely aina hanafoana ny famantaranay, dia izy ireny no olon'ny afo mamaivay.

22.52 - Tsy nandefa Izahay, na Iraka, na Mpaminany, talohanao, ka tsy nanelanelana araka ny faniriany ny devoly, fa soloin'Andriamanitra izay alefan'ny devoly. Avy eo, dia nohamafisin'Andriamanitra ny Andininy, fa Mahalala ny zavatra rehetra sy Tompon'ny fahendrena Andriamanitra.

22.53 - Ataon'Andriamanitra ho fakam-panahy, ny bitsiky ny devoly, ho an'ireo izay misy aretina ny fony, sy ireo mafy fo. Hamafisina, fa amin'ny fahaverezana tanteraka ireo mpanao ny tsy rariny.

22.54 - Fa ho an'ireo izay nomena fahalalana kosa, dia fantany, fa fahamarinana avy amin'ny Tomponao izany. Mino izany izy, sady feno fietrena ny fony, tarihin'Andriamanitra amin'ny lalana mahitsy ny mpino.

22.55 - Misalasala hatrany ny tsy mpino ny amin'izany, ambara-pahatonga tampoka ny Ora, na koa ny sazy amin'ny andro iray mampihoron-koditra.

وَيَسْتَعْجِلُونَكَ بِالْعَذَابِ وَلَنْ يُخْلِفَ اللَّهُ وَعْدَهُ وَإِنَّ يَوْمًا
عِنْدَ رَبِّكَ كَأَلْفِ سَنَةٍ مِّمَّا تَعُدُّونَ ﴿٤٧﴾ وَكَأَنِّ مِّنْ
قَرْيَةٍ أَمَلَيْتُ لَهَا وَهِيَ ظَالِمَةٌ ثُمَّ أَخَذْتُهَا وَإِلَى الْمَصِيرِ
﴿٤٨﴾ قُلْ يَا أَيُّهَا النَّاسُ إِنَّمَا أَنَا نَذِيرٌ مُّبِينٌ ﴿٤٩﴾ فَالَّذِينَ
ءَامَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَهُمْ مَغْفِرَةٌ وَرِزْقٌ كَرِيمٌ ﴿٥٠﴾
وَالَّذِينَ سَعَوْا فِي آيَاتِنَا مُعْجِزِينَ أُولَٰئِكَ أَصْحَابُ الْجَحِيمِ
﴿٥١﴾ وَمَا أَرْسَلْنَا مِنْ قَبْلِكَ مِنْ رَّسُولٍ وَلَا نَبِيٍّ إِلَّا إِذَا تَمَنَّى
أَلْقَى الشَّيْطَانُ فِي أُمْنِيَّتِهِ فَيَنْسَخُ اللَّهُ مَا يُلْقِي الشَّيْطَانُ
ثُمَّ يُحْكِمُ اللَّهُ ءَايَاتِهِ وَاللَّهُ عَلِيمٌ حَكِيمٌ ﴿٥٢﴾ لِيَجْعَلَ
مَا يُلْقِي الشَّيْطَانُ فَتْنَةً لِّلَّذِينَ فِي قُلُوبِهِمْ مَّرَضٌ وَالْقَاسِيَةِ
قُلُوبُهُمْ وَإِنَّ الظَّالِمِينَ لَفِي شِقَاقٍ بَعِيدٍ ﴿٥٣﴾ وَلِيَعْلَمَ
الَّذِينَ أُوتُوا الْعِلْمَ أَنَّهُ الْحَقُّ مِنْ رَبِّكَ فَيُؤْمِنُوا بِهِ
فَتُخْبِتَ لَهُ قُلُوبُهُمْ وَإِنَّ اللَّهَ لَهَادِ الَّذِينَ ءَامَنُوا إِلَى صِرَاطٍ
مُّسْتَقِيمٍ ﴿٥٤﴾ وَلَا يَزَالُ الَّذِينَ كَفَرُوا فِي مِرْيَةٍ مِّنْهُ حَتَّى
تَأْتِيَهُمُ السَّاعَةُ بَغْتَةً أَوْ يَأْتِيَهُمْ عَذَابٌ يَوْمٍ عَقِيمٍ ﴿٥٥﴾

22.56 - Amin'izany Andro izany, dia an'Andriamanitra ny fanjakana, ka hitsara ny zanak'olombelona Izy. Ireo izay mino sy manao asa soa, dia ho any amin'ny zaridainan'ny fahasambarana.

22.57 - Fa ireo tsy nino kosa, sady niampanga lainga ny famantarana avy Aminay, dia izy ireny no hahazo sazy mahafabaraka.

22.58 - Eny, homen'Andriamanitra valisoa tsara, ireo izay nifindra monina tamin'ny lalan'Andriamanitra, ka novonoina, na maty, hamafisina, fa Andriamanitra no Mpanome mendrika indrindra ny anjaram-pivelomana.

22.59 - Hampidirin'Andriamanitra amin'ny toerana izay tsara ho azy, izy ireo. Hamafisina, fa Mahalala ny zavatra rehetra, sy be fangorahana Andriamanitra.

22.60 - Izany (no fahamarinana), fa izay nampijaly, tahaka ny nampijaliana azy, avy eo, dia niharan'ny tsy rariny indray, dia harovan'Andriamanitra. Hamafisina, fa Manala ny fahotana, sy Mamela heloka Andriamanitra.

22.61 - Toy izany no andrakofan'Andriamanitra ny andro amin'ny alina, ary andrakofany ny alina amin'ny andro. Hamafisina, fa Mandre sy Mahita ny zavatra rehetra Andriamanitra.

22.62 - Toy izany satria, Andriamanitra dia fahamarinana, fa izay angatahin'izy ireo ankoatrany, izany no fahadisoana, fa Andriamanitra no Ilay Avo indrindra, Ilay lehibe indrindra.

22.63 - Moa tsy hitanao va, fa nampidina rano avy any an-danitra Andriamanitra, ka tonga maitso mavana ny tany. Feno hamoram-po sy Mpahalala tonga lafatra Andriamanitra.

22.64 - Azy izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany. Fa Andriamanitra irery ihany no manana ny ampy, sy mendripiderana.

الْمَلِكُ يَوْمَئِذٍ اللَّهُ يَحْكُمُ بَيْنَهُمْ فَالَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ فِي جَنَّاتِ النَّعِيمِ ﴿٥٦﴾ وَالَّذِينَ كَفَرُوا وَكَذَّبُوا بِآيَاتِنَا فَأُولَٰئِكَ لَهُمْ عَذَابٌ مُهِينٌ ﴿٥٧﴾ وَالَّذِينَ هَاجَرُوا فِي سَبِيلِ اللَّهِ ثُمَّ قُتِلُوا أَوْ مَاتُوا لَيَرْزُقَنَّهُمُ اللَّهُ رِزْقًا حَسَنًا وَإِنَّ اللَّهَ لَهُوَ خَيْرُ الرَّازِقِينَ ﴿٥٨﴾ لِيَدْخِلَنَّهُمْ مَدْخَلًا يَرْضَوْنَهُ وَإِنَّ اللَّهَ لَعَلِيمٌ حَلِيمٌ ﴿٥٩﴾ ذَلِكَ وَمَنْ عَاقَبَ بِمِثْلِ مَا عُوقِبَ بِهِ ثُمَّ بُغِيَ عَلَيْهِ لَيَنْصُرَنَّهُ اللَّهُ إِنَّ اللَّهَ لَعَفُوفٌ غَفُورٌ ﴿٦٠﴾ ذَلِكَ بِأَنَّ اللَّهَ يُولِجُ اللَّيْلَ فِي النَّهَارِ وَيُولِجُ النَّهَارَ فِي اللَّيْلِ وَأَنَّ اللَّهَ سَمِيعٌ بَصِيرٌ ﴿٦١﴾ ذَلِكَ بِأَنَّ اللَّهَ هُوَ الْحَقُّ وَأَبَّ مَا يَدْعُونَ مِنْ دُونِهِ هُوَ الْبَاطِلُ وَأَبَّ اللَّهُ هُوَ الْعَلِيُّ الْكَبِيرُ ﴿٦٢﴾ أَلَمْ تَرَ أَنَّ اللَّهَ أَنْزَلَ مِنَ السَّمَاءِ مَاءً فَتُصْبِحُ الْأَرْضُ مُخْضَرَّةً إِنَّ اللَّهَ لَطِيفٌ خَبِيرٌ ﴿٦٣﴾ لَهُ مَا فِي السَّمَوَاتِ وَمَا فِي الْأَرْضِ إِنَّ اللَّهَ لَهُوَ الْغَنِيُّ الْحَمِيدُ ﴿٦٤﴾

22.65 - Tsy hitanao va, fa napetrak'Andriamanitra eo ambany fahefanareo, izay rehetra eny ambonin'ny tany, ary koa ny sambo, izay misosa eny ambonin'ny ranomasina amin'ny alalan'ny baikony? Tazoniny tsy hianjera amin'ny tany, ny lanitra, raha tsy hoe sitrany izany. Hamafisina, fa be hatsaram-po, sy be famindram-po amin'ny olombelona Andriamanitra.

22.66 - Izy no manome anareo ny fiainana, avy eo, manome anareo ny fahafatesana, manaraka izany dia velominy indray ianareo. Nefa tsy mahay mankasitraka ny olombelona.

22.67 - Isaka ny vahoaka tsirairay, dia nomenay fombam-pivavahana ho arahiny, ka aoka tsy hifanditra velively aminao amin'ny baiko azo, izy ireo, ary antsoy ny Tomponao. Hamafisina, fa amin'ny lalana mahitsy tokoa ianao.

22.68 - Ary raha miady hevitra aminao izy ireo, dia lazao hoe: "Andriamanitra no Mahalala indrindra izay ataonareo.

22.69 - Hitsara anareo amin'izay tsy nampitovy hevitra anareo Andriamanitra, amin'ny andro fitsanganana".

22.70 - Tsy fantatrao va, fa Mahalala izay any an-danitra, sy ety an-tany Andriamanitra? Voarakitra anatin'ny Boky izany rehetra izany, ary mora ho an'Andriamanitra tokoa.

22.71 - Ary manompo ankoatra an'Andriamanitra izy ireo, izay tsy nampidinany, na porofo iray aza, sy tsy nananan'izy ireo fahalalana, ary tsy hanana mpiaro ireo mpanao ny tsy rariny.

22.72 - Raha vakiana amin'izy ireo ny teninay mazava tsara, dia tsikaritrao eny amin'ny tavan'ireo tsy mino ny tsy fankasitrahana. Zara raha tsy miantoraka amin'ireo izay mamaky ny teninay aminy izy ireo. Lazao hoe: "Ambarako anareo va, ny zavatra ratsy noho izany? Ny afo izay nampanantenain'Andriamanitra ireo tsy nino Azy. Fiafarana ratsy tokoa izany!

أَلَمْ تَرَ أَنَّ اللَّهَ سَخَّرَ لَكُم مَّا فِي الْأَرْضِ وَأَلْفَلَكَ تَجَرَّى فِي الْبَحْرِ بِأَمْرِهِ. وَيُمَسِّكُ السَّمَاءَ أَنْ تَقَعَ عَلَى الْأَرْضِ إِلَّا بِإِذْنِهِ. إِنَّ اللَّهَ بِالنَّاسِ لَرءُوفٌ رَحِيمٌ ﴿٦٥﴾ وَهُوَ الَّذِي أَحْيَاكُم ثُمَّ يُمِيتُكُمْ ثُمَّ يُحْيِيكُمْ إِنَّ الْإِنْسَانَ لَكَفُورٌ ﴿٦٦﴾ لِكُلِّ أُمَّةٍ جَعَلْنَا مَنْسَكًا هُمْ نَاسِكُوهُ فَلَا يُنْزِعُ عَنْكَ فِي الْأَمْرِ وَاذْعُ إِلَىٰ رَبِّكَ إِنَّكَ لَعَلَىٰ هُدًى مُسْتَقِيمٌ ﴿٦٧﴾ وَإِنْ جَدَلُوكَ فَقُلِ اللَّهُ أَعْلَمُ بِمَا تَعْمَلُونَ ﴿٦٨﴾ اللَّهُ يُحْكُمُ بَيْنَكُمْ يَوْمَ الْقِيَمَةِ فِيمَا كُنتُمْ فِيهِ تَخْتَلِفُونَ ﴿٦٩﴾ أَلَمْ تَعْلَمْ أَنَّ اللَّهَ يَعْلَمُ مَا فِي السَّمَاءِ وَالْأَرْضِ إِنَّ ذَلِكَ فِي كِتَابٍ إِنَّ ذَلِكَ عَلَى اللَّهِ يَسِيرٌ ﴿٧٠﴾ وَيَعْبُدُونَ مِن دُونِ اللَّهِ مَا لَمْ يُنْزِلْ بِهِ سُلْطَانًا وَمَا لَيْسَ لَهُمْ بِهِ عِلْمٌ وَمَا لِلظَّالِمِينَ مِن نَّصِيرٍ ﴿٧١﴾ وَإِذْ أَنتَلَىٰ عَلَيْهِمْ آيَاتُنَا بَيَّنَّتْ تَعْرِفُ فِي وُجُوهِ الَّذِينَ كَفَرُوا الْمُنْكَرُ يَكَادُّونَ يُسْطُونَ بِالَّذِينَ يَتْلُونَ عَلَيْهِمْ آيَاتِنَا قُلْ أَفَأَنْتُمْ بِشِرِّ مَن ذَلِكُمُ النَّارُ وَعَدَهَا اللَّهُ الَّذِينَ كَفَرُوا وَبِئْسَ الْمَصِيرُ ﴿٧٢﴾

22.73 - Ry olombelona! Misy fanoharana atolotra anareo, ka henoy izany: "Ireo izay antsoinareo ankoatra an'Andriamanitra, dia tsy afa-mahary na lalitra iray akory aza, eny fa na dia hikambana aza izy ireo, amin'izany, ary raha misy zavatra esorin'ny lalitra eny amin'izy ireo, dia tsy afaka haka izany izy. Fa mitovy fahosana, ilay mpangataka sy ilay angatahina".

22.74 - Tsy napetrak'izy ireo amin'ny maha lzy azy Andriamanitra, hamafisina, fa Mahery sy Matanjaka Andriamanitra.

22.75 - Nifidy Iraka tamin'ireo anjely, sy tamin'ny olombelona Andriamanitra. Fa Mandre, sy Mahita Andriamanitra.

22.76 - Fantany izay anolohan'izy ireo, sy izay aoriany. Ary any amin'Andriamanitra no hiverenan'ny rehetra.

22.77 - Ianareo mpino! Miondreha sy miankohofa ianareo, ary tompoy ny Tomponareo, ary manaova ny tsara ianareo, hahazoanareo fahombiazana.

22.78 - Ary miezaha ho an'Andriamanitra amin'ny ezaka mendrika Azy indrindra. Izy no nifidy anareo, ary tsy nametraka fahasaratana ho anareo amin'ny finoana, izay finoan'ny raibenareo Abrahama, ilay efa niantso anareo taloha hoe: "Mpankato (Silamo)", ary ao amin'ity Boky ity, mba ho vavolombelona eo anatrehanareo ilay Iraka, ary ho vavolombelona eo anatrehan'ny olona ihany koa ianareo. Tanterahonareo ary ny vavaka fanompoana (soalat), ary omeo ny harena fiantrana (zakat), ka mifikira mafy tsara amin'Andriamanitra, fa lzy no Tomponareo. Tompo tsara, sy mpanohana tsara tokoa lzy!

FIZARANA FAHAVALOAMBINIFOLO

TOKO - 23

AL-MOU'MINOUN
(IREO MPINO)

Andininy 118: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

يَأْتِيهَا النَّاسُ ضُرْبَ مَثَلٍ فَاستَمِعُوا لَهُ يَا الَّذِينَ
تَدْعُونَ مِنْ دُونِ اللَّهِ لَنْ يَخْلُقُوا ذُبَابًا وَلَوْ اجْتَمَعُوا لَهُ
وَإِنْ يَسْلُبْهُمُ الذُّبَابُ شَيْئًا لَا يَسْتَنْقِذُوهُ مِنْهُ ضَعُفَ
الطَّالِبِ وَالْمَطْلُوبِ ﴿٧٣﴾ مَا قَدَرُوا اللَّهَ حَقَّ قَدْرِهِ إِنَّ
اللَّهَ لَقَوِيٌّ عَزِيزٌ ﴿٧٤﴾ اللَّهُ يَصْطَفِي مِنَ الْمَلَائِكَةِ
رُسُلًا وَمِنَ النَّاسِ يَا الَّذِينَ سَمِعُوا بِصِيرٍ ﴿٧٥﴾ يَعْلَمُ
مَا بَيْنَ أَيْدِيهِمْ وَمَا خَلْفَهُمْ وَإِلَى اللَّهِ تُرْجَعُ الْأُمُورُ ﴿٧٦﴾
يَأْتِيهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا أَرْكَعُوا وَاسْجُدُوا وَاعْبُدُوا
رَبَّكُمْ وَأَفْعَلُوا الْخَيْرَ لَعَلَّكُمْ تُفْلِحُونَ ﴿٧٧﴾
وَجَاهِدُوا فِي اللَّهِ حَقَّ جِهَادِهِ هُوَ اجْتَبَاكُمْ وَمَا جَعَلَ
عَلَيْكُمْ فِي الدِّينِ مِنْ حَرَجٍ مَثَلًا لِبَعْضِ آبَائِكُمْ هُوَ سَمَّاكُمْ
الْمُسْلِمِينَ مِنْ قَبْلُ وَفِي هَذَا لِيَكُونَ الرَّسُولُ شَهِيدًا عَلَيْكُمْ
وَتَكُونُوا شُهَدَاءَ عَلَى النَّاسِ فَأَقِيمُوا الصَّلَاةَ وَآتُوا الزَّكَاةَ
وَأَعْتَصِمُوا بِاللَّهِ هُوَ مَوْلَاكُمْ فَنِعْمَ الْمَوْلَى وَنِعْمَ النَّصِيرُ ﴿٧٨﴾

سُورَةُ الْمُؤْمِنُونَ

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

23.1 - Henika ny fahasambarana tanteraka ireo mpino,

23.2 - izay manetry tena ao amin'ny Fanompoany,

23.3 - fa manalavitra ireo zavatra tsy misy antony,

23.4 - ary manome ny harena fiantrana (zakat),

23.5 - ka miaro ny taovam-pananahany amin'ny firaisana (voarara).

23.6 - afa-tsy amin'ny vadiny, na ireo mpanompovavy izay eo amin'izy ireo, ary hamafisina, fa tsy azo kianina amin'izany izy ireo,

23.7 - fa ireo izay mitady izany, ivelan'ireny fetra ireny kosa, dia mpandika lalàna.

23.8 - Izay mitandrina tsara ireo zavatra nankinina taminy, sy izay manaja ny fampanantenana nomeny,

23.9 - ary izay manatanteraka an-tsakany sy an-davany ny vavaka fanompoany,

23.10 - dia izy ireny no mpandova,

23.11 - izay handova ny Paradisa honenany mandrakizay.

23.12 - Hamafisina, fa Noharianay avy tamin'ny tanimanga ny olombelona,

23.13 - avy eo, dia nasianay tetina tsirinaina tao anatin'ny toerana voaaro.

23.14 - Manaraka izany dia nataonay ho vaingan-drà io tsirinaina io, ary avy amin'izany no namboaranay vainga-nofo, ary avy amin'ny vainga-nofo no namboaranay taolana, ka notafianay nofo ny taolana, avy eo, dia nomenay endrika hafa tanteraka izany. Voninahitra ho an'Andriamanitra, Ilay Mpahary tsara indrindra.

23.15 - Aorian'izany dia ho faty ianareo,

23.16 - ka amin'ny andro fitsanganana, dia hatsangana amin'ny maty indray ianareo.

23.17 - Nahary lanitra fito tokoa izahay, eo amboninareo. Ary tsy variana velively izahay amin'ny fahariana ataonay.

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

قَدْ أَفْلَحَ الْمُؤْمِنُونَ ﴿١﴾ الَّذِينَ هُمْ فِي صَلَاتِهِمْ خَاشِعُونَ ﴿٢﴾
وَالَّذِينَ هُمْ عَنِ اللَّغْوِ مُعْرِضُونَ ﴿٣﴾ وَالَّذِينَ هُمْ لِلزَّكَاةِ
فَاعِلُونَ ﴿٤﴾ وَالَّذِينَ هُمْ لِفُرُوجِهِمْ حَافِظُونَ ﴿٥﴾ إِلَّا عَلَى
أَزْوَاجِهِمْ أَوْ مَا مَلَكَتْ أَيْمَانُهُمْ فَإِنَّهُمْ غَيْرُ مَلُومِينَ ﴿٦﴾
فَمَنْ ابْتَغَى وَرَاءَ ذَلِكَ فَأُولَٰئِكَ هُمُ الْعَادُونَ ﴿٧﴾ وَالَّذِينَ هُمْ
لَأَمْنَتِهِمْ وَعَهْدِهِمْ رَاعُونَ ﴿٨﴾ وَالَّذِينَ هُمْ عَلَى صَلَوَاتِهِمْ
يَحَافِظُونَ ﴿٩﴾ أُولَٰئِكَ هُمُ الْوَارِثُونَ ﴿١٠﴾ الَّذِينَ يَرِثُونَ
الْفِرْدَوْسَ هُمْ فِيهَا خَالِدُونَ ﴿١١﴾ وَلَقَدْ خَلَقْنَا الْإِنْسَانَ مِنْ
سُلَالَةٍ مِنْ طِينٍ ﴿١٢﴾ ثُمَّ جَعَلْنَاهُ نُطْفَةً فِي قَرَارٍ مَكِينٍ ﴿١٣﴾ ثُمَّ
خَلَقْنَا النُّطْفَةَ عَلَقَةً فَخَلَقْنَا الْعَلَقَةَ مُضْغَةً فَخَلَقْنَا
الْمُضْغَةَ عِظًا مَّا فَكَّسْنَا الْعِظَامَ لَحْمًا ثُمَّ أَنشَأْنَاهُ خَلْقًا
ءَاخِرَ فَبَارَكَ اللَّهُ أَحْسَنُ الْخَالِقِينَ ﴿١٤﴾ ثُمَّ إِنَّكُمْ بَعْدَ ذَلِكَ
لَمَيْتُونَ ﴿١٥﴾ ثُمَّ إِنَّكُمْ يَوْمَ الْقِيَمَةِ تُبْعَثُونَ ﴿١٦﴾ وَلَقَدْ
خَلَقْنَا فَوْقَكُمْ سَبْعَ طَرَائِقَ وَمَا كُنَّا عَنِ الْخَلْقِ غَفِيلِينَ ﴿١٧﴾

23.18 - Ary nampidininy araka ny fetrany, avy any an-danitra ny rano. Avy eo, dia najanonay tao anatin'ny tany izany, nefa azonay atao ny nampanjavona azy.

23.19 - Avy amin'izany no nampaniriany ho anareo ny zaridainan-kazo palma sy voaloboka, izay ahitanareo ireo voankazo marobe izay hohaninareo,

23.20 - ary koa hazo anankiray maniry amin'ny Tendrombohitra Sinaï, izay manome menaka fanosotra, sy ampiasaina amin'ny fihinanana.

23.21 - Hamafisina, fa misy zavatra hodinihinareo amin'ireo biby fiompy, omenay hosotroinany izay ao anatin'ny kibon'izy ireo, ary misy zavatra maro mahasoana anareo aminy, ary dia mihinana amin'izany ianareo.

23.22 - Entin'izy ireo ianareo, toy ny itondran'ny sambo anareo.

23.23 - Nalefanay tamin'ny vahoakany i Noa, ka hoy izy: "Ry vahoakako! Aoka ianareo hanompo an'Andriamanitra! Tsy manana andriamanitra hafa, ankoatra Azy ianareo! Moa tsy matahotra Azy va ianareo?"

23.24 - Tamin'izany dia niteny ireo loholona tsy mpino tamin'ny vahoakany hoe: "Olombelona tahaka anareo ihany izy io, fa tehiavaka eo anatrehanareo. Raha sitrak'Andriamanitra, dia nampidina ireo Anjely Izy. Tsy mbola naheno izany velively izahay tamin'ireo razambenay taloha.

23.25 - Raha ny marina, dia lehilahy azon'ny hadalana izy io, koa arahomaso tsara izy, mandritra ny fotoana vitsivitsy.

23.26 - Ka hoy izy: "Tompo ô! Vonjeo aho, fa manao ahy ho mpandainga izy ireo".

23.27 - Nambaranay taminy hoe: "Amboaro eto Imasonay ny sambofiara, araka ny Fanambaranay. Ka rehefa tonga ny didinay, ary hangotraka ny lafaoro, dia ampidiro ao anatin'ny sambofiara ny mpivady avy isaka ny karazany, ary koa ny fianakavianao, afa-tsy ireo izay efa nametrahana teny mialoha tsy ho amin'izany, ka aza miteny Amiko mikasika ireo mpanao ny tsy rariny intsony ianao, fa ho rendrika tanteraka izy ireny.

وَأَنْزَلْنَا مِنَ السَّمَاءِ مَاءً بِقَدَرٍ فَأَسْكَنَتْهُ فِي الْأَرْضِ وَإِنَّا عَلَى ذَهَابٍ بِهِ لَقَادِرُونَ ﴿١٨﴾ فَأَنْشَأْنَا لَكُمْ بِهِ جَنَّاتٍ مِّنْ نَّخِيلٍ وَأَعْنَابٍ لَّكُمْ فِيهَا فَوَاكِهِ كَثِيرَةٌ وَمِنْهَا تَأْكُلُونَ ﴿١٩﴾ وَشَجَرَةً تَخْرُجُ مِنْ طُورِ سَيْنَاءَ تَنبُتُ بِالدَّهْنِ وَصِبْغٍ لِلْأَكْلِينَ ﴿٢٠﴾ وَإِن لَّكُمْ فِي الْأَنْعَامِ لَعِبْرَةٌ لِّتُؤْذِنُوا لِلَّذِينَ كَفَرُوا وَلَكُمْ فِيهَا مَنَافِعُ كَثِيرَةٌ وَمِنْهَا تَأْكُلُونَ ﴿٢١﴾ وَعَلَيْهَا وَعَلَى الْفُلْكِ تُحْمَلُونَ ﴿٢٢﴾ وَلَقَدْ أَرْسَلْنَا نُوحًا إِلَىٰ قَوْمِهِ فَقَالَ يَتَقَوَّمُوا عِبَادُ اللَّهِ مَا لَكُمْ مِّنَ اللَّهِ غَيْرُهُ أَفَلَا تَتَّقُونَ ﴿٢٣﴾ فَقَالَ الْمَلَأُوا الَّذِينَ كَفَرُوا مِنْ قَوْمِهِ مَا هَذَا إِلَّا بَشَرٌ مِّثْلُكُمْ يُرِيدُ أَنْ يَفْضَلَ عَلَيْكُمْ وَلَوْ شَاءَ اللَّهُ لَأَنْزَلَ مَلَائِكَةً مَّا سَمِعْنَا بِهَذَا فِي آبَائِنَا الْأَوَّلِينَ ﴿٢٤﴾ إِنْ هُوَ إِلَّا رَجُلٌ بِهِ جِنَّةٌ فُتِّرَ بَصُورُهُ حَتَّىٰ حِينٍ ﴿٢٥﴾ قَالَ رَبِّ انصُرْنِي بِمَا كَذَبُونَ ﴿٢٦﴾ فَأَوْحَيْنَا إِلَيْهِ أَنْ اصْنَعْ الْفُلْكَ بِأَعْيُنِنَا ووَحَيْنَا إِذَا جَاءَ أَمْرُنَا وَفَارَ التَّنُورُ فَاسْلُكْ فِيهَا مِن كُلِّ زَوْجٍ مِّنْ أُنثَىٰ وَاهْلَاكِ إِلَّا مَن سَبَقَ عَلَيْهِ الْقَوْلُ مِنْهُمْ وَلَا تَخْطِبْنِي فِي الَّذِينَ ظَلَمُوا إِنَّهُمْ مُّغْرَقُونَ ﴿٢٧﴾

23.28 - Ary raha tafapetraka tsara ao anatin'ny sambofiara ianao, sy ireo izay miaraka aminao, dia lazao hoe: "Dera ho an'Andriamanitra, izay nanavotra anay tamin'ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny".

23.29 - Dia lazao hoe: "Tomp ô! Atodio amin'ny fitodiana voatsodrano aho, fa ianao no ilay manome ny fitodiana tsara indrindra".

23.30 - Misy famantarana maro tokoa amin'izany. Hamafisina, fa izahay no Mpampisedra.

23.31 - Ary, taorian'izy ireo, dia Nahary taranaka hafa izahay,

23.32 - Nandefa Iraka teo amin'izy ireo, izay avy aminy ihany izahay, mba hiteny amin'izy ireo hoe: "Aoka ianareo hanompo an'Andriamanitra. Tsy manana andriamanitra hafa, ankoatra Azy ianareo. Moa tsy matahotra Azy va ianareo?"

23.33 - Niteny ireo loholona tsy mpino tamin'ny vahoakany, sy nanao ny fihaonana any an-koatra ho lainga, nefa nomenay hatsarana amin'izao fiainana izao hoe: "Olombelona tahaka anareo ihany izy io, mihinana izay hohaninareo, ary misotro izay sotroinareo".

23.34 - Raha mankato olombelona tahaka anareo ianareo, dia ho maty antoka.

23.35 - Moa mampanantena anareo va izy, fa raha ho faty ianareo, ka hanjary ho vovoka sy taolana, dia havoaka tao indray (fasana)?

23.36 - Lavitra dia lavitra tokoa, izay ampanantenaina anareo.

23.37 - Izany dia tsy inona, fa izao fiainanay eto an-tany izao ihany, ho faty ary ho velona izahay, fa tsy hatsangana amin'ny maty velively.

23.38 - Olona mamoron-dainga amin'Andriamanitra ihany izy io, ka tsy mino azy izahay.

23.39 - Hoy izy: "Tomp ô! Vonjeo aho, fa manao ahy ho mpandainga izy ireo".

23.40 - Ka hoy Izy (Andriamanitra): "Eny, tsy ho ela dia hanenina izy ireo".

23.41 - Ka dia niharan'ny fidradradrana tamim-pahamarinana izy ireo, avy eo, dia nataonay toy ny fako entindriaka. Hanjavona tanteraka anie ireo mpanao ny tsy rariny!

23.42 - Ary taorian'izy ireo, dia Nahary taranaka hafa izahay.

فَإِذَا أَسْتَوَيْتِ أَنْتَ وَمَنْ مَعَكَ عَلَى الْفَلَكَ فَقُلْ الْحَمْدُ لِلَّهِ الَّذِي بَجَعَنَا
مِنَ الْقَوْمِ الظَّالِمِينَ ﴿٢٨﴾ وَقُلْ رَبِّ أَنْزِلْنِي مُنزَلًا مُبَارَكًا وَأَنْتَ خَيْرُ
الْمُنْزِلِينَ ﴿٢٩﴾ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَاتٍ وَإِنْ كُنَّا لَمُبْتَلِينَ ﴿٣٠﴾ ثُمَّ أَنْشَأْنَا
مِنْ بَعْدِهِمْ قُرْنًا آخَرِينَ ﴿٣١﴾ فَأَرْسَلْنَا فِيهِمْ رَسُولًا مِنْهُمْ أَنْ اعْبُدُوا
اللَّهَ مَا لَكُمْ مِنْ إِلَهٍ غَيْرُهُ أَفَلَا تَتَّقُونَ ﴿٣٢﴾ وَقَالَ الْمَلَأُ مِنْ قَوْمِهِ
الَّذِينَ كَفَرُوا وَكَذَّبُوا بِآيَاتِنَا الْآخِرَةِ وَاتَّرفَتْهُمْ فِي الْحَيَاةِ الدُّنْيَا
مَا هَذَا إِلَّا بَشَرٌ مِثْلُكُمْ يَأْكُلُ مِمَّا تَأْكُلُونَ مِنْهُ وَيَشْرَبُ مِمَّا
تَشْرَبُونَ ﴿٣٣﴾ وَلَئِنْ أَطَعْتُمْ بَشَرًا مِثْلَكُمْ إِنَّكُمْ إِذَا لَخَسِرُونَ
﴿٣٤﴾ أَعِدْكُمْ أَنْكُمْ إِذَا مِتُمْ وَكُنْتُمْ تُرَابًا وَعِظْمًا أَنْكُمْ تُخْرَجُونَ
﴿٣٥﴾ هِيَ هِيَ هِيَ هِيَ لِمَا تَعْدُونَ ﴿٣٦﴾ إِنَّ هِيَ إِلَّا حَيَاتُنَا
الدُّنْيَا نَمُوتُ وَنَحْيَا وَمَا نَحْنُ بِمَبْعُوثِينَ ﴿٣٧﴾ إِنَّ هُوَ إِلَّا رَجُلٌ
افْتَرَى عَلَى اللَّهِ كَذِبًا وَمَا نَحْنُ لَهُ بِمُؤْمِنِينَ ﴿٣٨﴾ قَالَ رَبِّ
أَنْصُرْنِي بِمَا كَذَّبُونَ ﴿٣٩﴾ قَالَ عَمَّا قَلِيلٍ لَيُصْبِحُنَّ نَادِمِينَ ﴿٤٠﴾
فَأَخَذَتْهُمُ الصَّيْحَةُ بِالْحَقِّ فَجَعَلْنَاهُمْ غُثَاءً فَبَعْدًا لِلْقَوْمِ
الظَّالِمِينَ ﴿٤١﴾ ثُمَّ أَنْشَأْنَا مِنْ بَعْدِهِمْ قُرُونًا آخَرِينَ ﴿٤٢﴾

23.43 - Tsy misy vahoaka na iray aza afaka hampandroso, na hampihemotra ny fiafarany.

23.44 - Manaraka izany, dia nalefanay nifanesisesy ireo Irakay. Ka isaka ny tonga amin'ny vahoakany ny Iraka iray, dia nataon'izy ireo ho mpandainga izy. Ary nampifandimbiasinay (tamin'ny faharavana) izy ireo, ka napetrakay ho tantara izany. Hanjavona tanteraka anie ireo tsy mpino!

23.45 - Avy eo, dia nalefanay i Mosesy sy ny rahalahiny Harona, niaraka tamin'ny fahagagana avy Aminay, sy porofo miharihary,

23.46 - nankany amin'i Faraona, sy ireo loholony, nefa dia nampiseho fiavonavonana izy ireo, fa olona feno fanamboniantena.

23.47 - Ka hoy izy ireo: "Hino olona roa tahaka anay va izahay, nefa mpanomponay ny vahoakany?"

23.48 - Nataon'izy ireo ho mpandainga izy roalahy ireo, ka isan'ireo levona tanteraka izy ireo.

23.49 - Ary nomenay an'i Mosesy ilay Boky, mba hahavoatarika azy ireo.

23.50 - Dia nataonay ho fahagagana ny zanak'i Maria sy ny Reniny, ka nomenay fialofana tony tsara izy roroa, teny ambony havoana, sady misy loharano.

23.51 - Ianareo Iraka! Mihinàna amin'ireo zavatra tsara ianareo, ary manaova ny soa, fa Mahafantatra izay rehetra ataonareo Aho.

23.52 - Ary Indro ny vahoakanareo, fa vahoaka tokana, ary izaho no Tomponareo, koa matahora Ahy!

23.53 - Nefa dia nizarazara ho antoko izy ireo, ka isaka ny antoko dia nifaly tamin'izay teo am-pelatanany.

23.54 - Avelao amin'ny fahaverezany izy ireo, mandritra ny fotoana vitsivitsy.

23.55 - Moa mihevitra va izy ireo, fa izay nomenay azy amin'ny harena sy taranaka,

23.56 - dia fanomezana tsara haingana omenay azy ireo (amin'ny fiainana any an-koatra)? Tsy izany mihitsy, fa tsy tsapan'izy ireo.

23.57 - Fa ireo izay feno fahatahorana ny Tompony kosa, dia fatra mpitandrina,

23.58 - izay mino ny tenin'ny Tompon'izy ireo,

23.59 - ka tsy mampitambatra ny Tompony na amin'inona na inona,

مَا تَسْبِقُ مِنْ أُمَّةٍ أَجْلَهَا وَمَا يَسْتَخِرُونَ ﴿٤٣﴾ ثُمَّ أَرْسَلْنَا رُسُلَنَا تَتْرًا
 كُلَّ مَاجَاءٍ أُمَّةٍ رَّسُولُهَا كَذَّبُوهُ فَأَتْبَعْنَا بَعْضَهُمْ بَعْضًا وَجَعَلْنَاهُمْ
 أَحَادِيثَ فَبُعْدًا لِقَوْمٍ لَا يُؤْمِنُونَ ﴿٤٤﴾ ثُمَّ أَرْسَلْنَا مُوسَى وَأَخَاهُ
 هَارُونَ بِآيَاتِنَا وَسُلْطَانٍ مُبِينٍ ﴿٤٥﴾ إِلَى فِرْعَوْنَ وَمَلَئِهِ
 فَاسْتَكْبَرُوا وَكَانُوا قَوْمًا عَالِينَ ﴿٤٦﴾ فَقَالُوا أَنُؤْمِنُ لِبَشَرَيْنِ مِثْلِنَا
 وَقَوْمُهُمَا لَنَا عِيدُونَ ﴿٤٧﴾ فَكَذَّبُوهُمَا فَكَانُوا مِنَ الْمُهْلَكِينَ
 ﴿٤٨﴾ وَلَقَدْ آتَيْنَا مُوسَى الْكِتَابَ لَعَلَّهُمْ يَهْتَدُونَ ﴿٤٩﴾ وَجَعَلْنَا
 ابْنَ مَرْيَمَ وَآلَهُ آيَةً وَءَاوَيْنَاهُمَا إِلَى رَبْوَةٍ ذَاتِ قَرَارٍ وَمَعِينٍ
 ﴿٥٠﴾ يَأْتِيهَا الرُّسُلُ كُلُّوَا مِنَ الطَّيِّبَاتِ وَاعْمَلُوا صَالِحًا إِنِّي بِمَا
 تَعْمَلُونَ عَلِيمٌ ﴿٥١﴾ وَإِنَّ هَذِهِ أُمَّتُكُمْ أُمَّةً وَاحِدَةً وَأَنَا رَبُّكُمْ
 فَاتَّقُونِ ﴿٥٢﴾ فَتَقَطَّعُوا أَمْرَهُمْ بَيْنَهُمْ زُبُرًا كُلٌّ حِزْبٍ بِمَا لَدَيْهِمْ
 فَرِحُونَ ﴿٥٣﴾ فَذَرَهُمْ فِي عَمَرَتِهِمْ حَتَّى حِينٍ ﴿٥٤﴾ أَيَحْسَبُونَ أَنَّمَا
 نُمِدُّهُم بِهِ مِنْ مَّالٍ وَبَيْنٍ ﴿٥٥﴾ نُسَارِعُ لَهُمْ فِي الْخَيْرَاتِ بَلْ لَا يَشْعُرُونَ
 ﴿٥٦﴾ إِنَّ الَّذِينَ هُمْ مِنْ خَشْيَةِ رَبِّهِمْ مُشْفِقُونَ ﴿٥٧﴾ وَالَّذِينَ هُمْ
 بِآيَاتِ رَبِّهِمْ يُؤْمِنُونَ ﴿٥٨﴾ وَالَّذِينَ هُمْ بِرَبِّهِمْ لَا يُشْرِكُونَ ﴿٥٩﴾

23.60 - izay mahafofy ny tokony homena, ary feno fahatahorana ny fony, fa tsy maintsy hiverina any amin'ny Tompony izy ireo.

23.61 - Mirohotra amin'ny fanaovana asa soa izy ireo, ary voalohany amin'ny fanatanterahana izany.

23.62 - Ary izahay dia tsy manery na iza na iza hanao mihoatra ny zakany. Fa misy Boky anankiray, izay milaza ny fahamarinana eo Aminay, ka tsy ambakaina izy ireo.

23.63 - Nefa ny fon'izy ireo, dia mitoetra lalandava anatin'ny habadoana eo anatrehan'izany (Kor'any). Ankoatra izany, dia manana asa (ratsy) izay ataony izy ireo,

23.64 - mandra-pandefasanay sazy amin'ireo manankarena amin'izy ireo, ka indro, fa hiantso vonjy izy ireo.

23.65 - Aza miantsoantso ianareo androany, fa tsy hisy hamonjy anareo afaka manohitra Anay.

23.66 - Efa novakiana taminareo taloha ny Teninay, nefa dia nihodinana izany,

23.67- feno fiavonavonana, ary nanamaivana izany ianareo nandritra ny fiaretan-tory nataonareo.

23.68 - Tsy mandinika ny Teny (Kor'any) va izy ireo? Sa tonga amin'izy ireo va, izay tsy mbola tonga tamin'ireo razambeny taloha?

23.69 - Sa tsy nahafantatra ny Iraka tonga taminy va izy ireo, no mandà izany?

23.70 - Sa, hilaza va izy ireo hoe: "Adala izy?". Tsy izany mihitsy, fa ny fahamarinana no nentiny tamin'izy ireo. Nefa mankahala ny fahamarinana ny ankamaroan'izy ireo.

23.71 - Raha nifanaraka tamin'ny sitrapon'izy ireo ny fahamarinana, dia ho simba tokoa ny lanitra sy ny tany, ary izay misy ao anatin'izany. Tsy izany anefa, fa nomenay ny fampahatsiahivana izy ireo, saingy nihodina tamin'izany.

23.72 - Sa, mangataka fanomezana amin'izy ireo va ianao? Nefa ny fanomezana avy amin'ny Tomponao no tsara indrindra. Ary izy no ilay Mpanome mendrika indrindra ny anjaram-pivelomana.

23.73 - Ary miantso azy ireo amin'ny lalana mahitsy tokoa ianao.

23.74 - Nefa, ireo izay tsy mino ny any an-koatra, dia nihataka izany lalana izany.

وَالَّذِينَ يُؤْتُونَ مَاءً آتَوْا وَقُلُوبُهُمْ وَجِلَةٌ أَنَّهُمْ إِلَى رَبِّهِمْ رَاجِعُونَ ﴿٦٠﴾
 أُولَٰئِكَ يُسْرِعُونَ فِي الْخَيْرَاتِ وَهُمْ لَهَا سَابِقُونَ ﴿٦١﴾ وَلَا تَنكَلِفُ
 نَفْسًا إِلَّا وُسْعَهَا وَلَدِينَا كِتَابٌ يَنْطِقُ بِالْحَقِّ وَهُمْ لَا يُظْلَمُونَ ﴿٦٢﴾
 بَلْ قُلُوبُهُمْ فِي غَمْرَةٍ مِّنْ هَٰذَا وَلَهُمْ أَعْمَلٌ مِّنْ دُونِ ذَٰلِكَ هُمْ لَهَا
 عَمِلُونَ ﴿٦٣﴾ حَتَّىٰ إِذَا أَخَذْنَا مُتْرَفِيهِم بِالْعَذَابِ إِذَا هُمْ يَجْتَرُونَ
 ﴿٦٤﴾ لَا تَجْعَلُوا الْيَوْمَ لَكُمْ مَنًّا لَا تُنْصَرُونَ ﴿٦٥﴾ قَدْ كَانَتْ ءَايَاتِي
 تُتْلَىٰ عَلَيْكُمْ فَكُنْتُمْ عَلَىٰٰٓ أَعْقَابِكُمْ تُنْكِرُ صَوْنَ ﴿٦٦﴾ مُسْتَكْبِرِينَ
 بِهِ سَمِرًا تَهَجَّرُونَ ﴿٦٧﴾ أَفَلَمْ يَدَّبَّرُوا الْقَوْلَ أَمْ جَاءَهُمْ مَا لَمْ يَأْتِ
 ءَابَاءَهُمُ الْأَوَّلِينَ ﴿٦٨﴾ أَمْ لَمْ يَعْرِفُوا رَسُولَهُمْ فَهُمْ لَهُ مُنْكَرُونَ
 ﴿٦٩﴾ أَمْ يَقُولُونَ بِهِ جِنَّةٌ بَلْ جَاءَهُم بِالْحَقِّ وَأَكْثَرُهُم لِلْحَقِّ
 كَارِهُونَ ﴿٧٠﴾ وَلَوْ اتَّبَعَ الْحَقُّ أَهْوَاءَهُمْ لَفَسَدَتِ السَّمَوَاتُ
 وَالْأَرْضُ وَمَنْ فِيهِنَّ بَلْ أَتَيْنَهُمْ بِذِكْرِهِمْ فَهُمْ عَنْ
 ذِكْرِهِمْ مُّعْرِضُونَ ﴿٧١﴾ أَمْ تَسْأَلُهُمْ خَرْجًا فَخَرَجَ رِبَاكَ خَيْرٌ
 وَهُوَ خَيْرُ الرَّزْقِينَ ﴿٧٢﴾ وَإِنَّكَ لَتَدْعُوهُمْ إِلَىٰ صِرَاطٍ مُّسْتَقِيمٍ ﴿٧٣﴾
 وَإِنَّ الَّذِينَ لَا يُؤْمِنُونَ بِالْآخِرَةِ عَنِ الصِّرَاطِ لَنُكَيِّبُونَ ﴿٧٤﴾

23.75 - Raha namindrafo izahay, ka nanala ny ratsy tamin'izy ireo, dia mbola nikiry tamin'ny fandikany lalàna izy ireo tamim-pahajambana.

23.76 - Nosazianay tokoa izy ireo, nefa tsy mbola nankato ny Tompony, ary tsy nitalaho Taminy mihitsy,

23.77 - ambara-pahatongavan'ny andro, izay hanokafanay amin'izy ireo, ny varavarana amin'ny sazy mahery, ary indro fa kivy tanteraka izy ireo.

23.78 - Ary izy no Nahary ho anareo, ny fandrenesana, ny fahitana, ary ny fo. Nefa zara raha mankasitraka ianareo.

23.79 - Izy no nampiele anareo eny ambonin'ny tany, ary any Aminy no hangonina ianareo.

23.80 - Ary izy no manome ny aina sy manome ny fahafatesana, miankina Aminy, ny fifandimbasan'ny alina sy ny andro. Moa tsy mandinika va ianareo?

23.81 - Nefa dia niteny mitovy amin'ny tenin'ireo olona taloha izy ireo.

23.82 - Hoy izy ireo: "Raha maty izahay, ka hanjary ho vovoka sy taolana, dia moa hatsangana amin'ny maty tokoa va izahay?"

23.83 - Nampanantenaina anay izany, ary koa ireo razambenay taloha, anganon'ireo olona fahiny ihany izany".

23.84 - Lazao hoe: "An'iza ny tany, sy izay rehetra ao aminy, raha fantatrarao?"

23.85 - Dia hamaly izy ireo hoe: "An'Andriamanitra". Lazao hoe: "Moa tsy tsaroanareo va?"

23.86 - Ka lazao hoe: "Iza no Tompon'ireo lanitra fito, ary iza no Tompon'ny Seza Fiandrianana lehibe?"

23.87 - Hamaly izy ireo hoe: "An'Andriamanitra". Lazao hoe: "Tsy matahotra va ianareo?"

23.88 - Lazao hoe: "Iza no manana ny fanjakana lehiben'ny zavatra rehetra eo am-pelatàny, ary iza no mpiaro izay tsy mila mpiaro, raha mba fantatrarao?"

23.89 - Ka hamaly izy ireo hoe: "Andriamanitra". Dia lazao koa hoe: "Nahoana àry no toa voavorika ihany ianareo?"

وَلَوْ رَحِمْنَاهُمْ وَكَشَفْنَا مَا بِهِمْ مِنْ ضُرٍّ لَلْجُؤُا فِي طُغْيَانِهِمْ يَعْمَهُونَ ﴿٧٥﴾ وَلَقَدْ أَخَذْنَاهُمْ بِالْعَذَابِ فَمَا اسْتَكَانُوا لِرَبِّهِمْ وَمَا يَضُرُّعُونَ ﴿٧٦﴾ حَتَّىٰ إِذَا فَتَحْنَا عَلَيْهِم بَابًا ذَا عَذَابٍ شَدِيدٍ إِذْهُمْ فِيهِ مَبْلِسُونَ ﴿٧٧﴾ وَهُوَ الَّذِي أَنْشَأَ لَكُمُ السَّمْعَ وَالْأَبْصَرَ إِذَا هُمْ فِيهِ مُبْلِسُونَ ﴿٧٨﴾ وَهُوَ الَّذِي ذَرَأَكُمْ فِي الْأَرْضِ وَإِلَيْهِ تُحْشَرُونَ ﴿٧٩﴾ وَهُوَ الَّذِي يُحْيِي وَيُمِيتُ وَلَهُ اخْتِلَافُ اللَّيْلِ وَالنَّهَارِ أَفَلَا تَعْقِلُونَ ﴿٨٠﴾ بَلْ قَالُوا مِثْلَ مَا قَالَ الْأَوَّلُونَ ﴿٨١﴾ قَالُوا أَءِذَا مِتْنَا وَكُنَّا تُرَابًا وَعِظْمًا إِذْنَا لَمَبْعُوثُونَ ﴿٨٢﴾ لَقَدْ وَعَدْنَا نَحْنُ وَءَابَاؤُنَا هَذَا مِنْ قَبْلُ إِن هَذَا إِلَّا أَسَاطِيرُ الْأَوَّلِينَ ﴿٨٣﴾ قُلْ لِمَنِ الْأَرْضُ وَمَنْ فِيهَا إِن كُنْتُمْ تَعْلَمُونَ ﴿٨٤﴾ سَيَقُولُونَ لِلَّهِ قُلْ أَفَلَا تَذَكَّرُونَ ﴿٨٥﴾ قُلْ مَنْ رَبُّ السَّمَوَاتِ السَّبْعِ وَرَبُّ الْعَرْشِ الْعَظِيمِ ﴿٨٦﴾ سَيَقُولُونَ لِلَّهِ قُلْ أَفَلَا نُنْقِطُ ﴿٨٧﴾ قُلْ مَنْ يَدْعُو مَلَكَوتُ كُلِّ شَيْءٍ وَهُوَ يُجِيرُ وَلَا يُجَارُ عَلَيْهِ إِن كُنْتُمْ تَعْلَمُونَ ﴿٨٨﴾ سَيَقُولُونَ لِلَّهِ قُلْ فَأَنِّي تُسْحَرُونَ ﴿٨٩﴾

23.90 - Nentinay tamin'izy ireo anefa ny fahamarinana, ary hamafisina, fa mpandainga izy ireo.

23.91 - Tsy manan-janaka Andriamanitra, ary tsy misy andriamanitra hafa velively miaraka Aminy, raha tsy izany, dia ho nandeha niaraka tamin'izay nohariany avy ny andriamanitra tsirairay, ka ho ambony noho ny hafa ireo sasany. An'Andriamanitra ny Voninahitra, sy ny Fahadiovana. Ambonin'izay nofaritan'izy ireo izy.

23.92 - Mpahalala ny zava-miaina rehetra sy ny hitamaso izy! Ambony lavitra noho izay atambatr'izy ireo Aminy izy!

23.93 - Lazao hoe: "Tompô ô! Raha mba asehonao ahy mantsy izay ampanantenaina azy ireo,

23.94 - amin'izay, Tompô ô, dia aza atao ho isan'ireo olona mpanao ny tsy rariny aho".

23.95 - Hamafisina, fa afaka mampiseho anao izay ampanantenainay azy ireo izahay.

23.96 - Esory amin'ny tsara ny ratsy. Fantatray tokoa izay famaritana foronin'izy ireo.

23.97 - Ary lazao hoe: "Tompô ô! Mangataka fiarovana Aminao aho, amin'ny fandrik'ireo devoly,

23.98 - ary mangataka fiarovana Aminao ihany koa aho Tompô ô, mba tsy hanatonan'izy ireo ahy".

23.99 - Ka rehefa tonga amin'ny anankiray amin'izy ireo ny fahafatesana, dia hoy izy: "Tompô ô! Avereno indray aho (eny ambonin'ny tany),

23.100 - mba hanaovako ny tsara tamin'izay navelako". Tsia, teny lazainy fotsiny ihany izany. Misy sakana, anefa, aorian'izy ireo, hatramin'ny andro izay hanan'ganana azy ireo amin'ny maty.

23.101 - Ary, raha hotsofina ny Trompetra (Anjomara), dia tsy hisy fihavanana intsony amin'izy ireo, amin'izany andro izany, ka tsy hifametraka fanontaniana izy ireo.

23.102 - Ireo izay mavesatra ny mizànany, dia izy ireny no ho olon-tsambatra,

23.103 - fa ireo izay maivana kosa ny mizànany, dia izy ireny no nanome fatiantoka ny fanahiny, ka honina mandrakizay ao amin'ny afo.

23.104 - Handoro ny tavan'izy ireo ny afo, ary hivaloarika tanteraka izy ireo.

بَلْ أَتَيْنَهُم بِالْحَقِّ وَإِنَّهُمْ لَكَاذِبُونَ ﴿٩٠﴾ مَا اتَّخَذَ اللَّهُ مِنْ وَلَدٍ
وَمَا كَانَتْ مَعَهُ مِنْ إِلَهٍ إِذَا لَدَّهَبَ كُلُّ إِلَهٍ بِمَا خَلَقَ وَلَعَلَّ
بَعْضُهُمْ عَلَى بَعْضٍ سُبْحَنَ اللَّهِ عَمَّا يُصِفُونَ ﴿٩١﴾ عَلِيمُ
الْغَيْبِ وَالشَّهَادَةِ فَتَعَالَى عَمَّا يُشْرِكُونَ ﴿٩٢﴾ قُلْ رَبِّ
إِمَّا تُرِيدُنِي مَا يُوعَدُونَ ﴿٩٣﴾ رَبِّ فَلَا تَجْعَلْنِي فِي الْقَوْمِ
الظَّالِمِينَ ﴿٩٤﴾ وَإِنَّا عَلَى أَنْ تُرِيكَ مَا نَعِدُهُمْ لَقَدِيرُونَ ﴿٩٥﴾
أَدْفَعْ بِالَّتِي هِيَ أَحْسَنُ السَّيِّئَةِ نَحْنُ أَعْلَمُ بِمَا يَصِفُونَ ﴿٩٦﴾
وَقُلْ رَبِّ أَعُوذُ بِكَ مِنْ هَمَزَاتِ الشَّيْطَانِ ﴿٩٧﴾ وَأَعُوذُ بِكَ
رَبِّ أَنْ يَحْضُرُونِ ﴿٩٨﴾ حَتَّى إِذَا جَاءَ أَحَدَهُمُ الْمَوْتُ قَالَ رَبِّ
ارْجِعُونِ ﴿٩٩﴾ لَعَلِّي أَعْمَلُ صَالِحًا فِيمَا تَرَكْتُ كَلَّا إِنَّهَا كَلِمَةٌ
هُوَ قَائِلُهَا وَمِنْ وَرَائِهِمْ بَرْزَخٌ إِلَى يَوْمِ يُبْعَثُونَ ﴿١٠٠﴾ فَإِذَا نُفِخَ
فِي الصُّورِ فَلَا أَنْسَابَ بَيْنَهُمْ يَوْمَئِذٍ وَلَا يَتَسَاءَلُونَ ﴿١٠١﴾
فَمَنْ ثَقُلَتْ مَوَازِينُهُ فَأُولَئِكَ هُمُ الْمُفْلِحُونَ ﴿١٠٢﴾ وَمَنْ
خَفَّتْ مَوَازِينُهُ فَأُولَئِكَ الَّذِينَ خَسِرُوا أَنْفُسَهُمْ فِي جَهَنَّمَ
خَالِدُونَ ﴿١٠٣﴾ تَلْفَحُ وُجُوهُهُمُ النَّارَ وَهُمْ فِيهَا كَالِحُونَ ﴿١٠٤﴾

23.105 - "Moa tsy novakiana taminareo va ny Teniko, nefa nataonareo ho lainga izy ireny?"

23.106 - Hoy izy ireo: "Tompo ô! Resin'ny fahorianay izahay, ary olona diso làlana".

23.107 - "Tompo ô! Avoahy amin'izany izahay! Fa raha mbola mamerina izahay, dia olona mpanao ny tsy rariny tokoa".

23.108 - Hoy Izy: "Mijanona ao ianareo, ary aza miteny Amiko intsony".

23.109 - Nisy antokon'olona tamin'ireo mpanompoko izay niteny hoe: "Tompo ô! Mino izahay, ka avelao àry ny helokay, ary mamindrafo aminay, fa lanao no Mpamindra-fo tsara indrindra".

23.110 - Nefa dia noesoinareo izy ireny, hany ka hadinonareo ny mitalaho Amiko, ary nihomehezanareo izy ireny.

23.111 - Mamaly soa azy ireo tokoa Aho ankehitriny, noho ny faharetany, ary izy ireo no mpandresy.

23.112 - Hiteny Izy hoe: "Firy taona no nipetrahanareo teny ambonin'ny tany?"

23.113 - Hamaly izy ireo hoe: "Andro iray no nipetrahanay teny, na ampahana andro. Koa anontanio àry ireo mpanisa".

23.114 - Hiteny Izy hoe: "Fotoana vitsivitsy monja no nipetrahanareo teny. Raha mba fantatrareo mantsy".

23.115 - Noheverinareo va, fa Noharianay tsy nisy tanjona ianareo, ary tsy averina aty Aminay?"

23.116 - Ankalazaina anie Andriamanitra, Ilay Mpanjaka Marina, tsy misy andriamanitra hafa, ankoatra Azy, Ilay Tompon'ny Seza Fiandrianana ambony indrindra!

23.117 - Ka na iza na iza miantso andriamanitra hafa miaraka amin'Andriamanitra, nefa tsy manana porofo marina amin'izany, dia any amin'ny Tompony ny fitsarana momba azy. Hamafisina, fa tsy hahomby na oviana na oviana ireo tsy mpino.

23.118 - Ary lazao hoe: "Tompo ô! Aoka lanao hamela heloka, sy hamindrafo, fa lanao no Mpamindra-fo tsara indrindra".

TOKO - 24

AN-NOOR (NY HAZAVANA)

Andininy 64: Nidina taorian'ny fifindra-monina (Hidjrah)

أَلَمْ تَكُنْ أَتَىٰ تِلْكَ عَلَيْكُمْ فَكُنْتُمْ بِهَا تُكَذِّبُونَ ﴿١٠٥﴾ قَالُوا رَبَّنَا غَلَبَتْ عَلَيْنَا شِقْوَتُنَا وَكُنَّا قَوْمًا ضَالِّينَ ﴿١٠٦﴾ رَبَّنَا أَخْرِجْنَا مِنْهَا فَإِنْ عُدْنَا فَإِنَّا ظَالِمُونَ ﴿١٠٧﴾ قَالَ اخْسَئُوا فِيهَا وَلَا تُكَلِّمُونِ ﴿١٠٨﴾ إِنَّهُ كَانَ فَرِيقٌ مِّنْ عِبَادِي يَقُولُونَ رَبَّنَا ءَامَنَّا فَآغْفِرْ لَنَا وَارْحَمْنَا وَأَنْتَ خَيْرُ الرَّحِيمِينَ ﴿١٠٩﴾ فَاتَّخَذْتُمُوهُمْ سَخِرِيًّا حَتَّىٰ أَنْسَوْكُم ذِكْرِي وَكُنْتُمْ مِنْهُمْ تَضْحَكُونَ ﴿١١٠﴾ إِنِّي جَزَيْتُهُمُ الْيَوْمَ بِمَا صَبَرُوا أَنَّهُمْ هُمُ الْفَآئِزُونَ ﴿١١١﴾ قُلْ لَّيْسَ لَكُمْ لَيْسَتُمْ فِي الْأَرْضِ عِدَّةٌ سِنِينَ ﴿١١٢﴾ قَالُوا لَيْسَ بِنَايِمًا أَوْ بَعْضَ يَوْمٍ فَسْئَلِ الْعَادِينَ ﴿١١٣﴾ قُلْ إِنْ لَّيْسَ لَكُمْ إِلَّا قَلِيلٌ لَّوْ أَنَّا نَكُفُّكُمْ كُنْتُمْ تَعْلَمُونَ ﴿١١٤﴾ أَفَحَسِبْتُمْ أَنَّمَا خَلَقْنَاكُمْ عَبَثًا وَأَنَّكُمْ إِلَيْنَا لَا تُرْجَعُونَ ﴿١١٥﴾ فَتَعَالَى اللَّهُ الْمَلِكُ الْحَقُّ لَا إِلَهَ إِلَّا هُوَ رَبُّ الْعَرْشِ الْكَرِيمِ ﴿١١٦﴾ وَمَنْ يَدْعُ مَعَ اللَّهِ إِلَهًا ءَاخَرَ لَا بُرْهَانَ لَهُ بِهِ فَإِنَّمَا حِسَابُهُ عِنْدَ رَبِّهِ إِنَّهُ لَا يُفْلِحُ الْكَافِرُونَ ﴿١١٧﴾ وَقُلْ رَبِّ اغْفِرْ وَارْحَمْ وَأَنْتَ خَيْرُ الرَّحِيمِينَ ﴿١١٨﴾

سُورَةُ الْبَقَرَةِ

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

24.1 - Ity ny antokon-tsoratra iray, izay nampidininay sy nodidianay, ary nampidininay tao ny andininy mazava, mba hotsarovanareo.

24.2 - Kapohy in-jato tsirairay avy, ny vehivavy mpijangajanga sy ny lehilahy mpijangajanga. Fa aza manana fiantrana azy ireo, amin'ny fanatanterahana ny didin'Andriamanitra, raha mino an'Andriamanitra sy ny andro farany tokoa ianareo. Ary aoka hisy vondrona mpino, hanatrika ny fanasaziana azy ireo.

24.3 - Ny lehilahy mpijangajanga, dia tsy hanambady afa-tsy vehivavy mpijangajanga, na vehivavy mpanompo sampy. Ary ny vehivavy mpijangajanga, dia tsy hanambady azy, raha tsy lehilahy mpijangajanga, na mpanompo sampy; fa voarara ho an'ireo mpino izany.

24.4 - Fa izay manao fiampangana ireo vehivavy madio fitondrantena kosa, nefa tsy mitondra vavolombelona efatra, dia kapohy im-balopolo izy reo, ary aza ekena intsony ny fijoroan'izy ireo vavolombelona. Fa mpanao ratsy izy ireny,

24.5 - afa-tsy ireo izay nibebaka, taorian'izany sy niova-toetra, fa Mpamela heloka sy Mpamindra-fo Andriamanitra.

24.6 - Ary ireo izay manao fiampangana ireo vadiny, nefa tsy manana vavolombelona, afa-tsy ny tenany ihany, ny fijoroan'ny iray amin'izy ireo vavolombelona, dia ampy ho fijoroana vavolombelona in'efatra amin'Andriamanitra, ary izy dia isan'ny mpilaza ny marina.

24.7 - Ary ny fahadiminy (amin'ny fijoroana vavolombelona), dia hianjera aminy (ilay lehilahy) ny ozon'Andriamanitra, raha isan'ireo mpandainga izy.

24.8 - Fa tsy hampiharina aminy (ilay vehivavy) ny fanasaziana, raha toa izy ka mijoro vavolombelona in'efatra amin'Andriamanitra, fa izy (ny vadiny) dia tena isan'ireo mpandainga.

24.9 - Ary ny fahadiminy (amin'ny fijoroana vavolombelona), dia hianjera aminy (ilay vehivavy) ny hatezeran'Andriamanitra, raha isan'ireo mpilaza ny marina izy.

24.10 - Ary, raha tsy noho ny fahasoavan'Andriamanitra aminareo, sy ny Famindram-pony (dia nosaziany avy hatrany ianareo). Fa Mpandray fibebahana, sy be Fahendrena Andriamanitra.

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

سُورَةُ أَنْزَلْنَاهَا وَفَرَضْنَاهَا وَأَنْزَلْنَا فِيهَا آيَاتٍ يَبَيِّنَاتٍ لَعَلَّكُمْ تَذَكَّرُونَ
 (١) الزَّانِيَةُ وَالزَّانِي فَاجْلِدُوا كُلَّ وَاحِدٍ مِّنْهُمَا مِائَةَ جَلْدَةٍ وَلَا تَأْخُذْكُمْ بِهِمَا رَأْفَةٌ فِي دِينِ اللَّهِ إِنْ كُنْتُمْ تُؤْمِنُونَ بِاللَّهِ وَالْيَوْمِ الْآخِرِ وَلْيَشْهَدْ عَذَابُهُمَا طَائِفَةٌ مِّنَ الْمُؤْمِنِينَ (٢) الزَّانِي لَا يَنْكِحُ إِلَّا زَانِيَةً أَوْ مُشْرِكَةً وَالزَّانِيَةُ لَا يَنْكِحُهَا إِلَّا زَانٍ أَوْ مُشْرِكٌ وَحُرِّمَ ذَلِكَ عَلَى الْمُؤْمِنِينَ (٣) وَالَّذِينَ يَرْمُونَ الْمُحْصَنَاتِ ثُمَّ لَمْ يَأْتُوا بِأَرْبَعَةِ شُهَدَاءَ فَاجْلِدُوهُمْ ثَمَانِينَ جَلْدَةً وَلَا يَقْبَلُوا لَهُمْ شَهَادَةٌ أَبَدًا وَأُولَئِكَ هُمُ الْفَاسِقُونَ (٤) إِلَّا الَّذِينَ تَابُوا مِن بَعْدِ ذَلِكَ وَأَصْلَحُوا فَإِنَّ اللَّهَ غَفُورٌ رَّحِيمٌ (٥) وَالَّذِينَ يَرْمُونَ أَزْوَاجَهُمْ وَلَمْ يَكُن لَّهُمْ شُهَدَاءُ إِلَّا أَنْفُسُهُمْ فَشَهَادَةُ أَحَدِهِمْ أَرْبَعُ شَهَدَاتٍ بِاللَّهِ إِنَّهُ لَمِنَ الصَّادِقِينَ (٦) وَالْخَمِيسَةُ أَنْ لَعْنَتُ اللَّهِ عَلَيْهِ إِنْ كَانَ مِنَ الْكَاذِبِينَ (٧) وَيَذَرُوا عَنْهَا الْعَذَابَ أَنْ تَشْهَدَ أَرْبَعُ شَهَدَاتٍ بِاللَّهِ إِنَّهُ لَمِنَ الْكَاذِبِينَ (٨) وَالْخَمِيسَةُ أَنْ غَضَبَ اللَّهُ عَلَيْهَا إِنْ كَانَ مِنَ الصَّادِقِينَ (٩) وَلَوْلَا فَضْلُ اللَّهِ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَتُهُ وَأَنَّ اللَّهَ تَوَّابٌ حَكِيمٌ (١٠)

24.11 - Ireo izay tonga niaraka tamin'ny fanendrikendrehana, dia isan'ny vondron'olona taminareo. Ka aza heverinareo, ho ratsy aminareo izany, fa tsara ho anareo kosa. Samy handray ny valiny amin'ny fahotana nataony ny tsirairay avy amin'izy ireo. Izay nandray anjara andraikitra lehibe tamin'izy ireo, dia hahazo sazy lehibe.

24.12 - Nahoana, raha naheno izany (fanendrikendrehina) ianareo, no tsy nandefa eritreritra tsara ireo mpino lehilahy sy ireo mpino vehivavy, ka hiteny hoe: "Fanendrikendrehina mazava izany?"

24.13 - Nahoana izy ireo no tsy nitondra, vavolombelona efatra (ho fanohanana ny fiampangany)? Raha tsy mitondra vavolombelona izy ireo, dia mpandainga eo anatrehan'Andriamanitra.

24.14 - Raha tsy ny fahasoavan'Andriamanitra, sy ny Famindram-pony aminareo, eto an-tany sy any an-koatra, dia ho tratran'ny sazy lehibe tokoa ianareo noho izay (fanendrikendrehina) naelinareo,

24.15 - raha mampiely vaovao amin'ny lelanareo ianareo, ary miteny amin'ny vavanareo izay tsy anananareo fahalalana, ka heverinareo ho tsy misy dikany izany, nefa lehibe tokoa eo anatrehan'Andriamanitra.

24.16 - Koa nahoana, raha naheno izany ianareo, no tsy nilaza hoe: "Tsy tokony hoteneninay izany. Voninahitra anie ho Anao (Andriamanitra)! Fanendrikendrehina lehibe tokoa izany".

24.17 - Mananatra anareo Andriamanitra, mba tsy hiverina amin'ny zavatra toy izany intsony, raha mpino tokoa ianareo.

24.18 - Asehon'Andriamanitra aminareo mazava tsara ny Teniny, fa Mahalala ny zavatra rehetra, sy be Fahendrena Andriamanitra.

24.19 - Ireo izay tia ny fahalotoana hiparitaka amin'ireo mpino, dia hahazo sazy mamirifiry, eto an-tany sy any an-koatra. Andriamanitra Mahafantatra, fa ianareo kosa tsy mahalala.

24.20 - Fa raha tsy ny fahasoavan'Andriamanitra aminareo, sy ny Famindram-pony (dia toy izany ianareo), fa be Fangorahana, sy be Indrafo Andriamanitra.

إِنَّ الَّذِينَ جَاءُوا بِآيَاتِكَ عَصَابَةٌ مِنْكُمْ لَا تُحْسِبُوهُ شَرًّا لَكُمْ بَلْ هُوَ خَيْرٌ لَكُمْ لِكُلِّ أَمْرٍ مِنْهُمْ مَا أَكْتَسَبَ مِنَ الْإِثْمِ وَالَّذِي تَوَلَّى كِبْرَهُ مِنْهُمْ لَهُ عَذَابٌ عَظِيمٌ ﴿١١﴾ لَوْلَا إِذْ سَمِعْتُمُوهُ ظَنَّ الْمُؤْمِنُونَ وَالْمُؤْمِنَاتُ بِأَنْفُسِهِمْ خَيْرًا وَقَالُوا هَذَا إِفْكٌ مُبِينٌ ﴿١٢﴾ لَوْلَا جَاءَ وَعَلَيْهِ بِأَرْبَعَةِ شُهَدَاءَ فَإِذْ لَمْ يَأْتُوا بِالشَّهَادَةِ فَأُولَئِكَ عِنْدَ اللَّهِ هُمُ الْكَاذِبُونَ ﴿١٣﴾ وَلَوْلَا فَضْلُ اللَّهِ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَتُهُ فِي الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ لَمَسَّكُمْ فِي مَا أَفَضْتُمْ فِيهِ عَذَابٌ عَظِيمٌ ﴿١٤﴾ إِذْ تَلَقَّوْنَهُ بِأَلْسِنَتِكُمْ وَتَقُولُونَ بِأَفْوَاهِكُمْ مَا لَيْسَ لَكُمْ بِهِ عِلْمٌ وَتَحْسَبُونَهُ هَيِّنًا وَهُوَ عِنْدَ اللَّهِ عَظِيمٌ ﴿١٥﴾ وَلَوْلَا إِذْ سَمِعْتُمُوهُ قُلْتُمْ مَا يَكُونُ لَنَا أَنْ نَتَكَلَّمَ بِهَذَا سُبْحَنَكَ هَذَا بَهْتَنٌ عَظِيمٌ ﴿١٦﴾ يَعِظُكُمُ اللَّهُ أَنْ تَعُودُوا لِمِثْلِهِ أَبَدًا إِنْ كُنْتُمْ مُؤْمِنِينَ ﴿١٧﴾ وَيُبَيِّنُ اللَّهُ لَكُمْ الْآيَاتِ وَاللَّهُ عَلِيمٌ حَكِيمٌ ﴿١٨﴾ إِنَّ الَّذِينَ يُحِبُّونَ أَنْ تَشِيعَ الْفَاحِشَةُ فِي الَّذِينَ آمَنُوا لَهُمْ عَذَابٌ أَلِيمٌ فِي الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ وَاللَّهُ يَعْلَمُ وَأَنْتُمْ لَا تَعْلَمُونَ ﴿١٩﴾ وَلَوْلَا فَضْلُ اللَّهِ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَتُهُ وَأَنَّ اللَّهَ رءُوفٌ رَحِيمٌ ﴿٢٠﴾

24.21 - Ary ianareo mpino! Aza manaraka ny dian'ny devoly ianareo. Fa izay manaraka ny dian'ny devoly, dia (fantaro fa) izy no mibaiko amin'ny fahalotoana sy ny faharatsiana. Ary raha tsy noho ny fahasoavan'Andriamanitra aminareo, sy ny Famindram-pony, dia tsy nisy na iza na iza aminareo hadio. Fa Andriamanitra no manadio izay sitrany. Mandre sy Mahalala ny zavatra rehetra Andriamanitra.

24.22 - Koa aoka ireo manan-karena, sy ireo manana ny ampy aminareo, mba tsy hianiana ny tsy hanao fanomezana intsony amin'ireo havana akaiky, amin'ireo mahantra, ary amin'ireo mpifindra-monina amin'ny lalan'Andriamanitra. Fa aoka izy ireo hamela heloka sy handefitra. Tsy tianareo va ny hamelan'Andriamanitra heloka anareo? Nefa Andriamanitra dia Mpamela heloka sy Mpamindra-fo.

24.23 - Fa izay manao fiampangana ireo vehivavy maotina, tsy mieritreritra na inona na inona (hanao ratsy), ary mpino, dia voaozona izy ireo, eto an-tany sy any an-koatra, ka hahazo sazy lehibe izy ireo.

24.24 - Amin'ny andro izay hijoroan'ny lelan'izy ireo vavolombelona, ireo tanany, ary ireo tongony amin'izay nataony,

24.25 - amin'izany andro izany, dia homen'Andriamanitra azy ireo feno sy marina izay tokony ho anjarany, ary hofantatr'izy ireo, fa Andriamanitra no llay Fahamarinana miharihary.

24.26 - Ireo vehivavy ratsy (fitondrantena) ho an'ny lehilahy ratsy (fitondrantena), ary ny lehilahy ratsy (fitondrantena) ho an'ny vehivavy ratsy (fitondrantena). Toy izany koa, ny vehivavy tsara (fitondrantena) ho an'ny lehilahy tsara (fitondrantena), ary ny lehilahy tsara (fitondrantena) ho an'ny vehivavy tsara (fitondrantena). Tsy manan-tsiny amin'izay lazain'ny hafa izy ireny, fa hahazo famelan-keloka sy valisoa lehibe.

24.27 - Ianareo mpino! Aza miditra amin' ny trano hafa ankoatran'ny tranonareo ianareo, raha tsy efa nangataka alalana (amin'ny fomba mendrika), sy niarahaba ny tompontrano. Izany no tsara ho anareo, mba hahatsiarovanareo tena.

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا لَا تَتَّبِعُوا خُطُوتِ الشَّيْطَانِ وَمَنْ يَتَّبِعْ خُطُوتِ الشَّيْطَانِ فَإِنَّهُ يَأْمُرُ بِالْفَحْشَاءِ وَالْمُنْكَرِ وَلَوْلَا فَضْلُ اللَّهِ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَتُهُ مَا زَكَا مِنْكُمْ مِنْ أَحَدٍ أَبَدًا وَلَكِنَّ اللَّهَ يُزَكِّي مَنْ يَشَاءُ وَاللَّهُ سَمِيعٌ عَلِيمٌ ﴿٢١﴾ وَلَا يَأْتِلِ أُولُو الْفَضْلِ مِنْكُمْ وَالسَّعَةِ أَنْ يُؤْتُوا أُولِيَ الْقُرْبَىٰ وَالْمَسْكِينِ وَالْمُهَاجِرِينَ فِي سَبِيلِ اللَّهِ وَلْيَعْفُوا وَلْيَصْفَحُوا أَلَا تُحِبُّونَ أَنْ يَغْفِرَ اللَّهُ لَكُمْ وَاللَّهُ غَفُورٌ رَحِيمٌ ﴿٢٢﴾ إِنَّ الَّذِينَ يَرْمُونَ الْمُحْصَنَاتِ الْغَافِلَاتِ الْمُؤْمِنَاتِ لَعُنُوا فِي الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ وَلَهُمْ عَذَابٌ عَظِيمٌ ﴿٢٣﴾ يَوْمَ تَشْهَدُ عَلَيْهِمْ أَلْسِنُهُمْ وَأَيْدِيهِمْ وَأَرْجُلُهُمْ بِمَا كَانُوا يَعْمَلُونَ ﴿٢٤﴾ يَوْمَ يُؤْفَفُ فِيهِمْ اللَّهُ دِينَهُمُ الْحَقَّ وَيَعْلَمُونَ أَنَّ اللَّهَ هُوَ الْحَقُّ الْمُبِينُ ﴿٢٥﴾ الْخَبِيثَاتُ لِلْخَبِيثِينَ وَالْخَبِيثُونَ لِلْخَبِيثَاتِ وَالطَّيِّبَاتُ لِلطَّيِّبِينَ وَالطَّيِّبُونَ لِلطَّيِّبَاتِ أُولَئِكَ مُبَرَّءُونَ مِمَّا يَقُولُونَ لَهُمْ مَغْفِرَةٌ وَرِزْقٌ كَرِيمٌ ﴿٢٦﴾ يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا لَا تَدْخُلُوا بُيُوتًا غَيْرَ بُيُوتِكُمْ حَتَّى تَسْتَأْذِنُوا وَتُسَلِّمُوا عَلَىٰ أَهْلِهَا ذَلِكُمْ خَيْرٌ لَكُمْ لَعَلَّكُمْ تَذَكَّرُونَ ﴿٢٧﴾

24.28 - Raha tsy mahita olona ao ianareo, dia aza miditra mialohan'ny hanomezana alàlana anareo. Fa raha ilazana ianareo hoe: "Miverena", dia miverena. Fa izany no madio ho anareo. Ary mahafantatra izay rehetra ataonareo Andriamanitra.

24.29 - Tsy misy hadisoana ho anareo, ny miditra amin'ireo trano tsy ipetrahana izay misy hasoavana ho anareo. Fantatr'Andriamanitra izay ambaranareo, sy izay afeninareo.

24.30. - Lazao amin'ireo mpino lehilahy, mba hampiondrika ny fijeriny izy ireo sy hitandrina ny fahadiovam-pitondrantenany, fa izany no madio ho azy ireo. Hamafisina, fa Mahalala izay ataon'izy ireo Andriamanitra.

24.31 - Lazao amin'ireo mpino vehivavy, mba hampiondrika ny fijeriny izy ireo, sy hitandrina ny fahadiovam-pitondrantenany, ary tsy hampiseho ireo haingony, afa-tsy izay miseho ety ivelany, ary aoka izy ireo hampidina ny lamba fisalotra amin'ny tratrany, ka tsy hampiseho ireo haingony afa-tsy amin'ny vadin'izy ireo, na amin'ny rainy, na amin'ny rafozan-dahiny, na amin'ny zanany, na amin'ny zana-badiny, na amin'ny anadahiny, na amin'ny zanak'anadahiny, na amin'ny zana-drahavaviny, na amin'ireo vevihavy (mpino Islamo), na amin'ireo mpanompo vaviny, na amin'ireo mpanompo lehilahy tsy manan-kery (amin'ny firaisana), na amin'ireo zazalahy tsy ampy taona izay tsy mbola mahafantatra ny henatry ny vehivavy. Ary aoka izy ireo tsy hamindra amim-pijadojodonana, ka hisehoan'ny haingo izay afenin'izy ireo. Dia mibebaha eo anatrehan'Andriamanitra ianareo rehetra ry mpino! Mba hahazoanareo ny fahombiazana.

فَإِنْ لَمْ تَجِدُوا فِيهَا أَحَدًا فَلَا تَدْخُلُوهَا حَتَّى يُؤْذَنَ لَكُمْ وَإِنْ قِيلَ لَكُمْ ارْجِعُوا فَارْجِعُوا هُوَ أَزْكَى لَكُمْ وَاللَّهُ بِمَا تَعْمَلُونَ عَلِيمٌ ﴿٢٨﴾ لَيْسَ عَلَيْكُمْ جُنَاحٌ أَنْ تَدْخُلُوا بُيُوتًا غَيْرَ مَسْكُونَةٍ فِيهَا مَتَعٌ لَكُمْ وَاللَّهُ يَعْلَمُ مَا تُبْدُونَ وَمَا تَكْتُمُونَ ﴿٢٩﴾ قُلْ لِلْمُؤْمِنِينَ يَغُضُّوا مِنْ أَبْصَارِهِمْ وَيَحْفَظُوا فُرُوجَهُمْ ذَلِكَ أَزْكَى لَهُمْ إِنَّ اللَّهَ خَبِيرٌ بِمَا يَصْنَعُونَ ﴿٣٠﴾ وَقُلْ لِلْمُؤْمِنَاتِ يَغْضُضْنَ مِنْ أَبْصَارِهِنَّ وَيَحْفَظْنَ فُرُوجَهُنَّ وَلَا يُبْدِينَ زِينَتَهُنَّ إِلَّا مَا ظَهَرَ مِنْهَا وَلْيَضْرِبْنَ بِخُمُرِهِنَّ عَلَى جُيُوبِهِنَّ وَلَا يُبْدِينَ زِينَتَهُنَّ إِلَّا لِبُعُولَتِهِنَّ أَوْ آبَائِهِنَّ أَوْ آبَاءَ بُعُولَتِهِنَّ أَوْ أَبْنَاءِهِنَّ أَوْ أَبْنَاءَ بُعُولَتِهِنَّ أَوْ إِخْوَانِهِنَّ أَوْ بَنِي إِخْوَانِهِنَّ أَوْ نِسَائِهِنَّ أَوْ مَا مَلَكَتْ أَيْمَانُهُنَّ أَوِ التَّبِيعِينَ غَيْرِ أُولَى الْأَرْبَةِ مِنَ الرِّجَالِ أَوِ الطِّفْلِ الَّذِينَ لَمْ يَظْهَرُوا عَلَى عَوْرَاتِ النِّسَاءِ وَلَا يَضْرِبْنَ بِأَرْجُلِهِنَّ لِيُعْلَمَ مَا يُخْفِينَ مِنْ زِينَتِهِنَّ وَتُوبُوا إِلَى اللَّهِ جَمِيعًا أَيُّهَ الْمُؤْمِنُونَ لَعَلَّكُمْ تُفْلِحُونَ ﴿٣١﴾

24.32 - Ampanambadio izay tsy manam-bady aminareo, sy ireo olo-mendrika amin'ireo mpanomponareo, lehilahy sy vehivavy. Raha mahantra izy ireo, dia Andriamanitra no hampanankarena azy amin'ny Fahasoavany. Fa Malala-tànana, sy Mahalala ny zavatra rehetra Andriamanitra.

24.33 - Ary ireo izay tsy manan-katao hanatanteraka fanambadiana, dia aoka izy ireo hijanona amin'ny fahamaotinany, mandra-pahatongan'Andriamanitra hanome harena azy, amin'ny alalan'ny Fahasoavany. Fa amin'ireo mpanomponareo izay mitady fifanekem-pamotsorana, dia tanteraho aminy izany fifanekena izany, raha tsapanareo, fa misy fahatsarana ao aminy; ka omeo ampahany amin'ny harena avy amin'Andriamanitra izay Nomeny anareo izy ireo. Ary amin'ny fitadiavanareo tombontsoa mandalo amin'izao fiainana izao, dia aza terena amin'ny fijangajangana ireo mpanompovavinareo, raha te-hijanona amin'ny fahamaotinana izy ireo. Fa raha terena amin'izany izy ireo, dia Hamela sy Hamindrafo azy ireo Andriamanitra, taorian'ny nanerena azy.

24.34 - Nampidininy taminareo tokoa ireo andininy mazava, sy ireo fanoharana mikasika ireo talohanareo, ary fananarana ho an'ireo tia-vavaka.

24.35 - Andriamanitra no fahazavan'ny lanitra sy ny tany. Mitovy amin'ny lavaka izay misy jiro mazava ny Fahazavany. Ary ny jiro mazava dia ao anatin'ny fitaratra, ka mitovy amin'ny kintana tena mampiratra izy io, avy amin'ny hazo masina ny firehetany, hazon'oliva, izay tsy avy any atsinanana, sady tsy avy any andrefana, izay toa manazava ny diloilony, na tsy voakasiky ny afo akory aza. Hazavana, ambony hazavana. Tarihin'Andriamanitra mankany amin'ny Hazavany izay sitrany. Manao fanoharana amin'ny olombelona Andriamanitra, fa Mahalala ny zavatra rehetra Andriamanitra.

24.36 - (Ary izany hazavana izany dia mampiratra) ao amin'ireo trano, izay nomen'Andriamanitra alalana hatsangana, ka hiantsoana ny Anarany, mankalaza Azy ao anatin'izany marain-tsy hariva (izy ireo).

وَأَنْكِحُوا الْأَيْمَىٰ مِنْكُمْ وَالصَّالِحِينَ مِنْ عِبَادِكُمْ وَإِمَائِكُمْ إِنْ يَكُونُوا فُقَرَاءَ يُغْنِهِمُ اللَّهُ مِنْ فَضْلِهِ وَاللَّهُ وَاسِعٌ عَلِيمٌ ﴿٣٢﴾
وَلَيْسَتَعَفِيفَ الَّذِينَ لَا يَجِدُونَ نِكَاحًا حَتَّىٰ يُغْنِيَهُمُ اللَّهُ مِنْ فَضْلِهِ وَالَّذِينَ يَبْتَغُونَ الْكِتَابَ مِمَّا مَلَكَتْ أَيْمَانُكُمْ فَكَاتِبُوهُمْ إِنْ عَلِمْتُمْ فِيهِمْ خَيْرًا وَآتُوهُمْ مِّنْ مَّالِ اللَّهِ الَّذِي آتَاكُمْ وَلَا تُكْرَهُوا فَتَيْتَكُمْ عَلَى الْبِغَاءِ إِنْ أَرَدْتُمْ حَصْنًا لِلْبَنَاتِ اعْرِضْ الْحَيَاةَ الدُّنْيَا وَمَنْ يُكْرِهِنَّ فَإِنَّ اللَّهَ مِن بَعْدِ إِكْرِهِنَّ غَفُورٌ رَّحِيمٌ ﴿٣٣﴾
وَلَقَدْ أَنْزَلْنَا إِلَيْكُمْ آيَاتٍ مُّبِينَاتٍ وَمَثَلًا مِّنَ الَّذِينَ خَلَوْا مِن قَبْلِكُمْ وَمَوْعِظَةً لِّلْمُتَّقِينَ ﴿٣٤﴾ اللَّهُ نُورُ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ مِثْلُ نُورِهِ كَمِشْكُوتٍ فِيهَا مِصْبَاحٌ الْمِصْبَاحُ فِي زُجَاجَةٍ الزُّجَاجَةُ كَأَنَّهَا كَوْكَبٌ دُرِّيٌّ يُوقَدُ مِن شَجَرَةٍ مُّبَارَكَةٍ زَيْتُونَةٍ لَا شَرْقِيَّةٍ وَلَا غَرْبِيَّةٍ يَكَادُ زَيْتُهَا يُضِيءُ وَلَوْ لَمْ تَمْسَسْهُ نَارٌ نُورٌ عَلَى نُورٍ يَهْدِي اللَّهُ لِنُورِهِ مَن يَشَاءُ وَيَضْرِبُ اللَّهُ الْأَمْثَلَ لِلنَّاسِ وَاللَّهُ بِكُلِّ شَيْءٍ عَلِيمٌ ﴿٣٥﴾ فِي بُيُوتٍ أُذِنَ لِلَّهِ أَنْ تَرْفَعَ وَيُذَكِّرَ فِيهَا أَسْمُهُ يُسَبِّحُ لَهُ فِيهَا بِالْغُدُوِّ وَالْآصَالِ ﴿٣٦﴾

24.37 - Ny olona izay tsy variana noho ny varotra na ny takalo, amin'ny fahatsiarovana an'Andriamanitra, sy ny fanatanterahana ny vavaka fanompoana (soalat), ary ny fanomezana ny harena fiantrana (zakat), ka matahotra ilay andro izay ampivadika ny fo sy ny fijery.

24.38 - Mba hamalian'Andriamanitra soa azy ireo, amin'izay tsara nataony, ary mbola hampiany amin'ny Fahasoavany izy ireo. Manome an-kalahana ny anjaram-pahasoavana ho an'izay tiany Andriamanitra.

24.39 - Fa ireo izay tsy nino kosa, dia tahaka ny fisehoana mamita-maso amin'ny tany efitra ny asan'izy ireo, ka heverin'ireo mangetaheta ho rano. Avy eo, rehefa tonga eny izy, dia hitany, fa tsinontsinona akory izany, ka hahita an'Andriamanitra izy eo anatrehany, hitsara azy amin'ny antsipiriany. Satria Haingam-pitsarana Andriamanitra.

24.40 - (Ny asan'ireo tsy mpino) dia mbola mitovy amin'ny aizina anatin'ny ranomasina lalina, rakofan'ny onja, onja izay misy onja hafa eo amboniny, ary misy rahona matevina ihany koa eo amboniny. Aizina mifanongoa. Raha misy olona mamoka ny tanany, dia mila tsy ho hitany. Izay tsy omen'Andriamanitra hazavana, dia tsy hanam-pahazavana na kely aza.

24.41 - Tsy hitanao va, fa mankalaza an'Andriamanitra, izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany, ary koa ireo voromanidina mikopak'elatra? Hamafisina, fa samy mahalala ny fomba fanompoana sy ny fankalazana Azy, ny tsirairay. Fantatr'Andriamanitra tsara izay ataon'izy ireo.

24.42 - An'Andriamanitra ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany. Ary any amin'Andriamanitra no fiafarana.

24.43 - Tsy hitanao va, ny fanosehan'Andriamanitra ireo rahona? Manaraka izany, dia angoniny izy ireny, ary ataony mivangongo, ka hitanao mivoaka avy amin'izany ny orana. Ary izy no mampidina avy any an-danitra, ny havandra avy amin'ireo rahona, izay azo ampitahaina amin'ny tendrombohitra. Kapohiny amin'izany izay tiany (ho kapohina), ary halaviriny amin'izany izay tiany (ampanalavirina). Zara raha tsy manaisotra ny fahitana ny famirapiratan'ny tselatra.

رَجَالٌ لَا لُئْلِهِمْ تَحْرُجُهُمْ وَأَلْبَسَهُمُ اللَّهُ الْزَكَوَاتِ وَيَخَافُونَ يَوْمًا تَلْقَوْنَ فِيهِ الْقُلُوبُ وَالْأَبْصَارُ ﴿٣٧﴾
 لِيَجْزِيَهمُ اللَّهُ أَحْسَنَ مَا عَمِلُوا وَيَزِيدَهُم مِّن فَضْلِهِ ۗ وَاللَّهُ يَرْزُقُ
 مَن يَشَاءُ بِغَيْرِ حِسَابٍ ﴿٣٨﴾ وَالَّذِينَ كَفَرُوا أَعْمَلُهُمْ كَسَرَابٍ
 بِقِيعَةٍ يَحْسَبُهُ الظَّمْآنُ مَاءً حَتَّى إِذَا جَاءَهُ لَمْ يَجِدْهُ شَيْئًا
 وَوَجَدَ اللَّهَ عِنْدَهُ فُوفَتْهُ حِسَابَهُ ۗ وَاللَّهُ سَرِيعُ الْحِسَابِ ﴿٣٩﴾
 أَوْ كَظُلُمَاتٍ فِي بَحْرٍ لُّجِّيٍّ يَغْشَاهُ مَوْجٌ مِّن فَوْقِهِ ۖ مَوْجٌ مِّن
 فَوْقِهِ ۖ سَحَابٌ ظُلُمَاتٌ بَعْضُهَا فَوْقَ بَعْضٍ إِذَا أَخْرَجَ يَكْدُهُ لَمْ
 يَكْدِرْنَهَا ۗ وَمَن لَّمْ يَجْعَلِ اللَّهُ لَهُ نُورًا فَمَا لَهُ مِن نُّورٍ ﴿٤٠﴾ أَلَمْ تَرَ أَنَّ
 اللَّهَ يُسَبِّحُ لَهُ ۖ مَن فِي السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَالطَّيْرِ صَفَّتْ كُلُّ قَدِّ
 عِلْمَ صَلَاتِهِ ۖ وَتَسْبِيحِهِ ۗ وَاللَّهُ عَلِيمٌ بِمَا يَفْعَلُونَ ﴿٤١﴾ وَلِلَّهِ مُلْكُ
 السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَإِلَى اللَّهِ الْمَصِيرُ ﴿٤٢﴾ أَلَمْ تَرَ أَنَّ اللَّهَ يُرْجِي
 سَحَابًا ثُمَّ يُؤَلِّفُ بَيْنَهُ ثُمَّ يَجْعَلُهُ رُكَامًا فَتَرَى الْوَدْقَ يَخْرُجُ مِّن
 خِلَالِهِ ۚ وَيُنَزِّلُ مِنَ السَّمَاءِ مَن جِبَالٍ فِيهَا مِن بَرَدٍ فَيُصِيبُ بِهِ ۖ مَن يَشَاءُ
 وَيَصْرِفُهُ ۖ عَن مَّن يَشَاءُ يَكَادُ سَنَاطِرُ قَيْدِهِ يَذْهَبُ بِالْأَبْصَارِ ﴿٤٣﴾

24.44 - Ampifandimbiasin'Andriamanitra ny alina sy ny andro. Hamafisina, fa amin'izany, dia misy lesona ho an'ireo mahiratra.

24.45 - Ary Noharian'Andriamanitra avy amin'ny rano ny biby rehetra. Misy amin'izy ireo, mandeha amin'ny kibony, ny sasany mandeha amin'ny tongotra roa, ary ny sasany hafa mandeha amin'ny tongotra efatra. Mahary araka izay tiany Andriamanitra, fa Mahefa ny zavatra rehetra Andriamanitra.

24.46 - Hamafisina, fa nampidina andininy mazava izahay. Ary mitarika izay sitrany amin'ny lalana mahitsy Andriamanitra.

24.47 - Ary hoy izy ireo: "Mino an'Andriamanitra sy ny Irany, ary mankato izahay". Nefa taorian'izany, dia niverin-dalana ny sasany amin'izy ireo. Tsy mpino velively izy ireny.

24.48 - Ary raha antsoina ho any amin'Andriamanitra sy ny Irany izy ireo, mba hitsarany azy ireo, dia indro fa nisintaka ny sasany amin'izy ireo.

24.49 - Nefa raha an'izy ireo ny fahamarinana, dia ho tonga any aminy izy ireo, amim-pankatoavana.

24.50 - Moa va, misy aretina ao am-pon'izy ireo? Sa, misalasala va izy ireo? Sa, matahotra va izy ireo sao ampijalian'Andriamanitra sy ny Irany? Tsia !... fa izy ireny no mpanao ny tsy rariny.

24.51 - Ny hany teny tokana ataon'ireo mpino, raha antsoina ho any amin'Andriamanitra sy ny Irany izy ireo, hitsarany azy ireo, dia ny hoe: "Nandre izahay, ary nankato". Izy ireny no hahazo fahombiazana.

24.52 - Ary izay mankato an'Andriamanitra sy ny Irany, ary matahotra an'Andriamanitra, sy vontompinoana Aminy, dia izy ireny no hahazo fandresena.

24.53 - Ary mianiana amin'Andriamanitra amin'ny fianianana lehibe izy ireo, fa raha mibaiko azy ireo ianao, dia hivoaka (amin'ny ady) izy ireo. Dia lazao hoe: "Koa aza mianiana ary ianareo. Fantatra tsara ny fankatoavanareo (am-bava). Fa Mahalala tsara izay ataonareo Andriamanitra".

يَقْلِبُ اللَّهُ اللَّيْلَ وَالنَّهَارَ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَعِبْرَةً لِّأُولِي الْأَبْصَارِ ﴿٤٤﴾
وَاللَّهُ خَلَقَ كُلَّ دَابَّةٍ مِّن مَّاءٍ فَمِنْهُمْ مَّن يَمْشِي عَلَى بَطْنِهِ وَمِنْهُمْ مَّن يَمْشِي عَلَى رِجْلَيْنِ وَمِنْهُمْ مَّن يَمْشِي عَلَى أَرْبَعٍ يَخْلُقُ اللَّهُ مَا يَشَاءُ إِنَّ اللَّهَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ ﴿٤٥﴾
وَاللَّهُ يَهْدِي مَن يَشَاءُ إِلَى صِرَاطٍ مُسْتَقِيمٍ ﴿٤٦﴾ وَيَقُولُونَ
ءَامَنَّا بِاللَّهِ وَبِالرَّسُولِ وَأَطَعْنَا ثُمَّ يَتَوَلَّى فَرِيقٌ مِّنْهُمْ مِّن بَعْدِ
ذَلِكَ وَمَا أُولَئِكَ بِالْمُؤْمِنِينَ ﴿٤٧﴾ وَإِذَا دُعُوا إِلَى اللَّهِ وَرَسُولِهِ
لِيَحْكُمَ بَيْنَهُمْ إِذَا فَرِيقٌ مِّنْهُمْ مُّعْرِضُونَ ﴿٤٨﴾ وَإِن يَكُن لَّهُمُ الْحَقُّ
يَأْتُوا إِلَيْهِ مُذْعِنِينَ ﴿٤٩﴾ أَفِي قُلُوبِهِمْ مَّرَضٌ أَمْ ارْتَابُوا أَمْ يَخَافُونَ
أَن يَحْيِفَ اللَّهُ عَلَيْهِمْ وَرَسُولُهُ بَلْ أُولَئِكَ هُمُ الظَّالِمُونَ ﴿٥٠﴾
إِنَّمَا كَانَ قَوْلَ الْمُؤْمِنِينَ إِذَا دُعُوا إِلَى اللَّهِ وَرَسُولِهِ لِيَحْكُمَ بَيْنَهُمْ
أَن يَقُولُوا سَمِعْنَا وَأَطَعْنَا وَأُولَئِكَ هُمُ الْمُفْلِحُونَ ﴿٥١﴾ وَمَن
يُطِيعِ اللَّهَ وَرَسُولَهُ وَيَخْشِ اللَّهَ وَيَتَّقْهُ فَأُولَئِكَ هُمُ الْفَائِزُونَ
﴿٥٢﴾ وَأَقْسَمُوا بِاللَّهِ جَهْدَ أَيْمَانِهِمْ لَنِ أَمْرَتِهِمْ لَيُخْرِجَنَّ قُل
لَّا نَقْسِمُوا طَاعَةً مَّعْرُوفَةً إِنَّ اللَّهَ خَيْرٌ مِّمَّا تَعْمَلُونَ ﴿٥٣﴾

24.54 - Dia lazao hoe: "Mankatoava an'Andriamanitra ianareo, ary mankatoava ny Iraka. Fa raha mivily lalana izy ireo, dia tsy tomponandraikitra afa-tsy amin'izay nankinina taminy izy (Iraka), ary ianareo dia tsy tomponandraikitra afa-tsy izay nankinina taminareo. Ary raha mankato azy ianareo, dia ho voatarika amin'ny lalana mahitsy. Fa ny hany andraikitra ny Iraka, dia ny fampitana mazava tsara (ny hafatra).

24.55 - Nampanantena ireo mpino aminareo, sy ireo nanao asa soa Andriamanitra, fa homeny azy ireo ny fifandimbiasana, ety ambonin'ny tany, tahaka ny nanomezany izany ireo talohan'izy ireo. Homeny hery sy fahamboniana ny finoan'izy ireo, izay ankasitrahany ho azy ireo. Ovainy ho fandriampahalemana ny tahotr'izy ireo taloha. Manompo Ahy izy ireo, ary tsy mampitambatra Ahy, na amin'inona na amin'inona, fa izay tsy mino aorian'izany kosa, dia izy ireny no olo-dratsy.

24.56 - Aoka ianareo hanatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat), sy hanome ny harena fiantrana (zakat), ary hankato ny Iraka, mba hahazoanareo ny famindram-po.

24.57 - Aza heverinao, fa ireo tsy mino, dia afaka hanohitra (ny fahefan'Andriamanitra) ety ambonin'ny tany. Ny afo, no ho fialofan'izy ireo. Fiafarana ratsy tokoa izany!

24.58 - Ianareo mpino! Aoka hangataka alalana aminareo mialohan'ny hidirany, ireo mpanomponareo, sy ireo mbola tsy ampy taona aminareo, amin'ny fotoana telo: alohan'ny vavaka fanompoana (soalat) amin'ny vaomangirandratsy, amin'ny mitataovovonana, raha manaisotra ny fitafianareo ianareo, ary koa aorian'ny vavaka fanompoana amin'ny alina, vanimpotoana telo mba hialanareo akanjo. Ankoatra ireny fotoana ireny, dia tsy misy tsiny na ho anareo, na ho azy ireo ny hifampitsidihanareo. Dia toy izany no ampisehoan'Andriamanitra mazava ny Teniny (andininy), fa Mahalala ny zavatra rehetra, sy be Fahendrena Andriamanitra.

قُلْ أَطِيعُوا اللَّهَ وَأَطِيعُوا الرَّسُولَ فَإِن تَوَلَّوْا فَإِنَّمَا عَلَيْهِ مَا حُمِّلَ وَعَلَيْكُمْ مَا حُمِّلْتُمْ وَإِن تُطِيعُوهُ تَهْتَدُوا وَمَا عَلَى الرَّسُولِ إِلَّا الْبَلَاغُ الْمُبِينُ ﴿٥٤﴾ وَعَدَ اللَّهُ الَّذِينَ آمَنُوا مِنْكُمْ وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَيَسْتَخْلِفَنَّهُمْ فِي الْأَرْضِ كَمَا اسْتَخْلَفَ الَّذِينَ مِنْ قَبْلِهِمْ وَلَيُمَكِّنَنَّ لَهُمْ دِينَهُمُ الَّذِي ارْتَضَى لَهُمْ وَلَيُبَدِّلَنَّهُمْ مِنْ بَعْدِ خَوْفِهِمْ أَمْنًا يَعْبُدُونَنِي لَا يُشْرِكُونَ بِي شَيْئًا وَمَنْ كَفَرَ بَعْدَ ذَلِكَ فَأُولَٰئِكَ هُمُ الْفَاسِقُونَ ﴿٥٥﴾ وَأَقِيمُوا الصَّلَاةَ وَآتُوا الزَّكَاةَ وَأَطِيعُوا الرَّسُولَ لَعَلَّكُمْ تُرْحَمُونَ ﴿٥٦﴾ لَا تَحْسَبَنَّ الَّذِينَ كَفَرُوا مُعْجِزِينَ فِي الْأَرْضِ وَمَا لَهُمْ مِنَ النَّارِ وَلَبِئْسَ الْمَصِيرُ ﴿٥٧﴾ يَأْتِيهَا الَّذِينَ آمَنُوا لِيَسْتَذِنَكُمْ الَّذِينَ مَلَكَتْ أَيْمَانُكُمْ وَالَّذِينَ لَمْ يَبْلُغُوا الْحُلُمَ مِنْكُمْ ثَلَاثَ مَرَّاتٍ مِنْ قَبْلِ صَلَاةِ الْفَجْرِ وَحِينَ تَضَعُونَ ثِيَابَكُمْ مِنَ الظَّهِيرَةِ وَمِنْ بَعْدِ صَلَاةِ الْعِشَاءِ ثَلَاثُ عَوْرَاتٍ لَكُمْ لَيْسَ عَلَيْكُمْ وَلَا عَلَيْهِمْ جُنَاحٌ بَعْدَ هُنَّ طَوَّافُونَ عَلَيْكُمْ بَعْضُكُمْ عَلَى بَعْضٍ كَذَلِكَ يُبَيِّنُ اللَّهُ لَكُمْ آيَاتِهِ وَاللَّهُ عَلِيمٌ حَكِيمٌ ﴿٥٨﴾

24.59 - Ary rehefa ampy taona ireo ankizy aminareo, dia aoka izy ireo hangata-dàlana mialohan'ny hiditra, tahaka ny nataon'ireo zokiny, Dia toy izany no ampisehoan'Andriamanitra mazava ny Teniny (andininy), fa Mahalala ny zavatra rehetra, sy be Fahendrena Andriamanitra.

24.60 - Ary ho an'ireo vehivavy tsy afa-miteraka intsony, ka tsy manantena hanambady, dia tsy misy tsiny ho azy ireo, ny manaisotra ny fitafiany (fitondra mivoaka), nefa tsy mampiseho ny haingony, ary raha mitady ny fahadiovana (fahamaotinanana) izy ireo, dia tsara ho azy izany. Fa Mandre sy Mahalala ny zavatra rehetra Andriamanitra.

24.61 - Tsy misy tsiny ho an'ny jamba, ny mandringa, ny marary, ary koa ho anareo, ny mihinana ao an-tranonareo, na ao amin'ny tranon'ny Rainareo, na ao amin'ny tranon'ny Reninareo, na ao amin'ny tranon'ny rahalahinareo, na ao amin'ny tranon'ny anabavinareo, na ao amin'ny tranon'ny rahalahin-drainareo, na ao amin'ny tranon'ny anabavin-drainareo, na ao amin'ny tranon'ny anadahin-dreninareo, na ao amin'ny tranon'ny rahavavin-dreninareo, na ao amin'ireo trano, izay anananareo ny fanalahidiny, na ao amin'ireo sakaizanareo. Tsy misy tsiny ho anareo ihany koa, ny mihinana miaraka, na misaratsaraka. Koa raha miditra amin'ireo trano ianareo, dia aoka, hifampiarahaba amin'ny fiarahabana avy amin'Andriamanitra, voatsodrano sy tsara. Toy izany no ampisehoan'Andriamanitra anareo ny Teniny, mba handinihanareo.

وَإِذَا بَلَغَ الْأَطْفَالُ مِنْكُمْ الْحُلُمَ فَلْيَسْتَضُوا كَمَا أَسْتَضُنَّ الَّذِينَ مِنْ قَبْلِهِمْ كَذَلِكَ يُبَيِّنُ اللَّهُ لَكُمْ آيَاتِهِ وَاللَّهُ عَلِيمٌ حَكِيمٌ ﴿٥٩﴾ وَالْقَوَاعِدُ مِنَ النِّسَاءِ الَّتِي لَا يَرْجُونَ نِكَاحًا فَلَيْسَ عَلَيْهِنَّ جُنَاحٌ أَنْ يَضَعْنَ ثِيَابَهُنَّ غَيْرَ مُتَبَرِّجَاتٍ بِزِينَةٍ وَأَنْ يَسْتَغْفِرْنَ خَيْرٌ لَّهُنَّ وَاللَّهُ سَمِيعٌ عَلِيمٌ ﴿٦٠﴾ لَيْسَ عَلَى الْأَعْمَى حَرَجٌ وَلَا عَلَى الْأَعْرَجِ حَرَجٌ وَلَا عَلَى الْمَرِيضِ حَرَجٌ وَلَا عَلَى أَنْفُسِكُمْ أَنْ تَأْكُلُوا مِنْ بُيُوتِكُمْ أَوْ بُيُوتِ آبَائِكُمْ أَوْ بُيُوتِ أُمَّهَاتِكُمْ أَوْ بُيُوتِ إِخْوَانِكُمْ أَوْ بُيُوتِ أَخَوَاتِكُمْ أَوْ بُيُوتِ أَعْمَامِكُمْ أَوْ بُيُوتِ عَمَّاتِكُمْ أَوْ بُيُوتِ أَخْوَالِكُمْ أَوْ بُيُوتِ خَالَاتِكُمْ أَوْ مَا مَلَكَتْكُمْ مَفَاحِهِمْ أَوْ صَدِيقِكُمْ لَيْسَ عَلَيْكُمْ جُنَاحٌ أَنْ تَأْكُلُوا جَمِيعًا أَوْ أَشْتَاتًا فَإِذَا دَخَلْتُمْ بُيُوتًا فَسَلِّمُوا عَلَى أَنْفُسِكُمْ تَحِيَّةٌ مِنْ عِنْدِ اللَّهِ مُبَارَكَةٌ طَيِّبَةٌ كَذَلِكَ يُبَيِّنُ اللَّهُ لَكُمْ الْآيَاتِ لَعَلَّكُمْ تَعْقِلُونَ ﴿٦١﴾

24.62 - Ny mpino marina dia ireo izay mino an'Andriamanitra sy ny Irany, ary raha miaraka aminy izy ireo, amin'ny raharaha hahazoan'ny maro tombontsoa, dia mangataka alalana aminy (izy ireo) vao mandeha. Ireo izay mangataka alalana aminao, dia izy ireny no mino an'Andriamanitra sy ny Irany. Koa raha mangataka alalana aminao, ho amin'ny raharaha samirery izy ireo, dia omeo alalana izay tianao homena amin'izy ireo, ary mangataha famelan-keloka amin'Andriamanitra ho azy ireo ianao, fa Mpamela heloka sy Mpamindra-fo Andriamanitra.

24.63 - Aza heverinareo ho toy ny antso hifanaovanareo samy ianareo, ny antson'ny Iraka. Hamafisina, fa fantatr'Andriamanitra izay mandeha an-tsokosoko aminareo amim-piafenana. Koa aoka ireo izay manohitra ny didiny, hitandrina, tsy ho azon'ny fisedrana, na tsy ho tratran'ny sazy mamirifiry.

24.64 - Hamafisina, fa an'Andriamanitra, izay rehetra any andanitra sy eto an-tany. Fantany tsara ny toerana misy anareo, sy ny andro izay hitondrana ny olombelona mankany Aminy, ka hampahafantariny azy ireo izay asa nataony. Fa Mahalala ny zavatra rehetra Andriamanitra.

TOKO - 25

AL-FOURQANE (NY FANAVAHANA)

Andininy 77: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

25.1 - Hankalazaina anie Ilay nampidina ny Boky Fanavahana tamin'ny mpanompony, ho mpampitandrina an'izao tontolo izao izy.

25.2 - Azy ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany, ary tsy manan-janaka velively izy, sady tsy misy mitambatra amin'ny Fanjakany, fa Nahary ny zavatra rehetra izy, ary nametra ny anjara saha azy avy.

إِنَّمَا الْمُؤْمِنُونَ الَّذِينَ آمَنُوا بِاللَّهِ وَرَسُولِهِ وَإِذَا كَانُوا مَعَهُ عَلَى أَمْرٍ جَامِعٍ لَمْ يَذْهَبُوا حَتَّى يَسْتَأْذِنُوهُ إِنَّ الَّذِينَ يَسْتَأْذِنُونَكَ أُولَئِكَ الَّذِينَ يُؤْمِنُونَ بِاللَّهِ وَرَسُولِهِ فَإِذَا أَسْتَأْذِنُوكَ لِبَعْضِ شَأْنِهِمْ فَأَذَنْ لِمَنْ شِئْتَ مِنْهُمْ وَاسْتَغْفِرْ لَهُمْ اللَّهُ إِنَّ اللَّهَ غَفُورٌ رَحِيمٌ ﴿٦٢﴾ لَا تَجْعَلُوا دُعَاءَ الرَّسُولِ بَيْنَكُمْ كَدُعَاءِ بَعْضِكُمْ بَعْضًا قَدْ يَعْلَمُ اللَّهُ الَّذِينَ يَتَسَلَّلُونَ مِنْكُمْ لِوَاذٍ فَلْيَحْذَرِ الَّذِينَ يُخَالِفُونَ عَنْ أَمْرِهِ أَنْ تُصِيبَهُمْ فِتْنَةٌ أَوْ يُصِيبَهُمْ عَذَابٌ أَلِيمٌ ﴿٦٣﴾ أَلَا إِنَّ لِلَّهِ مَا فِي السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ قَدْ يَعْلَمُ مَا أَنْتُمْ عَلَيْهِ وَيَوْمَ يُرْجَعُونَ إِلَيْهِ فَيُنَبِّئُهُمْ بِمَا عَمِلُوا وَاللَّهُ بِكُلِّ شَيْءٍ عَلِيمٌ ﴿٦٤﴾

سُورَةُ الْفُرْقَانِ

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ
تَبَارَكَ الَّذِي نَزَّلَ الْفُرْقَانَ عَلَى عَبْدِهِ لِيَكُونَ لِلْعَالَمِينَ نَذِيرًا ﴿١﴾ الَّذِي لَهُ مُلْكُ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَلَمْ يَتَّخِذْ وَلَدًا وَلَمْ يَكُنْ لَهُ شَرِيكٌ فِي الْمُلْكِ وَخَلَقَ كُلَّ شَيْءٍ فَقَدَرَهُ بَقَدِيرٍ ﴿٢﴾

25.3 - Nefa ankoatra Azy, dia naka andriamanitra maro izy ireo, izay nohariana ihany koa (izy ireo), fa tsy mahary na inona na inona, ary tsy manana fahafahana hanao ny ratsy, na ny tsara ho an'ny tenany izy ireo akory, ary tsy tompon'ny fahafatesana, na ny fiainana, na ny fitsanganana amin'ny maty izy ireo.

25.4 - Dia niteny ireo tsy mpino hoe: "Izany rehetra izany dia lainga noforoniny (Mohammad) fotsiny ihany, sy ireo olona hafa, izay nanampy azy tamin'izany". Nefa izy ireo no nanao ny tsy rariny, sy nandainga.

25.5 - Ka hoy izy ireo namaly: "Anganon'ireo olona fahiny, izay nampanoratiny izany! Tononina aminy marain-tsy hariva izany".

25.6 - Valio hoe: "Nampidina izany ilay Mahafantatra ny tsiambaratelo any an-danitra sy ety an-tany. Ary izy no Mpamela heloka sy Mpamindra-fo".

25.7- Ary hoy izy ireo: "Ahoana àry ity Iraka izay mihinana sakafo sy mandehandeha eny an-tsena ity? Nahoana no tsy nampidinina taminy ny Anjely iray, ho mpampitandrina miaraka aminy?".

25.8 - Na, nahoana no tsy nalefa taminy ny harena sarobidy? Na, nahoana no tsy manana zaridaina izy, ka hahazoany mihinana amin'izany (voankazo)?". Hoy ireo mpanao ny tsy rariny: "Lehilahy voan'ny famosaviana no arahinareo".

25.9 - Jereo ange, ahoana ny fomba hanaovan'izy ireo fampitahana aminao! Diso làlana izy ireo, ary tsy afa-mahita làlana velively.

25.10 - Ankalazaina anie, ilay nanome anao tsara noho izany, araka izay sitrany: Zaridaina izay ikorianan'ireo renirano eo ambaniny, ary homeny anao ireo lapa soa.

25.11 - Nefa nataon'izy ireo ho lainga ilay Ora. Ary Izahay, dia efa nanomana, lelan'afo mandoro, ho an'ireo milaza ilay Ora ho lainga.

وَاتَّخَذُوا مِنْ دُونِهِ إِلَهًا لَا يَخْلُقُونَ شَيْئًا وَهُمْ يُخْلَقُونَ
وَلَا يَمْلِكُونَ أَنْفُسَهُمْ ضَرًّا وَلَا نَفْعًا وَلَا يَمْلِكُونَ مَوْتًا
وَلَا حَيَاةً وَلَا نُشُورًا ﴿٣﴾ وَقَالَ الَّذِينَ كَفَرُوا إِنْ هَذَا إِلَّا آفَاكُ
أَقْرَبُهُ وَأَعَانَهُ عَلَيْهِ قَوْمٌ آخَرُونَ فَقَدْ جَاءُوا ظُلْمًا وَزُورًا
﴿٤﴾ وَقَالُوا أَسَاطِيرُ الْأَوَّلِينَ أَكْتَتَبَهَا فَهِيَ تُمْلَى
عَلَيْهِ بُكْرَةً وَأَصِيلًا ﴿٥﴾ قُلْ أَنْزَلَهُ الَّذِي يَعْلَمُ السِّرَّ
فِي السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ إِنَّهُ كَانَ غَفُورًا رَحِيمًا ﴿٦﴾ وَقَالُوا
مَا لِي هَذَا الرَّسُولِ يَأْكُلُ الطَّعَامَ وَيَمْشِي فِي الْأَسْوَاقِ
لَوْلَا أَنْزَلَ إِلَيْهِ مَلَكٌ فَيَكُونُ مَعَهُ نَذِيرًا ﴿٧﴾ أَوْ يُنْفِثَ
إِلَيْهِ كَنْزٌ أَوْ تَكُونُ لَهُ جَنَّةٌ يَأْكُلُ مِنْهَا وَقَالَ
الظَّالِمُونَ إِنْ تَتَّبِعُونَ إِلَّا رَجُلًا مَسْحُورًا ﴿٨﴾ أَنْظِرْ
كَيْفَ ضَرَبُوا لَكَ الْأَمْثَلَ فَضَلُّوا فَلَا يَسْتَطِيعُونَ
سَبِيلًا ﴿٩﴾ تَبَارَكَ الَّذِي إِنْ شَاءَ جَعَلَ لَكَ خَيْرًا مِنْ ذَلِكَ
جَنَّاتٍ تَجْرِي مِنْ تَحْتِهَا الْأَنْهَارُ وَيَجْعَلُ لَكَ قُصُورًا ﴿١٠﴾ بَلْ
كَذَّبُوا بِالسَّاعَةِ وَأَعْتَدْنَا لِمَنْ كَذَّبَ بِالسَّاعَةِ سَعِيرًا ﴿١١﴾

25.12 - Raha hitany (afo) avy lavitra izy ireo, dia haheno ny hatezerany, sy ny fipoapoakany izy ireo.

25.13 - Ary raha avarina ao izy ireo, amin'ny toerana tery, ary ny tãnana voafatotra aorian'ny vozona, dia haniry ny faharavana tanteraka izy ireo.

25.14 - Androany, dia aza maniry faharavana indray mandeha ianareo, fa maniria faharavana maro.

25.15 - Lazao hoe: "Moa tsara va izao, sa ny Paradisa mandrakizay izay nampanantenaina ireo tia-vavaka, ho valisoa sy ho fiafarana?".

25.16 - Hanana izay rehetra iriny izy ireo ao, ary hitoetra mandrakizay. Fampanantenana, izay andraikitra ny Tomponao ny fanatanterahana izany.

25.17 - Ary amin'ny Andro izay hanangonany azy ireo, sy ireo izay notompoiny ankoatra an'Andriamanitra, dia hiteny izy hoe: "Moa va ianareo no namily lalana ireto mpanompoko ireto, sa izy ireo no efa very lalana?".

25.18 - Dia hoy izy ireo: "Voninahitra ho Anao! Tsy mendrika anay velively ny maka ankoatra Anao ho Tompo Mpiaro, fa nofenoinao hafaliana izy ireo, ary koa ireo razambeny, hany ka nanadino ny fampahatsiarovana (Kor'any). Fa olona very izy ireo".

25.19 - Nataon'izy ireo lainga izay nolazainareo, ka tsy afamiala ianareo, na hahita famonjena (amin'ny sazy). Ary izay manao ny tsy rariny aminareo, dia hampanandramanay azy ny sazy lehibe.

25.20 - Ary tsy nandefa Iraka Izahay talohanana, ka tsy nihinana sakafo, sy tsy nandehandeha teny an-tseny. Ary ny sasany aminareo, dia nataonay ho fitsapana ny sasany hafa, moa manam-paharetana va ianareo? Fa ny Tomponao dia Mahita ny zavatra rehetra.

إِذَا رَأَتْهُمْ مِنْ مَكَانٍ بَعِيدٍ سَمِعُوا لَهَا تَغِيْظًا وَزَفِيرًا ۖ وَإِذَا
 أَلْقَا مِنْهَا مَكَانًا ضَيِّقًا مُقَرَّرِينَ دَعَوْا هُنَالِكَ ثُبُورًا ۚ
 لَا تَدْعُوا الْيَوْمَ ثُبُورًا وَاحِدًا وَادْعُوا ثُبُورًا كَثِيرًا ۖ قُلْ
 أَذَلِكَ خَيْرٌ أَمْ جَنَّةُ الْخُلْدِ الَّتِي وُعِدَ الْمُتَّقُونَ كَانَتْ
 لَهُمْ جَزَاءٌ وَمَصِيرًا ۚ ۝۱۵ لَهُمْ فِيهَا مَا يَشَاءُونَ خَالِدِينَ
 كَانَ عَلَى رَبِّكَ وَعْدًا مَسْئُولًا ۚ ۝۱۶ وَيَوْمَ يَحْشُرُهُمْ وَمَا
 يَعْبُدُونَ مِنْ دُونِ اللَّهِ فَيَقُولُ أَأَنْتُمْ أَضَلَلْتُمْ عِبَادِي
 هَؤُلَاءِ أَمْ هُمْ ضَلُّوا السَّبِيلَ ۚ ۝۱۷ قَالُوا سُبْحَنَكَ مَا كَانَ
 يَنْبَغِي لَنَا أَنْ نَتَّخِذَ مِنْ دُونِكَ مِنْ أَوْلِيَاءَ وَلَكِنْ مَتَّعْتَهُمْ
 وَءَابَاءَهُمْ حَتَّى نَسُوا الذِّكْرَ وَكَانُوا قَوْمًا بُورًا ۚ ۝۱۸ فَقَدْ
 كَذَّبُوكُمْ بِمَا تَقُولُونَ فَمَا تَسْتَطِيعُونَ صَرْفًا وَلَا
 نَصْرًا وَمَنْ يَظْلِمِ مِنْكُمْ نَذِقْهُ عَذَابًا كَبِيرًا ۚ ۝۱۹
 وَمَا أَرْسَلْنَا قَبْلَكَ مِنَ الْمُرْسَلِينَ إِلَّا إِنَّهُمْ لَيَأْكُلُونَ
 الطَّعَامَ وَيَمْشُونَ فِي الْأَسْوَاقِ وَجَعَلْنَا بَعْضَكُمْ
 لِبَعْضٍ فِتْنَةً أَتَصْبِرُونَ ۚ وَكَانَ رَبُّكَ بَصِيرًا ۚ ۝۲۰

FIZARANA FAHASIVIAMBINIFOLO

25.21 - Ary ireo izay tsy manantena ny hihaona Aminay dia milaza hoe: "Raha mba nampidinina taminay mantsy ireo Anjely, na afaka hitanay ny Tomponay!". Hamafisina, fa feno fiavonavonana izy ireo, ary tafahoatra ny fiavonavonany.

25.22 - Ny andro izay hahitan'izy ireo ny Anjely, dia tsy hisy vaovao mahafaly amin'izany andro izany, ho an'ireo mpanao ratsy, fa hiteny izy ireo (ny Anjely) hoe: "Voasakana tanteraka".

25.23 - Ary niverenanay ny asa izay notanterahin'izy ireo, ka nataonay vovoka miparitaka izany.

25.24 - Amin'izany andro izany, ireo olon'ny Paradisa, dia ho ao amin'ny fonenana tena tsara, sy ho ao amin'ny toeram-pialan-tsasatra mendrika indrindra.

25.25 - Ary amin'ny andro, izay hitresahan'ny lanitra, amin'ny alalan'ny rahona, sy hampidinana ireo anjely,

25.26 - amin'izany andro izany, dia an'Ilay be Fiantrana, ny fanjakana marina, ary andro sarotra tokoa izany, ho an'ireo tsy mpino.

25.27 - Andro izay hanaikera'ny mpanao ny tsy rariny ny tanany roa, ka hilazany hoe: "Indrisy mantsy ho ahy! Raha mba nizotra nanaraka ny lalana niaraka tamin'ny Iraka mantsy aho".

25.28 - "Lozako! Indrisy mantsy! Raha mba tsy naka an-drano ho sakaiza mantsy aho!

25.29 - Tena nandiso lalana ahy izy tamin'ny fampahatsiarovana (ny Kor'any), taorian'ny nahatongavan'izany tamiko". Ary mamitaka ny olombelona tokoa ny devoly.

25.30 - Ary hoy ny Iraka: "Tampo ô! Nataon'ireo vahoakako ho anjorom-bala ity Kor'any ity".

25.31 - Ary toy izany, dia nasianay fahavalo ny Mpaminany tsirairay, amin'ireo olo-meloka. Nefa ampy ho Mpitarika, sy Mpanohana ny Tomponao.

25.32 - Ary ireo izay tsy mino dia milaza hoe: "Nahoana no tsy nampidinina taminy indray mandeha monja ny Kor'any?". Toy izany no nanambaranay azy, hampaherezanay ny fonao. Ary novakianay amim-pitandremana izany.

وَقَالَ الَّذِينَ لَا يَرْجُونَ لِقَاءَ نَا لَوْلَا أَنْزَلَ عَلَيْنَا الْمَلَائِكَةُ
أَوْ نَرَى رَبَّنَا لَقَدْ اسْتَكْبَرُوا فِي أَنْفُسِهِمْ وَعَتَوْ عُتُوًّا كَبِيرًا
(٢١) يَوْمَ يَرَوْنَ الْمَلَائِكَةَ لَا بُشْرَى يَوْمَئِذٍ لِلْمُجْرِمِينَ وَيَقُولُونَ
حِجْرًا مَحْجُورًا (٢٢) وَقَدْ مَنَّآ إِلَى مَا عَمِلُوا مِنْ عَمَلٍ فَجَعَلْنَاهُ
هَبَاءً مَنْثُورًا (٢٣) أَصْحَابُ الْجَنَّةِ يَوْمَئِذٍ خَيْرٌ مُسْتَقَرًّا
وَأَحْسَنُ مَقِيلًا (٢٤) وَيَوْمَ تَشْقُقُ السَّمَاءُ بِالْغَمِّمْ وَنَزَّلَ الْمَلَائِكَةُ
تَنْزِيلًا (٢٥) الْمَلِكُ يَوْمَئِذٍ الْحَقُّ لِلرَّحْمَنِ وَكَانَ يَوْمًا عَلَى
الْكَافِرِينَ عَسِيرًا (٢٦) وَيَوْمَ يَعِضُّ الظَّالِمُ عَلَى يَدَيْهِ يَقُولُ
يَلَيْتَنِي أَخَذْتُ مَعَ الرَّسُولِ سَبِيلًا (٢٧) يُنَوَّلُ لَيْتَنِي لَمْ أَتَّخِذْ
فُلَانًا خَلِيلًا (٢٨) لَقَدْ أَضَلَّنِي عَنِ الذِّكْرِ بَعْدَ إِذْ جَاءَنِي
وَكَانَ الشَّيْطَانُ لِلْإِنْسَانِ خَذُولًا (٢٩) وَقَالَ الرَّسُولُ
يَرْبِّ إِنِّي قَوْمِي اتَّخَذُوا هَذَا الْقُرْآنَ مَهْجُورًا (٣٠) وَكَذَلِكَ
جَعَلْنَا لِكُلِّ نَبِيٍّ عَدُوًّا مِنَ الْمُجْرِمِينَ وَكَفَى بِرَبِّكَ هَادِيًا
وَنَصِيرًا (٣١) وَقَالَ الَّذِينَ كَفَرُوا لَوْلَا نُزِّلَ عَلَيْهِ الْقُرْآنُ جُمْلَةً
وَحِدَةً كَذَلِكَ لِنُثَبِّتَ بِهِ فُؤَادَكَ وَرَتَّلْنَاهُ تَرْتِيلًا (٣٢)

25.33 - Tsy hitondra fanoharana aminao izy ireo, raha tsy izahay no mitondra aminao ny fahamarinana, sy ny fandikana azy tsara indrindra.

25.34 - Ireo izay hotarihina amin'ny tavany (miaraka) mankany amin'ny afobe, dia ireny no ho ao amin'ny toerana ratsy, sy diso lalana indrindra.

25.35 - Ary hamafisina, fa nomenay an'i Mosesy ny Boky, ary nampiarahinay taminy ny rahalahiny Harona, ho mpanampy (azy).

25.36 - Ka niteny izahay hoe: "Mandehana ianareo roa, mankany amin'ireo olona izay nanao ny porofonay ho lainga". Avy eo dia nopotehinay tanteraka izy ireo.

25.37 - Fa ireo vahoakan'i Noa, rehefa nilaza, ireo Iraka ho mpandainga izy ireo, dia narendrikay, ary nataonay famantarana (fampitandremana) ho an'ny olona. Fa nanomananay sazy mamirifiry ireo mpanao ny tsy rariny.

25.38 - Ary ireo Aad, ireo Tamod, ireo olon'i Ar-Rass, sy ireo taranaka maro nifandimby teo anelanelan'izany.

25.39 - Nanaovanay fanoharana anefa izy rehetra, ary naringanay tamin'ny fomba maherivaika izy ireo.

25.40 - Nandalo teny amin'ny tanàna iray, izay nirotsahan'ny orana nitondra loza izy ireo. Moa tsy hitany va izany? Fa tsy manantena fitsanganana amin'ny maty izy ireo.

25.41 - Raha mahita anao izy ireo, dia tsy manao afa-tsy ny maneso anao: "Moa va, ity ilay nalefan'Andriamanitra ho Iraka?"

25.42 - Saika nampanalaviriny ireo andriamanitray izahay, raha tsy nifikitra tamin'izy ireo tamim-paharetana. Nefa ho fantany tsy ho ela, rehefa mahita ny sazy izy ireo, iza no diso lalana indrindra?"

25.43 - Moa tsy hitanao va, ireo izay manao ny sitrapony ho andriamaniny? Moa ho mpiantoka azy va ianao?

وَلَا يَأْتُونَكَ بِمَثَلٍ إِلَّا جِئْنَاكَ بِالْحَقِّ وَأَحْسَنَ تَفْسِيرًا ﴿٣٣﴾
 الَّذِينَ يُحْشَرُونَ عَلَىٰ وُجُوهِهِمْ إِلَىٰ جَهَنَّمَ أُولَٰئِكَ شَرٌّ
 مَّكَانًا وَأَضَلُّ سَبِيلًا ﴿٣٤﴾ وَلَقَدْ آتَيْنَا مُوسَى الْكِتَابَ
 وَجَعَلْنَا مَعَهُ أَخَاهُ هَارُونَ وَزِيرًا ﴿٣٥﴾ فَقُلْنَا أَذْهَبَا إِلَى
 الْقَوْمِ الَّذِينَ كَذَبُوا بِآيَاتِنَا فَدَمْزِلْهُمْ تَدْمِيرًا ﴿٣٦﴾ وَقَوْمُ
 نُوحٍ لَمَّا كَذَبُوا الرُّسُلَ أَغْرَقْنَاهُمْ وَجَعَلْنَاهُمْ لِلنَّاسِ
 آيَةً وَأَعْتَدْنَا لِلظَّالِمِينَ عَذَابًا أَلِيمًا ﴿٣٧﴾ وَعَادًا وَثَمُودًا
 وَأَصْحَابَ الرَّسِّ وَقُرُونًا بَيْنَ ذَلِكَ كَثِيرًا ﴿٣٨﴾ وَكُلًّا ضَرَبْنَا
 لَهُ الْأَمْثَلَ وَكُلًّا تَبَرْنَا تَنْبِيرًا ﴿٣٩﴾ وَلَقَدْ أَتَوْا عَلَى الْقَرْيَةِ
 الَّتِي آمَطْرَتْ مَطَرِ السَّوَاءِ أَفْكَمَ يَكُونُوا يَكُونُوا يَكُونُوا
 كَانُوا لَا يَرْجُونَ نُشُورًا ﴿٤٠﴾ وَإِذَا رَأَوْكَ إِن يَخَذُّونَكَ
 إِلَّا هُزُؤًا هَذَا الَّذِي بَعَثَ اللَّهُ رَسُولًا ﴿٤١﴾ إِنْ كَادَ
 لِيُضِلَّنَا عَنْ إِلَهِنَا لَوْلَا أَن صَبَرْنَا عَلَيْهَا وَسَوْفَ
 يَعْلَمُونَ حَيْثُ يَرْوُونَ الْعَذَابَ مَنْ أَضَلُّ سَبِيلًا ﴿٤٢﴾ أَرَأَيْتَ
 مَنْ اتَّخَذَ إِلَهَهُ هَوَاهُ أَفَأَنْتَ تَكُونُ عَلَيْهِ وَكِيلًا ﴿٤٣﴾

25.44 - Heverinao va, fa mandre sy misaina ny ankamaroan'izy ireo? Hamafisina, fa azo ampitahaina amin'ny biby fiompy izy ireo. Ary mbola diso lalana lavitra noho izany aza.

25.45 - Tsy hitanao va, ny fomba famelaran'ny Tomponao ny aloka? Azony atao ny tsy nampihetsika azy raha tiany. Ny masoandro no nataonay ho famantarana azy.

25.46 - Avy eo dia raisinay ho aty Aminay amim-pahamoràna izany.

25.47 - Izy no nanao ho anareo ny alina ho firakotra, ny torimaso ho fialan-tsasatra, ary nataony ho fitsanganana ny andro.

25.48 - Izy no nandefa ny rivotra ho filazana mialoha ny Famindram-pony. Ary mandrotsaka rano madio, avy any andanitra Izahay.

25.49 - Mba hamelona ny faritra maty, ary hanala hetaheta ireo biby maro, sy ny olombelona izay Noharianay.

25.50 - Ary Nohazavainay teo anatrehan'izy ireo izany, mba ho tsaroany, nefa mandà izany ny ankamaroan'ny olona, afa-tsy ny tsy fankasitrahana.

25.51 - Ary raha sitrakay, dia nandefa mpampitandrina tamin'ny tanàna tsirairay Izahay.

25.52 - Koa aza mankato ireo tsy mpino ianao, fa miadia mafy amin'izy ireo, amin'ny alalan'ity (Kor'any).

25.53 - Ary Izy no nampikoriana ny ranomasina roa, ny anankiray mamy sady manala hetaheta, ny faharoa kosa masira sy mangidy. Ary nasiany elanelana eo amin'izy roa, sy sakana tsy azo dinganina.

25.54 - Ary Izy no Nahary ny olombelona, avy tamin'ny rano, izay natambany amin'ny rohim-pihavanana sy fifandraisana. Fa Mahefa ny zavatra rehetra ny Tomponao.

25.55 - Nefa izy ireo dia manompo ankoatra an'Andriamanitra, izay tsy manome tombontsoa azy ireo, na manisys ratsy azy. Ary ny tsy mpino dia miandany mandrakariva amin'ny fanoherana ny Tompony.

أَمْ تَحْسَبُ أَنَّ أَكْثَرَهُمْ يَسْمَعُونَ أَوْ يَعْقِلُونَ إِنْ هُمْ إِلَّا كَالْأَنْعَمِ بَلْ هُمْ أَضَلُّ سَبِيلًا ﴿٤٤﴾ أَلَمْ تَرَ إِلَى رَبِّكَ كَيْفَ مَدَّ الظِّلَّ وَلَوْ شَاءَ لَجَعَلَهُ سَاكِنًا ثُمَّ جَعَلْنَا الشَّمْسُ عَلَيْهِ دَلِيلًا ﴿٤٥﴾ ثُمَّ قَبَضْنَاهُ إِلَيْنَا قَبْضًا يَسِيرًا ﴿٤٦﴾ وَهُوَ الَّذِي جَعَلَ لَكُمُ اللَّيْلَ لِبَاسًا وَالنَّوْمَ سُبَاتًا وَجَعَلَ النَّهَارَ نُشُورًا ﴿٤٧﴾ وَهُوَ الَّذِي أَرْسَلَ الرِّيحَ بُشْرًا بَيْنَ يَدَيْ رَحْمَتِهِ وَأَنْزَلْنَا مِنَ السَّمَاءِ مَاءً طَهُورًا ﴿٤٨﴾ لِنُخْرِجَ بِهِ بَلْدَةً مَيِّتًا وَنُسْقِيَهُ مِمَّا خَلَقْنَا أَنْعَمًا وَأُنَاسِيًا كَثِيرًا ﴿٤٩﴾ وَلَقَدْ صَرَّفْنَاهُ بَيْنَهُمْ لِيَذَّكَّرُوا فَأَبَى أَكْثَرُ النَّاسِ إِلَّا كُفُورًا ﴿٥٠﴾ وَلَوْ شِئْنَا لَبعَثْنَا فِي كُلِّ قَرْيَةٍ نَذِيرًا ﴿٥١﴾ فَلَا تُطِيعُ الْكَافِرِينَ وَجَهْدُهُمْ بِهِ جِهَادًا كَبِيرًا ﴿٥٢﴾ وَهُوَ الَّذِي مَرَجَّ الْبَحْرَيْنِ هَذَا عَذْبٌ فُرَاتٌ وَهَذَا مِلْحٌ أُجَاجٌ وَجَعَلَ بَيْنَهُمَا بَرْزَخًا وَحِجْرًا مَحْجُورًا ﴿٥٣﴾ وَهُوَ الَّذِي خَلَقَ مِنَ الْمَاءِ بَشَرًا فَجَعَلَهُ نَسَبًا وَصِهْرًا وَكَانَ رَبُّكَ قَدِيرًا ﴿٥٤﴾ وَيَعْبُدُونَ مِنْ دُونِ اللَّهِ مَا لَا يَنْفَعُهُمْ وَلَا يَضُرُّهُمْ وَكَانَ الْكَافِرُ عَلَى رَبِّهِ ظَهِيرًا ﴿٥٥﴾

25.56 - Noho izany, dia tsy nalefanay ianao raha tsy ho mpilaza, sy ho mpampitandrina.

25.57 - Dia lazao hoe: "Tsy mangataka valisoa aminareo amin'izany aho. Fa izay mankasitraka izany kosa, dia afaka manaraka ny lalana mankany amin'ny Tompony".

25.58 - Ary apetraho amin'ilay Velona, izay tsy maty na oviana na oviana ny fitokianao. Ka derao Izy amin'ny fankalazana Azy. Ampy ho Mpahalala Tongalatra ireo fahotan'ny mpanompony Izy.

25.59 - Izy no Nahary ny lanitra sy ny tany, sy izay eo anelanelan'izany, nandritra ny enina andro, avy eo dia nandray ny Seza Fiandrianana Ilay be Fiantrana. Koa aoka ianao hanontany ny Aminy amin'izay tena mahafantatra Azy.

25.60 - Ary raha ilazana izy ireo hoe: "Miankohofa eo anatrehan'ilay be Fiantrana ianareo", dia hamaly izy ireo hoe: "Fa iza Ilay be Fiantrana? Handeha hiankohoka eo anatrehan'izay andidianao anay va izahay?". Ary mampitombo ny fankalahan'izy ireo izany.

25.61 - Hankalazaina anie, Ilay Nametraka eny an-danitra ireo kintana, ary Nametraka ny hazavana (ny masoandro), sy ny volana mpanazava.

25.62 - Ary izy no nampisy fifandimbiasana eo amin'ny alina sy ny andro, ho an'izay te-handinika izany, na te-haneho fankasitrahana.

25.63 - Ireo mpanompon'ilay be Fiantrana, dia izay mandeha amim-panetrentena eny ambonin'ny tany, ary raha miteny amin'izy ireo ny bado, dia mamaly izy ireo hoe: "Fiadanana anie",

25.64 - izay mandany ny alina amim-piankohofana sy amim-pitsanganana eo anatrehan'ny Tompon'izy ireo,

25.65 - ka miteny hoe: "Tomponay ô! Alaviro aminay ny sazin'ny afobe", fa maharitra ny sazin'ny.

25.66 - Tena fonenana sy toeram-pialan-tsasatra ratsy tokoa izany!

25.67 - Ary ireo izay tsy mandanilany foana, na mahihitra rehefa manao fandania, fa amin'ny antonony eo anelanelan'izany.

وَمَا أَرْسَلْنَاكَ إِلَّا مُبَشِّرًا وَنَذِيرًا ﴿٥٦﴾ قُلْ مَا أَسْأَلُكُمْ عَلَيْهِ مِنْ أَجْرٍ إِلَّا مَنْ شَاءَ أَنْ يَتَّخِذَ إِلَىٰ رَبِّهِ سَبِيلًا ﴿٥٧﴾ وَتَوَكَّلْ عَلَىٰ الْحَيِّ الَّذِي لَا يَمُوتُ وَسَبِّحْ بِحَمْدِهِ وَكَفَىٰ بِهِ بِذُنُوبِ عِبَادِهِ خَبِيرًا ﴿٥٨﴾ الَّذِي خَلَقَ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ وَمَا بَيْنَهُمَا فِي سِتَّةِ أَيَّامٍ ثُمَّ اسْتَوَىٰ عَلَى الْعَرْشِ الرَّحْمَنُ فَسَلِّ بِهِ خَبِيرًا ﴿٥٩﴾ وَإِذَا قِيلَ لَهُمْ اسْجُدُوا لِلرَّحْمَنِ قَالُوا وَمَا الرَّحْمَنُ أَنَسْجُدُ لِمَا تَأْمُرُنَا وَزَادَهُمْ نُفُورًا ﴿٦٠﴾ نَبَارَكُ الَّذِي جَعَلَ فِي السَّمَاءِ بُرُوجًا وَجَعَلَ فِيهَا سِرَاجًا وَقَمَرًا مُنِيرًا ﴿٦١﴾ وَهُوَ الَّذِي جَعَلَ اللَّيْلَ وَالنَّهَارَ خِلْفَةً لِّمَنْ أَرَادَ أَنْ يَذَّكَّرَ أَوْ أَرَادَ شُكُورًا ﴿٦٢﴾ وَعِبَادُ الرَّحْمَنِ الَّذِينَ يَمْشُونَ عَلَى الْأَرْضِ هَوْنًا وَإِذَا خَاطَبَهُمُ الْجَاهِلُونَ قَالُوا سَلَامًا ﴿٦٣﴾ وَالَّذِينَ يَبِيتُونَ لِرَبِّهِمْ سُجَّدًا وَقِيَامًا ﴿٦٤﴾ وَالَّذِينَ يَقُولُونَ رَبَّنَا اصْرِفْ عَنَّا عَذَابَ جَهَنَّمَ إِنَّ عَذَابَهَا كَانَ غَرَامًا ﴿٦٥﴾ إِنَّهَا سَاءَتْ مُسْتَقَرًّا وَمُقَامًا ﴿٦٦﴾ وَالَّذِينَ إِذَا أَنْفَقُوا لَمْ يُسْرِفُوا وَلَمْ يَقْتُرُوا وَكَانَ بَيْنَ ذَلِكَ قَوَامًا ﴿٦٧﴾

25.68 - Izay tsy mangataka amin'andriamanitra hafa, miaraka amin'Andriamanitra, sy tsy mamono ny aina izay nataon'Andriamanitra voarara, raha tsy amin'ny fahamarinana, ary tsy mijangajanga, fa hosaziana izay manao izany,

25.69 - ka hatao avo roa heny ny saziny, amin'ny andro fitsanganana, ary honina ao mandrakizay feno henatra izy,

25.70 - afa-tsy izay mibebaka, mino sy manao asa soa, izy ireny no hovan'Andriamanitra ho asa soa ny asa ratsiny, fa Mpamela heloka sy Mpamindra-fo Andriamanitra,

25.71 - ary izay mibebaka sy manao asa soa, dia miverina amin'Andriamanitra amin'ny fibebahana.

25.72 - Ireo izay tsy manao fijoroana vavolombelona diso, ary raha mandalo akaikina rendrarendra izy ireo, dia mandalo amim-pahamendrehana.

25.73 - Ireo izay tsy misary jamba, na marenina, rehefa ampahatsiarovana azy ireo ny tenin'ny Tompony,

25.74 - ary ireo izay milaza hoe: "Tomponay ô! Omeo fahafinaretan'ny maso izahay, amin'ireo vadinay sy ireo taranakay, ary ataovy ho mpitarika ireo (mpino) tia-vavaka izahay".

25.75 - Izy ireny no hanana toerana ambony (ao am-Paradisa), valisoa noho ny fiaretany, ary amim-piarahabana hombam-pandriampahalemana no handraisana azy ireo ao,

25.76 - ka hitoetra ao mandrakizay. Fonenana sy toeram-pialan-tsasatra tsara tokoa izany!

25.77 - Dia lazao hoe: "Tsy hanome lanja anareo ny Tompoko, raha tsy noho ny fangatahanareo, nefa dia nataonareo ho nandainga izy (ny Mpaminany). Haharitra sy tsy azo ialana (ny sazinareo).

TOKO - 26

AS-SHOU'ARA
(IREO MPANAO TONONKALO)
Andininy 227: Nidina talohan'ny fifindra-monina
(Hidjrah)

وَالَّذِينَ لَا يَدْعُونَ مَعَ اللَّهِ إِلَهًا آخَرَ وَلَا يَقْتُلُونَ النَّفْسَ
الَّتِي حَرَّمَ اللَّهُ إِلَّا بِالْحَقِّ وَلَا يَزْنُونَ وَمَنْ يَفْعَلْ ذَلِكَ يَلْقَ
أَثَامًا ﴿٦٨﴾ يُضْعَفُ لَهُ الْعَذَابُ يَوْمَ الْقِيَمَةِ وَيَخْلُدُ فِيهِ
مُهَانًا ﴿٦٩﴾ إِلَّا مَنْ تَابَ وَآمَنَ وَعَمِلَ عَمَلًا صَالِحًا
فَأُولَئِكَ يَبْدِلُ اللَّهُ سَيِّئَاتِهِمْ حَسَنَاتٍ وَكَانَ اللَّهُ غَفُورًا
رَحِيمًا ﴿٧٠﴾ وَمَنْ تَابَ وَعَمِلَ صَالِحًا فَإِنَّهُ يَتُوبُ إِلَى اللَّهِ
مَتَابًا ﴿٧١﴾ وَالَّذِينَ لَا يَشْهَدُونَ الزُّورَ وَإِذَا مَرُّوا بِاللَّغْوِ
مَرُّوا كِرَامًا ﴿٧٢﴾ وَالَّذِينَ إِذَا ذُكِّرُوا بِآيَاتِ رَبِّهِمْ
لَمْ يَخِرُّوا عَلَيْهَا صُمًّا وَعُمْيَانًا ﴿٧٣﴾ وَالَّذِينَ يَقُولُونَ رَبَّنَا
هَبْ لَنَا مِنْ أَزْوَاجِنَا وَذُرِّيَّاتِنَا قُرَّةَ أَعْيُنٍ وَاجْعَلْ لَنَا
لِلْمُنْقِيْنَ إِمَامًا ﴿٧٤﴾ أُولَئِكَ يُجْزَوْنَ الْغُرْفَةَ بِمَا
صَبَرُوا وَيُلَقَّوْنَ فِيهَا تَحِيَّةً وَسَلَامًا ﴿٧٥﴾ خَالِدِينَ
فِيهَا حَسُنَتْ مُسْتَقَرًّا وَمُقَامًا ﴿٧٦﴾ قُلْ مَا يَعْبَأُكُمْ رَبِّي
لَوْلَا دُعَاؤُكُمْ فَقَدْ كَذَّبْتُمْ فَسَوْفَ يَكُونُ لِزَامًا ﴿٧٧﴾

سُورَةُ الشُّعَرَاءِ

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

26.1 - Tà, Sin, Mîm

26.2 - Indro ireo andinin'ilay Bokim-pahazavana.

26.3 - Mety ho reraky ny alahelo ianao, fa tsy mino izy ireo.

26.4 - Raha sitrakay, dia hampidina avy any an-danitra fahagagana amin'izy ireo Izahay, ka hampiondrika ny hatok'izy ireo eo anatrehan'izany.

26.5 - Tsy misy fampahatsiarovana vaovao tonga amin'izy ireo, avy amin'ilay be Fiantrana, ka tsy ialan'izy ireo.

26.6 - Nataon'izy ireo ho lainga (izay rehetra avy amin'ny Tompon'izy ireo). Tsy ho ela dia ho tonga amin'izy ireo, ny vaovao amin'izay noesoiny.

26.7 - Moa tsy nandinika ny tany va izy ireo, firifiry ireo karazan-javatra tsiroaroa tsara nampanirianay ao?

26.8 - Misy famantarana tokoa amin'izany, nefa tsy mino ny ankamaroan'izy ireo.

26.9 - Ary hamafisina, fa ny Tomponao dia Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.

26.10 - Ary raha niantso an'i Mosesy ny Tomponao hoe: "Mandehana ianao mankany amin'ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny,

26.11 - any amin'ny vahoakan'i Faraona". Moa tsy hatahotra (an'Andriamanitra) va izy ireo?

26.12 - Ka hoy izy: "Tompo ô! Matahotra aho, sao ataon'izy ireo ho mpandainga,

26.13 - ka hihaterany ny tratrako, ary ho vahotra ny lelako, koa alefaso i Harona.

26.14 - Mahita hadisoana hanakianana ahy izy ireo, ka matahotra aho, sao vonoin'izy ireo".

26.15 - Fa hoy Izy (Andriamanitra): "Tsia! Mandehana ianareo roalahy, miaraka amin'ny fahagagana avy aty Aminay. Hijanona miaraka aminareo Izahay, ary hihaino".

26.16 - Koa mandehana ianareo roalahy mankany amin'i Faraona, ary lazao hoe: "Iraky ny Tompon'izao tontolo izao tokoa izahay,

26.17 - mba handefasanao miaraka aminay, ireo zanak'Israely".

26.18 - "Moa tsy notezaina teto aminay fony kely va ianao?" hoy i Faraona, "ary moa va ianao tsy nonina teto aminay, nandritra ny taona maro tamin'ny fiainanao?

26.19 - Ka nanao ny haratsiana izay nataonao ianao, ary isan'ireo tsy nahay nankasitraka".

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

طَسَمَ ۝١ تِلْكَ آيَاتُ الْكِتَابِ الْمُبِينِ ۝٢ لَعَلَّكَ بَنِيعٌ نَفْسَكَ
أَلَّا يَكُونُوا مُؤْمِنِينَ ۝٣ إِنْ نَشَأْ نُزِّلْ عَلَيْهِمْ مِنَ السَّمَاءِ آيَةً فَظَلَّتْ
أَعْنَاقُهُمْ لَهَا خَاضِعِينَ ۝٤ وَمَا يَأْتِيهِمْ مِنْ ذِكْرٍ مِنَ الرَّحْمَنِ مُحَدَّثٍ
إِلَّا كَانُوا عَنْهُ مُعْرِضِينَ ۝٥ فَقَدْ كَذَّبُوا فَسَيَاتِهِمْ أَنْبَتُوا مَا كَانُوا
بِهِ يَسْتَهْزِءُونَ ۝٦ أَوَلَمْ يَرَوْا إِلَى الْأَرْضِ كَمْ أَنْبَتْنَا فِيهَا مِنْ كُلِّ زَوْجٍ
كَرِيمٍ ۝٧ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَةً وَمَا كَانَ أَكْثَرُهُمْ مُؤْمِنِينَ ۝٨ وَإِنَّ
رَبَّكَ لَهُوَ الْعَزِيزُ الرَّحِيمُ ۝٩ وَإِذْ نَادَى رَبُّكَ مُوسَى أَنْ أَنْتَ الْقَوْمَ
الظَّالِمِينَ ۝١٠ قَوْمَ فِرْعَوْنَ أَلَا يَنْقُوتَ ۝١١ قَالَ رَبِّ إِنِّي أَخَافُ
أَنْ يُكَذِّبُونِ ۝١٢ وَيَضِيقُ صَدْرِي وَلَا يَنْطَلِقُ لِسَانِي فَأَرْسِلْ
إِلَيَّ هَرُونَ ۝١٣ وَلَهُمْ عَلَى ذَنْبٍ فَأَخَافُ أَنْ يَقْتُلُونِ ۝١٤ قَالَ
كَلَّا فَادْهَابًا يَتَّبِعُنَا أَنَا مَعَكُمْ مُسْتَمْعُونَ ۝١٥ فَاتَّبَعَ فِرْعَوْنَ
فَقَوْلًا إِنَّا رَسُولُ رَبِّ الْعَالَمِينَ ۝١٦ أَنْ أَرْسِلَ مَعَنَا بَنِي إِسْرَءِيلَ
۝١٧ قَالَ أَلَمْ نُرَبِّكَ فِينَا وَلِيدًا وَلَبِثْتَ فِينَا مِنْ عُمُرِكَ سِنِينَ ۝١٨
وَفَعَلْتَ فَعَلَتَكَ الَّتِي فَعَلْتَ وَأَنْتَ مِنَ الْكَافِرِينَ ۝١٩

26.20 - "Nataoko tokoa izany, hoy i Mosesy, fony izaho mbola isan'ireo diso lalana.

26.21 - Koa nandositra anareo aho, rehefa natahotra anareo, avy eo dia nomen'ny Tompoko fahendrena aho, ary nanendry ahy ho isan'ireo Iraka Izy.

26.22 - Ary izany dia asa soa avy aminao handatsanao ahy, nefa nandevozinao ireo zanak'Israely?"

26.23 - "Ary iza moa ny Tompon'izao tontolo izao?", hoy i Faraona.

26.24 - "Ny Tompon'ny lanitra sy ny tany, sy izay misy eo anelanelan'izy ireo", hoy i Mosesy, "raha mino izany ianareo!"

26.25 - Hoy i Faraona tamin'ireo izay nanodidina azy: "Henonareo va izany?"

26.26 - Dia hoy izy (Mosesy): "ny Tomponareo, sy ny Tompon'ireo razambenareo taloha indrindra".

26.27 - Hoy izy (Faraona): "Marina, fa ilay Iraka izay nalefa taminareo dia adala".

26.28 - Hoy izy (Mosesy): "Tompon'ny atsinanana, sy ny andrefana, ary izay eo anelanelan'izy roa ireo, raha mba nodinihinareo".

26.29 - "Raha manana andriamanitra hafa, ankoatra ahy ianao", hoy i Faraona, "dia hataoko isan'ireo voagadra".

26.30 - "Eny, fa na dia hitondra zavatra (porofo) mazava aminao va aho?" hoy izy (Mosesy).

26.31 - "Ento aty izany", hoy izy (Faraona), "raha isan'ireo mpilaza ny marina ianao".

26.32 - Dia nanipy ny tehiny àry izy (Mosesy), ka indro fa tonga bibilava tokoa izany.

26.33 - Ary navoakany ny tanany, ka indro fa lasa fotsy (mamirapiratra) eo anatrehan'ireo mpijery izany.

26.34 - Niteny tamin'ireo loholona nanodidina azy izy (Faraona) hoe: "Izany tokoa no mpanao majika mahay".

26.35 - Amin'ny alalan'ny majikany, no te-handroahany anareo amin'ny taninareo. Ka inona no baikonareo?

26.36 - Hoy izy ireo namaly: "Ampiandro amin'ny manaraka izy ireo, izy sy ny rahalahiny, ary andefaso olona any antanàna mba hamory,

26.37 - sy hitondra aty aminao, izay mpanao majika rehetra mahay".

26.38 - Koa dia navory tamin'ny fotoana nomena ireo mpanao majika, tamin'ny andro voatondro.

26.39 - Ary toy izao no nambara tamin'ireo olona: "Moa hivory va ianareo,

قَالَ فَعَلْتُهَا إِذَا وَأَنَا مِنَ الصَّالِينَ ﴿٢٠﴾ فَفَرَرْتُ مِنْكُمْ لَمَّا خِفْتُكُمْ
فَوَهَبَ لِي رَبِّي حُكْمًا وَجَعَلَنِي مِنَ الْمُرْسَلِينَ ﴿٢١﴾ وَتِلْكَ نِعْمَةٌ تَعْمَهَا
عَلَى أَنْ عَبَّدتَ بَنِي إِسْرَءِيلَ ﴿٢٢﴾ قَالَ فِرْعَوْنُ وَمَا رَبُّ الْعَالَمِينَ
﴿٢٣﴾ قَالَ رَبُّ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَمَا بَيْنَهُمَا إِنْ كُنْتُمْ مُوقِنِينَ
﴿٢٤﴾ قَالَ لِمَنْ حَوْلَهُ أَلَا تَسْتَمِعُونَ ﴿٢٥﴾ قَالَ رَبُّكُمْ وَرَبُّ آبَائِكُمُ
الْأَوَّلِينَ ﴿٢٦﴾ قَالَ إِنَّ رَسُولَكُمْ الَّذِي أُرْسِلَ إِلَيْكُمْ لَمَجْنُونٌ ﴿٢٧﴾
قَالَ رَبُّ الْمَشْرِقِ وَالْمَغْرِبِ وَمَا بَيْنَهُمَا إِنْ كُنْتُمْ تَعْقِلُونَ ﴿٢٨﴾ قَالَ
لَنْ أَتَّخِذَ إِلَهًا غَيْرِي لَأَجْعَلَنَّكَ مِنَ الْمَسْجُونِينَ ﴿٢٩﴾ قَالَ
أَوْ لَوْ جِئْتُكَ بِشَيْءٍ مُبِينٍ ﴿٣٠﴾ قَالَ فَأْتِ بِهِ إِنْ كُنْتَ مِنَ
الصَّادِقِينَ ﴿٣١﴾ فَأَلْقَى عَصَاهُ فَإِذَا هِيَ ثُعْبَانٌ مُبِينٌ ﴿٣٢﴾ وَنَزَعِيدهُ
فَإِذَا هِيَ بَيْضَاءُ لِلنَّظَرِ ﴿٣٣﴾ قَالَ لِلْمَلَأِ حَوْلَهُ إِنَّ هَذَا لَسَاحِرٌ
عَلِيمٌ ﴿٣٤﴾ يُرِيدُ أَنْ يُخْرِجَكُمْ مِنْ أَرْضِكُمْ بِسِحْرِهِ فَمَاذَا
تَأْمُرُونَ ﴿٣٥﴾ قَالُوا أَرْجِهْ وَأَخَاهُ وَأَبْعَثْ فِي الْمَدَائِنِ حَاشِرِينَ
﴿٣٦﴾ يَا تَوَكَّلْ بِكُلِّ سَحَابٍ عَلِيمٍ ﴿٣٧﴾ فَجُمِعَ السَّحَرَةُ
لِمِيقَاتِ يَوْمٍ مَعْلُومٍ ﴿٣٨﴾ وَقِيلَ لِلنَّاسِ هَلْ أَنْتُمْ مُجْتَمِعُونَ ﴿٣٩﴾

26.40 - mba hanarahanay ireo mpanao majika, raha izy ireo no mpandresy?”.

26.41 - Ary nony tonga ireo mpanao majika, dia hoy izy ireo tamin'i Faraona: “Tena hisy valisoa tokoa va ho anay, raha mandresy izahay?”.

26.42 - Dia hoy izy: “ Eny, mazava loatra, fa (amin'izay dia) ho isan'ireo akaiky ahy ianareo”.

26.43 - Hoy i Mosesy tamin'izy ireo: “Atsipazo izay atsipinareo”,

26.44 - dia natsipin'izy ireo ny tadiny sy ny tehiny, ka hoy izy ireo: “Amin'ny alalan'ny herin'i Faraona, dia izahay no ho mpandresy”.

26.45 - Avy eo, dia natsipin'i Mosesy ny tehiny, ary indro fa nitsaingoka izay namboarin'izy ireo.

26.46 - Tamin'izay dia lavo niankohoka ireo mpanao majika,

26.47 - ka nilaza izy ireo hoe: “Mino ny Tompon'izao tontolo izao izahay,

26.48 - Ilay Tompon'i Mosesy sy Harona”.

26.49 - Hoy izy (Faraona): “Moa mino azy mialohan'ny hanomezako alalana anareo va ianareo? Izy tokoa no lehibenareo, izay nampianatra anareo ny majika, noho izany, tsy ho ela dia ho fantatrarao! Ho tapahiko tokoa ny tananareo sy ny tongotrareo, amin'ny andaniny avy mifanohitra, ary ho fantsihiko amin'ny hazo fijaliana avokoa ianareo rehetra”.

26.50 - Dia hoy izy ireo: “Tsy misy ny maha ratsy izany! Satria any amin'ny Tomponay no hiverenanay,

26.51 - irinay fatratra ny mba hamelan'ny Tomponay ny fahadisoanay, noho izahay nino voalohany”.

26.52 - Ary izao no nambaranay tamin'i Mosesy: “Mandehana amin'ny alina miaraka amin'ireo mpanompoko ianao, fa hisy hanaraka ianareo”.

26.53 - Avy eo, dia nandefa mpamory olona tany an-tanàna i Faraona,

26.54 - andian'olona vitsivitsy monja izy ireo,

26.55 - nefa nahatezitra anay izy ireo,

26.56 - fa izahay kosa, dia mitandrana tsara avokoa”.

26.57 - Noho izany dia navoakanay tamin'ireo zaridaina sy loharano izy ireo,

26.58 - ary ireo harena sarobidy, sy toeram-pipetrahana mahafinaritra.

26.59 - Dia toy izany no niseho! Ary nomenay holovain'ireo zanak'Israely izany.

26.60 - Tamin'ny fiposahan'ny masoandro no nanarahany azy ireo.

لَعَلَّنَا نَتَّبِعَ السَّحَرَةَ إِنْ كَانُوا هُمْ الْغَالِبِينَ ﴿٤٠﴾ فَلَمَّا جَاءَ السَّحَرَةُ
قَالُوا لِفِرْعَوْنَ أَإِنَّا لَأَجْرًا إِنْ كُنَّا نَحْنُ الْغَالِبِينَ ﴿٤١﴾ قَالَ نَعَمْ
وَإِنَّكُمْ إِذَا لَمِنَ الْمُقْرِبِينَ ﴿٤٢﴾ قَالَ لَهُمْ مُوسَى الْقَوْمَا أَنْتُمْ مُلْقُونَ
﴿٤٣﴾ فَأَلْقَوْا حِبَالَهُمْ وَعِصِيَّهُمْ وَقَالُوا بِعِزَّةِ فِرْعَوْنَ إِنَّا لَنَحْنُ
الْغَالِبُونَ ﴿٤٤﴾ فَأَلْقَى مُوسَى عَصَاهُ فَإِذَا هِيَ تَلْقَفُ مَا يَأْفِكُونَ
﴿٤٥﴾ فَأَلْقَى السَّحَرَةُ سِحْرَ حَدِيدٍ ﴿٤٦﴾ قَالُوا أَمَنَّا بِرَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿٤٧﴾
رَبِّ مُوسَى وَهَارُونَ ﴿٤٨﴾ قَالَ أَمِنْتُمْ لَهُ قَبْلَ أَنْ أَدْنِ لَكُمْ إِلَهُهُ
لَكِبَرُكُمُ الَّذِي عَلَّمَكُمُ السِّحْرَ فَلَسَوْفَ تَعْلَمُونَ لَا قُطْعَانَ أَيْدِيكُمْ
وَأَرْجُلَكُمْ مِنْ خَلْفٍ وَلَا أَصْلَابَكُمْ أَجْمَعِينَ ﴿٤٩﴾ قَالُوا لَا ضَيْرَ إِنَّا
إِلَى رَبِّنَا مُنْقَلِبُونَ ﴿٥٠﴾ إِنَّا نَطْمَعُ أَنْ يَغْفِرَ لَنَا رَبُّنَا خَطِيئَتَنَا أَنْ كُنَّا
أَوَّلَ الْمُؤْمِنِينَ ﴿٥١﴾ وَأَوْحَيْنَا إِلَى مُوسَى أَنْ أَسْرِ بِعِبَادِي إِنَّكُمْ
مُتَّبَعُونَ ﴿٥٢﴾ فَأَرْسَلَ فِرْعَوْنُ فِي الْمَدَائِنِ حَاشِرِينَ ﴿٥٣﴾ إِنْ هَؤُلَاءِ
لَشِرْذِمَةٌ قَلِيلُونَ ﴿٥٤﴾ وَإِنَّهُمْ لَنَا لَغَائِظُونَ ﴿٥٥﴾ وَإِنَّا لَجَمِيعٌ حَادِرُونَ
﴿٥٦﴾ فَأَخْرَجْنَاهُمْ مِنْ جَنَّاتٍ وَعُيُونٍ ﴿٥٧﴾ وَكُنُوزٍ وَمَقَامٍ كَرِيمٍ ﴿٥٨﴾
كَذَلِكَ وَأَوْرَثْنَاهَا بَنِي إِسْرَءِيلَ ﴿٥٩﴾ فَاتَّبَعُوهُمْ مُشْرِقِينَ ﴿٦٠﴾



- 26.61 - Ary rehefa nifampitazana ireo andiany anankiroa, dia hoy ireo mpanara-dia an'i Mosesy: "Ho tratra isika".
 26.62 - Hoy izy (Mosesy): "Tsia, satria miaraka amiko ny Tompoko, izay hitarika ahy".
 26.63 - Dia nambaranay an'i Mosesy hoe: "Kapohy amin'ny tehinao ny ranomasina", ka dia nisokatra izany, ary dia nitovy tamin'ny tendrombohitra lehibe ny andaniny sy ny ankilany.
 26.64 - Ary nampanatoninay ny sasany (Faraona sy ireo mpanara-dia azy)
 26.65 - Nefa navotanay i Mosesy, sy ireo rehetra niaraka taminy,
 26.66 - avy eo, dia narendrikay ireo sasany hafa.
 26.67 - Misy fahagagana tokoa izany, nefa tsy mino ny ankamaroan'izy ireo.
 26.68 - Hamafisina, fa ny Tomponao no Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.
 26.69 - Ary tantarao amin'izy ireo ny tantaran'i Abrahama,
 26.70 - rehefa niteny tamin'ny Rainy, sy ny vahoakany izy hoe: "Inona no tompoinareo?".
 26.71 - Dia hoy izy ireo namaly: "Manompo ireo sampy izahay, ary miraiki-po amin'izy ireo".
 26.72 - Ka hoy izy: "Mandre anareo va izy ireo, rehefa antsoinareo?"
 26.73 - Sa manome tombontsoa anareo, na manisys ratsy anareo?"
 26.74 - Dia hoy izy ireo: "Tsia, fa hitanay nanao toy izany ireo razambenay".
 26.75 - Ka hoy izy: "Ahoana ny fahitanareo ireo izay tompoinareo?"
 26.76 - Ianareo sy ireo razambenareo taloha indrindra?
 26.77 - Fahavaloko izy ireo, afa-tsy ny Tompon'izao tontolo izao.
 26.78 - Izay Nahary ahy, ary izy no mitarika ahy.
 26.79 - Izay mampihinana sy mampisotro ahy.
 26.80 - Ary rehefa marary aho, dia izy no manasitrana ahy.
 26.81 - Izay hamono ahy, avy eo, dia hamelona ahy indray.
 26.82 - Izay iriko fatratra, mba hamela ny fahadisoako, amin'ny andro izay hanomezana ny valin'ny asa.
 26.83 - Tompo ô! Omeo fahendrena aho, ary ampiaraho amin'ireo olo-mendrika.

فَلَمَّا تَرَأَى الْجَمْعَانِ قَالَ أَصْحَبُ مُوسَى إِنَّا لَمَذْكُورُونَ ﴿٦١﴾ قَالَ
 كَلَّا إِنَّ مَعِيَ رَبِّي سَيَهْدِينِ ﴿٦٢﴾ فَأَوْحَيْنَا إِلَى مُوسَى أَنْ أَضْرِبْ
 بَعْصَاكَ الْبَحْرَ فَانْفَلَقَ فَكَانَ كُلُّ فِرْقٍ كَالطَّوْدِ الْعَظِيمِ ﴿٦٣﴾
 وَأَزْلَفْنَا ثَمَ الْآخَرِينَ ﴿٦٤﴾ وَأَنْجَيْنَا مُوسَى وَمَنْ مَعَهُ أَجْمَعِينَ ﴿٦٥﴾
 ثُمَّ أَغْرَقْنَا الْآخَرِينَ ﴿٦٦﴾ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَةً وَمَا كَانَ أَكْثَرُهُمْ
 مُؤْمِنِينَ ﴿٦٧﴾ وَإِنَّ رَبَّكَ لَهُوَ الْعَزِيزُ الرَّحِيمُ ﴿٦٨﴾ وَأَتْلُ عَلَيْهِمْ
 نَبَأَ إِبْرَاهِيمَ ﴿٦٩﴾ إِذْ قَالَ لِأَبِيهِ وَقَوْمِهِ مَا تَعْبُدُونَ ﴿٧٠﴾ قَالُوا
 نَعْبُدُ أَصْنَامًا فَنَنْظِلُ لَهَا عَافِيَةً ﴿٧١﴾ قَالَ هَلْ يَسْمَعُونَكُمْ إِذَا
 تَدْعُونَ ﴿٧٢﴾ أَوْ يَنْفَعُونَكُمْ أَوْ يُضُرُّونَ ﴿٧٣﴾ قَالُوا بَلْ وَجَدْنَا آبَاءَنَا
 كَذَلِكَ يَفْعَلُونَ ﴿٧٤﴾ قَالَ أَفَرَأَيْتُمْ مَا كُنْتُمْ تَعْبُدُونَ ﴿٧٥﴾ أَنْتُمْ
 وَءَابَاؤُكُمْ أَلا تَقْدُمُونَ ﴿٧٦﴾ فَإِنَّهُمْ عَدُوٌّ لِيَ الْآرَبِ الْعَلَمِينَ
 ﴿٧٧﴾ الَّذِي خَلَقَنِي فَهُوَ يَهْدِينِ ﴿٧٨﴾ وَالَّذِي هُوَ يُطْعِمُنِي وَيَسْقِينِ
 ﴿٧٩﴾ وَإِذَا مَرِضْتُ فَهُوَ يَشْفِينِ ﴿٨٠﴾ وَالَّذِي يُمِيتُنِي ثُمَّ
 يُحْيِينِ ﴿٨١﴾ وَالَّذِي أَطْمَعُ أَنْ يَغْفِرَ لِي خَطِيئَتِي يَوْمَ الدِّينِ
 ﴿٨٢﴾ رَبِّ هَبْ لِي حُكْمًا وَالْحَقْنِي بِالصَّالِحِينَ ﴿٨٣﴾

- 26.84 - Omeo laza amin'ny fahamarinana aho, amin'ireo taranaka ho avy.
 26.85 - Ary ataovy ho isan'ny mpandova ny zaridainan'ny fahasambarana aho.
 26.86 - Avelao ny heloky ny Raiko, fa isan'ny olona diso lalana izy.
 26.87 - Ary aza alaina baraka aho, amin'ny andro izay hitsanganana amin'ny maty,
 26.88 - andro izay tsy misy ilàna, na ny harena na ireo zanaka,
 26.89 - afa-tsy izay tonga eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fo madio".
 26.90 - Koa hampanakaikazina ireo tia-vavaka ny Paradisa,
 26.91 - ary haseho amin'ireo very lalana ny afobe.
 26.92 - Ka ho lazaina amin'izy ireo hoe: "Aiza ireo izay notompoinareo,
 26.93 - ankoatra an'Andriamanitra? Manavotra anareo va izy ireo, sa manavotra ny tenany?".
 26.94 - Koa dia hatsipy hifangaro ao izy ireo, sy ireo very lalana,
 26.95 - ary koa ireo tafik'i iblis rehetra.
 26.96 - Hiteny izy ireo ao, sady mifanditra, hoe:
 26.97 - "Marina eo anatrehan'Andriamanitra, fa tao anatin'ny fahaverezana tokoa izahay,
 26.98 - raha nataonay mitovy amin'ilay Tompon'izao tontolo izao ianareo.
 26.99 - Tsy nandiso lalana anay, raha-tsy ireo olo-meloka.
 26.100 - Ary tsy manana mpanelanelana izahay,
 26.101 - na sakaiza mafana fo.
 26.102 - Raha mba misy fiverenana azonay atao, dia ho isan'ireo mpino izahay!".
 26.103 - Misy famantarana tokoa izany, nefa tsy mino ny ankamaroan'izy ireo.
 26.104 - Ary ny Tomponao, Izy no Ilay Mahery, Ilay be Fiantrana.
 26.105 - Nataon'ireo vahoakan'i Noa ho mpandainga ireo Iraka,
 26.106 - raha niteny tamin'izy ireo i Noa, rahalahin'izy ireo nanao hoe: "Tsy matahotra (an'Andriamanitra) va ianareo?
 26.107 - Izaho dia Iraka ho anareo, mendri-pitokiana.
 26.108 - Koa matahora an'Andriamanitra ianareo, ary mankatoava ahy.
 26.109 - Ary tsy mangataka tambiny aminareo amin'izany aho, fa ny Tompon'izao tontolo izao no manome tambiny ahy.
 26.110 - Koa matahora an'Andriamanitra ianareo, ary mankatoava ahy".
 26.111 - Dia hoy izy ireo: "Hino anao va izahay, nefa ireo ambany saranga indrindra no manaraka anao?"

وَأَجْعَلْ لِي لِسَانَ صِدْقٍ فِي الْآخِرِينَ ﴿٨٤﴾ وَأَجْعَلْنِي مِنْ وَرَثَةِ جَنَّةِ النَّعِيمِ ﴿٨٥﴾ وَأَغْفِرْ لِأَبِي إِنَّهُ كَانَ مِنَ الضَّالِّينَ ﴿٨٦﴾ وَلَا تُخْزِنِي يَوْمَ يُبْعَثُونَ ﴿٨٧﴾ يَوْمَ لَا يَنْفَعُ مَالٌ وَلَا بَنُونَ ﴿٨٨﴾ إِلَّا مَنْ أَتَى اللَّهَ بِقَلْبٍ سَلِيمٍ ﴿٨٩﴾ وَأَزْلَفْتُ الْجَنَّةَ لِلْمُتَّقِينَ ﴿٩٠﴾ وَبُرِزْتُ الْجَحِيمَ لِلْغَاوِينَ ﴿٩١﴾ وَقِيلَ لَهُمْ آيَنَ مَا كُنْتُمْ تَعْبُدُونَ ﴿٩٢﴾ مِنْ دُونِ اللَّهِ هَلْ يَنْصُرُونَكُمْ أَوْ يَنْصُرُونَ ﴿٩٣﴾ فَكُفُّوا فِיהُمْ وَالْغَاوُونَ ﴿٩٤﴾ وَجُنُودُ إِبْلِيسَ أَجْمَعُونَ ﴿٩٥﴾ قَالُوا وَهُمْ فِيهَا يَخْتَصِمُونَ ﴿٩٦﴾ تَاللَّهِ إِنْ كُنَّا لَفِي ضَلَالٍ مُبِينٍ ﴿٩٧﴾ إِذْ نُسَوِّكُمْ بِرَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿٩٨﴾ وَمَا أَضَلَّنَا إِلَّا الْمُجْرِمُونَ ﴿٩٩﴾ فَمَا لَنَا مِنْ شَافِعِينَ ﴿١٠٠﴾ وَلَا صِدِّيقٍ حَمِيمٍ ﴿١٠١﴾ فَلَوْ أَنَّ لَنَا كَرَّةٌ فَنَكُونُ مِنَ الْمُؤْمِنِينَ ﴿١٠٢﴾ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَةً وَمَا كَانَ أَكْثَرُهُمْ مُؤْمِنِينَ ﴿١٠٣﴾ وَإِنَّ رَبَّكَ لَهُوَ الْعَزِيزُ الرَّحِيمُ ﴿١٠٤﴾ كَذَبَتْ قَوْمٌ نُوحَ الْمُرْسَلِينَ ﴿١٠٥﴾ إِذْ قَالَ لَهُمْ أَخُوهُمْ نُوحٌ أَلَنْتَقُونَ ﴿١٠٦﴾ إِنِّي لَكُمْ رَسُولٌ أَمِينٌ ﴿١٠٧﴾ فَاتَّقُوا اللَّهَ وَأَطِيعُوا ﴿١٠٨﴾ وَمَا أَسْأَلُكُمْ عَلَيْهِ مِنْ أَجْرٍ إِنْ أَجْرِيَ إِلَّا عَلَى رَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿١٠٩﴾ فَاتَّقُوا اللَّهَ وَأَطِيعُوا ﴿١١٠﴾ قَالُوا أَنْتُمْ لَكُمْ وَاتَّبَعَكَ الْأَرْذَلُونَ ﴿١١١﴾



- 26.112 - Hoy izy: "Tsy mahafantatra izay nataon'izy ireo aho.
 26.113 - Ny fitsarana azy ireo, dia any amin'ny Tompoko, raha tsapanareo.
 26.114 - Tsy mba olona manosi-bohontànana ireo mpino aho.
 26.115 - Fa izaho dia Mpampitandrina mazava".
 26.116 - Dia hoy izy ireo: "Raha tsy mitsahatra ianao, ry Noa, dia ho isan'ireo voatora-bato tokoa".
 26.117 - Ka hoy izy: "Tampo ô! Ataon'ireo vahoakako ho mpandainga aho.
 26.118 - Koa sarao mazava tsara amin'izy ireo aho, ary vonjeo aho, sy ireo mpino miaraka amiko".
 26.119 - Ka dia novonjenay àry izy, sy izay niaraka taminy, tao anatin'ny sambofiara tena feno.
 26.120 - Avy eo, dia narendrikay ireo sisa (ireo tsy mpino).
 26.121 - Misy famantarana tokoa izany, nefa tsy mino ny ankamaroan'izy ireo.
 26.122 - Ary ny Tomponao, Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.
 26.123 - Nataon'ireo Aad ho mpandainga ireo Iraka.
 26.124 - Ary raha niteny tamin'izy ireo i Houd, rahalahin'izy ireo nanao hoe: "Moa tsy matahotra (an'Andriamanitra) va ianareo?".
 26.125 - Fa izaho dia Iraka mendri-pitokiana ho anareo,
 26.126 - Koa matahora an'Andriamanitra àry ianareo, ary mankatoava ahy.
 26.127 - Ary tsy mangataka tambiny aminareo amin'izany aho, fa ny Tompon'izao tontolo izao no manome tambiny ahy.
 26.128 - Manorina tsangam-bato, eny ambony havoana tsirairay amin'ny tsisy antony va ianareo?
 26.129 - Ary manangana lapa lehibe ianareo, toy ny hipetraka mandrakizay?
 26.130 - Ary raha manasazy olona ianareo, dia ataonareo tsy misy fiantrana izany.
 26.131 - Koa matahora an'Andriamanitra àry ianareo, ary mankatoava ahy.
 26.132 - Ary matahora ianareo, Ilay Nanome anareo (ireo zavatra tsara rehetra) izay fantatreo,
 26.133 - izay nanome anareo ireo biby fiompy, sy ireo taranaka,
 26.134 - ireo zaridaina sy loharano.
 26.135 - Atahorako aminareo ny sazy, amin'ilay andro mahatsiravina".
 26.136 - Dia hoy izy ireo: "Na mananatra anay ianao, na tsia, dia mitovy ihany izany aminay.

قَالَ وَمَا عَلِمِي بِمَا كَانُوا يَعْمَلُونَ ﴿١١٢﴾ إِنَّ حِسَابَهُمْ إِلَّا عَلَى رَبِّي لَوَ تَشْعُرُونَ ﴿١١٣﴾ وَمَا أَنَا بِطَارِدِ الْمُؤْمِنِينَ ﴿١١٤﴾ إِن أَنَا إِلَّا نَذِيرٌ مُّبِينٌ ﴿١١٥﴾ قَالُوا لَئِنْ لَمْ تَنْتَهِ يَنُوحُ لَتَكُونَنَّ مِنَ الْمَرْجُومِينَ ﴿١١٦﴾ قَالَ رَبِّ إِنِّي قَوْمِي كَذَّبُونِ ﴿١١٧﴾ فَافْتَحْ بَيْنِي وَبَيْنَهُمْ فَتْحًا وَنَجِّنِي وَمَنْ مَعِيَ مِنَ الْمُؤْمِنِينَ ﴿١١٨﴾ فَانْجِئْنَاهُ وَمَنْ مَعَهُ فِي الْفُلْكِ الْمَشْحُونِ ﴿١١٩﴾ ثُمَّ أَغْرَقْنَا بَعْدُ الْبَاقِينَ ﴿١٢٠﴾ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَةً وَمَا كَانَ أَكْثَرُهُمْ مُؤْمِنِينَ ﴿١٢١﴾ وَإِنَّ رَبَّكَ لَهُوَ الْعَزِيزُ الرَّحِيمُ ﴿١٢٢﴾ كَذَّبَتْ عَادُ الْمُرْسَلِينَ ﴿١٢٣﴾ إِذْ قَالَ لَهُمْ أَخُوهُمْ هُودٌ أَلَا تَتَّقُونَ ﴿١٢٤﴾ إِنِّي لَكُمْ رَسُولٌ أَمِينٌ ﴿١٢٥﴾ فَاتَّقُوا اللَّهَ وَأَطِيعُوا ﴿١٢٦﴾ وَمَا أَسْأَلُكُمْ عَلَيْهِ مِنْ أَجْرٍ إِنْ أَجْرِيَ إِلَّا عَلَى رَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿١٢٧﴾ أَتَبْنُونَ بِكُلِّ رِيعٍ ءَايَةً تَعْبَثُونَ ﴿١٢٨﴾ وَتَتَّخِذُونَ مَصَانِعَ لَعَلَّكُمْ تَخْلُدُونَ ﴿١٢٩﴾ وَإِذَا بَطِشْتُمْ بَطِشْتُمْ جَبَّارِينَ ﴿١٣٠﴾ فَاتَّقُوا اللَّهَ وَأَطِيعُوا ﴿١٣١﴾ وَاتَّقُوا الَّذِي أَمَدَّكُمْ بِمَا تَعْلَمُونَ ﴿١٣٢﴾ أَمَدَّكُمْ بِأَنْعَامٍ وَبَنِينَ ﴿١٣٣﴾ وَجَنَّاتٍ وَعُيُونٍ ﴿١٣٤﴾ إِنِّي أَخَافُ عَلَيْكُمْ عَذَابَ يَوْمٍ عَظِيمٍ ﴿١٣٥﴾ قَالُوا سَوَاءٌ عَلَيْنَا أَوَعَضْتَ أَمْ لَمْ تَكُنْ مِنَ الْوَاعِظِينَ ﴿١٣٦﴾

- 26.137 - Fomban'ireo olona taloha izany,
 26.138 - fa tsy ho voasazy velively izahay".
 26.139 - Nataon'izy ireo ho mpandainga ary izy, ka naringanay izy ireo. Izany tokoa no famantarana! Nefa tsy mino ny ankamaroan'izy ireo.
 26.140 - Ary ny Tomponao, Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.
 26.141 - Nataon'ireo Tamod ho mpandainga ireo Iraka.
 26.142 - Rehefa niteny tamin'izy ireo, ny rahalahiny Soaleh nanao hoe: "Tsy matahotra (an'Andriamanitra) va ianareo?".
 26.143 - Iraka ho anareo mendri-pitokiana aho.
 26.144 - Koa Matahora an'Andriamanitra ianareo, ary mankatoava ahy.
 26.145 - Ary tsy mangataka tambiny aminareo amin'izany aho, fa ny Tompon'izao tontolo izao no manome tambiny ahy.
 26.146 - Ho avela ao anatin'ny filaminana va ianareo, amin'izao misy anareo izao?
 26.147 - Eo afovoan'ireo zaridaina, sy ireo loharano,
 26.148 - ireo voly sy ireo hazo palma, izay misy voankazo mora levonina?
 26.149 - Mandavaka trano amim-pahakingana anaty tendrombohitra va ianareo?
 26.150 - Koa matahora an'Andriamanitra ianareo, ary mankatoava ahy.
 26.151 - Fa aza mankato ny baikon'ireo mpihoa-pefy ianareo,
 26.152 - izay manimba ety ambonin'ny tany, fa tsy manatsara na inona na inona".
 26.153 - Hoy izy ireo: "Olona voan'ny famosaviana ianao.
 26.154 - Olombelona tahaka anay ihany ianao, ka mitondra ary fahagagana, raha isan'ireo mpilaza ny marina ianao".
 26.155 - Hoy izy: "Indro ramevavavy anankiray, hisotro izy amin'ny andro voatondro, ary hisotro ianareo amin'ny andro iray.
 26.156 - fa aza manao ratsy aminy ianareo, raha tsy izany, dia ho tonga aminareo ny sazy amin'ilay andro mahatsiravina".
 26.157 - Nefa dia novonoin'izy ireo izy. Noho izany dia nanenina izy ireo.
 26.158 - Koa dia tonga tamin'izy ireo ny sazy. Izany tokoa no fahagagana, nefa tsy mino ny ankamaroan'izy ireo.
 26.159 - Ary ny Tomponao, Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.

إِنْ هَذَا إِلَّا خُلُقُ الْأَوَّلِينَ ﴿١٣٧﴾ وَمَنْحَنٌ بِمُعَذِّبِينَ ﴿١٣٨﴾ فَكَذَّبُوهُ
 فَأَهْلَكْنَاهُمْ إِنْ فِي ذَلِكَ لَآيَةٌ وَمَا كَانَ أَكْثَرُهُمْ مُؤْمِنِينَ ﴿١٣٩﴾ وَإِنْ
 رَبُّكَ لَهُوَ الْعَزِيزُ الرَّحِيمُ ﴿١٤٠﴾ كَذَبَتْ ثُمُودُ الْمُرْسَلِينَ ﴿١٤١﴾ إِذْ قَالَ
 لَهُمْ أَخُوهُمْ صَالِحٌ أَالَتُنْقُونَ ﴿١٤٢﴾ إِنِّي لَكُمْ رَسُولٌ أَمِينٌ ﴿١٤٣﴾
 فَاتَّقُوا اللَّهَ وَأَطِيعُوا أَمْرًا ﴿١٤٤﴾ وَمَا أَسْأَلُكُمْ عَلَيْهِ مِنْ أَجْرٍ إِنْ أَجْرِيَ
 إِلَّا عَلَى رَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿١٤٥﴾ أَتَتَّكُونَ فِي مَا هُنَاءَ آمِنِينَ ﴿١٤٦﴾
 فِي جَنَّاتٍ وَعُيُونٍ ﴿١٤٧﴾ وَزُرُوعٍ وَنَخْلٍ طَلْعُهَا هَضِيمٌ ﴿١٤٨﴾
 وَتَنَحُّتُونَ مِنْ الْجِبَالِ يَوتَا فَرِهِينَ ﴿١٤٩﴾ فَاتَّقُوا اللَّهَ وَأَطِيعُوا
 أَمْرًا ﴿١٥٠﴾ وَلَا تَطِيعُوا أَمْرَ الْمُسْرِفِينَ ﴿١٥١﴾ الَّذِينَ يَفْسِدُونَ فِي الْأَرْضِ
 وَلَا يَصْلَحُونَ ﴿١٥٢﴾ قَالُوا إِنَّمَا أَنْتَ مِنَ الْمُسَحَّرِينَ ﴿١٥٣﴾ مَا أَنْتَ
 إِلَّا بَشَرٌ مِثْلُنَا فَأْتِ بَآيَةٍ إِنْ كُنْتَ مِنَ الصَّادِقِينَ ﴿١٥٤﴾ قَالَ
 هَذِهِ نَاقَةٌ لَهَا شِرْبٌ وَلَكُمْ شِرْبُ يَوْمٍ مَعْلُومٍ ﴿١٥٥﴾ وَلَا تَمَسُّوهَا
 بِسُوءٍ فَيَأْخُذَكُمْ عَذَابٌ يَوْمٍ عَظِيمٍ ﴿١٥٦﴾ فَعَقَرُوهَا فَأَصْبَحُوا
 نَادِمِينَ ﴿١٥٧﴾ فَأَخَذَهُمُ الْعَذَابُ إِنْ فِي ذَلِكَ لَآيَةٌ وَمَا كَانَ
 أَكْثَرُهُمْ مُؤْمِنِينَ ﴿١٥٨﴾ وَإِنْ رَبُّكَ لَهُوَ الْعَزِيزُ الرَّحِيمُ ﴿١٥٩﴾

- 26.160 - Nataon'ny vahoakan'i Lota ho mpandainga ireo Iraka.
 26.161 - Rehefa niteny tamin'izy ireo, ny rahalahiny Lota nanao hoe: "Tsy matahotra (an'Andriamanitra) va ianareo?".
 26.162 - Iraka ho anareo mendri-pitokiana aho.
 26.163 - Koa matahora an'Andriamanitra àry ianareo, ary mankatoava ahy.
 26.164 - Ary tsy mangataka tambiny aminareo amin'izany aho, fa ny Tompon'izao tontolo izao no manome tambiny ahy.
 26.165 - Moa manao firaisana ara-nofo, miaraka amin'ireo (samy) lehilahy amin'izao tontolo izao va ianareo?
 26.166 - Ary moa avelanareo va ny vadinareo, izay noharin'ny Tomponareo ho anareo? Fa olona mpandika lalàna ianareo".
 26.167 - Dia hoy izy ireo namaly: "Raha tsy mitsahatra ianao ry Lota, dia ho isan'ireo voaroaka tokoa".
 26.168 - Hoy izy: "Tena mankahala ny zavatra ataonareo aho.
 26.169 - Tompo ô! Vonjeo aho, sy ny fianakaviako, amin'izay ataon'izy ireo".
 26.170 - Koa dia navotanay izy, sy ny fianakaviany rehetra,
 26.171 - afa-tsy ilay anti-bavy anankiray, izay isan'ireo naringana.
 26.172 - Avy eo, dia naringanay ny sasany hafa,
 26.173 - ka narotsakay tamin'izy ireo ny orana. Ary orana ratsy ho an'ireo nampitandremana izany!
 26.174 - Misy fahagagana tokoa izany, nefa tsy mino ny ankamaroan'izy ireo.
 26.175 - Ary ny Tomponao, Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.
 26.176 - Nataon'ireo olon'i Al-Aykah ho mpandainga ireo Iraka.
 26.177 - Rehefa niteny tamin'izy ireo i Shoaiba nanao hoe: "Tsy matahotra (an'Andriamanitra) va ianareo?".
 26.178 - Iraka ho anareo mendri-pitokiana aho.
 26.179 - Koa matahora an'Andriamanitra ianareo, ary mankatoava ahy.
 26.180 - Ary tsy mangataka tambiny aminareo amin'izany aho, fa ny Tompon'izao tontolo izao no manome tambiny ahy.
 26.181 - Manomeza fatra feno ianareo, fa aza manao ho isan'ireo mpanena fatra,
 26.182 - ary mandanjà, amin'ny mizàna marina,
 26.183 - fa aza omena ny olona ny latsak'izay saha azy ireo, ary aza manely fanimbana ety an-tany.

كَذَبَتْ قَوْمٌ لُوطَ الْمُرْسَلِينَ ﴿١٦٠﴾ إِذْ قَالَ لَهُمْ أَخُوهُمْ لُوطُ أَلَا تَتَّقُونَ
 ﴿١٦١﴾ إِنِّي لَكُمْ رَسُولٌ أَمِينٌ ﴿١٦٢﴾ فَاتَّقُوا اللَّهَ وَأَطِيعُوا أَمْرِي ﴿١٦٣﴾ وَمَا
 أَسْأَلُكُمْ عَلَيْهِ مِنْ أَجْرٍ إِنْ أَجْرِيَ إِلَّا عَلَى رَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿١٦٤﴾
 أَتَأْتُونَ الذِّكْرَانَ مِنَ الْعَالَمِينَ ﴿١٦٥﴾ وَتَذَرُونَ مَا خَلَقَ لَكُمْ رَبُّكُمْ
 مِنْ أَزْوَاجِكُمْ بَلْ أَنْتُمْ قَوْمٌ عَادُونَ ﴿١٦٦﴾ قَالُوا لَيْنَ لَمْ تَنْتَهِ يَلُوطُ
 لَتَكُونَنَّ مِنَ الْمُخْرَجِينَ ﴿١٦٧﴾ قَالَ إِنِّي لِعَمَلِكُمْ مِنَ الْقَالِينَ ﴿١٦٨﴾
 رَبِّ نَجِّنِي وَأَهْلِي مِمَّا يَعْمَلُونَ ﴿١٦٩﴾ فَجَنَيْنَاهُ وَأَهْلَهُ أَجْمَعِينَ ﴿١٧٠﴾
 إِلَّا عَجُوزًا فِي الْغَابِرِينَ ﴿١٧١﴾ ثُمَّ دَمَرْنَا الْأَخْرِينَ ﴿١٧٢﴾ وَأَمْطَرْنَا عَلَيْهِمْ
 مَطَرًا فَسَاءً مَطَرُ الْمُنْذَرِينَ ﴿١٧٣﴾ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَةً وَمَا كَانَ أَكْثَرُهُمْ
 مُؤْمِنِينَ ﴿١٧٤﴾ وَإِنَّ رَبَّكَ هُوَ الْعَزِيزُ الرَّحِيمُ ﴿١٧٥﴾ كَذَبَ أَصْحَابُ
 لَيْكَةِ الْمُرْسَلِينَ ﴿١٧٦﴾ إِذْ قَالَ لَهُمْ شُعَيْبٌ أَلَا تَتَّقُونَ ﴿١٧٧﴾ إِنِّي لَكُمْ
 رَسُولٌ أَمِينٌ ﴿١٧٨﴾ فَاتَّقُوا اللَّهَ وَأَطِيعُوا أَمْرِي ﴿١٧٩﴾ وَمَا أَسْأَلُكُمْ عَلَيْهِ
 مِنْ أَجْرٍ إِنْ أَجْرِيَ إِلَّا عَلَى رَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿١٨٠﴾ أَوْفُوا الْكَيْلَ وَلَا
 تَكُونُوا مِنَ الْمُخْسِرِينَ ﴿١٨١﴾ وَزِنُوا بِالْقِسْطِ أَسْوَاسَ الْمُسْتَقِيمِ ﴿١٨٢﴾
 وَلَا تَبْخَسُوا النَّاسَ أَشْيَاءَهُمْ وَلَا تَعْنُوا فِي الْأَرْضِ مُفْسِدِينَ ﴿١٨٣﴾

- 26.184 - Ary matahora llay Nahary anareo, sy ireo taranaka fahiny".
 26.185 - Dia hoy izy ireo namaly: "Isan'ireo voan'ny famosaviana tokoa ianao,
 26.186 - olombelona tahaka anay ihany ianao, ary mino tokoa izahay, fa isan'ireo mpandainga ianao.
 26.187 - Alatsaho aminay àry ny ampahany amin'ny lanitra, raha isan'ireo mpilaza ny marina ianao".
 26.188 - Ka hoy izy: "Mahalala tsara izay ataonareo ny Tompoko".
 26.189 - Nefa nataon'izy ireo ho mpandainga izy, ka tamin'izay, dia azon'ny sazin'ny andron'ny aloka izy ireo. Izany no sazin'ny andro mahatsiravina.
 26.190 - Misy fahagagana tokoa izany, nefa tsy mino ny ankamaroan'izy ireo.
 26.191 - Ary ny Tomponao, Izy no llay Tsitoha, llay be Indrafo.
 26.192 - Ka ity (Kor'any), dia llay Tompon'izao tontolo izao no nampidina azy,
 26.193 - ary nidina niaraka tamin'izany, llay Fanahy mendri-pitokiana,
 26.194 - tao am-ponao, mba ho isan'ireo mpampitandrina ianao,
 26.195 - amin'ny teny arabo mazava tsara.
 26.196 - Ary izy ity, dia efa voalaza tao amin'ny rakitsoratr'ireo fahiny (Iraka).
 26.197 - Moa tsy famantarana ho azy ireo va, fa ireo manampahaizana amin'ny zanak'Israely dia mahalala izany?
 26.198 - Raha nampidinay tamin'ny olona tsy arabo izany,
 26.199 - ka novakiany tamin'izy ireo (izany), dia tsy hino izany izy ireo.
 26.200 - Toy izany no hampidirinay azy (ny tsy finoana) ao am-pon'ireo meloka,
 26.201 - fa tsy hino izany (ny Kor'any) izy ireo, mandra-pahitany ny sazy mamin'izany,
 26.202 - izay ho tonga tampoka amin'izy ireo, ary tsy ho tsapany akory,
 26.203 - dia hiteny izy ireo hoe: "Moa homena fe-potoana va izahay?"
 26.204 - Moa mitady ny hanafaingana ny sazinay va izy ireo?
 26.205 - Hitanao va, fa raha mamela azy ireo hifaly mandritra ny taona maro izahay,
 26.206 - ka ho tonga amin'izy ireo avy eo, izay nandrahonana azy,

وَاتَّقُوا الَّذِي خَلَقَكُمْ وَالْجِيلَ الْأَوَّلِينَ ﴿١٨٤﴾ قَالُوا إِنَّمَا أَنْتَ مِنَ الْمُسَحَّرِينَ ﴿١٨٥﴾ وَمَا أَنْتَ إِلَّا بَشَرٌ مِثْلُنَا وَإِنْ نَظُنُّكَ لَمِنَ الْكَاذِبِينَ ﴿١٨٦﴾ فَاسْقِطْ عَلَيْنَا كِسْفًا مِّنَ السَّمَاءِ إِنْ كُنْتَ مِنَ الصَّادِقِينَ ﴿١٨٧﴾ قَالَ رَبِّي أَعْلَمُ بِمَا تَعْمَلُونَ ﴿١٨٨﴾ فَكَذَّبُوهُ فَأَخَذَهُمْ عَذَابٌ يَوْمِ الظُّلَّةِ إِنَّهُ كَانَ عَذَابٌ يَوْمٍ عَظِيمٍ ﴿١٨٩﴾ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَةً وَمَا كَانَ أَكْثَرُهُمْ مُّؤْمِنِينَ ﴿١٩٠﴾ وَإِنَّ رَبَّكَ لَهُوَ الْعَزِيزُ الرَّحِيمُ ﴿١٩١﴾ وَإِنَّهُ لَنَنْزِيلُ رَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿١٩٢﴾ نَزَلَ بِهِ الرُّوحُ الْأَمِينُ ﴿١٩٣﴾ عَلَى قَلْبِكَ لِتَكُونَ مِنَ الْمُنذِرِينَ ﴿١٩٤﴾ بِلِسَانٍ عَرَبِيٍّ مُّبِينٍ ﴿١٩٥﴾ وَإِنَّهُ لَفِي زُبُرِ الْأَوَّلِينَ ﴿١٩٦﴾ أَوَلَمْ يَكُنْ لَهُمْ آيَةٌ أَنْ يَعْلَمَهُ عُلَمَؤُا بَنِي إِسْرَءِيلَ ﴿١٩٧﴾ وَلَوْ نَزَّلْنَاهُ عَلَى بَعْضِ الْأَعْجَمِينَ ﴿١٩٨﴾ فَقَرَأَهُ عَلَيْهِمْ مَا كَانُوا بِهِ مُّؤْمِنِينَ ﴿١٩٩﴾ كَذَلِكَ سَلَكْنَاهُ فِي قُلُوبِ الْمُجْرِمِينَ ﴿٢٠٠﴾ لَا يُؤْمِنُونَ بِهِ حَتَّى يَرَوُا الْعَذَابَ الْأَلِيمَ ﴿٢٠١﴾ فَيَأْتِيَهُمْ بَغْتَةً وَهُمْ لَا يَشْعُرُونَ ﴿٢٠٢﴾ فَيَقُولُوا هَلْ نَحْنُ مُنْظَرُونَ ﴿٢٠٣﴾ أَفَعِدَّائِنَا يَسْتَعْجِلُونَ ﴿٢٠٤﴾ أَفَرَأَيْتَ إِنْ مَتَّعْنَاهُمْ سِنِينَ ﴿٢٠٥﴾ ثُمَّ جَاءَهُمْ مَا كَانُوا يُوعَدُونَ ﴿٢٠٦﴾

- 26.207 - dia tsy hisy ilàn'izy ireo, ny hafaliana izay nomena azy.
 26.208 - Ary tsy mandringana tanàna Izahay, mialohan'ny hananany ireo mpampitandrina,
 26.209 - ho fampahatsiarovana, fa Izahay dia tsy mpanao ny tsy rariny.
 26.210 - Ary tsy ireo devoly velively no nidina niaraka tamin'ity (Kor'any),
 26.211- fa tsy mendrika azy ireo izany, ary tsy afa-manao izany izy ireo.
 26.212 - Satria nohalavirina azy ireo ny fihainoana (ny hafatra avy amin'Andriamanitra).
 26.213 - Koa aza miantso andrimanitra hafa, miaraka amin'Andriamanitra ianao, raha tsy izany dia ho isan'ireo hosaziana.
 26.214 - Ary ampitandremo ireo havanao akaiky.
 26.215 - Ary aoka ianao hanetry tena, sy halemy fanahy, amin'ireo mpino izay manaraka anao.
 26.216 - Nefa, raha tsy mankato anao izy ireo, dia lazao hoe: "Miala tanteraka amin'izay ataonareo aho".
 26.217 - Ary apetraho amin'Ilay Tsihoa, Ilay be Indrafo ny fitokiana,
 26.218 - izay mahita anao, rehefa eo am-pitsanganana ianao,
 26.219 - sy (mahita) ny fihetsikao, rehefa isan'ireo miankohoka ianao.
 26.220 - Hamafisina, fa Izy no Ilay Mandre, Ilay Mahalala ny zavatra rehetra.
 26.221 - Holazaiko anareo va, amin'iza no idinan'ireo devoly?
 26.222 - Midina amin'ireo mpanendrikendrika rehetra, sy mpanota izy ireo.
 26.223 - Manongilan-tsofina izy ireo (hampiely izany amin'ny hafa), nefa mpandainga ny ankamaroany.
 26.224 - Fa ireo mpanao tononkalo kosa, dia ireo diso làlana no manaraka azy ireo.
 26.225 - Tsy hitanao va, fa mirenireny isaka ny lohasaha izy ireo,
 26.226 - ary milaza izay tsy ataony izy ireo?
 26.227 - afa-tsy ireo izay mino sy manao asa soa, ary miantso matetika ny anaran'Andriamanitra, sy miaro tena amin'ny tsy rariny atao azy ireo. Tsy ho ela dia ho fantatr'ireo mpanao ny tsy rariny ny fivadihana hahazo azy ireo!

TOKO - 27
 AN-NAML
 (IREO VITSIKA)

Andininy 93: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

مَا أَغْنَى عَنْهُمْ مَا كَانُوا يُمَتَّعُونَ ﴿٢٠٧﴾ وَمَا أَهْلَكْنَا مِنْ قَرْيَةٍ إِلَّا لَهَا مُنْذِرُونَ ﴿٢٠٨﴾ ذَكَرْنَاهُمْ وَمَا كُنَّا ظَالِمِينَ ﴿٢٠٩﴾ وَمَا نَزَّلَتْ بِهِ الشَّيَاطِينُ ﴿٢١٠﴾ وَمَا يَنْبَغِي لَهُمْ وَمَا يَسْتَطِيعُونَ ﴿٢١١﴾ إِنَّهُمْ عَنْ السَّمْعِ لَمَعَزُولُونَ ﴿٢١٢﴾ فَلَا تَدْعُ مَعَ اللَّهِ إِلَهًا آخَرَ فَتَكُونَ مِنَ الْمُعَذِّبِينَ ﴿٢١٣﴾ وَأَنْذِرْ عَشِيرَتَكَ الْأَقْرَبِينَ ﴿٢١٤﴾ وَخَفِضْ جَنَاحَكَ لِمَنِ اتَّبَعَكَ مِنَ الْمُؤْمِنِينَ ﴿٢١٥﴾ فَإِنْ عَصَوْكَ فَقُلْ إِنِّي بَرِيءٌ مِمَّا تَعْمَلُونَ ﴿٢١٦﴾ وَتَوَكَّلْ عَلَى الْعَزِيزِ الرَّحِيمِ ﴿٢١٧﴾ يَرْبِكَ حِينَ تَقُومُ ﴿٢١٨﴾ وَتَقْلُبَكَ فِي السَّجْدِينَ ﴿٢١٩﴾ إِنَّهُ هُوَ السَّمِيعُ الْعَلِيمُ ﴿٢٢٠﴾ هَلْ أَتَيْتُكُمْ عَلَى مَنْ نَزَّلَ الشَّيَاطِينُ ﴿٢٢١﴾ تَنْزِيلٌ عَلَى كُلِّ آفَاكٍ أَثِيمٍ ﴿٢٢٢﴾ يُلْقُونَ السَّمْعَ وَأَكْثُهُمْ كَذِبُونَ ﴿٢٢٣﴾ وَالشُّعْرَاءُ يَتَّبِعُهُمُ الْغَاوُونَ ﴿٢٢٤﴾ أَلَمْ تَرَ أَنَّهُمْ فِي كُلِّ وَادٍ يَهِيمُونَ ﴿٢٢٥﴾ وَأَنَّهُمْ يَقُولُونَ مَا لَا يَفْعَلُونَ ﴿٢٢٦﴾ إِلَّا الَّذِينَ ءَامَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ وَذَكَرُوا اللَّهَ كَثِيرًا وَانْصَرُوا مِنْ بَعْدِ مَا ظَلَمُوا أَوْ سِعِلُوا الَّذِينَ ظَلَمُوا أَى مُنْقَلَبٍ يَنْقَلِبُونَ ﴿٢٢٧﴾

سُورَةُ النَّازِعَاتِ

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

27.1 - Tà, Sin. Indro ireo andinin'ny Kor'any, sy ny Bokim-pahazavana,

27.2 - tari-dàlana, sy fanambarana tsara ho an'ireo mpino,

27.3 - izay manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat), sy manome ny harena fiantrana (zakat), ary mino tanteraka ny any an-koatra.

27.4 - Fa ireo izay tsy mino ny any an-koatra kosa, dia hatsarainay (eo imason'izy ireo) ny asany, ka sahiran-tsaina sy misalasala izy ireo.

27.5 - Izy ireo no hahazo ny sazy ratsy indrindra, ary izy ireo ihany koa no ho maty antoka indrindra any an-koatra.

27.6 - Mandray ny Kor'any avy amin'Ilay be Fahendrena tokoa ianao, Ilay Mahalala ny zavatra rehetra.

27.7 - (Tsarovy) raha niteny tamin'ny fianakaviany i Mosesy hoe: "Nahatazana afo aho, hitondrako vaovao amin'izany ianareo, na koa hitondrako tapa-porohana mirehitra mba hangalanareo hafanana".

27.8 - Nony tonga teny izy, dia nantsoina: "Masina anie, ilay ao anatin'ny afo, sy izay manodidina azy, ary voninahitra ho an'Andriamanitra, Tompon'izao tontolo izao".

27.9 - "Ry Mosesy! Izaho no Andriamanitra, Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena,

27.10 - ary atsipazo ny tehinao". Raha nahita azy mihetsika toy ny bibilava izy, dia nitodi-damosina tsy hiverina intsony. "Ry Mosesy! Aza matahotra ianao, fa tsy matahotra velively ireo Iraka eto anatrehako,

27.11 - afa-tsy izay nanao ny tsy rariny, sy nanakalo ny tsara amin'ny ratsy. Fa Mpanela heloka sy be Indrafo Aho".

27.12 - "Ary ampidiro ao anatin'ny paosinao (ambony) ny tànanao. Hivoaka fotsy izany tsy misy zavatra ratsy, anankiray amin'ireo fahagagana sivy, ho an'i Faraona sy ny vahoakany izany, fa olona ratsy fanahy tokoa izy ireo".

27.13 - Ary nony tonga tamin'izy ireo ny fahagagana nataonay, izay mazava, dia hoy izy ireo: "Majika miharihary tokoa ity".

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

طَسَّ تِلْكَ ءَايَاتُ الْقُرْآنِ وَكِتَابٍ مُبِينٍ ۝١ هُدًى وَبُشْرَى

لِلْمُؤْمِنِينَ ۝٢ الَّذِينَ يَقِيمُونَ الصَّلَاةَ وَيُؤْتُونَ الزَّكَاةَ وَهُمْ

بِالْآخِرَةِ هُمْ يُوقِنُونَ ۝٣ إِنَّ الَّذِينَ لَا يُؤْمِنُونَ بِالْآخِرَةِ زَيَّنَّا لَهُمْ

أَعْمَالَهُمْ فَهُمْ يَعْمَهُونَ ۝٤ أُولَٰئِكَ الَّذِينَ لَهُمْ سُوءُ الْعَذَابِ

وَهُمْ فِي الْآخِرَةِ هُمْ الْآخِسُونَ ۝٥ وَإِنَّكَ لَلْقَى الْقُرْآنِ مِنَ

لَدُنْ حَكِيمٍ عَلِيمٍ ۝٦ إِذْ قَالَ مُوسَىٰ لِأَهْلِهِ إِنِّي آنَسْتُ نَارًا سَاءَ تِكْرُمِ

مِنْهَا يُخْبِرُ أَوْءَاتِيكُمْ بِشَهَابٍ مِّنْ سَمَاءٍ قَبَسٍ لَّعَلَّكُمْ تَصْطَلُونَ ۝٧ فَلَمَّا

جَاءَ هَانُودِيُّ أَن بُورِكَ مَن فِي النَّارِ وَمَنْ حَوْلَهَا وَسَبَّحَنَ اللَّهُ رَبَّ

الْعَالَمِينَ ۝٨ يَمْوَسَّىٰ إِنَّهُ أَنَا اللَّهُ الْعَزِيزُ الْحَكِيمُ ۝٩ وَأَلْقِ عَصَاكَ

فَلَمَّارَءَاهَا تَهْتَزُّ كَأَنَّهَا جَانٌّ وَلَّى مُدْبِرًا وَلَمْ يُعَقِّبْ يَمْوَسَّىٰ لَا تَخَفْ

إِنِّي لَا يَخَافُ لَدَى الْمَرْسُلُونَ ۝١٠ إِلَّا مَن ظَلَمَ ثُمَّ بَدَّلَ حُسْنًا بَعْدَ

سُوءٍ فَإِنِّي عَفُورٌ رَّحِيمٌ ۝١١ وَأَدْخِلْ يَدَكَ فِي جَيْبِكَ تَخْرُجْ يَيْضَاءَ

مِنْ غَيْرِ سُوِّ فِي تِسْعٍ ءَايَاتٍ إِلَىٰ فِرْعَوْنَ وَقَوْمِهِ ۚ إِنَّهُمْ كَانُوا قَوْمًا فَاسِقِينَ

۝١٢ فَلَمَّا جَاءَتْهُمْ ءَايَاتُنَا مُبْصِرَةً قَالُوا هَذَا سِحْرٌ مُّبِينٌ ۝١٣

27.14 - Nola vin'izy ireo tsy amim-pahamarinana sy amim-piavonavonana izany, nefa tao anatin'izy ireo dia nino izany. Jereo ary ny fomba fiasaran'ireo mpanao ratsy.

27.15 - Nomenay fahaizana tokoa i Davida sy i Salômôna, ary niteny izy ireo hoe: "Dera ho an'Andriamanitra, izay nitsimbina anay manokana amin'ireo mpino mpanompony".

27.16 - Ary nandova an'i Davida i Salômôna, ary nilaza hoe: "Ry olona! Nampianarina anay ny fitenin'ireo voromanidina, ary nomena anjara amin'ny zavatra rehetra izahay. Izany tokoa no fahasoavana miharihary".

27.17 - Ary nangonina ho an'i Salômôna ireo miaramilany amin'ireo djiny, sy ireo olombelona, ary ireo voromanidina, ka nampilaharina izy ireo.

27.18 - Nony tonga tao amin'ny lohasahan'ireo vitsika izy ireo, dia hoy ity vitsika anankiray: "Ry vitsika! Midira amin'ny fonenanareo ianareo, sao hitsahin'i Salômôna sy ny miaramilany, izay tsy ho tsapan'izy ireo akory".

27.19 - Nitsiky izy, faly tamin'izany teniny izany, ary nilaza hoe: "Avelao aho ry Tompo, mba hisaotra ny fahasoavana izay nomenao ahy, sy ireo Ray aman-dReniko, ary hanao asa soa izay ankasitrahanao, ka ampidiro ho isan'ireo mpanomponao mendrika aho, amin'ny famindram-ponao".

27.20 - Avy eo izy dia nijery ireo voromanidina, ary niteny hoe: "Nahoana no tsy hitako ny vorona misy sanga? anisan'ireo tsy tonga va izy?"

27.21 - Hosaziako mafy izy, na holentaiko, na izy hitondra amiko porofo mazava".

27.22 - Nefa tsy niandry ela izy, (dia indro fa tonga ilay vorona), ary niteny hoe: "Fantatro izay mbola tsy fantatrao, ka entiko ho anao avy any Saba(*) ny vaovao marina".

وَجَحَدُوا بِهَا وَاسْتَيْقَنَتْهَا أَنْفُسُهُمْ ظُلْمًا وَعُلُوًّا فَانْظُرْ كَيْفَ
كَانَ عَقِبَةُ الْمُفْسِدِينَ ﴿١٤﴾ وَلَقَدْ آتَيْنَا دَاوُدَ وَسُلَيْمَانَ عِلْمًا
وَقَالَ آلُ الْحَمْدِ لِلَّهِ الَّذِي فَضَّلْنَا عَلَى كَثِيرٍ مِّنْ عِبَادِهِ الْمُؤْمِنِينَ ﴿١٥﴾
وَوَرِثَ سُلَيْمَانُ دَاوُدَ وَقَالَ يَبْتَائِهَا النَّاسُ عَلِمْنَا مِنْهُ أَنَّهَا الطَّيْرُ
وَأَوْتَيْنَا مِنْ كُلِّ شَيْءٍ إِنَّ هَذَا لَهُوَ الْفَضْلُ الْمُبِينُ ﴿١٦﴾ وَحُشِرَ
لِسُلَيْمَانَ جُنُودُهُ مِنَ الْجِنِّ وَالْإِنسِ وَالطَّيْرِ فَهُمْ يُوزَعُونَ ﴿١٧﴾
حَتَّىٰ إِذَا أَتَوْا عَلَىٰ وَادِ النَّمْلِ قَالَتْ نَمْلَةٌ يَبْتَائِهَا النَّمْلُ أَدْخِلُوا
مَسْكَنَكُمْ لَا يَحْطِمَنَّكُمْ سُلَيْمَانُ وَجُنُودُهُ وَهُمْ لَا يَشْعُرُونَ ﴿١٨﴾
فَنَبَسَ بِسَاحِكٍ مِّنْ قَوْلِهَا وَقَالَ رَبِّ أَوْزِعْنِي أَنْ أَشْكُرَ
نِعْمَتَكَ الَّتِي أَنْعَمْتَ عَلَيَّ وَعَلَىٰ وَلَدِي وَأَنْ أَعْمَلَ صَالِحًا
تَرْضَاهُ وَأَدْخِلْنِي بِرَحْمَتِكَ فِي عِبَادِكَ الصَّالِحِينَ ﴿١٩﴾
وَتَفَقَّدَ الطَّيْرَ فَقَالَ مَا لِيَ لَا أَرَى الْهَدْيَ هَذَا أَمْ كَانَ مِنْ
الْغَائِبِينَ ﴿٢٠﴾ لَأُعَذِّبَنَّهُ عَذَابًا شَدِيدًا أَوْ لَأَذْبَحَنَّهُ
أَوْ لِيَأْتَنِي بِسُلْطَانٍ مُّبِينٍ ﴿٢١﴾ فَمَكَثَ غَيْرَ بَعِيدٍ فَقَالَ
أَحْطْتُ بِمَا لَمْ تَحْطُ بِهِ وَجِئْتُكَ مِنْ سَبَإٍ بِنَبَإٍ يَقِينٍ ﴿٢٢﴾

27.23 - Izaho dia nahita vehivavy izay tompon'ny fanjakana eo amin'izy ireo, nomena azy ny zavatra rehetra, ary manana seza fiandrianana lehibe izy.

27.24 - Hitako izy sy ny vahoakany, niankohoka teo anatrehan'ny masoandro, fa tsy amin'Andriamanitra. Nohatsarain'ny devoly ny asan'izy ireo, ka nanakana azy tsy ho amin'ny lalana mahitsy, ary tsy voatari-dàlana izy ireo.

27.25 - Nahoana no tsy miankohoka eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo, Ilay Mampiseho izay miafina any an-danitra sy eto an-tany, ary Mahalala izay afeninareo, sy asehonareo?

27.26 - Andriamanitra! Tsy misy andriamanitra hafa, afa-tsy izy, Ilay Tompon'ny Seza Fiandrianana lehibe indrindra.

27.27 - Dia hoy izy (Salômôna): "Hohitanay raha nilaza ny marina ianao, na mandainga".

27.28 - "Mandehana, ento ity taratasiko ity, ary atsipazo eo amin'izy ireo izany, avy eo, dia misintaha kely amin'izy ireo ianao, mba hijery izay ho valitenin'izy ireo".

27.29 - Hoy izy (ny mpanjakavavy): "Ry loholona! Nisy taratasy tsara anankiray nalefa aty amiko,

27.30 - avy any amin'i Salômôna izany, ary amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo,

27.31 - aza miavonavona amiko ianareo, fa avia aty amiko amim-pankatoavana".

27.32 - Hoy izy (mpanjakavavy): "Ry loholona! Toroy hevitra amin'ity raharaha ity aho, tsy hanapa-kevitra mihitsy aho, raha tsy eo ianareo (hanoro hevitra ahy)".

27.33 - Ka hoy izy ireo: "Manana hery sy tanjaka mafy izahay. Anao anefa ny fanapahana. Koa jereo izay tianao hanomezana baiko".

27.34 - Hoy izy (mpanjakavavy): "Hamafisina, fa raha miditra ny tanàna ireo mpanjaka dia manimba, ary alainy baraka ireo mponina manan-kaja ao. Dia toy izany no ataon'izy ireo.

27.35 - Handefa fanomezana amin'izy ireo aho, ka hohitako izay hoentiny ireo iraka hiverina aty".

إِنِّي وَجَدْتُ أَمْرًا تَمَلِكُهُمْ وَأُوتِيتُ مِنْ كُلِّ شَيْءٍ وَلَهَا عَرْشٌ عَظِيمٌ ﴿٢٣﴾ وَجَدْتُهَا وَقَوْمَهَا يَسْجُدُونَ لِلشَّمْسِ مِنْ دُونِ اللَّهِ وَزَيْنَ لَهُمُ الشَّيْطَانُ أَعْمَلُهُمْ فَصَدَّهُمْ عَنِ السَّبِيلِ فَهُمْ لَا يَهْتَدُونَ ﴿٢٤﴾ أَلَا يَسْجُدُونَ لِلَّهِ الَّذِي يُخْرِجُ الْخَبَاءَ فِي السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَيَعْلَمُ مَا تُخْفُونَ وَمَا تُعْلِنُونَ ﴿٢٥﴾ اللَّهُ لَا إِلَهَ إِلَّا هُوَ رَبُّ الْعَرْشِ الْعَظِيمِ ﴿٢٦﴾ قَالَ سَنُنْظُرُ أَصَدَقْتَ أَمْ كُنْتَ مِنَ الْكَاذِبِينَ ﴿٢٧﴾ أَذْهَبَ بِكِتَابِي هَذَا فَأَلْقَاهُ إِلَيْهِمْ ثُمَّ تَوَلَّى عَنْهُمْ فَانْظُرْ مَاذَا يَرْجِعُونَ ﴿٢٨﴾ قَالَتْ يَا أَيُّهَا الْمَلَأُوْا إِنِّي أَتَىٰ إِلَيَّ الْكِتَابُ كَرِيمٌ ﴿٢٩﴾ إِنَّهُ مِنْ سُلَيْمَانَ وَإِنَّهُ بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ ﴿٣٠﴾ أَلَّا تَعْلَمُوْا عَلَىٰ وَثُونِي مُسْلِمِينَ ﴿٣١﴾ قَالَتْ يَا أَيُّهَا الْمَلَأُوْا أَفْتُونِي فِي أَمْرِي مَا كُنْتُ قَاطِعَةً أَمْرًا حَتَّىٰ تَشْهَدُونِ ﴿٣٢﴾ قَالُوا نَحْنُ أَوْلُوْا قُوَّةً وَأُولُوْا بَأْسَ شَدِيدٍ وَالْأَمْرُ إِلَيْكِ فَانْظُرِي مَاذَا تَأْمُرِينَ ﴿٣٣﴾ قَالَتْ إِنَّ الْمُلُوكَ إِذَا دَخَلُوا قَرْيَةً أَفْسَدُوهَا وَجَعَلُوا أَعِزَّةَ أَهْلِهَا أَذِلَّةً وَكَذَلِكَ يَفْعَلُونَ ﴿٣٤﴾ وَإِنِّي مُرْسِلَةٌ إِلَيْهِمْ بِهَدِيَّةٍ فَنَاظِرَةٌ بِمَ يَرْجِعُ الْمُرْسَلُونَ ﴿٣٥﴾

27.36 - Fa raha tonga tany amin'i Salômôna izy ireo (ireo iraka), dia hoy izy: "Moa amin'ny fananana va, no hanampianareo ahy? Nefa izay nomen'Andriamanitra ahy, dia tsara lavitra noho izay nomeny anareo. Fa ianareo no mifaly amin'ny fanomezanareo.

27.37 - Miverena any amin'izy ireo. Ho tonga miaraka amin'ny tafika izay tsy ho voatohitr'izy ireo izahay, ary horoahinay tao izy ireo, afa-baraka sy voaeso".

27.38 - Dia hoy izy: "Ry loholona! Iza aminareo no hitondra aty amiko ny seza fiandrianany, mialohan'ny hahatongavan'izy ireo aty amiko, ho mpankato?".

27.39 - Niteny ity djiny anankiray tena matanjaka: "Hitondra izany aty aminao aho, alohan'ny hitsangananao eo amin'ny toeranao, ary matanjaka sy mendri-pitokiana aho amin'izany".

27.40 - Niteny ity olona anankiray manam-pahalalana momba ny Boky nanao hoe: "Ho entiko aty aminao izany, alohan'ny indray mipi-maso". Rehefa avy eo, dia hitan'i Salômôna ilay seza fiandrianana mipetraka eo akaikiny, ka hoy izy: "Fahasoavana avy amin'ny Tompoko izany, mba hitsapany ahy, raha mahay mankasitraka aho, na tsy mahay mankasitraka. Izay mahay mankasitraka, dia ho an'ny tenany no anaovany izany, fa izay tsy mahay mankasitraka kosa, dia manana ny ampy tanteraka ny Tompoko, sady fatra Mpanome".

27.41 - Ka hoy (indray) izy: "Avereno any aminy ny seza fiandrianany, amin'ny endrika tsy fantany, fa hohitantsika raha ho voatari-dàlana izy, na ho isan'ireo izay tsy voatari-dàlana".

27.42 - Rehefa tonga izany, dia nolazaina taminy hoe: "Moa toy izao va, ny seza fiandriananao?", dia niteny izy: "Ohatra ny toy izao izy". (Hoy i Salômôna): "Nomena anay talohany ny fahalalana, ary efa nankato izahay".

27.43 - Nefa, izay notompoiny ankoatra an'Andriamanitra, dia nisakana azy (ho mpino), satria isan'ireo vahoaka tsy mpino izy.

27.44 - Izao no notenenina taminy: "Midira ao amin'ny lapa ianao". Ary, rehefa nahita izany izy, dia noheveriny ho rano lalina, ka dia navoakany ny ranjony. Tamin'izay, dia hoy izy (Salômôna): "Lapa misy gorodona kristaly izy ity". Hoy izy (mpanjakavavy): "Tompo ô! Diso tamin'ny tenako ihany aho, ka mankato an'Andriamanitra, Tompon'izao tontolo izao miaraka amin'i Salômôna".

فَلَمَّا جَاءَ سُلَيْمَنَ قَالَ أُمِّدْ وَنِ بِيَمَالٍ فَمَاءَ اتْنِ ۚ اللَّهُ خَيْرٌ مِمَّا
ءَاتَاكُمْ بَلْ أَنْتُمْ بِهَدْيَتِكُمْ تَفْرَحُونَ ﴿٣٦﴾ أَرْجِعْ إِلَيْهِمْ فَلَنَأَيِّنَهُمْ
بِجُنُودٍ لَا قِبَلَ لَهُمْ بِهَا وَلَنُخْرِجَنَّهُمْ مِنْهَا أَذِلَّةً وَهُمْ صَاغِرُونَ ﴿٣٧﴾ قَالَ
يَتَأَيُّهَا الْمَلَأُوْا أَيُّكُمْ يَأْتِينِي بِعَرْشِهَا قَبْلَ أَنْ يَأْتُونِي مُسْلِمِينَ ﴿٣٨﴾
قَالَ عَفَرْتُ مِّنَ الْجِنِّ أَنَاءَ أَتَيْكَ بِهِ ۚ قَبْلَ أَنْ تَقُومَ مِن مَّقَامِكَ وَإِنِّي
عَلَيْهِ لَقَوِيٌّ أَمِينٌ ﴿٣٩﴾ قَالَ الَّذِي عِنْدَهُ عِلْمٌ مِّنَ الْكِتَابِ أَنَاءَ أَتَيْكَ
بِهِ ۚ قَبْلَ أَنْ يَرْتَدَّ إِلَيْكَ طَرْفُكَ فَلَمَّا رَآهُ مُسْتَقِرًّا عِنْدَهُ قَالَ هَذَا
مِن فَضْلِ رَبِّي لِيَبْلُوَنِي ۚ أَشْكُرْ أَمْ أَكْفُرُ وَمَن شَكَرَ فَإِنَّمَا يَشْكُرُ
لِنَفْسِهِ ۚ وَمَن كَفَرَ فَإِنَّ رَبِّي غَنِيٌّ كَرِيمٌ ﴿٤٠﴾ قَالَ نِكَرُواْ لَهَا عَرْشَهَا
نَنْظُرْ أَنَهَدِيَ أَمْ تَكُونُ مِنَ الَّذِينَ لَا يَهْتَدُونَ ﴿٤١﴾ فَلَمَّا جَاءَتْ قِيلَ
أَهَٰكَذَا عَرْشُكِ قَالَتْ كَأَنَّهُ هُوَ ۚ وَأُوَيْنَا الْعِلْمَ مِن قَبْلِهَا وَكُنَّا مُسْلِمِينَ
﴿٤٢﴾ وَصَدَّهَا مَا كَانَتْ تَعْبُدُ مِن دُونِ اللَّهِ إِنَّهَا كَانَتْ مِّن قَوْمٍ كَافِرِينَ
﴿٤٣﴾ قِيلَ لَهَا ادْخُلِي الصَّرْحَ فَلَمَّا رَأَتْهُ حَسِبَتْهُ لُجَّةً وَكَشَفَتْ عَنْ
سَاقِيهَا قَالَتْ إِنَّهُ صَرْحٌ مُّمَرَّدٌ مِّن قَوَارِيرٍ قَالَتْ رَبِّ إِنِّي
ظَلَمْتُ نَفْسِي وَأَسْلَمْتُ مَعَ سُلَيْمَانَ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿٤٤﴾

27.45 - Nalefanay tamin'i Tamod tokoa, ny rahalahin'izy ireo Soaleh, (izay niteny tamin'izy ireo hoe): "Tompoinareo Andriamanitra", ary indro, fa nizara ho vondron'olona roa izay nifanditra izy ireo.

27.46 - Hoy izy: "Ry vahoakako! Nahoana ianareo no mitady hanafaingana ny ratsy mialohan'ny tsara? Raha mangata-pamelana amin'Andriamanitra mantsy ianareo, dia mety hahazo famindram-po".

27.47 - Ka hoy izy ireo: "Hitanay aminao sy amin'ireo izay miaraka aminao, fa olona mpitondra loza ianareo". Hoy izy: "Miankina amin'Andriamanitra ny anjaranareo. Nefa ianareo dia olona iharan'ny fakam-panahy".

27.48 - Ary nisy vondron'olona sivy tao an-tanàna, izay nampielavy fanakorontanana tety an-tany, ary tsy nanao tsara na kely aza.

27.49 - Dia hoy izy ireo namaly: "Aoka isika hianiana amin'Andriamanitra, fa hamely azy ireo, sy ny fianakaviany amin'ny alina. Avy eo, dia hotenenintsika amin'izay namalifaty azy hoe: tsy nanatrika ny famonoana ny fianakaviany izahay, ary milaza ny marina izahay".

27.50 - Nanao ny teti-dratsiny izy ireo, ary izahay koa nanao ny tetikay, fa tsy tsapan'izy ireo.

27.51 - Jereo ny voka-dratsin'ny tetik'izy ireo. Naringanay izy ireo, sy ny vahoakany rehetra.

27.52 - Indro àry, fa foana ny tranon'izy ireo, noho ny ratsy nataony. Fampitandremana tokoa ho an'ireo olona izay mahalala izany.

27.53 - Ary navotanay ireo nino sy tia-vavaka.

27.54 - Ary (ampahatsiahivo azy ireo) i Lota, raha niteny tamin'ny vahoakany izy hoe: "Mirona amin'ny fahalotoana va ianareo, nefa mahita tsara (ny faharatsiany)"

27.55 - Mandeha any amin'ireo lehilahy ianareo, fa tsy any amin'ireo vehivavy, mba hanalanareo ny hetahetanareo? Vahoaka bado ianareo.

وَلَقَدْ أَرْسَلْنَا إِلَى ثَمُودَ أَخَاهُمْ صَالِحًا أَنْ اعْبُدُوا اللَّهَ فَإِذَا هُمْ فَرِيقَانِ يَخْتَصِمُونَ ﴿٤٥﴾ قَالَ يَتَّبِعُونَ آلَ سَيْثٍ قَبْلَ الْحَسَنَةِ لَوْلَا تَسْتَغْفِرُونَ اللَّهَ لَعَلَّكُمْ تُرْحَمُونَ ﴿٤٦﴾ قَالُوا أَطِيزْنَا بِكَ وَبِئْسَ مَعَكَ الْقَاضِيُونَ ﴿٤٧﴾ وَكَانَ فِي الْمَدِينَةِ تِسْعَةُ رَهْطٍ يُفْسِدُونَ فِي الْأَرْضِ وَلَا يُصْلِحُونَ ﴿٤٨﴾ قَالُوا نَقَاسِمُوا بِاللَّهِ لَئِن بَيَّسْتَهُ وَوَأَهْلَهُ ثُمَّ لَنَقُولَنَّ لِوَلِيِّهِ مَا شَهِدْنَا مَهْلِكَ أَهْلِهِ وَإِنَّا لَصَادِقُونَ ﴿٤٩﴾ وَمَكْرُؤًا مَكَرًا وَمَكْرَنَا مَكَرًا وَهُمْ لَا يَشْعُرُونَ ﴿٥٠﴾ فَانْظُرْ كَيْفَ كَانَ عَاقِبَةُ مُكْرِهِمْ أَنَّا دَمَّرْنَاهُمْ وَقَوْمَهُمْ أَجْمَعِينَ ﴿٥١﴾ فَتِلْكَ بُيُوتُهُمْ خَاوِيَةٌ بِمَا ظَلَمُوا إِيَّاكَ فِي ذَلِكَ لَآيَةٌ لِقَوْمٍ يَعْلَمُونَ ﴿٥٢﴾ وَأَنْجَيْنَا الَّذِينَ آمَنُوا وَكَانُوا يَنْقُوتُونَ ﴿٥٣﴾ وَلَوْ طَآ إِذْ قَالَ لِقَوْمِهِ أَتَأْتُونَ الْفَاحِشَةَ وَأَنْتُمْ تُبْصِرُونَ ﴿٥٤﴾ أَيْتَكُمْ لَأَتَوْنَ الرَّجَالَ شَهْوَةً مِّنْ دُونِ النِّسَاءِ بَلْ أَنْتُمْ قَوْمٌ بِجَهْلُونَ ﴿٥٥﴾

FIZARANA FAHAROAPOLO

27.56 - Ka ny hany valitenin'ny vahoakany, dia tsy misy afa-tsy ny filazana hoe: "Roahy amin'ny tanànanareo ny fianakavian'i Lota, satria olona manokan-tena amin'ny fahadiovana izy ireo".

27.57 - Novonjenay izy, ary koa ny fianakaviany, afa-tsy ny vadiny izay nofaritanay ho isan'ireo haringana.

27.58 - Ary narotsakay tamin'izy ireo ny orana (amin'ny vato). Ka orana ratsy tokoa izany, ho an'ireo olona nampitandremana!

27.59 - Lazao hoe: "Dera ho an'Andriamanitra, ary fiadanana ho amin'ireo mpanompony izay nofidiny". Ka iza azy no tsara indrindra, Andriamanitra sa izay atambatr'izy ireo Aminy?

27.60 - Tsy izy va no Nahary ny lanitra sy ny tany, sy nampidina ny rano ho anareo avy any an-danitra, ka nampanirianay avy amin'izany ireo zaridaina feno hatsarana. Tsy afaka hampitsiry velively ireo hazon'izy ireo ianareo. Misy andriamanitra hafa va, miaraka amin'Andriamanitra? Tsia, fa ireo olona no manome mpitovy Aminy.

27.61 - Tsy izy va no nanao ny tany ho toeram-ponenana, nametraka ireo renirano mamakivaky azy, nampisy ireo tendrombohitra, ary nametraka fisarahana eo anelanelan'ireo ranomasina roa. Misy andriamanitra hafa va, miaraka amin'Andriamanitra? Tsia, fa tsy mahalala ny ankamaroan'izy ireo.

27.62 - Tsy izy va no mamaly ny sahiran-tsaina, raha mangataka Aminy izy, ka manala ny ratsy, ary manao anareo ho taranaka mifandimby (na mpitarika) eny ambonin'ny tany. Misy andriamanitra hafa va, miaraka amin'Andriamanitra? Nefa zara raha mahatsiaro ianareo!

27.63 - Tsy izy va no mitari-dàlana anareo amin'ny aizin'ny tany, sy ny ranomasina, ary mandefa ireo rivotra, ho filazana tsara mialohan'ny Famindram-pony (Fahasoavany). Misy andriamanitra hafa va, miaraka amin'Andriamanitra? Tena ambony lavitra noho izay atambatr'izy ireo Aminy Andriamanitra.

فَمَا كَانَتْ جَوَابَ قَوْمِهِ إِلَّا أَنْ قَالُوا أَخْرِجُوْنَا أَلْ
لُوطٍ مِّنْ قَرِيْبِكُمْ إِنَّهُمْ أَنَاسٌ يَّنْطَهَرُونَ ﴿٥٦﴾ فَأَنجَيْنَاهُ
وَأَهْلَهُ إِلَّا أَمْرَأَتَهُ قَدَّرْنَاهَا مِنَ الْغَابِرِينَ ﴿٥٧﴾ وَأَمْطَرْنَا
عَلَيْهِمْ مَّطَرًا فَسَاءً مَّطَرُ الْمُنْذِرِينَ ﴿٥٨﴾ قُلِ الْحَمْدُ لِلَّهِ وَسَلَامٌ
عَلَىٰ عِبَادِهِ الَّذِينَ اصْطَفَىٰ ۚ اللَّهُ خَيْرٌ مَّا يَشْرِكُونَ ﴿٥٩﴾
أَمْنَ خَلَقَ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ وَأَنزَلَ لَكُم مِّنَ السَّمَاءِ
مَاءً فَأَنبَتْنَا فِيهِ حَدَائِقَ ذَاتَ بَهْجَةٍ مَّا كَانَ لَكُمْ
أَنْ تُنْبِتُوا شَجَرَهَا ۚ أَلَيْسَ اللَّهُ بِذِي هِمٍّ لِّقَوْمٍ يَعْدِلُونَ ﴿٦٠﴾
أَمْنَ جَعَلَ الْأَرْضَ قَرَارًا وَجَعَلَ خِلَالَهَا أَنْهَارًا وَجَعَلَ لَهَا
رَوَاسِيًا وَجَعَلَ بَيْنَ الْبَحْرَيْنِ حَاجِزًا ۚ أَلَيْسَ اللَّهُ بِذِي
اَكْثَرِهِمْ لَا يَعْلَمُونَ ﴿٦١﴾ أَمْنَ يُحِبُّ الْمُضْطَرِّ إِذَا دَعَاهُ
وَيَكْشِفُ السُّوءَ وَيَجْعَلُكُمْ خُلَفَاءَ الْأَرْضِ ۚ أَلَيْسَ
مَعَ اللَّهِ قَلِيلًا مَّا نَذْكُرُونَ ﴿٦٢﴾ أَمْنَ يَهْدِيكُمْ فِي
ظُلُمَاتِ الْبَرِّ وَالْبَحْرِ وَمَنْ يُرْسِلُ الرِّيْحَ بُشْرًا بَيْنَ يَدَيْ
رَحْمَتِهِ ۚ أَلَيْسَ اللَّهُ تَعَالَى اللَّهُ عَمَّا يُشْرِكُونَ ﴿٦٣﴾

27.64 - Tsy izy va no manomboka ny fahariana, avy eo dia mamerina izany indray, ary manome sakafo ho anareo avy any an-danitra, sy avy amin'ny tany. Misy andriamanitra hafa va, miaraka amin'Andriamanitra? Dia lazao hoe: "Ento aty ny porofonareo, raha mpilaza ny marina ianareo".

27.65 - Ka lazao hoe: "Tsy misy mahalala ny zava-miafina, na iza na iza amin'ireo izay any an-danitra, sy eto an-tany, afa-tsy Andriamanitra. Ary tsy fantatr'izy ireo na rahoviana no hampitsanganana azy amin'ny maty".

27.66 - Nefa feno ny fahalalan'izy ireo mikasika ny any an-koatra, mbola misalasala ny amin'izany anefa izy ireo. Ary jamba tokoa izy ireo ny amin'izany.

27.67 - Ary ireo izay tsy mino, dia milaza hoe: "Moa va, raha lasa vovoka izahay sy ireo razambenay, dia mbola ho avoaka (amin'ny fasanay) indray?"

27.68 - Nampanantenaina anay sy ireo razambenay tokoa izany taloha. Fa anganon'ireo olona fahiny ihany izany!"

27.69 - Dia lazao hoe: "Mandehana mitety ny tany ianareo, ary jereo ny fomba fiafaran'ireo olo-meloka".

27.70 - Ka aza malahelo azy ireo ianao, ary aza manana ahiahy ihany koa amin'ny teti-dratsin'izy ireo.

27.71 - Fa hoy izy ireo: "Rahoviana izany fampanantenana izany, raha mpilaza ny marina tokoa ianareo?"

27.72 - Dia valio hoe: "Mety ho efa manaraka anareo, ny ampahany amin'izay tadiavinareo hafainganina".

27.73 - Mpanome fahasoavana ny olombelona tokoa ny Tomponao, nefa tsy mahay mankasitraka ny ankamaroan'izy ireo.

27.74 - Hamafisina, fa Mahafantatra izay afenin'ny tratan'izy ireo, sy izay aharihariny ny Tomponao.

27.75 - Tsy misy zava-miafina velively any an-danitra, sy eto an-tany, ka tsy ao amin'ny Bokim-pahazavana.

27.76 - Ity Kor'any ity, dia mitantara tokoa amin'ireo zanak'Israely, ny ankamaroany amin'ireo zavatra izay tsy nampitovy hevitra azy ireo,

أَمْ يَبْدُوُ الْخَلْقُ ثُمَّ يُعِيدُهُ وَمَنْ يَرْزُقُكُمْ مِنَ السَّمَاءِ وَالْأَرْضِ
 أَيْلَهُ مَعَ اللَّهِ قُلْ هَاتُوا بُرْهَانَكُمْ إِنْ كُنْتُمْ صَادِقِينَ ﴿٦٤﴾
 قُلْ لَا يَعْلَمُ مَنْ فِي السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ الْغَيْبَ إِلَّا اللَّهُ وَمَا يَشْعُرُونَ
 أَيَّانَ يُبْعَثُونَ ﴿٦٥﴾ بَلِ أَدْرَكَ عِلْمُهُمْ فِي الْآخِرَةِ بَلْ هُمْ
 فِي شَكٍّ مِنْهَا بَلْ هُمْ مِنْهَا عَمُونَ ﴿٦٦﴾ وَقَالَ الَّذِينَ كَفَرُوا
 أَءِذَا كُنَّا تُرَابًا وَءِذَا أَبَاؤُنَا أَيْنَا الْمُخْرَجُونَ ﴿٦٧﴾ لَقَدْ وَعَدْنَا
 هَذَا نَحْنُ وَءِذَا أَبَاؤُنَا مِنْ قَبْلُ إِنْ هَذَا إِلَّا أَسَاطِيرُ الْأَوَّلِينَ ﴿٦٨﴾
 قُلْ سِيرُوا فِي الْأَرْضِ فَانظُرُوا كَيْفَ كَانَ عَاقِبَةُ الْمُجْرِمِينَ ﴿٦٩﴾
 وَلَا تَحْزَنْ عَلَيْهِمْ وَلَا تَكُنْ فِي ضَيْقٍ مِمَّا يَمْكُرُونَ ﴿٧٠﴾
 وَيَقُولُونَ مَتَى هَذَا الْوَعْدُ إِنْ كُنْتُمْ صَادِقِينَ ﴿٧١﴾ قُلْ عَسَى
 أَنْ يَكُونَ رَدِفَ لَكُمْ بَعْضُ الَّذِي تَسْتَعْجِلُونَ ﴿٧٢﴾ وَإِنَّ رَبَّكَ
 لَذُو فَضْلٍ عَلَى النَّاسِ وَلَٰكِنَّ أَكْثَرَهُمْ لَا يَشْكُرُونَ ﴿٧٣﴾ وَإِنَّ
 رَبَّكَ لَيَعْلَمُ مَا تُكِنُّ صُدُورُهُمْ وَمَا يُعْلِنُونَ ﴿٧٤﴾ وَمِمَّنْ غَابَتْ
 فِي السَّمَاءِ وَالْأَرْضِ إِلَّا فِي كِتَابٍ مُبِينٍ ﴿٧٥﴾ إِنَّ هَذَا الْقُرْآنَ
 يَقُصُّ عَلَىٰ بَنِي إِسْرَءِيلَ أَكْثَرَ الَّذِي هُمْ فِيهِ يَخْتَلِفُونَ ﴿٧٦﴾

- 27.77 - nefa tari-dàlana sy famindram-po ho an'ireo mpino izy.
 27.78 - Hamafisina, fa hitsara azy ireo araka ny lalàny ny Tomponao, fa izy no Ilay Tsihoa, Ilay Mahalala ny zavatra rehetra.
 27.79 - Koa apetraho amin'Andriamanitra ny fitokiano, fa amin'ny fahamarinana miharihary tokoa ianao.
 27.80 - Tsy afaka mampandre ireo maty ianao, na mampandre ny antso amin'ireo marenina, raha mandositra manome lamosina izy ireo.
 27.81- Ary tsy afaka hitari-dàlana ireo jamba, amin'ny fahaverezan'izy ireo ihany koa ianao. Sady tsy afaka mampaheno, afa-tsy ireo izay mino ny Teninay sy mankato ianao.
 27.82 - Ka rehefa latsaka amin'izy ireo ny Teny, dia havoakanay ho azy ireo avy amin'ny tany ny biby, izay hiteny amin'izy ireo, fa tsy resi-lahatra velively amin'ny fahamarinan'ny Famantarana avy aty Aminay ny olona.
 27.83 - Ary amin'ny andro izay hanangonanay, avy amin'ny vahoaka tsirairay, andian'olona amin'ireo izay nampandainga ny Fanambaranay, ka alahatra izy ireo,
 27.84 - fa rehefa tonga izy ireo, dia hiteny Izy (Andriamanitra) hoe: "Moa nataonareo ho lainga va, ireo Famantarana avy aty Amiko, nefa tsy voafehin'ny fahalalanareo? Sa, inona àry no nataonareo?".
 27.85 - Dia hihatra amin'izy ireo ny Teny, noho ny ratsy nataony. Ary tsy afaka hiteny izy ireo.
 27.86 - Moa tsy hitan'izy ireo va, fa ny alina dia nataonay hialan'izy ireo sasatra, ary ny andro hahafahana mijery? Misy famantarana tokoa izany, ho an'ireo olona mino.
 27.87 - Fa ny andro izay hitsofana ny Trompetra (Anjomara), dia hatahotra ireo rehetra any an-danitra, sy ety an-tany, afa-tsy ireo izay tian'Andriamanitra (harovana). Ka ho tonga any Aminy amim-panetrentena ny rehetra.
 27.88 - Dia hohitanao ireo tendrombohitra, heverinao ho tsy mihetsika izy ireo, nefa mandalo toy ny rahona. Toy izany ny asan'Andriamanitra, izay namboatra ny zavatra rehetra tongalafatra. Mahalala izay ataonareo tokoa izy!

وَأَنَّهُ هُدًى وَرَحْمَةً لِّلْمُؤْمِنِينَ ﴿٧٧﴾ إِنَّ رَبَّكَ يَقْضِي بَيْنَهُمْ بِحُكْمِهِ ۖ وَهُوَ الْعَزِيزُ الْعَلِيمُ ﴿٧٨﴾ فَتَوَكَّلْ عَلَى اللَّهِ إِنَّكَ عَلَى الْحَقِّ الْمُبِينِ ﴿٧٩﴾ إِنَّكَ لَا تَسْمِعُ الْمَوْتَى وَلَا تَسْمِعُ الْقُتَمَّ الدُّعَاءَ إِذَا وَلَّوْا مُدْبِرِينَ ﴿٨٠﴾ وَمَا أَنتَ بِهَادِي الْعُمَىٰ عَنْ ضَلَالَتِهِمْ ۚ إِنَّ تَسْمِعُ إِلَّا مَنْ يُؤْمِنُ بِآيَاتِنَا فَهُمْ مُسْلِمُونَ ﴿٨١﴾ وَإِذَا وَقَعَ الْقَوْلُ عَلَيْهِمْ أَخْرَجْنَا لَهُمْ دَابَّةً مِّنَ الْأَرْضِ تُكَلِّمُهُمْ أَنَّ النَّاسَ كَانُوا بِآيَاتِنَا لَا يُوقِنُونَ ﴿٨٢﴾ وَيَوْمَ نَحْشُرُ مِنْ كُلِّ أُمَّةٍ فَوْجًا مِّمَّنْ يُكَذِّبُ بِآيَاتِنَا فَهُمْ يُوزَعُونَ ﴿٨٣﴾ حَتَّىٰ إِذَا جَاءُوهُ قَالَ أَكَذَّبْتُمْ بِآيَاتِي وَلَمْ تُحِطُوا بِهَا عِلْمًا أَمْ آذًا كُنْتُمْ تَعْمَلُونَ ﴿٨٤﴾ وَوَقَعَ الْقَوْلُ عَلَيْهِمْ بِمَا ظَلَمُوا فَهُمْ لَا يَنْطِقُونَ ﴿٨٥﴾ أَلَمْ يَرَوْا أَنَّا جَعَلْنَا آلِيلَ لِسَانِكُمْ فِيهِ وَالنَّهَارَ مُبْصِرًا ۖ إِن فِي ذَٰلِكَ لَآيَاتٍ لِّقَوْمٍ يُؤْمِنُونَ ﴿٨٦﴾ وَيَوْمَ يُنْفَخُ فِي الصُّورِ فَفَزِعَ مَنْ فِي السَّمَوَاتِ وَمَنْ فِي الْأَرْضِ إِلَّا مَنْ شَاءَ اللَّهُ وَكُلُّ أَتَوِّهٍ دَاخِرِينَ ﴿٨٧﴾ وَتَرَى الْجِبَالَ تَحْسِبُهَا جَمْدَةً وَهِيَ تَمُرُّ مَرَّ السَّحَابِ صُنِعَ اللَّهُ الَّذِي أَنْقَضَ كُلَّ شَيْءٍ إِنَّهُ خَيْرٌ مِّمَّا تَفْعَلُونَ ﴿٨٨﴾

27.89 - Na iza na iza tonga miaraka amin'ny asa tsara, dia hanana tsaratsara kokoa noho izany, ary amin'izany andro izany, dia ho voaaro amin'ny tahotra rehetra izy ireo.

27.90 - Fa izay tonga miaraka amin'ny asa ratsy kosa, dia havarina any amin'ny afo ny tarehin'izy ireo. "Moa tsy novaliana araka izay asanareo va ianareo?"

27.91 - "Ny hanompo ihany Ilay Tompon'ity Tanàna ity (Makka), izay nohamasininy no nandidiana ahy, ary Azy ny zavatra rehetra, ka nobaikoina aho ho isan'ireo mpankato,

27.92 - sy hamaky ny Kor'any". Izay mizotra amin'ny làla-mahitsy, dia manitsy ny tenany ihany. Fa izay nivily làlana kosa, dia lazao hoe: "Isan'ireo mpampitandrina ihany aho".

27.93 - Dia lazao hoe: "Dera ho an'Andriamanitra! Ho ampahitany anareo ireo Porofony, ka hahafantatra izany ianareo". Tsy variana amin'izay ataonareo ny Tomponao.

**TOKO - 28
AL-QASAS
(NY TANTARA)**

Andininy 88: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

28.1 Tà, Sin, Mîm.

28.2 - Indro ireo andinin'ilay Bokim-pahazavana.

28.3 - Lazainay anao amim-pahamarinana ny tantaran'i Mosesy sy i Faraona, ho an'ireo olona izay mino.

28.4 - Nanambony tena tokoa i Faraona tety an-tany, nozarainy ho foko ireo mponina tao aminy, mba hoararaotiny ny fahalemen'ny anankiray amin'izy ireo. Nolentainy ny zanak'izy ireo, ary navelany ho velom-poana ny vehivavin'izy ireo. Fa izy, dia tena isan'ireo mpanimba.

28.5 - Nefa tianay ho tsimbinina manokana ireo izay osa tety an-tany, ary hataonay ho mpitarika sy ho mpandova izy ireo,

مَنْ جَاءَ بِالْحَسَنَةِ فَلَهُ خَيْرٌ مِمَّا وَهُمْ مِنْ فَرْجٍ يَوْمِذٍ ۚ آمَنُونَ ﴿٨٩﴾
وَمَنْ جَاءَ بِالسَّيِّئَةِ فَكُبَّتْ وَجُوهُهُمْ فِي النَّارِ هَلْ يُجْزَوْنَ
إِلَّا مَا كُنتُمْ تَعْمَلُونَ ﴿٩٠﴾ إِنَّمَا أَمْرُهُ أَنْ أُعْبَدَ رَبِّ هَذِهِ
الْبَلَدَةِ الَّتِي حَرَّمَهَا وَلَهُ كُلُّ شَيْءٍ ۖ وَأَمْرُهُ أَنْ أَكُونَ مِنَ
الْمُسْلِمِينَ ﴿٩١﴾ وَأَنْ أَتْلُوا الْقُرْآنَ فَمِنْ أُهُتْدَىٰ فَاِنَّمَا يَهْتَدَىٰ
لِنَفْسِهِ ۖ وَمَنْ ضَلَّ فَقُلْ إِنَّمَا أَنَا مِنَ الْمُنذِرِينَ ﴿٩٢﴾ وَقُلِ الْحَمْدُ
لِلَّهِ سِيرِكُمْ ۖ آيَاتِهِ ۖ فَتَعْرِفُونَهَا وَمَا رَبُّكَ بِغَفْلٍ عَمَّا تَعْمَلُونَ ﴿٩٣﴾

سُورَةُ الْقَصَصِ

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ
طَسَمَ ﴿١﴾ تِلْكَ آيَاتُ الْكِتَابِ الْمُبِينِ ﴿٢﴾ تَتْلُوا عَلَيْهِمْ
مِنْ نَّبَأِ مُوسَىٰ وَفِرْعَوْنَ بِالْحَقِّ لِقَوْمٍ يُؤْمِنُونَ ﴿٣﴾ إِنَّ
فِرْعَوْنَ عَلَا فِي الْأَرْضِ وَجَعَلَ أَهْلَهَا شِيَعًا يَسْتَضِعُّ
طَائِفَةً مِنْهُمْ يُدِّخِ أَبْنَاءَهُمْ وَيَسْتَحْيِ نِسَاءَهُمْ إِنَّهُ كَانَ
مِنَ الْمُفْسِدِينَ ﴿٤﴾ وَنُرِيدُ أَنْ نَمُنَّ عَلَى الَّذِينَ اسْتُضْعِفُوا
فِي الْأَرْضِ وَنَجْعَلَهُمْ أَئِمَّةً وَنَجْعَلَهُمُ الْوَارِثِينَ ﴿٥﴾

28.6 - fa hataonay marin-toerana izy ireo ety an-tany, ka hampahitanay an'i Faraona, sy i Hamàn, ary ireo miaramilany, izay natahoran'izy ireo.

28.7 - Dia nambaranay tamin'ny Renin'i Mosesy: "Ampinonoy izy, fa raha matahotra ny momba azy ianao, dia alefaso any amin'ny renirano izy. Ka aza matahotra sy malahelo intsony ianao, fa averinay aminao izy, ary hataonay isan'ireo Iraka".

28.8 - Nalain'ireo olon'i Faraona izy, mba ho fahavalon'izy ireo, sy hitondra fahoriana! Hamafisina, fa diso tokoa i Faraona sy i Hamàn, ary ireo miaramilany.

28.9 - Ka hoy ny vadin'i Faraona: "Hitondra hafaliana ny masoko, sy ny masonao izy (ity zaza ity), ka aza vonoinareo. Mety hilaintsika izy, na raisintsika ho zanaka". Fa tsy nahatsapa na inona na inona izy ireo.

28.10 - Ary lasa tsy nisy na inona na inona (ahiahy) ny fon'ny Renin'i Mosesy. Zara raha tsy naharihariny daholo ny rehetra, raha tsy nohamafisinay ny fony, mba hijanonany ho isan'ireo mpino.

28.11 - Hoy izy tamin'ny anabaviny: "Araho izy", koa dia tazany lavitra izy, nefa tsy tsikaritr'izy ireo.

28.12 - Noraranay taminy teo aloha ireo mpampinono. Niteny àry izy (ny anabavin'i Mosesy) hoe: "Tianareo va, ny hanoroako anareo olona amin'ny trano iray, izay hiandraikitra azy ho anareo, sady tsara fanahy aminy?".

28.13 - Ka dia naverinay tamin'ny Reniny izy, mba hifalian'ny masony, sy tsy hampalahelo azy, ary hahafantarany, fa marina ny fampanantenan'Andriamanitra. Nefa tsy mahalala ny ankamaroan'izy ireo.

وَنُكِّنَ لَهُمْ فِي الْأَرْضِ وَنَرَى فِرْعَوْنَ وَهَمَمْنَ وَجُنُودَهُمَا مِنْهُمْ مَا كَانُوا يَحْذَرُونَ ﴿٦﴾ وَأَوْحَيْنَا إِلَىٰ أُمِّ مُوسَىٰ أَنْ أَرْضِعِيهِ فَإِذَا خِفَتْ عَلَيْهِ فَكُلِّقِيهِ فِي الْيَمِّ وَلَا تَخَافِ وَلَا تَحْزَنِي إِنَّا رَادُّوهُ إِلَيْكَ وَجَاعِلُوهُ مِنَ الْمُرْسَلِينَ ﴿٧﴾ فَالْقِطْعَةُ الَّتِي أَتَىٰ فِرْعَوْنَ لِيَكُونَ لَهُمْ عَدُوًّا وَحَزَنًا إِنَّ فِرْعَوْنَ وَهَمَمْنَ وَجُنُودَهُمَا كَانُوا خَاطِئِينَ ﴿٨﴾ وَقَالَتِ امْرَأَتُ فِرْعَوْنَ قُرْتُ عَيْنِي لِي وَلَكَ لَا تَقْتُلُوهُ عَسَىٰ أَنْ يَنْفَعَنَا أَوْ نَتَّخِذَهُ وَلَدًا وَهُمْ لَا يَشْعُرُونَ ﴿٩﴾ وَأَصْبَحَ قُودًا لِّمُوسَىٰ فَغَرَّ أَنْ كَادَتْ لُبَدَىٰ بِهِ لَوْلَا أَنْ رَبَطْنَا عَلَىٰ قَلْبِهَا لِتَكُونَ مِنَ الْمُؤْمِنِينَ ﴿١٠﴾ وَقَالَتِ لَأُخْتِيهِ قُصْبِيهِ فَبَصُرَتْ بِهِ عَنْ جُنْبٍ وَهُمْ لَا يَشْعُرُونَ ﴿١١﴾ وَحَرَّمْنَا عَلَيْهِ الْمَرَاضِعَ مِنْ قَبْلُ فَقَالَتْ هَلْ أَدُلُّكُمْ عَلَىٰ أَهْلِ بَيْتٍ يَكْفُلُونَهُ لَكُمْ وَهُمْ لَهُ نَاصِحُونَ ﴿١٢﴾ فَرَدَدْنَاهُ إِلَىٰ أُمِّهِ كَيْ تَقَرَّ عَيْنُهَا وَلَا تَحْزَنَ وَلِتَعْلَمَ أَنَّ وَعْدَ اللَّهِ حَقٌّ وَلَٰكِنَّ أَكْثَرَهُمْ لَا يَعْلَمُونَ ﴿١٣﴾

28.14 - Fa rehefa tonga amin'ny fahamatorana sy ny fahafenoana izy, dia nomenay azy ny fahafahana mitsara, sy ny fahalalana. Toy izany no anomezanay valisoa ireo mpanao soa.

28.15 - Niditra tao an-tanàna izy amin'ny fotoana izay nahavariana ny mponina, ka nahita lehilahy anankiroa niady izy tao, ny anankiray amin'izy ireo dia isan'ireo mpomba azy, fa ny faharoa dia isan'ireo mpanohitra azy. Niantso vonjy taminy ity lehilahy anankiray mpomba azy, hanohitra ny fahavalony. Nasian'i Mosesy totohondry izy, izay nahafaty azy. Hoy izy (Mosesy): "Izany dia asan'ny devoly, tena fahavalo mpandiso lalana miharihary tokoa izy".

28.16 - Ka hoy izy: "Tompo ô! Nanao hadisoana tamin'ny tenako ihany aho, koa mamela ny heloko". Dia navelany ny helony, fa Mpamela heloka, sy Mpamindra-fo tokoa izy.

28.17 - Ary hoy izy: "Tompo ô! Noho ny fahasoavana izay nomenao ahy, dia tsy hanohana ireo meloka velively aho".

28.18 - Ny ampitso maraina, dia tany an-tanàna izy, matahotra sy mijerijery ny manodidina azy, ka indro fa niantso azy amin'ny feo mafy ilay nangataka famonjena taminy omaly. Hoy i Mosesy taminy: "Tena mpila ady miharihary tokoa ianao".

28.19 - Raha nikasa ny hamela ny fahavalon'izy roa izy, dia hoy izy (ilay Israelita): "Ry Mosesy! Te-hamono ahy tahaka ny namonoanao ilay olona anankiray omaly va ianao? Tsy mitady afa-tsy ny ho mpanjakazaka eto ambonin'ny tany ianao, ka tsy te ho isan'ireo mpanao soa".

28.20 - Ary tamin'izay, dia indro fa nisy lehilahy anankiray, tonga avy any amin'ny tendron'ny tanàna nihazakazaka, ary niteny hoe: "Ry Mosesy! Eo am-pikaonan-doha ny hamono anao ireo loholona. Koa mandehana ianao (miala ny tanàna). Izany no torohevitra omeke anao".

28.21 - Nivoaka tao izy, matahotra sady mijerijery ny manodidina azy. Hoy izy: "Tompo ô! Avoty amin'ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny aho".

وَلَمَّا بَلَغَ أَشُدَّهُ، وَاسْتَوَىٰ ءَايَنَهُ حُكْمًا وَعِلْمًا وَكَذَٰلِكَ نَجْزِي
الْمُحْسِنِينَ ﴿١٤﴾ وَدَخَلَ الْمَدِينَةَ عَلَىٰ حِينٍ غَفْلَةٍ مِّنْ أَهْلِهَا
فَوَجَدَ فِيهَا رَجُلَيْنِ يَقْتَتِلَانِ هَٰذَا مِنْ شِيعَةِ هَٰذَا وَمِنَ الْآخَرِ
فَاسْتَعَاذَ الَّذِي مِنْ شِيعَتِهِ عَلَى الَّذِي مِنْ عَدُوِّهِ، فَوَكَّزَهُ مُوسَىٰ
فَقَضَىٰ عَلَيْهِ قَالِ هَٰذَا مِنْ عَمَلِ الشَّيْطَانِ إِنَّهُ عَدُوٌّ مُّضِلٌّ مُّبِينٌ
﴿١٥﴾ قَالَ رَبِّ إِنِّي ظَلَمْتُ نَفْسِي فَاغْفِرْ لِي فَغَفَرَ لَهُ إِنَّهُ هُوَ
الْغَفُورُ الرَّحِيمُ ﴿١٦﴾ قَالَ رَبِّ بِمَا أَنْعَمْتَ عَلَيَّ فَلَن أَكُونَ
ظَهِيرًا لِلْمُجْرِمِينَ ﴿١٧﴾ فَأَصْبَحَ فِي الْمَدِينَةِ خَائِفًا يَتَرَقَّبُ فَإِذَا
الَّذِي اسْتَنْصَرَهُ، يَا لَأَمْسٍ يَسْتَصْرِخُهُ، قَالَ لَهُ، مُوسَىٰ إِنَّكَ لَغَوِيٌّ
مُّبِينٌ ﴿١٨﴾ فَلَمَّا أَن أَرَادَ أَنْ يَبْطِشَ بِالَّذِي هُوَ عَدُوٌّ لَهُمَا قَالَ
يَمْوَسَىٰ أَتَرِيدُ أَنْ تَقْتُلَنِي كَمَا قَتَلْتَ نَفْسًا يَا لَأَمْسٍ إِن تَرِيدُ إِلَّا
أَنْ تَكُونَ جَبَّارًا فِي الْأَرْضِ وَمَا تُرِيدُ أَنْ تَكُونَ مِنَ الْمُصْلِحِينَ ﴿١٩﴾
وَجَاءَ رَجُلٌ مِّنْ أَقْصَا الْمَدِينَةِ يَسْعَىٰ قَالَ يَمْوَسَىٰ ابْنَ الْمَلَأَ
يَأْتِمُرُونَ بِكَ لِيقْتُلُوكَ فَاخْرُجْ إِنِّي لَكَ مِنَ النَّاصِحِينَ ﴿٢٠﴾
فَخَرَجَ مِنْهَا خَائِفًا يَتَرَقَّبُ قَالَ رَبِّ نَجِّنِي مِنَ الْقَوْمِ الظَّالِمِينَ ﴿٢١﴾

28.22 - Ka rehefa nandeha nankany Madiana izy, dia niteny hoe: "Mirary ny ho tarihin'ny Tompoko amin'ny lalana mahitsy aho".

28.23 - Ary rehefa tonga tamin'ny toerana misy rano iray tany Madiana izy, dia nahita vondron'olona nampisotro rano (ireo bibiny), ka nahita vehivavy anankiroa nipetraka lavidavitra miambina (ireo bibiny). Ka hoy izy: "Inona no tadiavinareo?". Dia hoy izy ireo namaly: "Tsy mampisotro rano izahay, raha tsy lasa ireo mpiandry ondry, fa ny Rainay dia efa antitra".

28.24 - Dia nampisotroiny rano ny biby fiompin'izy roavavy, avy eo, dia niverina teny amin'ny aloka izy, ary niteny hoe: "Tampo ô! Tena mila ny tsara izay hampidininao amiko aho".

28.25 - Avy eo, dia nanatona azy tamin'ny famindra feno henatra ny anankiray tamin'ireo vehivavy, ary niteny taminy hoe: "Miantso anao ny Raiko, mba hamalisoa anao noho ianao nampisotro ireo biby fiompinay". Koa rehefa tonga teo aminy izy, ka namisavisa taminy ny tantarany, dia hoy izy (ilay antidahy): "Aza matahotra na kely aza, fa afaka tamin'ireo olona mpanao ny tsy rariny ianao".

28.26 - Ka hoy ny anankiray tamin'izy roa vavy: "Ry Dada ô! Raiso izy (hiasa ato aminao) hikarama (amin'ny antonony), fa ny tsara indrindra hokaramaina dia izay matanjaka, sy mendri-pitokiana".

28.27 - Ka hoy izy namaly: "Tiako hampanambadiana anao ny anankiray amin'ireto zanako vavy ireto, raha ohatra ka miasa ato amiko mandritra ny valo taona ianao, raha fenoinao folo taona izany dia miankina aminao, fa tsy tiako ny hanery anao amin'ny tafahoatra. Hohitanao aho, fa ho isan'ireo olona tsara, raha sitrak'Andriamanitra".

28.28 - Dia hoy izy (Mosesy) namaly: "Mifanaraka izaho sy ianao amin'izany, ka na inona na inona amin'ireo fe-potoana anankiroa ireo, dia ho ataoko, tsy misy faneriterena. Fa Mpiantoka amin'izay lazaintsika Andriamanitra".

وَلَمَّا تَوَجَّهَ تَلْقَاءَ مَدْيَنَ قَالَ عَسَى رَبِّي أَنْ يَهْدِيَنِي سَوَاءَ
السَّبِيلِ ﴿٢٢﴾ وَلَمَّا وَرَدَ مَاءَ مَدْيَنَ وَجَدَ عَلَيْهِ أُمَّةً مِنَ
النَّاسِ يَسْقُونَ وَوَجَدَ مِنْ دُونِهِمُ امْرَأَتَيْنِ تَذُودَانِ
قَالَ مَا خَطْبُكُمَا قَالَتَا لَا نَسْقِي حَتَّى يُصْدِرَ الرِّعَاءُ وَأُبُونَا
شَيْخٌ كَبِيرٌ ﴿٢٣﴾ فَسَقَى لَهُمَا ثُمَّ تَوَلَّى إِلَى الظِّلِّ فَقَالَ
رَبِّ إِنِّي لِمَا أَنْزَلْتَ إِلَيَّ مِنْ خَيْرٍ فَقِيرٌ ﴿٢٤﴾ فَجَاءَتْهُ إِحْدَاهُمَا
تَمْشَى عَلَى اسْتِحْيَاءٍ قَالَتْ إِنَّ أَبِي يَدْعُوكَ لِيَجْزِيَكَ
أَجْرَ مَا سَقَيْتَ لَنَا فَلَمَّا جَاءَهُ وَقَصَّ عَلَيْهِ الْقَصَصَ قَالَ
لَا تَخَفْ نَبَوْتُ مِنَ الْقَوْمِ الظَّالِمِينَ ﴿٢٥﴾ قَالَتْ إِحْدَاهُمَا
يَتَأَبَّأُ اسْتَعْجِرُهُ إِنْ خَيْرٌ مِنْ اسْتَعَجَرْتَ الْقَوِيُّ الْأَمِينُ
﴿٢٦﴾ قَالَ إِنِّي أُرِيدُ أَنْ نَمُنَّ بِكَ بِإِحَادٍ ابْنَتَيْ هَتَيْنِ عَلَى أَنْ
تَأْجُرَنِي ثُمَّ نَنِي حَبِيجٍ فَإِنْ أَتَمَمْتَ عَشْرًا فَمِنْ عِنْدِكَ
وَمَا أُرِيدُ أَنْ أَشُقَّ عَلَيْكَ سَتَجِدُنِي إِنْ شَاءَ اللَّهُ مِنْ
الصَّالِحِينَ ﴿٢٧﴾ قَالَ ذَلِكَ بَيْنِي وَبَيْنَكَ أَيَّمَا الْأَجَلَيْنِ
قَضَيْتُ فَلَا عُدْوَانَ عَلَيَّ وَاللَّهُ عَلَى مَا نَقُولُ وَكِيلٌ ﴿٢٨﴾

28.29 - Koa rehefa nahavita ny fotoana nifanarahana i Mosesy, ka nandeha niaraka tamin'ny fianakaviany, dia nahita afo teny antsisin'ny tendrombohitra izy, ka hoy izy tamin'ny fianakaviany: "Mipetraka eto ianareo, fa nahita afo aho. Mety hitondra vaovao ho anareo amin'izany aho, na tapa-porohana amin'ny afo, mba hanafana anareo".

28.30 - Ka rehefa tonga teny izy, dia nisy niantso azy, avy eo amin'ny sisiny havanan'ny lohasaha, tao amin'ny toerana masina, teo amin'ny hazo, nanao hoe: "Ry Mosesy! Izaho no Andriamanitra, Ilay Tompon'izao tontolo izao,

28.31 - ary atsipazo ny tehinao". Avy eo, rehefa hitany mihetsika toy ny bibilava izany, dia nitodi-doha (nandositra) tsy niherikerika intsony izy. "Ry Mosesy! Manatona, fa aza matahotra, isan'ireo izay voaaro tsara tokoa ianao".

28.32 - "Ampidiro ao anatin'ny paosinao ny tãnanao, fa hivoaka fotsy tsy misy faharatsiana izany. Dia akombony ny sandrinao, mba hialan'ny tahotra aminao. Ireny dia porofo anankiroa avy amin'ny Tomponao, ho an'i Faraona sy ireo loholony. Olona ratsy fitondrantena tokoa izy ireo".

28.33 - "Tompo ô! Namono olona iray tamin'izy ireo aho, ka matahotra sao vonoin'izy ireo,

28.34 - fa ny rahalahiko Harona, dia mahay miteny kokoa noho izaho. Koa alefaso miaraka amiko izy ho mpanampy, mba hilaza ny fahamarinako, matahotra tokoa aho ny ho ataon'izy ireo mpandainga".

28.35 - Ka hoy Izy (Andriamanitra): "Ho hamafisinay, amin'ny alalan'ny rahalahinao, ny sandrinao, ka homenay porofo tsy azo lavina ianareo, tsy afaka hahavao anareo izy ireo, noho ny Famantarana avy aty Aminay (fahagagana). Ho mpandresy ianareo roalahy sy ireo izay hanaraka anareo".

فَلَمَّا قَضَىٰ مُوسَى الْأَجَلَ وَسَارَ بِأَهْلِهِ ۚ آنَسَ مِنْ جَانِبِ
الْطُّورِ نَارًا قَالَ لِأَهْلِهِ امْكُثُوا إِنِّي آنَسْتُ نَارًا لَّعَلِّي آتِيكُمُ
مِّنْهَا بِخَبَرٍ أَوْ جَذْوَةٍ مِنَ النَّارِ لَعَلَّكُمْ تَصْطَلُونَ
(٢٩) فَلَمَّا أَتَاهَا نُودِيَ مِنْ شَاطِئِ الْوَادِ الْأَيْمَنِ فِي الْبُقْعَةِ
الْمُبْرَكَةِ مِنَ الشَّجَرَةِ أَنْ يَمْوَسَىٰ إِنِّي أَنَا اللَّهُ رَبُّ
الْعَالَمِينَ (٣٠) وَأَنْ أَلْقِ عَصَاكَ فَلَمَّا رَءَاهَا تَهْتَزُّ كَأَنَّهَا
جَانٌّ وَلَّى مُدْبِرًا وَلَمْ يُعَقِّبْ يَمْوَسَىٰ أَقْبَلَ وَلَا تَخَفْ إِنَّكَ
مِنَ الْأَمِينِ (٣١) أَسْلَكَ يَدَكَ فِي جَيْبِكَ تَخْرُجُ بَيْضَاءَ مِنْ
غَيْرِ سُوءٍ وَأَضْمَمَ إِلَيْكَ جَنَاحَكَ مِنَ الرَّهْبِ ۖ فَذَلِكَ
بُرْهَانُكَ مِنْ رَبِّكَ إِلَىٰ فِرْعَوْنَ وَمَلَئِهِ ۚ إِنَّهُمْ كَانُوا
قَوْمًا فَسِيقِينَ (٣٢) قَالَ رَبِّ إِنِّي قُلْتُ مِنْهُمْ نَفْسًا فَأَخَافُ
أَنْ يَقْتُلُونِ (٣٣) وَأَخِي هَارُونُ هُوَ أَفْصَحُ مِنِّي لِسَانًا
فَارْسِلْهُ مَعِيَ رِدْءًا يُصَدِّقُنِي إِنِّي أَخَافُ أَنْ يُكَذِّبُونِ (٣٤)
قَالَ سَنَشُدُّ عَضُدَكَ بِأَخِيكَ وَنَجْعَلُ لَكُمَا سُلْطٰنًا فَلَا
يَصِلُونَ إِلَيْكُمَا بِآيٰتِنَا أَنْتُمْ وَمَنِ اتَّبَعَكُمَا الْغٰلِبُونَ (٣٥)

28.36 - Koa, rehefa tonga tamin'izy ireo niaraka tamin'ny Fahagagana mazava avy aty Aminay i Mosesy, dia hoy izy ireo: "Majika noforonina ihany izany. Tsy naheno izany velively izahay tamin'ireo razambenay taloha".

28.37 - Ka hoy i Mosesy: "Fantatry ny Tompoko izay tonga miaraka amin'ny tari-dàlana avy Aminy, sy izay manana ny fonenana farany. Hamafisina, fa tsy ho avotra ireo mpanao ny tsy rariny".

28.38 - Hoy i Faraona namaly: "Ry loholona! Izaho dia tsy mahafantatra andriamanitra hafa ho anareo afa-tsy izaho. Ry Hamàn, amelomy afo aho, eo ambony tanimanga (atao biriky), ary manorena tilikambo anankiray, mba hahafahako miakatra hatrany amin'ny Andriamanitr'i Mosesy. Ary izaho dia mihevitra, fa isan'ireo mpandainga izy".

28.39 - Fa nirehareha teny ambonin'ny tany izy, sy ireo miaramilany, tamin'ny tsy fahamarinana. Dia nihevitra izy ireo, fa tsy averina aty Aminay.

28.40 - Koa dia nosamborinay izy, sy ireo miaramilany, ka natsipinay tao anatin'ny onjan-dranomasina. Koa Jereo ny fomba fiakaran'ireo mpanao ny tsy rariny!

28.41 - Nataonay ho mpitarika izay miantso ny olona ho any amin'ny afo izy ireo. Ka tsy hovanjena izy ireo amin'ny andro fitsanganana.

28.42 - Nampanarahinay azy ireo ny ozona amin'ity fiainana an-tany ity. Ary amin'ny andro fitsanganana, dia ho isan'ireo afa-baraka izy ireo.

28.43 - Ary hamafisina, fa nomenay an'i Mosesy ny Boky, rehefa naringanay ireo taranaka taloha, ho porofo mazava amin'ny olona, sy tari-dàlana, ary famindram-po ho tsaroan'izy ireo.

فَلَمَّا جَاءَهُمْ مُوسَى بِآيَاتِنَا بَيِّنَاتٍ قَالُوا مَا هَذَا إِلَّا سِحْرٌ مُفْتَرٍ وَمَا سَمِعْنَا بِهَذَا فِي آبَائِنَا الْأَوَّلِينَ ﴿٣٦﴾ وَقَالَ مُوسَى رَبِّي أَعْلَمُ بِمَنْ جَاءَ بِالْهُدَىٰ مِنْ عِنْدِهِ وَمَنْ تَكُونُ لَهُ عَاقِبَةُ الدَّارِ إِنَّهُ لَا يُفْلِحُ الظَّالِمُونَ ﴿٣٧﴾ وَقَالَ فِرْعَوْنُ يَتَأْتِيهَا الْمَلَأُ مَا عَلِمْتُ لَكُمْ مِنْ إِلَهٍ غَيْرِي فَأَوْقِدْ لِي يَهْمَنُ عَلَى الطِّينِ فَاجْعَلْ لِي صَرْحًا لَعَلِّي أَطَّلِعُ إِلَىٰ إِلَهِ مُوسَى وَإِنِّي لَأَظُنُّهُ مِنَ الْكَاذِبِينَ ﴿٣٨﴾ وَاسْتَكَبَرَ هُوَ وَجُنُودُهُ فِي الْأَرْضِ بِغَيْرِ الْحَقِّ وَظَنُّوا أَنَّهُمْ إِلَيْنَا لَا يُرْجَعُونَ ﴿٣٩﴾ فَأَخَذْنَاهُ وَجُنُودَهُ فَنَبَذْنَاهُمْ فِي الْيَمِّ فَاَنْظُرْ كَيْفَ كَانَتْ عَاقِبَةُ الظَّالِمِينَ ﴿٤٠﴾ وَجَعَلْنَاهُمْ أَيْمَةً يَدْعُونَ إِلَى الْكُفْرِ وَيَوْمَ الْقِيَامَةِ لَا يُنصَرُونَ ﴿٤١﴾ وَاتَّبَعْنَاهُمْ فِي هَذِهِ الدُّنْيَا لَعْنَةً وَيَوْمَ الْقِيَامَةِ هُمْ مِنَ الْمَقْبُوحِينَ ﴿٤٢﴾ وَلَقَدْ آتَيْنَا مُوسَى الْكِتَابَ مِنْ بَعْدِ مَا أَهْلَكْنَا الْقُرُونَ الْأُولَىٰ بَصَائِرَ لِلنَّاسِ وَهُدًى وَرَحْمَةً لَّعَلَّهُمْ يَتَذَكَّرُونَ ﴿٤٣﴾

28.44 - Tsy tao amin'ny ilany andrefan'ny tendrombohitra (Sinaï) ianao, raha namoaka ny didy tamin'i Mosesy Izahay, ary tsy isan'ireo vavolombelona ianao.

28.45 - Nefa napoitranay ireo taranaka izay nalavaina ny taonany, ary tsy nipetraka niaraka tamin'ireo olon'i Madiana ianao, namaky ny Teninay tamin'izy ireo, fa Izahay no nandefa ireo Iraka.

28.46 - Ary tsy teo amin'ny ilan'ny tendrombohitra "Toor" ianao, rehefa niantso Izahay. Fa (tonga ianao) ho famindram-po avy amin'ny Tomponao, ka hampitandrina ny vahoaka izay mbola tsy nisy mpampitandrina tonga tamin'izy ireo talohanao, mba ho tsaroan'izy ireo.

28.47 - Fa raha azon'ny loza izy ireo, ho valin'izay nataon'ny tanan'izy ireo, dia hiteny hoe: "Tompo ô! Nahoana no tsy nandefa Iraka taminay ianao? Amin'izay dia hanaraka ny teninao izahay, ary ho mpino".

28.48 - Nefa raha tonga tamin'izy ireo ny fahamarinana avy Aminay, dia niteny izy ireo hoe: "Raha nahazo zavatra mitovy amin'ny an'i Mosesy mantsy izy!". Moa tsy nandà izay nomena an'i Mosesy teo aloha va izy ireo? Hoy izy ireo: "Nifanohana ireo majika anankiroa". Ka noho izany, dia hoy izy ireo: "Tsy mino izany rehetra izany izahay".

28.49 - Lazao izy ireo hoe: "Mitondrà àry ianareo Boky anankiray avy amin'Andriamanitra, izay mpitari-dàlana tsara noho ireo roa ireo, ka hanaraka izany aho raha mpilaza ny marina ianareo".

28.50 - Fa raha tsy mamaly anao izy ireo, dia fantaro fa ny sitrapony ihany no arahiny. Ary iza no diso làlana indrindra, raha tsy izay manaraka ny sitrapony, tsy misy tari-dàlana avy amin'Andriamanitra? Tsy mitari-dàlana ireo olona mpanao ny tsy rariny Andriamanitra.

وَمَا كُنْتَ بِجَانِبِ الْغَرْبِيِّ إِذْ قَضَيْنَا إِلَى مُوسَى الْأَمْرَ وَمَا كُنْتَ مِنَ الشَّاهِدِينَ ﴿٤٤﴾ وَلَكِنَّا أَنْشَأْنَا قُرُونًا فَتَطَاوَلَ عَلَيْهِمُ الْعُمُرُ وَمَا كُنْتَ ثَاوِيًا فِي أَهْلِ مَدْيَنَ تَتْلُو عَلَيْهِمْ آيَاتِنَا وَلَكِنَّا كُنَّا مُرْسِلِينَ ﴿٤٥﴾ وَمَا كُنْتَ بِجَانِبِ الطُّورِ إِذْ نَادَيْنَا وَلَكِنْ رَحِمَةً مِنْ رَبِّكَ لِتُنْذِرَ قَوْمًا مَّا أَتَتْهُمْ مِنْ نَذِيرٍ مِنْ قَبْلِكَ لَعَلَّهُمْ يَتَذَكَّرُونَ ﴿٤٦﴾ وَلَوْ لَا أَنْ تُصِيبَهُمْ مُصِيبَةٌ بِمَا قَدَّمَتْ أَيْدِيهِمْ فَيَقُولُوا رَبَّنَا لَوْلَا أَرْسَلْتَ إِلَيْنَا رَسُولًا فَنَتَّبِعَ آيَاتِكَ وَنَكُونُ مِنَ الْمُؤْمِنِينَ ﴿٤٧﴾ فَلَمَّا جَاءَهُمُ الْحَقُّ مِنْ عِنْدِنَا قَالُوا لَوْلَا أُوتِيَ مِثْلَ مَا أُوتِيَ مُوسَى أَوَلَمْ يَكْفُرُوا بِمَا أُوتِيَ مُوسَى مِنْ قَبْلُ قَالُوا سِحْرَانِ تَظَاهَرَا وَقَالُوا إِنَّا بِكُمْ لَكَافِرُونَ ﴿٤٨﴾ قُلْ فَأْتُوا بِكِتَابٍ مِنْ عِنْدِ اللَّهِ هُوَ أَهْدَى مِنْهُمَا أَتَّبِعْهُ إِنْ كُنْتُمْ صَادِقِينَ ﴿٤٩﴾ فَإِنْ لَمْ يَسْتَجِيبُوا لَكَ فَاعْلَمْ أَنَّمَا يَتَّبِعُونَ أَهْوَاءَهُمْ وَمَنْ أَضَلُّ مِمَّنِ اتَّبَعَ هَوَاهُ بِغَيْرِ هُدًى مِنَ اللَّهِ إِنَّ اللَّهَ لَا يَهْدِي الْقَوْمَ الظَّالِمِينَ ﴿٥٠﴾

28.51 - Efa nataonay tonga amin'izy ireo ny Teny (Kor'any), mba hahatsiarovan'izy ireo.

28.52 - Ireo izay nomenay ny Boky talohany (Kor'any), dia mino azy.

28.53 - Ary rehefa vakiana amin'izy ireo izany, dia miteny izy ireo hoe: "Mino izany izahay. Fahamarinana avy amin'ny Tomponay tokoa izany. Efa Mpankato izahay talohan'ny nahatongavany".

28.54 - Izy Ireny no hahazo ny valisoany, in-droa, noho ny faharetany, sy noho izy ireo namaly tsara ny ratsy, sy nandany (amin'ny lalan'Andriamanitra) amin'izay nomenay azy ireo,

28.55 - fa rehefa mandre zavatra tsy misy antony izy ireo, dia misintaka izany, ary miteny hoe: "Anay ny asanay, ary anareo ny asanareo. Ho aminareo anie ny fiadanana. Tsy mitady ireo bado izahay".

28.56 - Tsy mitarika izay tianao ianao (ry Mohammad), fa Andriamanitra no mitari-dàlana izay tiany. Ary Izy no Mahafantatra indrindra ireo voatari-dàlana.

28.57 - Ary hoy izy ireo: "Raha manaraka ny lalana tsara miaraka aminao izahay, dia hoesorina amin'ny taninay". Moa tsy napetrakay tamin'ny tanàna masina azo antoka va izy ireo, izay hitondrana ireo vokatry amin'ny karazan-javatra rehetra, ho fanomezana avy Aminay? Fa tsy mahafantatra ny ankamaroan'izy ireo.

28.58 - Fa firifry moa ireo tanàna izay niaina tao anatin'ny fahampiana, nefa tsy nahay nankasitraka no naringanay, ary indro fa taorian'izy ireo, dia vitsy no nipetraka tamin'ireo fonenany, fa izahay no mpandova azy.

28.59 - Tsy mandringana ireo tanàna ny Tomponao mialohan'ny handefasany Iraka amin'ny renivohitry ny tanàna, mba hamaky amin'izy ireo ny Teninay. Fa tsy mandringana ireo tanàna izahay, raha tsy hoe mpanao ny tsy rariny ny mponina ao.

وَلَقَدْ وَصَّلْنَا لَهُمُ الْقَوْلَ لَعَلَّهُمْ يَتَذَكَّرُونَ ﴿٥١﴾ الَّذِينَ
 آتَيْنَاهُمُ الْكِتَابَ مِنْ قَبْلِهِ هُمْ بِهِ يُؤْمِنُونَ ﴿٥٢﴾ وَإِذَا بُدِئَ عَلَيْهِمُ
 قَالُوا آمَنَّا بِهِ إِنَّهُ الْحَقُّ مِنْ رَبِّنَا إِنَّا كُنَّا مِنْ قَبْلِهِ مُسْلِمِينَ ﴿٥٣﴾
 أُولَئِكَ يُؤْتَوْنَ أَجْرَهُمْ مَرَّتَيْنِ بِمَا صَبَرُوا وَيَذَرُونَ بِالْحَسَنَةِ
 السَّيِّئَةَ وَمِمَّا رَزَقْنَاهُمْ يُنفِقُونَ ﴿٥٤﴾ وَإِذَا سَمِعُوا اللَّغْوَ
 أَعْرَضُوا عَنْهُ وَقَالُوا لَنَا أَعْمَلُنَا وَلَكُمْ أَعْمَلُكُمْ سَلَمٌ عَلَيْكُمْ
 لَا نَبْنِئُ الْجَهْلِيلِينَ ﴿٥٥﴾ إِنَّكَ لَا تَهْدِي مَنْ أَحْبَبْتَ وَلَكِنَّ
 اللَّهَ يَهْدِي مَنْ يَشَاءُ وَهُوَ أَعْلَمُ بِالْمُهْتَدِينَ ﴿٥٦﴾ وَقَالُوا إِن
 نَبَّيْعُ الْهَدْيَ مَعَكَ نُنْخِطِفُ مِنْ أََرْضِنَا أَوْ لَمْ نُمْكِنْ لَهُمْ
 حَرَمَاءُ آمِنًا يُجْبَىٰ إِلَيْهِ ثَمَرَاتُ كُلِّ شَيْءٍ رَزَقًا مِنْ لَدُنَّا وَلَكِنَّ
 أَكْثَرَهُمْ لَا يَعْلَمُونَ ﴿٥٧﴾ وَكَمْ أَهْلَكْنَا مِنْ قَبْلِكَ
 بَطَرْتَ مَعِيشَتَهَا فَبِئْسَ مَسْكَنُهُمْ لَمْ تَسْكَنْ مِنْ بَعْدِهِمْ
 إِلَّا قَلِيلًا وَكُنَّا نَحْنُ الْوَارِثِينَ ﴿٥٨﴾ وَمَا كَانَ رَبُّكَ مُهْلِكَ
 الْقُرَىٰ حَتَّىٰ يَبْعَثَ فِي أُمِّهَارِ سُورًا يَنْتَلُوا عَلَيْهِمْ ؕ أَيْتِنَا وَمَا
 كُنَّا مُهْلِكِي الْقُرَىٰ إِلَّا وَأَهْلُهَا ظَالِمُونَ ﴿٥٩﴾

28.60 - Izay zavatra rehetra nomena anareo, dia fahasambarana mandalo sy haingo amin'ity fiainana an-tany ity ihany, fa izay any amin'Andriamanitra no tsara indrindra, sy maharitra...Moa tsy mieritreritra va ianareo?

28.61 - Moa va, izay nomenay fampanantenana tsara, ka hohitany ny fahatanterahan'izany, dia azo ampitahaina amin'izay nomenay fahasambarana amin'ny fiainana an-tany, avy eo izy, amin'ny andro fitsanganana dia ho isan'ireo tonga eo anatrehanay?

28.62 - Fa amin'ny andro izay hiantsoany azy ireo, ka hiteny izy hoe: "Aiza ireo ireharehanareo ho mpitambatra Amiko?".

28.63 - Ireo izay iharan'ny sazy, dia hilaza hoe: "Tompo ô! Izy ireto no nalainay fanahy. Notarihinay izy ireo, tahaka ny nahavoatarika anay. Manasa tanana eo anatrehanao izahay, fa tsy izahay no tompoin'izy ireo".

28.64 - Ary holazaina (izy ireo) hoe: "Antsoy ireo izay natambatrareo amin'Andriamanitra". Hiantso azy izy ireo, nefa tsy hamaly izy ireo. Rehefa mahita ny sazy izy, dia naniry ny hanaraka ny lalana mahitsy (tety amin'ny fiainana an-tany).

28.65 - Ary amin'ny andro izay hiantsoany azy ireo, dia hiteny izy hoe: "Inona no navalinareo ireo Iraka?".

28.66 - Fa amin'izany andro izany, dia hifamahofaho amin'izy ireo ny porofo fialantsiny, ka tsy hifampanontany.

28.67 - Nefa izay nibebaka sy nino, ary nanao asa soa, dia mety ho isan'ireo avotra.

28.68 - Fa ny Tomponao no Mahary izay tiany, sy misafidy, fa tsy anjaran'izy ireo velively ny misafidy. Voninahitra anie ho an'Andriamanitra! Ambony noho izay atambatr'izy ireo Aminy Izy.

28.69 - Mahafantatra izay afenin'ny tratan'izy ireo, sy izay aharihariny ny Tomponao.

28.70 - Ary Izy no Andriamanitra. Tsy misy andrimanitra hafa, afa-tsy izy. Azy ny fiderana eto an-tany, sy any an-koatra. Azy ny fitsarana. Ary any Aminy no hamerenana anareo.

وَمَا أُوتِيتُمْ مِنْ شَيْءٍ فَمَتَّعَ الْحَيَاةَ الدُّنْيَا وَزَيَّنَّا لَهَا وَمَا عِنْدَ اللَّهِ خَيْرٌ وَأَبْقَى أَفَلَا تَعْقِلُونَ ﴿٦٠﴾ أَفَمَنْ وَعَدْنَاهُ وَعَدًا حَسَنًا فَهُوَ لَاقِيهِ كَمَنْ مَنَعْنَاهُ مَتَاعَ الْحَيَاةِ الدُّنْيَا ثُمَّ هُوَ يَوْمَ الْقِيَمَةِ مِنَ الْمُحْضَرِينَ ﴿٦١﴾ وَيَوْمَ يَنَادِيهِمْ فَيَقُولُ أَيْنَ شُرَكَاءِيَ الَّذِينَ كُنْتُمْ تَزْعُمُونَ ﴿٦٢﴾ قَالَ الَّذِينَ حَقَّ عَلَيْهِمُ الْقَوْلُ رَبَّنَا هَؤُلَاءِ الَّذِينَ أَغْوَيْنَا أَغْوَيْنَهُمْ كَمَا غَوَيْنَا تَبَرَّأْنَا إِلَيْكَ مَا كَانُوا إِيَّانَا يَعْبُدُونَ ﴿٦٣﴾ وَقِيلَ ادْعُوا شُرَكَاءَكُمْ فَدَعَوْهُمُ فَلَمْ يَسْتَجِيبُوا لَهُمْ وَرَأَوُا الْعَذَابَ لَوْ أَنَّهُمْ كَانُوا يَهْتَدُونَ ﴿٦٤﴾ وَيَوْمَ يَنَادِيهِمْ فَيَقُولُ مَاذَا أَجَبْتُمُ الْمُرْسَلِينَ ﴿٦٥﴾ فَعِمَّتْ عَلَيْهِمُ الْأَنْبَاءُ يَوْمَئِذٍ فَهُمْ لَا يَتَسَاءَلُونَ ﴿٦٦﴾ فَأَمَّا مَنْ تَابَ وَآمَنَ وَعَمِلَ صَالِحًا فَعَسَىٰ أَنْ يَكُونَ مِنَ الْمُفْلِحِينَ ﴿٦٧﴾ وَرَبُّكَ يَخْلُقُ مَا يَشَاءُ وَيَخْتَارُ مَا كَانَ لَهُمُ الْخِيَرَةُ سُبْحَانَ اللَّهِ وَتَعَالَىٰ عَمَّا يُشْرِكُونَ ﴿٦٨﴾ وَرَبُّكَ يَعْلَمُ مَا تُكِنُّ صُدُورُهُمْ وَمَا يُعْلِنُونَ ﴿٦٩﴾ وَهُوَ اللَّهُ لَا إِلَهَ إِلَّا هُوَ لَهُ الْحَمْدُ فِي الْأُولَىٰ وَالْآخِرَةِ وَلَهُ الْحُكْمُ وَإِلَيْهِ تُرْجَعُونَ ﴿٧٠﴾

28.71 - Dia lazao hoe: “Inona no holazainareo? Raha ataon’Andriamanitra maharitra hatramin’ny andro fitsanganana ny alina, andriamanitra iza ankoatra an’Andriamanitra, no afaka hitondra hazavana ho anareo? Moa tsy mandre va ianareo?”.

28.72 - Koa lazao hoe: “Inona no holazainareo? Raha ataon’Andriamanitra maharitra hatramin’ny andro fitsanganana ny andro, andriamanitra iza ankoatra an’Andriamanitra, no afaka hitondra ny alina aminareo, mba hialanareo sasatra? Moa tsy mahita va ianareo?”.

28.73 - Fa avy amin’ny famindram-pony, no nanaovany ny alina sy ny andro, ho anareo, mba hialanareo sasatra sy hitadiavanareo ny fahasoavany, ka hahaizanareo mankasitraka.

28.74 - Ary amin’ny andro izay hiantsoany azy ireo, dia hiteny izy hoe: “Aiza ireo izay ireharehanareo ho mpitambatra Amiko?”.

28.75 - Nefa dia hamoaka vavolombelona iray isaka ny vahoaka Izahay, ary hiteny Izahay hoe: “Ento aty ny porofo marina avy aminareo”, ka ho fantatr’izy ireo, fa ny marina dia an’Andriamanitra, ka nandao azy ireo izay noforonony.

28.76 - Hamafisina, fa i Karona dia avy amin’ny vahoakan’i Mosesy, nefa naherisetra tamin’izy ireo izy. Nomenay harena sarobidy izy, izay mavesatra amin’ireo andian’olona matanjaka ny fanalahidiny, ka niteny taminy ny vahoakany: “Aza mifaly amim-pireharehana velively ianao. Fa tsy tia ireo mpirehareha Andriamanitra”.

28.77 - Koa tadiavo amin’izay nomen’Andriamanitra anao ny fonenana any an-koatra, fa aza adino kosa ny anjaranao amin’izao fiainana izao. Ary manaova ny soa, tahaka ny nanaovan’Andriamanitra soa taminao. Fa aza mitady fanimbana ety ambonin’ny tany, fa tsy tia ireo mpanimba Andriamanitra.

قُلْ أَرَأَيْتُمْ إِنْ جَعَلَ اللَّهُ عَلَيْكُمُ اللَّيْلَ سَرْمَدًا إِلَى يَوْمِ الْقِيَمَةِ
مَنْ إِلَهٌ غَيْرُ اللَّهِ يَأْتِيكُمْ بِضِيَاءٍ أَمْ لَا تَسْمَعُونَ ﴿٧١﴾
قُلْ أَرَأَيْتُمْ إِنْ جَعَلَ اللَّهُ عَلَيْكُمُ النَّهَارَ سَرْمَدًا إِلَى
يَوْمِ الْقِيَمَةِ مَنْ إِلَهٌ غَيْرُ اللَّهِ يَأْتِيكُمْ بِلَيْلٍ تَسْكُنُونَ
فِيهِ أَمْ لَا تَبْصُرُونَ ﴿٧٢﴾ وَمِنْ رَحْمَتِهِ جَعَلَ لَكُمُ اللَّيْلَ
وَالنَّهَارَ لِتَسْكُنُوا فِيهِ وَلِتَبْتَغُوا مِنْ فَضْلِهِ وَلَعَلَّكُمْ تَشْكُرُونَ
﴿٧٣﴾ وَيَوْمَ يُنَادِيهِمْ فَيَقُولُ أَيْنَ شُرَكَاءِيَ الَّذِينَ كُنتُمْ
تَزْعُمُونَ ﴿٧٤﴾ وَنَزَعْنَا مِنْ كُلِّ أُمَّةٍ شَهِيدًا فَقُلْنَا
هَاتُوا بُرْهَانَكُمْ فَعَلِمُوا أَنَّ الْحَقَّ لِلَّهِ وَضَلَّ عَنْهُمْ مَا كَانُوا
يَفْتَرُونَ ﴿٧٥﴾ إِنْ قَرُّونَ كَانَتْ مِنْ قَوْمِ مُوسَى فَبَغَى
عَلَيْهِمْ وَءَاتَيْنَاهُ مِنَ الْكُنُوزِ مَا إِنَّ مَفَاتِحَهُ لَتَنُوءُ بِالْعُصْبَةِ
أُولَى الْقُوَّةِ إِذْ قَالَ لَهُ قَوْمُهُ لَا تَفْرَحْ إِنَّ اللَّهَ لَا يُحِبُّ الْفَرِحِينَ
﴿٧٦﴾ وَابْتَغِ فِيمَا آتَاكَ اللَّهُ الدَّارَ الْآخِرَةَ وَلَا تَنْسَ
نَصِيبَكَ مِنَ الدُّنْيَا وَأَحْسِنْ كَمَا أَحْسَنَ اللَّهُ إِلَيْكَ
وَلَا تَتَّبِعِ الْفَسَادَ فِي الْأَرْضِ إِنَّ اللَّهَ لَا يُحِبُّ الْمُفْسِدِينَ ﴿٧٧﴾



28.78 - Ka hoy izy: "Tamin'ny alalan'ny fahaizana izay nananako no nahatongavan'ity tamiko". Moa tsy fantany va, fa talohany dia nandringana taranaka matanjaka, sy manankarena kokoa noho izy Andriamanitra? Ary tsy ho anontaniana mikasika ireo fahotany, ireo olo-meloka!

28.79 - Nivoaka teo anatrehan'ny vahoakany izy amin'ny haingony manontolo. Ireo izay tia izao fiainana izao, dia niteny hoe: "Raha mba nanana tahaka izay nomena an'i Karona mantsy izahay, fa nomena harena maro tokoa izy".

28.80 - Fa ireo izay nomena fahalalana kosa, dia niteny hoe: "Lozanareo! Tsara lavitra ny valisoa omen'Andriamanitra ho an'izay mino sy manao asa soa. Nefa tsy hisy hahazo izany, afa-tsy ireo izay maharitra".

28.81 - Koa dia nataonay natelin'ny tany izy, sy ny tranony. Tsy nisy na andian'olona iray aza ankoatra an'Andriamanitra hanavotra azy, ary tsy afa-manavotra ny tenany izy.

28.82 - Fa ireo izay naniry ny ho eo amin'ny toerany, omaly, dia miteny hoe: "Hay! Mizara an-kalalahana ny Fanomezany, amin'izay sitrany amin'ireo mpanompony Andriamanitra, na mametra izany. Raha tsy nitsimbina anay manokana Andriamanitra, dia ho nalentiny tokoa izahay. Hamafisina, fa tsy mahomby ireo tsy mino".

28.83 - Indro ny fonenana farany, izay natokanay ho an'ireo tsy mila fanambonian-tena eny ambonin'ny tany, na hampily fanimbana. Nefa ny fiafarana tsara dia ho an'ireo tia-vavaka.

28.84 - Na iza na iza tonga miaraka amin'ny asa tsara, dia hahazo tsara noho izany, ary na iza na iza tonga miaraka amin'ny asa ratsy, (dia aoka ho fantany) fa ireo izay manao asa ratsy, dia tsy ho valiana raha tsy araka izay nataony.

قَالَ إِنَّمَا أُوتِيَتْهُ عَلَىٰ عِلْمٍ عِنْدِي ۖ أَوَلَمْ يَعْلَم أَنَّ اللَّهَ قَدْ أَهْلَكَ
مِنْ قَبْلِهِ مَنْ الْقُرُونِ مَنْ هُوَ أَشَدُّ مِنْهُ قُوَّةً وَأَكْثَرُ جَمْعًا
وَلَا يُسْئَلُ عَنْ ذُنُوبِهِمُ الْمُجْرِمُونَ ﴿٧٨﴾ فَخَرَجَ عَلَىٰ قَوْمِهِ
فِي زِينَتِهِ ۖ قَالَ الَّذِينَ يُرِيدُونَ الْحَيَاةَ الدُّنْيَا لَيْلَتٌ لَنَا
مِثْلَ مَا أُوتِيَ قَدْ رَوْنَاهُ ۖ لَذُو حَظٍّ عَظِيمٍ ﴿٧٩﴾ وَقَالَ
الَّذِينَ أُوتُوا الْعِلْمَ وَيَلَكُمْ ثَوَابُ اللَّهِ خَيْرٌ لِمَنْ ءَامَنَ
وَعَمِلَ صَالِحًا وَلَا يُلْقِيهَا إِلَّا الصَّابِرُونَ ﴿٨٠﴾ فَخَسَفْنَا
بِهِ وَبِدَارِهِ الْأَرْضَ فَمَا كَانَ لَهُ مِنْ فِئَةٍ يَنْصُرُوهُ ۖ مِنْ دُونِ
اللَّهِ وَمَا كَانَتْ مِنَ الْمُتَصَرِّينَ ﴿٨١﴾ وَأَصْبَحَ الَّذِينَ تَمَنَّوْا
مَكَانَهُ بِالْأَمْسِ يَقُولُونَ وَيَكَاثُرُ اللَّهُ يَبْسُطُ الرِّزْقَ لِمَنْ
يَشَاءُ مِنْ عِبَادِهِ وَيَقْدِرُ لَوْ لَا أَنْ مَنَّ اللَّهُ عَلَيْنَا لَخَسَفَ بَنَاءُ
وَيَكَانَهُ لَا يُفْلِحُ الْكَافِرُونَ ﴿٨٢﴾ تِلْكَ الدَّارُ الْآخِرَةُ نَجْعَلُهَا
لِلَّذِينَ لَا يُرِيدُونَ عُلُوًّا فِي الْأَرْضِ وَلَا فُسَادًا ۖ وَالْعَاقِبَةُ لِلْمُتَّقِينَ
﴿٨٣﴾ مَنْ جَاءَ بِالْحَسَنَةِ فَلَهُ خَيْرٌ مِنْهَا وَمَنْ جَاءَ بِالسَّيِّئَةِ فَلَا
يُجْزَى الَّذِينَ عَمِلُوا السَّيِّئَاتِ إِلَّا مَا كَانُوا يَعْمَلُونَ ﴿٨٤﴾

28.85 - Ilay nametraka ho anao ny didin'ny Kor'any tsy maintsy ho arahina, dia hamafisina, fa hitondra anao amin'ny fiverenana (izay tianao). Lazao hoe: "Fantatry ny Tompoko tsara, izay amin'ny lalana mahitsy, sy izay amin'ny fahaverezana miharihary".

28.86 - Tsy nanantena mihitsy ianao, fa ny Boky dia ho ambara aminao. Fa izany dia famindram-po avy amin'ny Tomponao. Koa aoka tsy ho mpanohana velively ireo tsy mpino ianao,

28.87 - ary aoka izy ireo, tsy hampihataka anao amin'ireo tenin'Andriamanitra, raha vantany vao nampidinina taminao izany. Ary aoka ianao hiantso (ny olona) ho any amin'ny Tomponao, fa aza manao ho isan'ireo mpampitambatra.

28.88 - Fa aza mangataka amin'andriamanitra hafa, miaraka amin'Andriamanitra ianao, fa tsy misy andriamanitra hafa, afa-tsy izy. Tsy maintsy ho rava avokoa ny zavatra rehetra, afa-tsy ny Tavany. Azy ny fitsarana, ary any Aminy no hamerenana anareo.

TOKO - 29

AL-ANKABOUT (NY HALA)

Andininy 69: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

29.1 - Alif, Lam, Mîm.

29.2 - Mihevitra va ireo olona, fa avela hiteny izy ireo hoe: "Mino izahay!", ka tsy hosedraina izy ireo?

29.3 - Nosedrainay tokoa ireo talohan'izy ireo, ka tena fantatr'Andriamanitra ireo izay milaza ny marina, ary fantany ihany koa ireo izay mandainga.

29.4 - Na, moa mihevitra va ireo izay manao ny ratsy, fa afaka handositra Anay? Ratsy tokoa ny fitsaran'izy ireo!

29.5 - Izay manantena ny hihaona amin'Andriamanitra, dia ho avy tokoa ny fotoana izay noferan'Andriamanitra. Fa izy no Ilay Mandre, Ilay Mahalala ny zavatra rehetra.

29.6 - Fa izay miezaka, dia miezaka ho an'ny tenany ihany, satria, Andriamanitra dia manana ny ampy tanteraka amin'izao tontolo izao.

إِنَّ الَّذِي فَرَضَ عَلَيْكَ الْقُرْآنَ لَرَأْدُكَ إِلَىٰ مَعَادٍ قُل رَّبِّي أَعْلَمُ مَنْ جَاءَ بِالْهُدَىٰ وَمَنْ هُوَ فِي ضَلَالٍ مُّبِينٍ ﴿٨٥﴾ وَمَا كُنْتَ تَرْجُو أَنْ يُلْقَىٰ إِلَيْكَ الْكِتَابُ إِلَّا رَحْمَةً مِنْ رَبِّكَ فَلَا تَكُونَنَّ ظَهِيرًا لِلْكَافِرِينَ ﴿٨٦﴾ وَلَا يَصُدُّكَ عَنْ آيَاتِ اللَّهِ بَعْدَ إِذْ أَنْزَلَتْ إِلَيْكَ وَأَدْعُ إِلَىٰ رَبِّكَ وَلَا تَكُونَنَّ مِنَ الْمُشْرِكِينَ ﴿٨٧﴾ وَلَا تَدْعُ مَعَ اللَّهِ إِلَهًا آخَرَ لَا إِلَهَ إِلَّا هُوَ كُلُّ شَيْءٍ هَالِكٌ إِلَّا وَجْهَهُ لَهُ الْحُكْمُ وَإِلَيْهِ تُرْجَعُونَ ﴿٨٨﴾

سُورَةُ الْعَنْكَبُوتِ

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

الْم ١ أَحَسِبَ النَّاسُ أَنْ يَتْرَكُوا أَنْ يَقُولُوا أَمْنَا وَهُمْ لَا يُفْتَنُونَ ﴿٢﴾ وَلَقَدْ فَتَنَّا الَّذِينَ مِنْ قَبْلِهِمْ فَلَيَعْلَمَنَّ اللَّهُ الَّذِينَ صَدَقُوا وَلَيَعْلَمَنَّ الْكَاذِبِينَ ﴿٣﴾ أَمْ حَسِبَ الَّذِينَ يَعْمَلُونَ السَّيِّئَاتِ أَنْ يَسْبِقُونَا سَاءَ مَا يَحْكُمُونَ ﴿٤﴾ مَنْ كَانَ يَرْجُوا لِقَاءَ اللَّهِ فَإِنْ أَجَلَ اللَّهُ لَاتٍ وَهُوَ السَّمِيعُ الْعَلِيمُ ﴿٥﴾ وَمَنْ جَاهِدَ فَإِنَّمَا يُجَاهِدُ لِنَفْسِهِ إِنَّ اللَّهَ لَغَنِيٌّ عَنِ الْعَالَمِينَ ﴿٦﴾



29.7 - Fa ireo izay mino, sy manao asa soa kosa, dia hofafanay ny ratsy nataony, ary homenay valisoa tsara indrindra, noho izay nataony izy ireo.

29.8 - Ary nodidianay hanao ny tsara amin'ireo Ray aman-dReniny ny olombelona, fa raha manery anao ny hampitambatra Ahy amin'ny hafa izy ireo, izay tsy anananao fahalalana, dia aza mankato azy ireo, aty Amiko no fiverenanareo, ka ho ampahafantariko anareo izay nataonareo.

29.9 - Fa ireo izay mino sy manao asa soa kosa, dia hamafisina, fa hampidirinay ho isan'ireo olona mendrika izy ireo.

29.10 - Ary misy amin'ny olona no miteny hoe: "Mino an'Andriamanitra izahay", avy eo, raha ampijaliana noho ny anton'Andriamanitra izy ireo, dia heveriny ho toy ny sazin'Andriamanitra, ny ankaso ataon'ny olona. Nefa, raha tonga ny famonjena avy amin'ny Tomponao, dia hilaza tokoa izy ireo hoe: "Niaraka taminareo izahay". Tsy Andriamanitra va, no Mahalala indrindra izay ao am-pon'ny rehetra?

29.11 - Fa fantatr'Andriamanitra tsara, ireo mpino, ary fantany tsara ihany koa, ireo mpihatsaravelatsihy.

29.12 - Dia hiteny amin'ireo mino, ireo tsy mino hoe: "Arahonareo ny lalanay, ary aoka izahay hizaka ny hadisoanareo". Nefa tsy hizaka na inona na inona amin'ny hadisoany izy ireo, fa mpandainga tokoa izy ireo.

29.13 - Koa hamafisina, fa hilanja ny enta-mavesany izy ireo, sy enta-mavesatra hafa, miaraka amin'ny entan'izy ireo manokana, ary ho anontaniana mikasika izay noforonony izy ireo amin'ny andro fitsanganana.

29.14 - Nalefanay tamin'ny vahoakany tokoa i Noa, ka nipetraka niaraka tamin'izy ireo, nandritra ny arivo taona latsaka dimampolo taona izy, avy eo, niharan'ny safodrano izy ireo, fa mpanao ny tsy rariny.

وَالَّذِينَ ءَامَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَنُكَفِّرَنَّ عَنْهُمْ سَيِّئَاتِهِمْ
وَلَنَجْزِيَنَّهُمْ أَحْسَنَ الَّذِي كَانُوا يَعْمَلُونَ ﴿٧﴾ وَوَصَّيْنَا الْإِنْسَانَ
بِرَبِّدِيهِ حُسْنًا وَإِنْ جَاهَدَاكَ لِتُشْرِكَ بِي مَا لَيْسَ لَكَ بِهِ عِلْمٌ
فَلَا تُطِعْهُمَا إِلَىٰ مَرْجِعِكُمْ فَأُنَبِّئُكُم بِمَا كُنتُمْ تَعْمَلُونَ ﴿٨﴾
وَالَّذِينَ ءَامَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَنُدْخِلَنَّهُمْ فِي الصَّالِحِينَ
﴿٩﴾ وَمِنَ النَّاسِ مَن يَقُولُ ءَامَنَّا بِاللَّهِ فَإِذَا أُوذِيَ فِي اللَّهِ جَعَلَ
فِتْنَةَ النَّاسِ كَعَذَابِ اللَّهِ وَلَئِنْ جَاءَ نَصْرٌ مِّن رَّبِّكَ لَيَقُولُنَّ
إِنَّا كُنَّا مَعَكُمْ أَوَلَيْسَ اللَّهُ بِأَعْلَمَ بِمَا فِي صُدُورِ الْعَالَمِينَ
﴿١٠﴾ وَلَيَعْلَمَنَّ اللَّهُ الَّذِينَ ءَامَنُوا وَلَيَعْلَمَنَّ الْمُنَافِقِينَ
﴿١١﴾ وَقَالَ الَّذِينَ كَفَرُوا لِلَّذِينَ ءَامَنُوا اتَّبِعُوا سَبِيلَنَا
وَلْنَحْمِلَ خَطِيئَتَكُمْ وَمَاهُمْ بِحَامِلِينَ مِّنْ خَطِيئَتِهِمْ مِّنْ
شَيْءٍ إِنَّهُمْ لَكَاذِبُونَ ﴿١٢﴾ وَلَيَحْمِلُنَّ أَثْقَالَهُمْ وَأَنقَالَا
مَعَ أَثْقَالِهِمْ وَلَيُسْأَلُنَّ يَوْمَ الْقِيَامَةِ عَمَّا كَانُوا يَفْتَرُونَ
﴿١٣﴾ وَلَقَدْ أَرْسَلْنَا نُوحًا إِلَىٰ قَوْمِهِ فَلَبِثَ فِيهِمْ أَلْفَ سَنَةٍ
إِلَّا خَمْسِينَ عَامًا فَأَخَذَهُمُ الطُّوفَانُ وَهُمْ ظَالِمُونَ ﴿١٤﴾

29.15 - ary dia navotanay izy, sy ireo olon'ny sambofiara, ka nataonay ho fampitandremana ho an'izao tontolo izao izany.

29.16 - Ary i Abrahama, raha niteny tamin'ny vahoakany izy hoe: "Aoka ianareo hanompo an'Andriamanitra, ary matahora Azy, fa tsara ho anareo izany raha fantatrareo".

29.17 - Tsy manompo afa-tsy ireo sampy ianareo ankoatra an'Andriamanitra, ary mamoron-dainga. Fa ireo izay tompoinareo ivelan'Andriamanitra, dia tsy manana fahefana hanome anjaram-pivelomana ho anareo, koa tadiavo any amin'Andriamanitra ny fivelomanareo. Ary aoka ianareo hanompo sy hahay hankasitraka Azy. Fa any Aminy no hamerenana anareo.

29.18 - Ary raha nanao ho mpandainga (ireo Iraka) ianareo, dia efa nanao ho mpandainga (azy ireo) ihany koa ireo taranaka talohanareo. Fa ny fampitana mazava tsara ihany anefa no adidin'ny Iraka.

29.19 - Tsy hitan'izy ireo va, ny fomba nanombohan'Andriamanitra ny fahariana, avy eo, dia namerina azy indray? Mora ho an'Andriamanitra tokoa izany.

29.20 - Lazao hoe: "Mandehana ianareo mitety ny tany, ary jereo ny fomba nanombohany ny fahariana, avy eo, ny fomba naharian'Andriamanitra ny fahariana hafa. Fa Mahefa ny zavatra rehetra Andriamanitra".

29.21 - Saziany izay tiany ho amin'izany, ary amindrany fo izay tiany hahazo izany, ary any Aminy no hitondrana anareo.

29.22 - Ary tsy afaka manohitra ny Heriny ianareo, na eto antany na any an-danitra, fa tsy manana mpiahy, na mpamonjy ankoatra an'Andriamanitra ianareo.

29.23 - Fa ireo izay tsy mino ny Tenin'Andriamanitra sy ny fihaonana Aminy, dia izy ireny no ho kivy amin'ny famindram-poko, sy hahazo sazy mamirifiry.

فَأَنْجَيْنَاهُ وَأَصْحَبَ السَّفِينَةَ وَجَعَلْنَاهَا آيَةً لِلْعَالَمِينَ
 ﴿١٥﴾ وَإِبْرَاهِيمَ إِذْ قَالَ لِقَوْمِهِ اعْبُدُوا اللَّهَ وَاتَّقُوهُ ذَلِكُمْ
 خَيْرٌ لَّكُمْ إِن كُنْتُمْ تَعْلَمُونَ ﴿١٦﴾ إِنَّمَا تَعْبُدُونَ مِن
 دُونِ اللَّهِ أَوثَنًا وَتَخْلُقُونَ إِفْكًا إِنَّ الَّذِينَ تَعْبُدُونَ مِن
 دُونِ اللَّهِ لَا يَمْلِكُونَ لَكُمْ رِزْقًا فَابْتَغُوا عِندَ اللَّهِ الرِّزْقَ
 وَاعْبُدُوهُ وَاشْكُرُوا لَهُ إِلَيْهِ تُرْجَعُونَ ﴿١٧﴾ وَإِنْ تُكَذِّبُوا
 فَقَدْ كَذَّبَ أُمَمٌ مِّن قَبْلِكُمْ وَمَا عَلَى الرَّسُولِ إِلَّا الْبَلَاغُ
 الْمُبِينُ ﴿١٨﴾ أَوَلَمْ يَرَوْا كَيْفَ يُبْدِئُ اللَّهُ الْخَلْقَ ثُمَّ
 يُعِيدُهُ إِنَّ ذَٰلِكَ عَلَى اللَّهِ يَسِيرٌ ﴿١٩﴾ قُلْ سِيرُوا فِي الْأَرْضِ
 فَانظُرُوا كَيْفَ بَدَأَ الْخَلْقَ ثُمَّ اللَّهُ يُنشِئُ النَّشْأَةَ الْآخِرَةَ
 إِنَّ اللَّهَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ ﴿٢٠﴾ يُعَذِّبُ مَن يَشَاءُ وَيَرْحَمُ
 مَن يَشَاءُ وَإِلَيْهِ تُقْلَبُونَ ﴿٢١﴾ وَمَا أَنْتُمْ بِمُعْجِزِينَ فِي
 الْأَرْضِ وَلَا فِي السَّمَاءِ وَمَا لَكُم مِّن دُونِ اللَّهِ مِن وَلِيٍّ
 وَلَا نَصِيرٍ ﴿٢٢﴾ وَالَّذِينَ كَفَرُوا بِآيَاتِ اللَّهِ وَلِقَائِهِ
 أُولَٰئِكَ يُسَوُّوْنَ مِنْ رَّحْمَتِي وَأُولَٰئِكَ لَهُمْ عَذَابٌ أَلِيمٌ ﴿٢٣﴾

29.24 - Ny hany valintenin'ny vahoakany, dia tsy misy afa-tsy hoe: "Vonoinareo izy, na doroinareo". Nefa navotan'Andriamanitra tamin'ny afo izy. Famantarana ho an'ireo olona izay mino izany.

29.25 - Ka hoy izy (Abrahama): "Ny hanamafisanareo ny fifamatoranareo amin'izao fiainana an-tany izao tokoa, no nanaovanareo ireo sampy ankoatra an'Andriamanitra. Manarak'izany, dia hifampandà sy hifampanozona ianareo amin'ny andro fitsanganana, ary ny afo no ho fialofanareo, fa tsy hanana mpiaro ianareo.

29.26 - Nino azy i Lota, ka hoy izy (Abrahama): "Hifindra-monina any amin'ny Tompoko aho, fa izy no llay Tsitoha, llay be Fahendrena".

29.27 - Nomenay azy i Ishaka sy i Jakoba, ary napetrakay tamin'ny taranany ny faminaniana sy ny Boky. Nomenay azy ny valisoany teto an-tany, ary ho isan'ireo olona tsara izy any an-koatra.

29.28 - Ary i Lota, rehefa niteny tamin'ny vahoakany izy hoe: "Manao fomba maloto tokoa ianareo, izay tsy mbola nisy, na iray aza talohanareo nanao izany teto amin'izao tontolo izao.

29.29 - Manao firaisana amin'ireo samy lehilahy va ianareo, ary misakan-dàlana? Manao fomba ratsy va ianareo amin'ny toeram-pivorianareo?". Nefa ny hany valintenin'ny vahoakany, dia tsy misy afa-tsy hoe: "Ataovy tonga aminay ny sazin'Andriamanitra, raha isan'ireo mpilaza ny marina ianao".

29.30 - Ka hoy izy: "Tompo ô! Omeo fandresena aho, amin'ireto vahoaka mpanimba ireto".

فَمَا كَانَ جَوَابَ قَوْمِهِ إِلَّا أَنْ قَالُوا اقْتُلُوهُ أَوْ حَرِّقُوهُ
فَأَنجَاهُ اللَّهُ مِنَ النَّارِ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَاتٍ لِّقَوْمٍ يُؤْمِنُونَ
(٢٤) وَقَالَ إِنَّمَا اتَّخَذْتُم مِّن دُونِ اللَّهِ أَوْثَانًا مَّوَدَّةَ بَيْنِكُمْ
فِي الْحَيَاةِ الدُّنْيَا ثُمَّ يَوْمَ الْقِيَمَةِ يَكْفُرُ بَعْضُكُم
بِبَعْضٍ وَيَلْعَنُ بَعْضُكُم بَعْضًا وَمَأْوَاكُمُ النَّارُ
وَمَا لَكُم مِّن نَّاصِرِينَ (٢٥) ﴿ فَمَا مِنْ لَهُ لُوطٌ وَقَالَ
إِنِّي مُهَاجِرٌ إِلَىٰ رَبِّي إِنَّهُ هُوَ الْعَزِيزُ الْحَكِيمُ (٢٦) وَوَهَبْنَا
لَهُ إِسْحَاقَ وَيَعْقُوبَ وَجَعَلْنَا فِي ذُرِّيَّتِهِ النُّبُوَّةَ وَالْكِتَابَ
وَعَآيَتِنَا أَجْرَهُ فِي الدُّنْيَا وَإِنَّهُ فِي الْآخِرَةِ لَمِنَ الصَّالِحِينَ
(٢٧) وَلُوطًا إِذْ قَالَ لِقَوْمِهِ إِنَّكُمْ لَتَأْتُونَ الْفَاحِشَةَ
مَا سَبَقَكُمْ بِهَا مِنْ أَحَدٍ مِّنَ الْعَالَمِينَ (٢٨)
أَيُنَظَّرُ لَتَأْتُونَ الرِّجَالَ وَتَقَاطَعُونَ السَّيْلَ وَتَأْتُونَ
فِي نَادِيكُمْ الْمُنْكَرَ فَمَا كَانَ جَوَابَ قَوْمِهِ إِلَّا
أَنْ قَالُوا أَتَيْنَا بِعَذَابِ اللَّهِ إِنْ كُنْتَ مِنَ الصَّادِقِينَ
(٢٩) قَالَ رَبِّ انصُرْنِي عَلَى الْقَوْمِ الْمُفْسِدِينَ (٣٠) ﴿



29.31 - Ary rehefa nitondra ny vaovao tsara tamin'i Abrahama ireo Irakay (ireo Anjely), dia hoy izy ireo: "Haringanay ny mponin'ity tanàna ity, fa mpanao ny tsy rariny ny mponina ao".

29.32 - Dia hoy izy: "I Lota anefa ao!". Hoy izy ireo: "Fantatray tsara izay monina ao, ary ho avotanay tokoa izy, sy ny fianakaviany, afa-tsy ny vadiny izay isan'ireo haringana".

29.33 - Ary rehefa tonga tamin'i Lota ireo Irakay (ireo Anjely), dia nalahelo azy ireo izy, ary nahatsapa fa tsy afa-miaro azy ireo. Hoy izy ireo taminy: "Aza matahotra na inona na inona ianao, ary aza malahelo...Havotanay ianao, sy ny fianakavianao, afa-tsy ny vadinao izay isan'ireo haringana.

29.34 - Halatsakay avy any an-danitra amin'ireo mponin'ity tanàna ity ny sazy, noho ny haratsian'izy ireo".

29.35 - Hamafisina, fa namela famantarana izahay (amin'ny faharavan'ity tanàna ity) ho an'ireo olona izay mandinika

29.36 - Ary nalefa ho any amin'ireo Madiana i Shoaiba rahalahin'izy ireo, izay nilaza hoe: "Ry vahoakako! Aoka ianareo hanompo an'Andriamanitra, sy hanantena amimpahatahorana ny andro farany, fa aza mampiely fanimbana ety ambonin'ny tany ianareo".

29.37 - Nefa nataon'izy ireo mpandainga izy, ka dia tonga tampoka namely azy ireo ny horohorontany maherivaika, ka indro fa nitsirara tao amin'ny fonenany izy ireo.

29.38 - Toy izany koa, (naringanay) ireo Aad sy ireo Tamod. Hitanareo mazava tsara eo amin'ny fonenan'izy ireo izany. Ary dia nohatsarain'ny devoly ireo asan'izy ireo, izay nanakana azy amin'ny lâlana mahitsy, nefa mahiran-tsaina izy ireo.

وَلَمَّا جَاءَتْ رُسُلُنَا اِبْرٰهِيْمَ بِالْبَشْرِىْ قَالُوْا اِنَّا مُهْلِكُوْا
 اَهْلَ هَذِهِ الْقَرْيَةِ اِنْ اَهْلَهَا كَانُوْا ظٰلِمِيْنَ ﴿٣١﴾
 قَالَ اِنَّ فِيْهَا لَوْطًا قَالُوْا نَحْنُ اَعْلَمُ بِمَنْ فِيْهَا لَنُنَجِّيَنَّهُ
 وَاَهْلَهُ اِلَّا اَمْرًاۙ ؕ كَانَتْ مِنَ الْغٰثِيْنَ ﴿٣٢﴾ وَلَمَّا
 اَنْجَاۙءَتْ رُسُلُنَا لُوْطًا سِىْءَ بِهٖمْ وَضَاقَ بِهِمْ ذَرْعًا
 وَقَالُوْا لَا تَخَفْ وَلَا تَحْزَنْ اِنَّا مُنْجُوْكَ وَاَهْلَكَ اِلَّا اَمْرًاۙ ؕ
 كَانَتْ مِنَ الْغٰثِيْنَ ﴿٣٣﴾ اِنَّا مُنْزِلُوْكَ عَلٰۤى اَهْلِ
 هَذِهِ الْقَرْيَةِ رِجْزًا مِّنَ السَّمَآءِ بِمَا كَانُوْا يَفْسُقُوْنَ
 ﴿٣٤﴾ وَلَقَدْ تَرَكْنٰ مِنْهَاۤ اٰيَةًۭ بَيِّنَةً لِّقَوْمٍ يَعْقِلُوْنَ
 ﴿٣٥﴾ وَاِلٰى مَدِيْنٍ اٰخَاهُمْ شُعَيْبًا فَقَالَ يٰۤقَوْمِ اَعْبُدُوْا
 اللّٰهَ وَارْجُوْا الْيَوْمَ الْاٰخِرَ وَلَا تَعْتَوُوْا فِى الْاَرْضِ مُفْسِدِيْنَ
 ﴿٣٦﴾ فَكَذَّبُوْهُ فَاَخَذَتْهُمُ الرَّجْفَةُ فَاَصْبَحُوْا فِى
 دَارِهِمْ جَثِيْمِيْنَ ﴿٣٧﴾ وَعَادَا وَثُمُوْدَا وَقَدْ تَبَيَّنَ
 لَكُمْ مِّنْ مَّسْكِنِهِمْۙ وَزَيَّنَ لَهُمُ الشَّيْطٰنُ
 اَعْمَالَهُمْۙ فَصَدَّهُمْ عَنِ السَّبِيْلِ وَكَانُوْا مُسْتَبْصِرِيْنَ ﴿٣٨﴾

29.39 - Toy izany koa (no nandravanay an') i Karona, sy Faraona, ary Hamàn. Nefa i Mosesy dia efa nitondra porofo tamin'izy ireo, ka mbola nirehareha ihany izy ireo tety an-tany. Ary tsy afa-bela (taminay) izy ireo.

29.40 - Nosazianay araka ny fahotany ny tsirairay. Tao ny nandefasanay rivo-doza; tao ny azon'ny hiakiaka; tao ny nasainay natelin'ny tany; ary tao ny narendrikay. Nefa tsy Andriamanitra velively no hanao tsy rariny amin'izy ireo, fa ny tenany ihany no nanaovany tsy rariny.

29.41 - Ireo izay naka mpiaro ankoatra an'Andriamanitra, dia mitovy amin'ny hala izay namboatra trano, nefa ny trano mora rava indrindra, dia ny tranon-kala. Raha mba fantatr'izy ireo mantsy!

29.42 - Fantatr'Andriamanitra ny zavatra rehetra izay anaovan'izy ireo fangatahana ankoatra Azy. Ary lzy no Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.

29.43 - Toy izany ireo fanoharana izay tanisainay amin'ny olona, nefa ireo manampahaizana ihany no mahazo azy.

29.44 - Tamim-pahamarinana no naharian'Andriamanitra ny lanitra sy ny tany. Izany dia misy porofo ho an'ireo mpino.

29.45 - Vakio izay nambara taminao tamin'ny Boky, ary tanteraho ny vavaka fanompoana (soalat). Hamafisina, fa ny vavaka fanompoana (soalat) dia manakana amin'ny fahavetavetana sy ny faharatsiana. Fa ny fahatsiarovana an'Andriamanitra no tena lehibe indrindra. Ary fantatr'Andriamanitra izay ataonareo.

وَقَرُّوْكَ وَفِرْعَوْنَ وَهَمَانَ وَلَقَدْ جَاءَهُمْ مُّوسَى
بِالْبَيِّنَاتِ فَاسْتَكْبَرُوا فِي الْاَرْضِ وَمَا كَانُوا سَابِقِيْنَ
﴿٣٩﴾ فَكَلَّا اُخَذْنَا بِذُنُوبِهِمْ فَمِنْهُمْ مَنْ اَرْسَلْنَا عَلَيْهِ حَاصِبًا
وَمِنْهُمْ مَنْ اَخَذَتْهُ الصَّيْحَةُ وَمِنْهُمْ مَنْ خَسَفْنَا بِهِ
الْاَرْضَ وَمِنْهُمْ مَنْ اَغْرَقْنَا وَمَا كَانَ اللّٰهُ لِيُظْلِمَهُمْ
وَلٰكِنْ كَانُوا اَنْفُسَهُمْ يَظْلِمُوْنَ ﴿٤٠﴾ مَثَلُ الَّذِيْنَ
اَتَّخَذُوْا مِنْ دُوْنِ اللّٰهِ اَوْلِيَاءَ كَمَثَلِ الْغَنَكَبُوْتِ
اَتَّخَذَتْ بَيْتًا وَّ اِنْ اَوْهَنَ الْبُيُوتِ لَبَيْتٌ الْغَنَكَبُوْتِ
لَوْ كَانُوا يَعْلَمُوْنَ ﴿٤١﴾ اِنَّ اللّٰهَ يَعْلَمُ مَا يَدْعُوْنَكَ مِنْ
دُوْنِهِ مِنْ شَيْءٍ وَهُوَ الْعَزِيْزُ الْحَكِيْمُ ﴿٤٢﴾ وَتِلْكَ
الْاَمْثَلُ نَضْرِبُهَا لِلنَّاسِ وَمَا يَعْقِلُهَا اِلَّا الْعٰلِمُوْنَ
﴿٤٣﴾ خَلَقَ اللّٰهُ السَّمٰوٰتِ وَالْاَرْضَ بِالْحَقِّ اِنَّ فِيْ ذٰلِكَ
لَاٰيَةً لِّلْمُؤْمِنِيْنَ ﴿٤٤﴾ اَتْلُ مَا اُوْحِيَ اِلَيْكَ مِنَ الْكِتٰبِ
وَاَقِمِ الصَّلٰوةَ اِنَّ الصَّلٰوةَ تَنْهٰى عَنِ الْفَحْشَآءِ
وَالْمُنْكَرِ وَلَذِكْرُ اللّٰهِ اَكْبَرُ وَاللّٰهُ يَعْلَمُ مَا تَصْنَعُوْنَ ﴿٤٥﴾

FIZARANA FAHAIRAIKAMBIROAPOLO

29.46 - Ary aza miady hevitra amin'ireo olon'ny Boky ianareo, raha tsy amin'ny fomba mendrika indrindra, afa-tsy ireo izay mpanao ny tsy rariny amin'izy ireo. Ary lazao hoe: "Mino izay nampidinina taminay sy nampidinina taminareo izahay, ary ny Andriamanitray sy ny Andriamanitrareo dia iray ihany, ka Izy no ankatoavinay".

29.47 - Toy izany no nampidinanay taminao ny Boky (Kor'any). Ireo izay nampidinanay ny Boky dia mino izany. Ary misy amin'izy ireo ihany koa ny mino izany. Fa ireo tsy mpino irery ihany no mandà ny Teninay.

29.48 - Ary talohan'izany, dia tsy namaky na boky iray aza ianao, ary tsy nanoratra izany tamin'ny tananao ankavanana ihany koa. Nefa dia niasala ireo tsy miraharaha ny fahamarinana,

29.49 - mikasika ireo andininy mazava anefa izany, izay (voaaro) ao an-tratran'ireo nomena ny fahalalana. Fa ireo mpanao ny tsy rariny irery ihany, no tsy miraharaha ny Teninay.

29.50 - Ary hoy izy ireo: "Nahoana no tsy nampidinina taminy ireo fahagagana avy tamin'ny Tompony?", dia lazao hoe: "Any amin'Andriamanitra ireo fahagagana, fa izaho dia mpampitandrina mazava ihany".

29.51 - Moa tsy ampy azy ireo va, ny nampidinanay taminao ny Boky, ary ny namakiana azy tamin'izy ireo? Hamafisina, fa misy famindram-po sy fampahatsiarovana ho an'ireo olona izay mino amin'izany.

29.52 - Dia lazao hoe: "Ampy hiatrika hanelanelana ahy sy ianareo Andriamanitra". Fantany izay any an-danitra sy eto antany. Ka ireo izay mino ny diso, fa tsy mino an'Andriamanitra kosa, dia izy ireny no maty antoka.

وَلَا تُجَادِلُوا أَهْلَ الْكِتَابِ إِلَّا بِالَّتِي هِيَ أَحْسَنُ ۚ
الَّذِينَ ظَلَمُوا مِنْهُمْ وَقُولُوا آمَنَّا بِالَّذِي أُنْزِلَ إِلَيْنَا وَأُنْزِلَ
إِلَيْكُمْ وَإِلَهُنَا وَإِلَهُكُمْ وَاحِدٌ وَنَحْنُ لَهُ مُسْلِمُونَ ﴿٤٦﴾
وَكَذَلِكَ أَنْزَلْنَا إِلَيْكَ الْكِتَابَ فَالَّذِينَ ءَاتَيْنَاهُمُ الْكِتَابَ
يُؤْمِنُونَ بِهِ ۖ وَمِنْ هَؤُلَاءِ مَنْ يُؤْمِنُ بِهِ ۚ وَمَا يَجْحَدُ بِآيَاتِنَا
إِلَّا الْكَافِرُونَ ﴿٤٧﴾ وَمَا كُنْتَ تَتْلُو مِنْ قَبْلِهِ مِنْ كِتَابٍ
وَلَا تَخْطُهُ بِيَمِينِكَ إِذَا لَا زَنَابَ الْمُبِطِلُونَ ﴿٤٨﴾ بَلْ هُوَ
ءَايَاتٌ يَبَيِّنُ فِي صُدُورِ الَّذِينَ أُوتُوا الْعِلْمَ وَمَا يَجْحَدُ
بِآيَاتِنَا إِلَّا الظَّالِمُونَ ﴿٤٩﴾ وَقَالُوا لَوْلَا أُنْزِلَ عَلَيْهِ
ءَايَاتٌ مِنْ رَبِّهِ قُلْ إِنَّمَا الْآيَاتُ عِنْدَ اللَّهِ وَإِنَّمَا أَنَا نَذِيرٌ
مُبِينٌ ﴿٥٠﴾ أَوَلَمْ يَكْفِهِمْ أَنَّا أَنْزَلْنَا عَلَيْكَ الْكِتَابَ
يَتْلَى عَلَيْهِمْ آيَاتُ فِي ذَلِكَ لِرَحْمَةٍ وَذِكْرٍ لِقَوْمٍ
يُؤْمِنُونَ ﴿٥١﴾ قُلْ كَفَى بِاللَّهِ بَيْنِي وَبَيْنَكُمْ شَهِيدًا
يَعْلَمُ مَا فِي السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ ۗ وَالَّذِينَ ءَامَنُوا
بِالْبَاطِلِ وَكَفَرُوا بِاللَّهِ أُولَٰئِكَ هُمُ الْخَاسِرُونَ ﴿٥٢﴾

29.53 - Ary mangataka aminao ny hanafainganana ny sazy izy ireo. Ka raha tsy nisy fotoana voafetra, dia tonga tamin'izy ireo tokoa ny sazy. Ary azo antoka, fa ho tonga amin'izy ireo tampoka tsy ampoiziny izany.

29.54 - Mangataka aminao ny hanafainganana ny sazy izy ireo, nefa manodidina ireo tsy mpino tokoa ny afobe.

29.55 - Amin'ny andro izay hahatongavan'ny sazy avy any ambonin'izy ireo, sy avy any ambanin'ny tongotr'izy ireo, dia hiteny (amin'izy ireo) izy hoe: "Andramo izay nataonareo".

29.56 - Ry mpanompoko izay nino! Midadasika ny taniko, koa Izaho irery ihany no aoka ho tompoinareo!

29.57 - Tsy maintsy hanandrana ny fahafatesana ny aina rehetra. Avy eo, dia any Aminay no hamerenana anareo.

29.58 - Fa ireo izay nino sy nanao asa soa kosa, dia hapetrakay tokoa amin'ny rihana ambony any am-Paradisa izy ireo, izay ikorianan'ireo renirano eo ambaniny, ka hitoetra ao mandrakizay. Eny! Valisoa tsara tokoa ny an'ireo izay manao ny tsara,

29.59 - ireo izay niaritra, sy nametraka ny fitokiany tamin'ny Tompon'izy ireo.

29.60 - Ary firifiry moa ireo biby izay tsy miandraikitra velively ny sakafony, fa Andriamanitra no manome sakafo azy ireo, ary torak'izany koa ianareo. Eny! Izy no Ilay Mandre, Ilay Mahalala ny zavatra rehetra.

29.61 - Ary raha manontany azy ireo ianao hoe: "Iza no Nahary ny lanitra sy ny tany, ary mifehy ny masoandro sy ny volana? Dia hilaza tokoa izy ireo hoe: "Andriamanitra". Koa nahoana no mbola mahatonga azy ireo mivily lalana indray?"

29.62 - Mizara an-kalalahana ny Fanomezany, amin'izay sitrany amin'ireo mpanompony Andriamanitra, na mametra izany. Hamafisina, fa Mahalala ny zavatra rehetra Andriamanitra.

29.63 - Raha anontaniana izy ireo hoe: "Iza no nampidina avy any an-danitra ny rano, izay namelomany indray ny tany taorian'ny nahafaty azy?", dia hilaza tokoa izy ireo hoe: "Andriamanitra". Ka lazao hoe: "Dera ho an'Andriamanitra!". Nefa indrisy, fa tsy mandinika ny ankamaroan'izy ireo.

وَيَسْتَعْجِلُونَكَ بِالْعَذَابِ وَلَوْلَا أَجَلٌ مُّسَمًّى لَّجَاءَهُمُ الْعَذَابُ
وَلِيَأْتِيَنَّهُمْ بَغْتَةً وَهُمْ لَا يَشْعُرُونَ ﴿٥٣﴾ يَسْتَعْجِلُونَكَ بِالْعَذَابِ
وَأِنْ جَهَنَّمَ لَمُحِيطَةٌ بِالْكَافِرِينَ ﴿٥٤﴾ يَوْمَ يَغْشَاهُمْ الْعَذَابُ
مِنْ فَوْقِهِمْ وَمِنْ تَحْتِ أَرْجُلِهِمْ وَيَقُولُ ذُو الْقُوَىٰ أَمَّا كُنْتُمْ تَعْمَلُونَ
﴿٥٥﴾ يَعْبادِي الَّذِينَ ءَامَنُوا بِإِنْ أَرْضِي وَسِعَةُ فَإِنِّي فَاعْبُدُونِ
﴿٥٦﴾ كُلُّ نَفْسٍ ذَائِقَةُ الْمَوْتِ ثُمَّ إِلَيْنَا تُرْجَعُونَ ﴿٥٧﴾ وَالَّذِينَ
ءَامَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَنُبَوِّئَنَّهُمْ مِنَ الْجَنَّةِ غُرَفًا يُجْرَى
مِنْ تَحْتِهَا الْأَنْهَارُ خَالِدِينَ فِيهَا نِعَمَ أَجْرَ الْعَامِلِينَ ﴿٥٨﴾ الَّذِينَ
صَبَرُوا وَعَلَىٰ رَبِّهِمْ يَتَوَكَّلُونَ ﴿٥٩﴾ وَكَأَيِّن مِّن دَابَّةٍ لَا تَحْمِلُ
رِزْقَهَا اللَّهُ يَرْزُقُهَا وَإِيَّاكُمْ وَهُوَ السَّمِيعُ الْعَلِيمُ ﴿٦٠﴾ وَلَئِنْ
سَأَلْتَهُمْ مَّنْ خَلَقَ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ وَسَخَّرَ الشَّمْسَ وَالْقَمَرَ
لَيَقُولَنَّ اللَّهُ فَاَنىٰ يُوَفِّكُونَ ﴿٦١﴾ اللَّهُ يَبْسُطُ الرِّزْقَ لِمَن يَشَاءُ مِنْ
عِبَادِهِ وَيَقْدِرُ لَهُ إِنَّ اللَّهَ بِكُلِّ شَيْءٍ عَلِيمٌ ﴿٦٢﴾ وَلَئِنْ سَأَلْتَهُمْ
مَّنْ نَّزَّلَ مِنَ السَّمَاءِ مَاءً فَأَحْيَا بِهِ الْأَرْضَ مِنْ بَعْدِ مَوْتِهَا
لَيَقُولَنَّ اللَّهُ قُلِ الْحَمْدُ لِلَّهِ بَلْ أَكْثَرُهُمْ لَا يَعْقِلُونَ ﴿٦٣﴾

29.64 - Ity fiainana an-tany ity, dia fialam-boly sy lalao fotsiny ihany. Fa ny fonenana any an-koatra no tena fiainana. Raha mba fantatr'izy ireo!

29.65 - Rehefa niakatra teny ambonin'ny sambo izy ireo, dia nangataka tamin'Andriamanitra tamin'ny fanoloran'izy ireo ho Azy manokana ny fivavahana. Ka rehefa navotany (tamin'ny lozan'ny ranomasina) teny an-tanety anefa izy ireo, dia indro (izy ireo) fa mampitambatra an'Andriamanitra amin'ny hafa indray.

29.66 - Aoka izy ireo tsy hiraharaha izay nomenay azy, ary hifaly amin'ny fiainana an-tany, fa hahafantatra tsy ho ela izy ireo!

29.67 - Tsy hitan'izy ireo va, fa nanao toerana masina azo antoka Izhay (Makka), nefa esorina ireo olona eny amin'ny manodidina azy? Hino ny diso ary va izy ireo, ka tsy hiraharaha ny fahasoavan'Andriamanitra?

29.68 - Ary iza no mpanao ny tsy rariny indrindra, raha tsy izay mamoron-dainga amin'Andriamanitra, na izay mampandainga ny fahamarinana rehefa tonga aminy izany? Moa tsy any amin'ny afobe va, no misy ny fonenana ho an'ireo tsy mpino?

29.69 - Ary ireo izay miezaka noho ny Aminay, dia hotarihinay tokoa amin'ireo Lalana izy ireo. Ary hamafisina, fa Andriamanitra dia miaraka amin'ireo mpanao soa.

TOKO - 30

AR-ROUM

(IREO ROMANINA)

Andininy 60: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

30.1 - Alif, Lam, Mîm.

30.2 - Resy ireo Rômanina,

30.3 - tamin'ny firenena mpifanolo-bodirindrina aminy, ary aorian'ny fahareseny dia ho mpandresy izy ireo,

30.4 - rehefa afaka taona vitsivitsy. An'Andriamanitra ny fandidiana, hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany, ary amin'io andro io, dia hifaly ireo mpino,

30.5 - noho ny famonjen'Andriamanitra. Vonjeny izay tiany ho vonjena, fa izy no Ilay Tsihoa, Ilay be Indrafo.

وَمَا هَذِهِ الْحَيَوةُ الدُّنْيَا إِلَّا لَهُوٌّ وَلَعِبٌ وَإِنَّ الدَّارَ الْآخِرَةَ
لَهُى الْحَيَوةُ لَوْ كَانُوا يَعْلَمُونَ ﴿٦٤﴾ فَإِذَا رَكِبُوا فِي
الْفُلِكِ دَعَوْا اللَّهَ مُخْلِصِينَ لَهُ الدِّينَ فَلَمَّا نَجَّاهُمْ إِلَى الْبَرِّ إِذَا
هُمْ يَشْرِكُونَ ﴿٦٥﴾ لِيَكْفُرُوا بِمَا آتَيْنَهُمْ وَلِيَتَمَنَّوْا فُسُوفَ
يَعْلَمُونَ ﴿٦٦﴾ أَوَلَمْ يَرَوْا أَنَّا جَعَلْنَا حَرَمًا مِمَّا مَنِئُوا وَهُمْ يَكْفُرُونَ
النَّاسُ مِنْ حَوْلِهِمْ أَفَبِالْبَاطِلِ يُؤْمِنُونَ وَبِنِعْمَةِ اللَّهِ يَكْفُرُونَ
﴿٦٧﴾ وَمَنْ أَظْلَمُ مِمَّنِ افْتَرَى عَلَى اللَّهِ كَذِبًا أَوْ كَذَّبَ بِالْحَقِّ
لَمَّا جَاءَهُ أَلَيْسَ فِي جَهَنَّمَ مَثْوًى لِّلْكَافِرِينَ ﴿٦٨﴾ وَالَّذِينَ
جَاهَدُوا فِينَا لَنَهْدِيَنَّهُمْ سُبُلَنَا وَإِنَّ اللَّهَ لَمَعَ الْمُحْسِنِينَ ﴿٦٩﴾

سُورَةُ الرُّومِ

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ
الْمَ ﴿١﴾ غُلِبَتِ الرُّومُ ﴿٢﴾ فِي أَدْنَى الْأَرْضِ وَهُمْ مِنْ بَعْدِ
غَلِبِهِمْ سَيَغْلِبُونَ ﴿٣﴾ فِي بَضْعِ سِنِينَ لِلَّهِ الْأَمْرُ
مِنْ قَبْلُ وَمِنْ بَعْدُ وَيَوْمَئِذٍ يَفْرَحُ الْمُؤْمِنُونَ ﴿٤﴾
بَنَصْرِ اللَّهِ بِنَصْرٍ مِنْ شِكَاءٍ وَهُوَ الْعَزِيزُ الرَّحِيمُ ﴿٥﴾



30.6 - Izany no fampanantenan'Andriamanitra. Tsy mivadika amin'ny fampanantenany velively Andriamanitra, saingy tsy mahafantatra izany ny ankamaroan'ny olona.

30.7 - Fantatr'izy ireo ny endrika ivelan'ny fiainana an-tany, fa tsy noraharahainy kosa ny any an-koatra.

30.8 - Tsy mandini-tena va izy ireo? Tsy Nahary ny lanitra sy ny tany, ary izay eo anelanelany Andriamanitra raha tsy noho ny antony marina, sy ho amin'ny fotoana voafetra. Maro anefa ny olona no tsy mino ny fihaonana amin'ny Tompony.

30.9 - Tsy nitety ny tany va izy ireo, mba hahita izay niafaran'ireo niaina talohany? Natanjaka noho izy ireo izy ireny, niasa ny tany, ary nameno azy mihoatra lavitra noho izay vitan'izy ireo. Tonga teo amin'izy ireo niaraka tamin'ny porofo mazava ireo Irany. Tsy Andriamanitra velively no nanao ny tsy rariny tamin'izy ireo, fa izy ireo ihany no nanao ny tsy rariny tamin'ny tenany.

30.10 - Rehefa izany, dia tena ratsy tokoa ny fiafaran'ny mpanao ratsy, izay niampanga ireo andian-teny avy amin'Andriamanitra ho lainga, sady nanesa izany.

30.11 - Andriamanitra no nanomboka ny fahariana, Izy ihany koa no manao izany indray, avy eo, dia any Aminy no hamerenana anareo.

30.12 - Ary amin'ny andro hahatongavan'ilay Ora farany, dia ianjadian'ny hakiviana ireo mpanao ratsy.

30.13 - Ary tsy hanana mpanelanelana amin'ireo izay natambany tamin'Andriamanitra izy ireo, ary handà ny maha andriamanitra azy izy ireo.

30.14 - Amin'ny andro hahatongavan'ilay Ora, dia hisaratsaraka izy ireo amin'izany andro izany.

30.15 - Hifaly ao amin'ilay zaridaina, ireo nino sy nanao asa soa,

وَعَدَ اللَّهُ لَا يَخْلِفُ اللَّهُ وَعْدَهُ وَلَكِنَّ أَكْثَرَ النَّاسِ لَا يَعْلَمُونَ
 ٦ يَعْلَمُونَ ظَاهِرًا مِّنَ الْحَيَاةِ الدُّنْيَا وَهُمْ عَنِ الْآخِرَةِ هُمْ غَافِلُونَ
 ٧ أَوَلَمْ يَتَفَكَّرُوا فِي أَنفُسِهِمْ مَّا خَلَقَ اللَّهُ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ وَمَا بَيْنَهُمَا إِلَّا بِالْحَقِّ وَأَجَلٍ مُّسَمًّى وَإِنَّ كَثِيرًا مِّنَ النَّاسِ بِلِقَآئِ رَبِّهِمْ لَكَافِرُونَ
 ٨ أَوَلَمْ يَسِيرُوا فِي الْأَرْضِ فَيَنْظُرُوا كَيْفَ كَانَ عَاقِبَةُ الَّذِينَ مِن قَبْلِهِمْ كَانُوا أَشَدَّ مِنْهُمْ قُوَّةً وَأَثَارُوا الْأَرْضَ وَعَمَرُوهَا أَكْثَرَ مِمَّا عَمَرُوهَا وَجَاءَتْهُمْ رُسُلُهُم بِالْبَيِّنَاتِ فَمَا كَانُوا لِيُظْلِمَهُمْ وَلَكِن كَانُوا أَنفُسَهُمْ يَظْلِمُونَ
 ٩ ثُمَّ كَانَ عَاقِبَةُ الَّذِينَ اسْتَوُوا السَّوَاءَ أَن كَذَّبُوا بِآيَاتِ اللَّهِ وَكَانُوا بِهَا يَسْتَهْزِءُونَ
 ١٠ اللَّهُ يَبْدُوهُ الْخَلْقَ ثُمَّ يُعِيدُهُ ثُمَّ إِلَيْهِ تُرْجَعُونَ
 ١١ وَيَوْمَ تَقُومُ السَّاعَةُ يُبْلِسُ الْمُجْرِمُونَ
 ١٢ وَلَمْ يَكُن لَّهُمْ مِّنْ شُرَكَائِهِمْ شُفَعَاؤُاْ وَكَانُوا بِشُرَكَائِهِمْ كَافِرِينَ
 ١٣ وَيَوْمَ تَقُومُ السَّاعَةُ يُؤْمِدُ يُنْفِرُ فُوتٌ
 ١٤ فَأَمَّا الَّذِينَ ءَامَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ فَهُمْ فِي رَوْضَةٍ يُحْبَرُونَ
 ١٥

30.16 - fa ireo izay tsy nino kosa, ka niampanga ireo famantarana avy Aminay sy ny fihaonana any an-koatra ho lainga, izy ireo dia hoentina any amin'ny famaizana.

30.17 - Aoka àry ianareo hanome voninahitra an'Andriamanitra, marain-tsy hariva!

30.18 - Ho Azy ny Dera rehetra any an-danitra sy ety an-tany, amin'ny folakandro sy amin'ny mitatao-vovonana.

30.19 - Mamoaka ny velona avy amin'ny maty Izy, ary mamoaka ny maty avy amin'ny velona. Manome aina ny tany taorian'ny nahafaty azy Izy. Ary toy izany koa no hamoahany anareo (amin'ny fitsanganana amin'ny maty).

30.20 - Anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny nahariany anareo avy amin'ny tany, dia indreny ianareo fa olombelona nieli-patrana (eran'izao tontolo izao).

30.21 - Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny nahariany ho anareo avy aminareo ny vadinareo, mba hiainanareo amim-pilaminana miaraka aminy, ary dia nasiany fifankatiavana sy hatsaram-panahy teo aminareo. Misy porofo tokoa ao anatin'izany ho an'ireo olona mieritreritra.

30.22 - Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny nahariany ny lanitra sy ny tany, ary ny fahasamihafan'ny fiteny sy ny volon-koditrareo. Misy porofo tokoa ao anatin'izany ho an'ireo manam-pahalalana.

30.23 - Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny torimasonareo amin'ny alina, sy ny andro, ary koa ny fitadiavanareo ny fahasoavany. Misy porofo tokoa ao anatin'izany ho an'ireo olona izay mandre.

30.24 - Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny fanehoany aminareo ny tselatra sy ny tahotra ny varatra, ary ny fanantenana (ny orana), ampudininy avy eny amin'ny lanitra ny rano izay manome aina indray ny tany efa maty. Misy porofo tokoa ao anatin'izany ho an'ireo olona misaina.

وَأَمَّا الَّذِينَ كَفَرُوا وَكَذَّبُوا بِآيَاتِنَا وَلِقَاءِ الْآخِرَةِ فَأُولَٰئِكَ
 فِي الْعَذَابِ مُحْضَرُونَ ﴿١٦﴾ فَسَبِّحْ لِلَّهِ حِينَ تُمْسُونَ
 وَحِينَ تُصْبِحُونَ ﴿١٧﴾ وَلَهُ الْحَمْدُ فِي السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ
 وَعَشِيًّا وَحِينَ تُظْهِرُونَ ﴿١٨﴾ يُخْرِجُ الْحَيَّ مِنَ الْمَيِّتِ وَيُخْرِجُ
 الْمَيِّتَ مِنَ الْحَيِّ وَيُخَيِّ الْأَرْضَ بَعْدَ مَوْتِهَا وَكَذَٰلِكَ تُخْرَجُونَ
 ﴿١٩﴾ وَمِنْ آيَاتِهِ أَنْ خَلَقَكُمْ مِنْ تُرَابٍ ثُمَّ إِذَا أَنْتُمْ بَشَرٌ
 تَنْتَشِرُونَ ﴿٢٠﴾ وَمِنْ آيَاتِهِ أَنْ خَلَقَ لَكُمْ مِنْ أَنْفُسِكُمْ
 أَزْوَاجًا لِتَسْكُنُوا إِلَيْهَا وَجَعَلَ بَيْنَكُمْ مَوَدَّةً وَرَحْمَةً
 إِنَّ فِي ذَٰلِكَ لَآيَاتٍ لِقَوْمٍ يَتَفَكَّرُونَ ﴿٢١﴾ وَمِنْ آيَاتِهِ خَلَقَ
 السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ وَأَخْلَفَ السَّنِينَ لَكُمْ وَاللَّيْلَ وَالنَّهَارَ
 وَأَبْنَعَاكُمْ مِنْ فَضْلِهِ إِنَّ فِي ذَٰلِكَ لَآيَاتٍ
 لِقَوْمٍ يَسْمَعُونَ ﴿٢٢﴾ وَمِنْ آيَاتِهِ يُرِيكُمْ الْبَرْقَ
 خَوْفًا وَطَمَعًا وَيُنْزِلُ مِنَ السَّمَاءِ مَاءً فَيُخْرِجُ بِهِ الْأَرْضَ
 بَعْدَ مَوْتِهَا إِنَّ فِي ذَٰلِكَ لَآيَاتٍ لِقَوْمٍ يَعْقِلُونَ ﴿٢٤﴾

30.25 - Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny fitsanganan'ny lanitra sy ny tany amin'ny alalan'ny Baikony, avy eo, rehefa hiantso anareo Izy, dia indro ianareo fa hipoitra avy any amin'ny tany.

30.26 - Azy izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany, mankato Azy avokoa izao rehetra izao.

30.27 - Izy no nanomboka ny fahariana sy mamerina izany indray, ary mora Aminy izany. Manana ny fahamboniana tokoa Izy any an-danitra sy eto an-tany. Ary Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.

30.28 - Manao fanoharana ho anareo avy aminareo ihany Andriamanitra: ataonareo mpiray antoka aminareo va ny mpanomponareo, tamin'ny fananana izay nomenay anareo, ka hitovy avokoa ianareo, ary hatahotra azy ireo ianareo tahaka ny hifampahatahoranareo samy ianareo? Toy izany no hanazavanay ireo andininy avy Aminay, ho an'ireo olona misaina.

30.29 - Nefa Ireo izay nanao ny tsy rariny, dia nanaraka ny sitra-pony tsy amim-pahalalana. Dia iza azy no afaka hitari-dalana izay efa narian'Adriamanitra? Ary tsy manana mpamonjy izy ireny.

30.30 - Tariho ho amin'ny finoana an'Andriamanitra tokana ny tenanao manontolo, fa izany no toetra efa nomen'Andriamanitra ny olombelona (hatramin'izay). Tsy misy fanovana amin'ny fahariana nataon'Andriamanitra. Izany no finoana mahitsy, saingy tsy fantatry ny ankamaroan'ny olona.

30.31- Miverena eo Aminy (Andriamanitra) am-panenenana ianareo, ary matahora Azy, ka tanteraho ny vavaka fanompoana (soalat), ary aoka ianareo tsy ho isan'ireo mpampitambatra (an'Andriamanitra amin'ny hafa),

30.32 - izay isan'ireo nampisy fizarazarana ny finoany, ka lasa sampam-pinoana samihafa, izay samy faly amin'ny azy.

وَمِنْ آيَاتِهِ أَنْ تَقُومَ السَّمَاءُ وَالْأَرْضُ بِأَمْرِهِ ثُمَّ إِذَا دَعَاكُمْ دَعْوَةً مِنَ الْأَرْضِ إِذَا أَنْتُمْ تَخْرُجُونَ ﴿٢٥﴾ وَلَهُ مَنْ فِي السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ كُلُّ لَّهُ قَانُونٌ ﴿٢٦﴾ وَهُوَ الَّذِي يَبْدَأُ الْخَلْقَ ثُمَّ يُعِيدُهُ وَهُوَ أَهْوَبُ عَلَيْهِ وَلَهُ الْمَثَلُ الْأَعْلَىٰ فِي السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَهُوَ الْعَزِيزُ الْحَكِيمُ ﴿٢٧﴾ ضَرَبَ لَكُمْ مَثَلًا مِّنْ أَنْفُسِكُمْ هَلْ لَّكُمْ مِّن مَّا مَلَكَتْ أَيْمَانُكُمْ مِّن شُرَكَاءَ فِي مَا رَزَقْتَكُمْ فَانْتَرَفِيهِ سَوَاءٌ تَخَافُونَهُمْ كَخِيفَتِكُمْ أَنْفُسَكُمْ كَذَلِكَ نُفَصِّلُ الْآيَاتِ لِقَوْمٍ يَعْقِلُونَ ﴿٢٨﴾ بَلِ اتَّبَعَ الَّذِينَ ظَلَمُوا أَهْوَاءَ هُمْ بِغَيْرِ عِلْمٍ فَمَن يَهْدِي مَنْ أَضَلَّ اللَّهُ وَمَا لَهُمْ مِّن نَّاصِرِينَ ﴿٢٩﴾ فَأَقِمَّ وَجْهَكَ لِلدِّينِ حَنِيفًا فِطْرَتَ اللَّهِ الَّتِي فَطَرَ النَّاسَ عَلَيْهَا لَا يَبْدِيلَ لِخَلْقِ اللَّهِ ذَلِكَ الدِّينُ الْقَيِّمُ وَلَكِنَّ أَكْثَرَ النَّاسِ لَا يَعْلَمُونَ ﴿٣٠﴾ * مُبِينٌ إِلَيْهِ وَاتَّقُوهُ وَأَقِيمُوا الصَّلَاةَ وَلَا تَكُونُوا مِنَ الْمُشْرِكِينَ ﴿٣١﴾ مِنَ الَّذِينَ فَرَّقُوا دِينَهُمْ وَكَانُوا شِيعًا كُلَّ حِزْبٍ بِمَا لَدَيْهِمْ فَرِحُونَ ﴿٣٢﴾



30.33 - Ary rehefa misy loza mahazo ny olona, dia miantso ny Tompony izy ireo, ka miverina Aminy amin-pibebahana. Ary rehefa omeny ampahany amin'ny Famindram-pony izy ireo, dia indro fa misy andiany amin'izy ireo mampitambatra ny Tompony amin'ny hafa.

30.34 - Ka lasa tsy mahay mankasitraka izy ireo amin'izay nomenay azy. "Koa mifalia àry ianareo, fa tsy ho ela dia ho fantatrareo".

30.35 - Tsy efa nampidina tompom-pahefana va Izahay, niresaka tamin'izy ireo mikasika izay natambatr'izy ireo Taminy?

30.36 - Ary rehefa mampanandrana ny Famindram-ponay amin'ny olona Izahay, dia faly amin'izany izy ireo. Fa rehefa tra-doza kosa izy ireo, noho ny nataon'ny tanan'izy ireo ihany, dia indro fa feno fahakiviana.

30.37 - Tsy hitan'izy ireo va, fa mizara an-kalahana ny Fanomezany amin'izay sitrany Andriamanitra, na mametra izany? Misy porofo tokoa amin'izany ho an'ireo olona mino.

30.38 - Omeo ny havana akaiky àry ny anjarany, toy izany koa ny an'ireo mahantra sy ny mpandeha lavitra sahirana. Izany dia tsara indrindra ho an'izay mitady ny tavan'Andriamanitra (fankasitrahany), ary izy ireny no hahita fahombiazana.

30.39 - Izay omenareo ho zanahina, mba hampitombo ny fanananareo amin'ny alalan'ny fananan'ny hafa, dia tsy mitombo izany eo anatrehan'Andriamanitra, fa izay omenareo ho harena fiantrana (zakat) kosa, ho fitadiavana ny fankasitrahany'Andriamanitra, no hitombo avo heny.

30.40 - Andriamanitra no Nahary sy nanome anjaram-pivelomana anareo. Avy eo, dia hovoioiny ianareo, ka ho velominy indray. Misy mahavita tahaka izany va, amin'ireo lazainareo ho mpitambatra Aminy? Voninahitra ho Azy! Ambony lavitra noho izay atambatreo Aminy Izy.

30.41 - Nipoitra teto an-tany sy tany an-dranomasina ny fanimbana, noho izay nataon'ny tanan'ny olona ihany, nampanandramany ny ampahany tamin'izay nataony izy ireo, mba hiverenan'izy ireo.

وَإِذَا مَسَّ النَّاسَ ضُرٌّ دَعَوْا رَبَّهُمْ مُنِيبِينَ إِلَيْهِ ثُمَّ إِذَا آذَقَهُمْ
مِنْهُ رَحْمَةً إِذَا فَرِيقٌ مِنْهُمْ بِرَبِّهِمْ يُشْرِكُونَ ﴿٣٣﴾ لِيَكْفُرُوا بِمَا
ءَانِثْنَهُمْ فَتَمَتَّعُوا فَسَوْفَ تَعْلَمُونَ ﴿٣٤﴾ أَمْ أَنْزَلْنَاهُ عَلَيْهِمْ
سُلْطَانًا فَهُوَ يَتَكَلَّمُ بِمَا كَانُوا بِهِ يُشْرِكُونَ ﴿٣٥﴾ وَإِذَا آذَقْنَا
النَّاسَ رَحْمَةً فَرَحُوا بِهَا وَإِنْ تَصْبَهُمْ سَيِّئَةٌ يَمَاقِدَتْ أَيْدِيهِمْ
إِذَا هُمْ يَقْنَطُونَ ﴿٣٦﴾ أَوَلَمْ يَرَوْا أَنَّ اللَّهَ يَبْسُطُ الرِّزْقَ لِمَنْ يَشَاءُ
وَيَقْدِرُ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَاتٍ لِقَوْمٍ يُؤْمِنُونَ ﴿٣٧﴾ فَآتَ ذَا الْقُرْبَىٰ
حَقَّهُ وَوَالْمَسْكِينِ وَابْنَ السَّبِيلِ ذَلِكَ خَيْرٌ لِلَّذِينَ يُرِيدُونَ
وَجْهَ اللَّهِ وَأُولَئِكَ هُمُ الْمُفْلِحُونَ ﴿٣٨﴾ وَمَاءَ آتَيْتُم مِّن رَّبِّا
لَّيْرَبُوا فِي أَمْوَالِ النَّاسِ فَلَا يَرَبُّوهُ عِنْدَ اللَّهِ وَمَاءَ آتَيْتُم مِّن زَكَاةٍ
تُرِيدُونَ وَجْهَ اللَّهِ فَأُولَئِكَ هُمُ الْمُضْغِفُونَ ﴿٣٩﴾ اللَّهُ الَّذِي
خَلَقَكُمْ ثُمَّ رَزَقَكُمْ ثُمَّ يَمِيتُكُمْ ثُمَّ يُحْيِيكُمْ هَلْ مِنْ
شُرَكَائِكُمْ مَّنْ يَفْعَلُ مِنْ ذَلِكُمْ مِّن شَيْءٍ سُبْحَنَهُ وَتَعَالَى
عَمَّا يُشْرِكُونَ ﴿٤٠﴾ ظَهَرَ الْفَسَادُ فِي الْبَرِّ وَالْبَحْرِ بِمَا كَسَبَتْ
أَيْدِي النَّاسِ لِيُذِيقَهُمْ بَعْضَ الَّذِي عَمِلُوا لَعَلَّهُمْ يَرْجِعُونَ ﴿٤١﴾

30.42 - Lazao hoe: "Tetezo ny tany, ka jereo izay niafaran'ireo niaina taloha. Fa mpampitambatra an'Andriamanitra amin'ny hafa ny ankamaroan'izy ireny".

30.43 - Tariho ho amin'ilay finoana mahitsy ny tenanao manontolo, mialohan'ny hahatongavan'ny andro izay tsy azo ahemotra intsony avy amin'ny Andriamanitra. Amin'izany andro izany dia hisaratsaraka ny olona.

30.44 - Izay tsy mino dia hizaka ny tsy finoany. Fa izay nanao ny tsara, dia ho azy ireo ihany no nanomanany izany,

30.45 - mba hamalian'Andriamanitra soa ireo izay mino sy manao asa soa, avy amin'ny Fahasoavany. Ary hamafisina, fa tsy tia ireo tsy mpino izy.

30.46 - Anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny fandefasany ny rivotra ho mpampilaza, mba hampanandramany anareo ny Famindram-pony, sy hampitsingevana ny sambo amin'ny alalan'ny didiny, ka hitadiavanareo ny Fahasoavany. Mba hahazanareo mankasitraka.

30.47 - Nandefa iraka tamin'ny vahoakan'izy ireo tokoa izahay talohanao, ary nitondra porofo izy ireo. Namaly ireo nanao ratsy izahay, ary adidinay ny mamonjy ireo mpino.

30.48 - Andriamanitra, Izy no mandefa ny rivotra izay mampiakatra ny rahona, ary aparitany eny amin'ny lanitra araka izay itiavany azy izany, ka potehiny. Tazanao mipoitra avy amin'izany ny ranonorana. Ary rehefa nalefany tamin'izay tiany tamin'ireo mpanompony izany, dia indro fa feno fifaliana izy ireo,

30.49 - na dia kivy aza izy ireo talohan'ny nampidinany izany tamin'izy ireo.

30.50 - Jereo àry ny fiantraikan'ny famindram-pon'Andriamanitra, ahoana no nanomezany aina indray ny tany efa maty. Izy no mamelona izay efa maty, fa Mahefa ny zavatra rehetra izy.

قُلْ سِيرُوا فِي الْأَرْضِ فَانظُرُوا كَيْفَ كَانَ عَاقِبَةُ الَّذِينَ مِنْ قَبْلُ
 كَانَ أَكْثَرُهُمْ مُشْرِكِينَ ﴿٤٢﴾ فَأَقْرَجَ وَجْهَهُكَ لِلَّذِينَ الْقِيَمِ مِنْ
 قَبْلُ أَنْ يَأْتِيَ يَوْمٌ لَا مَرَدَ لَهُ، مِنْ اللَّهِ يَوْمَئِذٍ يَصَّدَّعُونَ ﴿٤٣﴾ مَنْ
 كَفَرَ فَعَلَيْهِ كُفْرُهُ، وَمَنْ عَمِلَ صَالِحًا فَلَا نَفْسَ لَهُ يَمْهَدُونَ ﴿٤٤﴾
 لِيَجْزِيَ الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ مِنْ فَضْلِهِ إِنَّهُ لَا يُحِبُّ
 الْكَافِرِينَ ﴿٤٥﴾ وَمَنْ أَيْبَسَهُ أَنْ يُرْسِلَ الرِّيحُ مُبَشِّرَاتٍ وَلِيَذِيقَكُمْ
 مِنْ رَحْمَتِهِ وَلِتَجْزِيَ الْفُلُكُ بِأَمْرِهِ وَلِتَبْتَغُوا مِنْ فَضْلِهِ وَلَعَلَّكُمْ
 تَشْكُرُونَ ﴿٤٦﴾ وَلَقَدْ أَرْسَلْنَا مِنْ قَبْلِكَ رُسُلًا إِلَى قَوْمِهِمْ فَجَاءَهُمْ
 بِالْبَيِّنَاتِ فَأَنْتَقَمْنَا مِنَ الَّذِينَ أَجْرَمُوا وَكَانَ حَقًّا عَلَيْنَا نَصْرُ
 الْمُؤْمِنِينَ ﴿٤٧﴾ اللَّهُ الَّذِي يُرْسِلُ الرِّيحَ فَتُبْرِسُ حَابًا فَيَبْسُطُهُ
 فِي السَّمَاءِ كَيْفَ يَشَاءُ وَيَجْعَلُهُ كِسْفًا فَتَرَى الْوَدْقَ يَخْرُجُ مِنْ
 خِلَالِهِ فَإِذَا أَصَابَ بِهِ مَنْ يَشَاءُ مِنْ عِبَادِهِ إِذَا هُمْ يَسْتَبْشِرُونَ
 ﴿٤٨﴾ وَإِنْ كَانُوا مِنْ قَبْلِ أَنْ يُنْزَلَ عَلَيْهِمْ مِنْ قَبْلِهِ لَمُبْلِسِينَ
 ﴿٤٩﴾ فَانْظُرْ إِلَى آثَرِ رَحْمَتِ اللَّهِ كَيْفَ يُحْيِي الْأَرْضَ بَعْدَ
 مَوْتِهَا إِنَّ ذَلِكَ لَمُحْيِي الْمَوْتَى وَهُوَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ ﴿٥٠﴾

30.51 - Ary raha nalefanay ny rivotra, ka hitan'izy ireo nihamavo ny zavamaniry, dia tsy nahay nankasitraka intsony izy ireo taorian'izany.

30.52 - Raha ny marina dia tsy afaka hampandre ny maty ianao, ary tsy afaka hampandre antso amin'ireo marenina, raha mandeha manome lamosina izy ireo.

30.53 - Tsy ianao no hitarika ny jamba efa very lalana. Izay mino ireo andininy avy Aminay ihany no ampandrenesinao, ka hankato tanteraka izy ireo.

30.54 - Andriamanitra, Izy no Nahary anareo tamin'ny fahalemena, ary taorian'ny fahalemena dia nomeny hery ianareo, ary taorian'ny hery dia ny fahosana indray sy ny fahanterana. Mahary izay tiany Andriamanitra, fa izy no Ilay Mahalala, sy Ilay Mahefa ny zavatra rehetra.

30.55 - Ary amin'ny andro hahatongavan'ilay Ora, dia hianiana ireo mpanao ratsy, fa ora iray ihany no nijanonan'izy ireo. Toy izany no nampivily lalana azy ireo,

30.56 - fa ireo izay nomena ny fahalalana sy ny finoana kosa, dia hiteny hoe: "Hatramin'ny andro fitsanganana amin'ny maty no nijanonanareo tao, araka ny voarakitra ao amin'ny Bokin'Andriamanitra. Indro ny andro fitsanganana amin'ny maty, saingy tsy fantatrarao izany".

30.57 - Amin'izany andro izany àry, dia tsy hilain'ireo olona mpanao ny tsy rariny intsony ny fialan-tsiny, ary tsy hangatahina amin'izy ireo ny hanao izay hahafaly an'Andriamanitra.

30.58 - Ary nanao fanoharana isan-karazany ho an'ny olona tokoa izahay, ao amin'ity Kor'any ity. Ary raha itondranao fahagagana izy ireo, dia hiteny ireo tsy mino hoe: "Tena mpamitaka tokoa ianareo".

30.59 - Toy izany no anidian'Andriamanitra ny fon'ireo izay tsy mahafantatra.

30.60 - Aoka àry ianao hanam-paharetana, fa marina ny fampanantenan'Andriamanitra. Ary aoka tsy hanozongozona anao ireo izay tena tsy mino.

وَلَيْنَ أَرْسَلْنَا رِجَالًا مِّنْهُ مُصَفِّرًا لَّظُلُومًا مِّنْ بَعْدِهِ يَكْفُرُونَ
 ﴿٥١﴾ فَإِنَّكَ لَا تَسْمِعُ الْمَوْتَىٰ وَلَا تَسْمِعُ النُّجُمَ الدُّعَاءَ إِذَا وَلَّوْا
 مُدْبِرِينَ ﴿٥٢﴾ وَمَا أَنْتَ بِهَادٍ الْعُمَىٰ عَنْ ضَلَالَتِهِمْ إِنْ تَسْمِعُ إِلَّا
 مَن يُؤْمِنُ بِآيَاتِنَا فَهُمْ مُّسْلِمُونَ ﴿٥٣﴾ ۞ اللَّهُ الَّذِي خَلَقَكُمْ
 مِّنْ ضَعْفٍ ثُمَّ جَعَلَ مِنْ بَعْدِ ضَعْفٍ قُوَّةً ثُمَّ جَعَلَ مِنْ بَعْدِ
 قُوَّةٍ ضَعْفًا وَشَيْبَةً يَخْلُقُ مَا يَشَاءُ وَهُوَ الْعَلِيمُ الْقَدِيرُ ﴿٥٤﴾
 وَيَوْمَ تَقُومُ السَّاعَةُ يُقْسِمُ الْمُجْرِمُونَ مَا لِبِشْوَاغٍ سَاعَةٍ
 كَذَلِكَ كَانُوا يُؤْفَكُونَ ﴿٥٥﴾ وَقَالَ الَّذِينَ أُوتُوا الْعِلْمَ وَالْإِيمَانَ
 لَقَدْ لَبِثْنَا فِي كِتَابِ اللَّهِ إِلَى يَوْمِ الْبَعْثِ فَهَذَا يَوْمُ الْبَعْثِ
 وَلَكِنَّكُمْ كُنتُمْ لَا تَعْلَمُونَ ﴿٥٦﴾ فَيَوْمَئِذٍ لَا يَنْفَعُ الَّذِينَ
 ظَلَمُوا مَعْذِرَتُهُمْ وَلَا هُمْ يُسْتَعْتَبُونَ ﴿٥٧﴾ وَلَقَدْ ضَرَبْنَا
 لِلنَّاسِ فِي هَذَا الْقُرْآنِ مِن كُلِّ مَثَلٍ وَلَئِن جِئْتَهُمْ بِآيَةٍ
 لَّيَقُولَنَّ الَّذِينَ كَفَرُوا إِنْ أَنْتُمْ إِلَّا مُبْطِلُونَ ﴿٥٨﴾ كَذَلِكَ
 يَطْبَعُ اللَّهُ عَلَى قُلُوبِ الَّذِينَ لَا يَعْلَمُونَ ﴿٥٩﴾ فَأَصْبِرْ إِنَّ
 وَعْدَ اللَّهِ حَقٌّ وَلَا يَسْتَخِفُّكَ الَّذِينَ لَا يُوقِنُونَ ﴿٦٠﴾

TOKO - 31
LOUQMAN

Andininy 34: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

31.1 - Alif, Lam, Mim.

31.2 - Indro ireo andinin'ny Boky feno fahendrena.

31.3 - Tari-dàlana sy famindram-po ho an'ireo mpanao soa.

31.4 - Ireo izay manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat), sy manome ny harena fiantrana (zakat), ary mino tanteraka ny any an-koatra.

31.5 - Izy ireny no amin'ny làla-mahitsin'ny Tompony, ary izy ireny no olon-tsambatra.

31.6 - Ary misy amin'ireo olona tsy manam-pahalalana, no manao teny tsara lahatra, mampivily tsy ho any amin'ny làlan'Andriamanitra, ary maneso izany. Hiharan'ny famaizana mahafabaraka izy ireny.

31.7 - Ary rehefa vakiana aminy ireo andininy avy Aminay, dia manome lamosina amim-piavonavonana izy, tahaka ny tsy mbola nandre izany mihitsy, toy ny misy zavatra mavesatra ao an-tsofiny. Koa ambarao azy ary ny famaizana mamirifiry.

31.8 - Hahazo ny zaridainan'ny fahasambarana tokoa, ireo izay mino sy manao asa soa,

31.9 - ka hitoetra ao mandrakizay, fampanantenan'Andriamanitra marina tokoa izany, ary Izy no Ilay Tsiotra, Ilay be Fahendrena.

31.10 - Namboariny ny lanitra izay tsy misy andry hitan'ny masonareo, ary nalentiny mafy amin'ny tany ireo tendrombohitra, mba tsy hampihozongozona azy (tany) aminareo, ary dia nanaparitaka biby isan-karazany teo amin'izany Izy. Nampidina rano avy eny amin'ny lanitra Izahay, ka nentinay nampitsiry tsiroaroa ireo karazan-javamaniry mahasoa.

31.11 - Izany no fahariana nataon'Andriamanitra. Koa aseho Ahy izay noharin'ireo ankoatra an'Andriamanitra, fa very làlana tokoa ireo olona mpanao ny tsy rariny.

سُورَةُ الْقَصَصِ

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

الْم ۝ تِلْكَ آيَاتُ الْكِتَابِ الْحَكِيمِ ۝ هُدًى وَرَحْمَةً ۝ لِلْمُحْسِنِينَ ۝ الَّذِينَ يُقِيمُونَ الصَّلَاةَ وَيُؤْتُونَ الزَّكَاةَ وَهُمْ بِالْآخِرَةِ هُمْ يُوقِنُونَ ۝ أُولَٰئِكَ عَلَىٰ هُدًى مِّن رَّبِّهِمْ وَأُولَٰئِكَ هُمُ الْمُفْلِحُونَ ۝ وَمِنَ النَّاسِ مَن يَشْتَرِي لَهْوَ الْحَدِيثِ لِيُضِلَّ عَن سَبِيلِ اللَّهِ بِغَيْرِ عِلْمٍ وَيَتَّخِذَهَا هُزُوًا أُولَٰئِكَ لَهُمْ عَذَابٌ مُّهِينٌ ۝ وَإِذَا تُتْلَىٰ عَلَيْهِ آيَاتُنَا وَلَّىٰ مُسْتَكْبِرًا ۝ كَانَ لَمْ يَسْمَعْهَا كَأَنَّ فِي أُذُنَيْهِ وَقْرًا فَبَشَّرَهُ بِعَذَابٍ أَلِيمٍ ۝ إِنَّ الَّذِينَ ءَامَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَهُمْ جَنَّاتُ النَّعِيمِ ۝ خَالِدِينَ فِيهَا وَعْدَ اللَّهِ حَقًّا وَهُوَ الْعَزِيزُ الْحَكِيمُ ۝ خَلَقَ السَّمَوَاتِ بِغَيْرِ عَمَدٍ تَرَوْنَهَا وَقَالَتْ فِي الْأَرْضِ رَؤُسَىٰ أَن تَمِيدَ بِكُمْ وَبَثَّ فِيهَا مِن كُلِّ دَابَّةٍ وَأَنزَلْنَا مِنَ السَّمَاءِ مَاءً فَأَنبَأْنَا فِيهَا مِن كُلِّ زَوْجٍ كَرِيمٍ ۝ هَذَا خَلْقُ اللَّهِ فَأَرُونِي مَاذَا خَلَقَ الَّذِينَ مِن دُونِهِ ۚ بَلِ الظَّالِمُونَ فِي ضَلَالٍ مُّبِينٍ ۝

31.12 - Nomenay fahendrena tokoa i Louqman: "Aoka ianao hahay hankasitraka an'Andriamanitra, fa izay mahay mankasitraka, dia mankasitraka ny tenany ihany, fa izay maniratsira kosa, dia hamafisina, fa tsy mila na inona na inona Andriamanitra, ary mendri-piderana izy".

31.13 - Ary rehefa niteny tamin'ny zanany lahy i Louqman, ka nananatra azy nanao hoe: "Anaka! Aza mampitambatra an'Andriamanitra amin'ny hafa ianao, fa ny fampitambarana an'Andriamanitra amin'ny hafa dia tsy rariny tafahoatra".

31.14 - Nodidianay hanaja ireo Ray aman-dReniny ny olona, fa niaritra ny mafy tokoa ny Reniny nitondra azy tao am-bohoka, ary aorian'ny faharoataonany ny fanotazana azy (fisarahanonony). Koa mahaiza mankasitraka Ahy sy ny Ray aman-dReninao ianao, fa any Amiko no fiasarana.

31.15 - Fa raha manery anao hampitambatra Ahy amin'ny hafa ireo Ray aman-dReny, amin'ny zavatra izay tsy anananao fahalalana, dia aza mankato azy ireo ianao, saingy miaraha aminy amin'ny fomba mendrika eto an-tany. Ary aoka ianao hanaraka ny lalan'izay mitodi-doha aty Amiko. Aty Amiko mantsy avy eo no fiverenanareo, ary amin'izay dia hambarako anareo izay nataonareo.

31.16 - Anaka! Na dia mitovy lanja amin'ny voatsinampy iray aza, izay any anaty karaobato, na any an-danitra, na eto an-tany, dia ataon'Andriamanitra ho tonga izany. Fa feno hamoram-po sy Mahafantatra ny zavatra rehetra Andriamanitra.

31.17 - Anaka! Tanteraho ny vavaka fanompoana (soalat), ary aoka ianao hampirisika amin'ny tsara, fa hanakana kosa tsy ho amin'ny ratsy, ary zakao amim-paharetana izay mihatra aminao. Izany no tsara indrindra amin'ny raharaha rehetra.

31.18 - Ary aza ahodin'ny olona ny tarehin'ny olona, ary aoka ianao tsy hanitsaka ny tany amim-pireharehana, fa tsy tian'Andriamanitra tokoa ny olona manambony tena sy mpiharehana.

31.19 - Ary aoka ianao ho tsotra amin'ny fomba fandehanao, sy ampidina ny feonao, fa ny feo ratsy indrindra dia ny feon'ny ampondra.

وَلَقَدْ آتَيْنَا لُقْمَانَ الْحِكْمَةَ أَنْ اشْكُرْ لِلَّهِ وَمَنْ يَشْكُرْ فَإِنَّمَا يَشْكُرُ لِنَفْسِهِ ۖ وَمَنْ كَفَرَ فَإِنَّ اللَّهَ غَنِيٌّ حَمِيدٌ ﴿١٢﴾ وَإِذْ قَالَ لُقْمَانُ لِابْنِهِ ۖ وَهُوَ يَعِظُهُ ۖ يَبْنَىٰ لِأْتَشْرِكُ بِاللَّهِ ۖ إِنَّ الشِّرْكَ لَظُلْمٌ عَظِيمٌ ﴿١٣﴾ وَوَصَّيْنَا الْإِنْسَانَ بِوَالِدَيْهِ حِمْلَتْهُ أُمُّهُ ۖ وَهَنَا عَلَىٰ وَهْنٍ ۖ وَفَصَّلَتْهُ فِي عَمَيْنِ أَنْ اشْكُرْ لِي وَلِوَالِدَيْكَ إِلَى الْمَصِيرِ ﴿١٤﴾ وَإِنْ جَاهَدَاكَ عَلَىٰ أَنْ تُشْرِكَ بِي مَا لَيْسَ لَكَ بِهِ عِلْمٌ فَلَا تُطِعْهُمَا ۖ وَصَاحِبْهُمَا فِي الدُّنْيَا مَعْرُوفًا ۚ وَاتَّبِعْ سَبِيلَ مَنْ أَنَابَ ۖ إِلَىٰ ثُمَّ إِلَىٰ مَرْجِعِكُمْ فَأُنَبِّئُكُم بِمَا كُنتُمْ تَعْمَلُونَ ﴿١٥﴾ يَبْنَىٰ إِنَّهَا إِن تَكُ مِثْقَالَ حَبَّةٍ مِّنْ خَرْدَلٍ فَتَكُنْ فِي صَخْرَةٍ أَوْ فِي السَّمَوَاتِ أَوْ فِي الْأَرْضِ يَأْتِ بِهَا اللَّهُ ۖ إِنَّ اللَّهَ لَطِيفٌ خَبِيرٌ ﴿١٦﴾ يَبْنَىٰ أَقِمِ الصَّلَاةَ وَأْمُرْ بِالْمَعْرُوفِ وَانْهَ عَنِ الْمُنْكَرِ وَأَصْبِرْ عَلَىٰ مَا أَصَابَكَ ۖ إِنَّ ذَلِكَ مِّنْ عَزْمِ الْأُمُورِ ﴿١٧﴾ وَلَا تَصْغِرْ خَدَّكَ لِلنَّاسِ وَلَا تَمْشِ فِي الْأَرْضِ مَرَحًا ۖ إِنَّ اللَّهَ لَا يُحِبُّ كُلَّ مُخْتَالٍ فَخُورٍ ﴿١٨﴾ وَأَقْصِدْ فِي مَشْيِكَ ۖ وَأَغْضِضْ مِن صَوْتِكَ ۖ إِنَّ أَنْكَرَ الْأَصْوَاتِ لَصَوْتُ الْحَمِيرِ ﴿١٩﴾

31.20 - Tsy hitanareo va fa Andriamanitra no nametraka izay eny amin'ny lanitra sy ety an-tany ho anareo? Ary nataony henika ny fahasoavany hitamaso, sy tsy hitamaso ianareo. Misy amin'ny olona no miady hevitra mikasika an'Andriamanitra tsy amim-pahalalana, tsy misy tari-dàlana, na boky manazava.

31.21 - Ary raha ilazana izy ireo hoe: "Manaraha izay nampidin'Andriamanitra ianareo", dia hoy izy ireo: "Izay nahitanay ireo razambenay ihany no arahinay". Eny, fa na dia antsoin'ny devoly ho amin'ny famaizan'ny afo aza va izy ireo?

31.22 - Ary na iza na iza mampankato ny tenany amin'Andriamanitra, sady mpanao asa soa, dia efa nifikitra tamin'ny tahon-javatra mafy tokoa. Fa any amin'Andriamanitra ny fiasaran'ny zavatra rehetra.

21.23 - Fa ireo izay tsy mino, dia aoka tsy hampalahelo anao ny tsy finoany, aty Aminay no fiverenan'izy ireo, ka hambaranay azy ireo izay nataony. Fantatr'Andriamanitra tsara tokoa izay raiketin'ny tratra.

31.24 - Omenay fahafinaretana mandalo izy ireo, ka ho terenay ho any amin'ny famaizana mafy avy eo.

31.25 - Raha anontaniana izy ireo hoe: "Iza no Nahary ny lanitra sy ny tany?", dia hiteny hoe: "Andriamanitra". Lazao: "Dera ho an'Andriamanitra!". Saingy tsy mahafantatra izany ny ankamaroan'izy ireo.

31.26 - An'Andriamanitra izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany. Fa tompon'ny harena Andriamanitra, ary Izy no Ilay Mendri-piderana .

31.27 - Na dia hiova ho penina fanoratana aza ny hazo rehetra eto an-tany, ary ho ranomainty ny ranomasina rehetra, ka hampiana ranomasina fito hafa indray, dia tsy ho lany akory ny Tenin'Andriamanitra, fa Tsitoha sy be Fahendrena Andriamanitra.

31.28 - Ny faharian'Andriamanitra anareo, sy ny fananganany anareo amin'ny maty, dia tahaka ny fanahy iray ihany (mora amin'Andriamanitra). Hamafisina, fa Mandre sy Mahita ny zavatra rehetra Andriamanitra.

أَلَمْ تَرَوْا أَنَّ اللَّهَ سَخَّرَ لَكُم مَّا فِي السَّمَوَاتِ وَمَا فِي الْأَرْضِ وَأَسْبَغَ عَلَيْكُمْ نِعَمَهُ ظَاهِرَةً وَبَاطِنَةً وَمِنَ النَّاسِ مَن يُجَادِلُ فِي اللَّهِ بِغَيْرِ عِلْمٍ وَلَا هُدًى وَلَا كِتَابٍ مُّنِيرٍ ﴿٢٠﴾ وَإِذَا قِيلَ لَهُمُ اتَّبِعُوا مَا أَنزَلَ اللَّهُ قَالُوا بَلْ نَتَّبِعُ مَا وَجَدْنَا عَلَيْهِ آبَاءَنَا أَوَلَوْ كَانَ الشَّيْطَانُ يَدْعُوهُمْ إِلَىٰ عَذَابِ السَّعِيرِ ﴿٢١﴾ وَمَن يُسَلِّمْ وَجْهَهُ إِلَى اللَّهِ وَهُوَ مُحْسِنٌ فَقَدِ اسْتَمْسَكَ بِالْعُرْوَةِ الْوُثْقَىٰ وَإِلَى اللَّهِ عَاقِبَةُ الْأُمُورِ ﴿٢٢﴾ وَمَن كَفَرَ فَلَا يَحْزَنكَ كُفْرُہُ ۚ إِنَّا مَرْجِعُهُمْ فَنُنَبِّئُهُم بِمَا عَمِلُوا إِنَّ اللَّهَ عَلِيمٌ بِذَاتِ الصُّدُورِ ﴿٢٣﴾ نُمْنِعُهُمْ قَلِيلًا ثُمَّ نَضْطَرُّهُمْ إِلَىٰ عَذَابٍ غَلِيظٍ ﴿٢٤﴾ وَلَٰئِن سَأَلْتَهُم مَّنْ خَلَقَ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ لَيَقُولُنَّ اللَّهُ قُلِ الْحَمْدُ لِلَّهِ بَلْ أَكْثَرُهُمْ لَا يَعْلَمُونَ ﴿٢٥﴾ لِلَّهِ مَا فِي السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ إِنَّ اللَّهَ هُوَ الْغَنِيُّ الْحَمِيدُ ﴿٢٦﴾ وَلَوْ أَنَّمَا فِي الْأَرْضِ مِن شَجَرَةٍ أَقْلَمٌ وَالْبَحْرُ يَمُدُّهُ مِن بَعْدِهِ سَبْعَةُ أَبْحُرٍ مَّا نَفِدَتْ كَلِمَاتُ اللَّهِ إِنَّ اللَّهَ عَزِيزٌ حَكِيمٌ ﴿٢٧﴾ مَا خَلَقَكُمْ وَلَا يَبْعَثْكُمْ إِلَّا كَنَفْسٍ وَاحِدَةً إِنَّ اللَّهَ سَمِيعٌ بَصِيرٌ ﴿٢٨﴾

31.29 - Tsy hitanao va ny nanosohan'Andriamanitra ny alina tao amin'ny andro, ary ny nanosohany ny andro amin'ny alina, ka nametrahany ny masoandro sy ny volana izay samy mizotra amin'ny diany amin'ny fotoana voafetra? Dia hamafisina, fa Mahafantatra tsara izay ataonareo Andriamanitra.

31.30 - Izany tokoa, satria Andriamanitra dia Fahamarinana, fa tsy marina avokoa izay rehetra antsoin'izy ireo ankoatra an'Andriamanitra. Eny! Andriamanitra, Izy no Ilay Avo indrindra, Ilay Lehibe indrindra.

31.31 - Tsy hitanao va, fa ny fahasoavan'Andriamanitra no mampitsingevana ny sambo eny ambonin'ny ranomasina, mba hampisehoany aminareo ireo zava-mahatalanjona avy Aminy? Misy porofo tokoa amin'izany ho an'ny manam-paharetana, sy mahay mankasitraka.

31.32 - Rehefa misy onja mandrakotra azy ireo toy ny aloka, dia miantso an'Andriamanitra izy ireo, ka manokana ny vavaka rehetra ho Azy, ary rehefa manavotra azy ireo Izy, ka mamerina azy ireo eny amin'ny tany, dia mbola misy amin'izy ireo no misalasala, saingy izay rehetra mpamadika sy tsy mahay mankasitraka ihany no tsy manaiky ireo famantarana avy Aminay.

31.33 - Ry olombelona! Aoka ianareo hatahotra ny Tomponareo, ary matahora ilay andro izay tsy hahafahan'ny Ray manao na inona na inona amin'ny zanany intsony, na ny zanany amin'ny Rainy. Marina ny fampanantenan'Andriamanitra. Koa aoka tsy hahavoafitaka anareo ny fiainana an-tany, ary tsy hitarika anareo amin'ny fahadisoana mikasika an'Andriamanitra ilay mpamitaka.

31.34 - An'Andriamanitra ny fahafantarana ilay Ora farany, ary Izy no mampilatsaka ny ranon'orana, ary Izy ihany koa no mahafantatra izay ao am-bohoka. Ary tsy misy olona mahafantatra izay hahazo azy rahampitso, sy izay tany hahafatesany. Fa Mahalala sy Mahafantatra tanteraka ny zavatra rehetra Andriamanitra.

TOKO - 32
AS-SAJDAH
(NY FIANKOHOFANA)

Andininy 30: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

أَلَمْ تَرَ أَنَّ اللَّهَ يُولِجُ اللَّيْلَ فِي النَّهَارِ وَيُولِجُ النَّهَارَ فِي اللَّيْلِ
وَسَخَّرَ الشَّمْسَ وَالْقَمَرَ كُلٌّ يَجْرِي إِلَى أَجَلٍ مُّسَمًّى وَأَنَّ اللَّهَ
بِمَا تَعْمَلُونَ خَبِيرٌ ﴿٢٩﴾ ذَلِكَ بِأَنَّ اللَّهَ هُوَ الْحَقُّ وَأَنَّ مَا يَدْعُونَ
مِنْ دُونِهِ الْبَاطِلُ وَأَنَّ اللَّهَ هُوَ الْعَلِيُّ الْكَبِيرُ ﴿٣٠﴾ أَلَمْ تَرَ أَنَّ
الْفُلْكَ تَجْرِي فِي الْبَحْرِ بِنِعْمَتِ اللَّهِ لِيُرِيَكُمْ مِنْ آيَاتِهِ إِنَّ
فِي ذَلِكَ لَآيَاتٍ لِّكُلِّ صَبَّارٍ شَكُورٍ ﴿٣١﴾ وَإِذَا غَشِيَهُمْ مَوَجٌ
كَأُظْلَمَ دَعُوا اللَّهَ مُخْلِصِينَ لَهُ الدِّينَ فَلَمَّا نَجَّاهُمْ إِلَى الْبَرِّ
فَمِنْهُمْ مُّقْنَصِدٌ وَمَا يَجْحَدُ بِآيَاتِنَا إِلَّا كُلُّ خَتَّارٍ كَفُورٍ
﴿٣٢﴾ يَتَأْتِيَ النَّاسُ أَتْقَارَ رَبِّكُمْ وَأَخْشَوُا يَوْمًا لَا يَجْزِي وَالِدٌ
عَنْ وَلَدِهِ وَلَا مَوْلُودٌ هُوَ جَارِعٌ عَنْ وَالِدِهِ شَيْئًا إِنَّ وَعْدَ اللَّهِ
حَقٌّ فَلَا تَغُرَّنَّكُمُ الْحَيَاةُ الدُّنْيَا وَلَا يَغُرَّنَّكُمْ بِاللَّهِ
الْغُرُورُ ﴿٣٣﴾ إِنَّ اللَّهَ عِنْدَهُ عِلْمُ السَّاعَةِ وَيُنَزِّلُ الْغَيْثَ
وَيَعْلَمُ مَا فِي الْأَرْحَامِ وَمَا تَدْرِي نَفْسٌ مَّاذَا تَكْسِبُ غَدًا
وَمَا تَدْرِي نَفْسٌ بِأَيِّ أَرْضٍ تَمُوتُ إِنَّ اللَّهَ عَلِيمٌ خَبِيرٌ ﴿٣٤﴾

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

32.1 - Alif, Lam, Mim

32.2 - Ny Fanambaràna ny Boky dia tsy isalasalana, fa avy amin'ny Tompon'izao tontolo izao.

32.3 - Hilaza va izy ireo, fa noforoniny (Mohammad) izany? Nefa fahamarinana avy amin'ny Tomponao izany, hampitandremanao ireo vahoaka tsy mbola nisy mpampitandrina talohanao, ka hahitan'izy ireo ny lalana mahitsy.

32.4 - Andriamanitra no Nahary ny lanitra sy ny tany, ary izay eo anelanelany, tao anatin'ny enina andro. Avy eo, dia nandray ny Seza Fiandrianany Izy. Tsy manana mpiahy na mpanelanelana ankoatra Azy ianareo. Tsy tsaroanareo va izany?

32.5 - Tantaniny avokoa ny raharaha rehetra, ny any an-danitra ka hatrety an-tany, dia miakatra any Aminy avy eo, ao anatin'ny andro iray izay mitovy amin'ny arivo taona amin'ny fanisanareo.

32.6 - Izy no Ilay Mahafantatra ny mifaina sy ny hitamaso, Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo,

32.7 - Ilay nandavorary izay Nohariany rehetra. Ary dia nanomboka ny fanamboarana ny olombelona avy amin'ny tanimanga izy,

32.8 - avy eo, dia navoakany avy amin'ny rano ratsy indray mitete (tsirinaina) ny taranany,

32.9 - avy eo, dia nomeny vatana tonga lafatra izy, ka notsofiny tao aminy ny fanahy avy Aminy. Ary nomeny fandrenesana, fahitana sy fo ianareo. Nefa zara raha mankasitraka ianareo.

32.10 - Ary hoy izy ireo: "Rehefa ho very any anaty tany izahay (ho lasa vovoka), moa va hiverina ho zavaboahary vaovao indray?", raha ny marina dia tsy mino ny fihaonana amin'ny Tompony izy ireo.

32.11 - Dia lazao hoe: "Ho avy haka ny fofonainareo ny Anjelin'ny fahafatesana izay miandraikitra anareo. Avy eo, dia ho entina any amin'ny Tomponareo ianareo".

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

الْم ۝ تَنْزِيلُ الْكِتَابِ لَارِيبَ فِيهِ مِنْ رَبِّ الْعَالَمِينَ ۝
 ۞ أَمْ يَقُولُونَ افْتَرَاهُ بَلْ هُوَ الْحَقُّ مِنْ رَبِّكَ لِتُنذِرَ قَوْمًا
 مَّا أَتَاهُمْ مِنْ نَذِيرٍ مِنْ قَبْلِكَ لَعَلَّهُمْ يَهْتَدُونَ ۝
 ۞ اللَّهُ الَّذِي خَلَقَ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ وَمَا بَيْنَهُمَا فِي سِتَّةِ أَيَّامٍ
 ثُمَّ اسْتَوَى عَلَى الْعَرْشِ مَا لَكُمْ مِنْ دُونِهِ مِنْ وَلِيٍّ وَلَا شَفِيعٍ أَفَلَا
 تَتَذَكَّرُونَ ۝
 ۞ يُدَبِّرُ الْأَمْرَ مِنَ السَّمَاءِ إِلَى الْأَرْضِ ثُمَّ يَعْرُجُ
 إِلَيْهِ فِي يَوْمٍ كَانَ مِقْدَارُهُ أَلْفَ سَنَةٍ مِمَّا تَعُدُّونَ ۝
 ۞ عَلِيمُ الْغَيْبِ وَالشَّهَادَةِ الْعَزِيزُ الرَّحِيمُ ۝
 ۞ الَّذِي أَحْسَنَ كُلَّ شَيْءٍ خَلَقَهُ وَبَدَأَ خَلْقَ الْإِنْسَانِ مِنْ طِينٍ ۝
 ۞ ثُمَّ جَعَلَ نَسْلَهُ مِنْ سُلَالَةٍ مِنْ مَاءٍ مَهِينٍ ۝
 ۞ ثُمَّ سَوَّاهُ وَنَفَخَ فِيهِ مِنْ رُوحِهِ ۝ وَجَعَلَ لَكُمُ السَّمْعَ وَالْأَبْصَارَ وَالْأَفْئِدَةَ قَلِيلًا
 مَّا تَشْكُرُونَ ۝
 ۞ وَقَالُوا أَمْ دَاخِلُنَا فِي الْأَرْضِ أَمْ نَأْتِي
 خَلْقَ جَدِيدٍ بَلْ هُمْ بِلِقَاءِ رَبِّهِمْ كَافِرُونَ ۝
 ۞ قُلْ يَتُوفَّكُم مَلَكُ الْمَوْتِ الَّذِي وُكِّلَ بِكُمْ ثُمَّ إِلَىٰ رَبِّكُمْ تُرْجَعُونَ ۝

